



Ny Fianakaviana Mandrakizay

Boky torolalana ho an'ny mpampianatra
Fianarana ny filazantsara faha-200

Fandaharam-pianarana fehizoro

Ny fianakaviana mandrakizay: Boky torolalana ho an'ny mpampianatra

Fianarana ny filazantsara faha-200

Navoakan'
Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Ho raisina an-tanan-droa ireo fanamarihana sy fanitsiana. Mba alefaso izany, miaraka amin'ireo zavatra diso, ao amin'ny:

Seminaries and Institutes of Religion Curriculum Services
50 E. North Temple St., Floor 8
Salt Lake City, Utah 84150-0008
USA

Email: ces-manuals@ldschurch.org

Mba soraty azafady ny anaranao feno, ny adiresinao, ny paroasy ary ny tsatòka misy anao.

Aza adinoina ny manome ny lohatenin'ilay boky. Dia omeo avy eo ny fanamarihana avy aminao.

© 2015 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia
Version 1, 6/15

Fankatoavana ny tamin' ny teny Anglisy: 8/14
Fankatoavana ny fandikana: 8/14
Fandikana ny *The Eternal Family Teacher Manual*
Malagasy
PD10052297 654

Votoatiny

Fampahafantarana ny <i>Ny fianakaviana mandrakizay: Boky torolalana ho an'ny mpampianatra</i> (Fampianarana ny filazantsara faha 200)	v
1 Ny famoahana ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" . . .	1
2 Manambara amim-boninahitra ireo Mpaminany sy Apôstôly	6
3 Ny Fahafahantsika ho tonga tahaka an' Andriamanitra	11
4 Ny fianakaviana sy ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana	16
5 Ny Toetoetry ny Fiainana An-tany	21
6 Ny Fianakaviana no ivon'ny Drafitry ny Ray any An-danitra	26
7 Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra	31
8 Ny maha-lahy na vavy sy ny maha-izy azy ny tena mandrakizay	36
9 Ny anjara asa sy andraikitra masin'ny lehilahy	42
10 Ny anjara asa sy andraikitra masin'ny vehivavy	48
11 Fiomanana ho amin'ny fanambadiana mandrakizay	53
12 Ôrdônansy sy Fanekehivahanana any amin'ny Tempoly	58
13 Manatsara ny fanatrehana ny tempoly	63
14 Lasa mpamonjy ao an-tendrombohitra Ziona	68
15 Fanambadiana Mandrakizay	73
16 Ny Hery Masina Hananana Zanaka	78
17 Ny didy Hihamaro sy Hameno ny Tany	84
18 Mikolokolo ny Fifandraisana ao amin'ny Fanambadiana	89
19 Manangana Fiainana sy Tokantrano Mifototra amin'i Kristy	94
20 Fiarovana ny Finoana sy ny Fijoroana ho Vavolombelona	99
21 Mitaiza ny Zanaka Am-pitiavana sy Am-pahamarinana	104
22 Manorina Fianakaviana Mahomby	109
23 Manome Izay Zavatra Ilaina Ara-batana	114
24 Olon-dehibe tsy manambady mpikamban' ny Fiagonana	119
25 Mampihatra Finoana amin'ny Toe-javatra Sarotra iainan'ny Fianakaviana . . .	124
26 Tompon'Andraikitra eo anoloan' Andriamanitra	129
27 Fampitandreman'ny Mpaminany momba ny Fianakaviana	134
28 Mampahafantatra fa ny Fianakaviana no Singa Fototra ao amin'ny Fiarahamonina	138

Fampahafantarana ny *Ny fianakaviana mandrakizay: Boky torolalana ho an'ny mpampianatra* (Fampianarana ny filazantsara faha 200)

Inona no andrasana amin'ny mpampianatra filazantsara?

Rehefa miomana hampianatra ianao, dia zava-dehibe ny mahatakatra ireo Tanjon'ny Seminera sy Institiota Fianarana ny Filazantsara:

“Ny tanjontsika dia ny hanampy ny zavoto sy ny tanora manambady sy tsy manambady hahatakatra sy hiantehitra amin'ny fampianarana sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, sy ho mendrika ny hahazo ireo fitahiana avy amin'ny tempoly, ary hiomana sy hanomana ny fianakaviany ary ny hafa ho amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny Ray any An-danitra” (*Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara: Boky Torolalana ho an'ireo Mpampianatra sy Mpitarika ao amin'ny Seminera sy Institiota fianarana ny Filazantsara* [2012], x).

Afaka manatratra io tanjona io ianao amin'ny alalan'ny fiainana amim-pahazotoana ny filazantsara, sy ny fampianarana ny filazantsara amin'ny fomba mahomby amin'ireo mpianatrao, ary ny fitantanana araka ny tokony ho izy ny kilasinao na ny fandaharam-pianaranao. Rehefa miomana sy mpampianatra ny filazantsara araka ireo fomba ireo ianao, dia ho mendrika hahazo ny fitarihan'ny Fanahy Masina (jereo ny F&F 42:14).

Fahafahana ho anao ny manampy ireo mpianatra hianatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina mba hahafahan'izy ireo mampahatanjaka ny finoany sy hampiorim-paka ny fiovam-pony. Afaka manampy ireo mpianatra hanatanteraka izany ianao rehefa mitarika azy ireo mba hamantatra sy hahatakatra ary hahatsapa ny fahamarinana sy ny lanjan'ireo fotopampianarana sy fitsipika manan-danjan'ny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ka hampihatra izany.

Ilay boky torolalana hoe *Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara* dia loharano tena ilaina mba hahatakarana ny lamin'ny fampianarana sy ny fomba hahitana fahombiazana ao an-dakilasy.

Inona avy ireo tanjon'ity fampianarana ity?

Ity fandaharam-pianarana ity, Ny fianakaviana mandrakizay (Fianarana ny filazantsara faha-200), dia fandalinana ny anjara asa fototry ny fianakaviana ao amin'ny drafity ny famonjena araka izay ampianarina ao amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany maoderina. Ny fotopampianarana sy lohahevitra ary fitsipika ao anatin'ilay fandaharam-pianarana dia notsongaina manokana avy ao amin'ny “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao” (*Ensign na Liahona*, nôv. 2010, 129). Ao amin'ilay fandaharam-pianarana dia hohalalinina sy hifampiresahana ary horefesina ao amin'ny sahan-kevitra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo fanontaniana sy olana mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana.

Ity fandaharam-pianarana ity dia hanome fahatakarana bebe kokoa ho an'ireo mpianatra momba ny zavatra mampifandray ny fanaovana sy fanajana fanekempihavanana ary ny fahazoana fitahiana eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny tontolo ho avy. Ny fotopampianarana sy fitsipika mikasika ny fanambadiana sy ny

fianakaviana dia hojerena sy hofakafakaina mba hahatakarany ireo mpianatra hoe nahoana no tena azo ampiharina izy ireo . Hahatakatra bebe kokoa ireo mpianatra hoe nahoana izy ireo no afaka matoky sy manaraka ny fampianaran'ireo mpaminany maoderina.

Inona no andrasana amin'ireo mpianatra?

Mba hahazoana isa takiana hahazoana diplaoma amin'ny institiota, dia takina hamaky ireo andinin-tsoratra masina sy ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny fiangonana ary ireo fitaovana hafa voatanisa ao amin'ilay fizarana hoe Vakitenin'ny Mpianatra hita ao amin'ny lesona tsirairay ireo mpianatra. Tsy maintsy mahafeno ireo fepetra takina mikasika ny fanatrehana fotoam-pianarana ihany koa ireo mpianatra ary haneho fa mahay ireo lesona amin'ny alalan'ny fanatanterahana fitsapam-pahaizana.

Ahoana no nandrafetana ireo lesona ao amin'ity boky torolalana ity?

Ity fampianarana ity dia narafitra ho an'ny fampianarana mandritra ny tapa-taona ary ahitana lesona 28 izay nosoratana ho an'ny fotoam-pianarana maharitra 50 minitra. Raha mianatra indroa isan-kerinandro ny mpianatrao dia mampianara lesona iray isaky ny fotoam-pianarana. Raha indray mandeha isan-kerinandro ihany ny mpianatrao no mianatra mandritra ny 90 na 100 minitra dia mampianara lesona roa natambatra isaky ny fotoam-pianarana. Ny topimaso amin'ny ankapobeny ho an'ny lesona tsirairay dia ahitana fizarana efatra:

- Fampidirana
- Vakiteny Enti-mandalina
- Sosokevitra Enti-mampianatra
- Vakitenin'ny Mpianatra

Fampidirana

Io fizarana io dia manome fampahalalana fohy momba ny lohahevitra sy ireo tanjon'ny lesona.

Vakiteny Enti-mandalina

Io fizarana io dia manolotra loharanom-pitaovana hovakiana, toy ny hafatra avy amin'ny mpaminanin'ny andro farany sy ireo mpitarika hafa an'ny Fiangonana, izay hanampy anao hahatakatra bebe kokoa ireo fotopampianarana sy fitsipika ary ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara izay voaresaka ao amin'ilay topimaso ho an'ny lesona.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Ilay fizarana hoe Sosokevitra Enti-mampianatra dia ahitana torolalana izay manampy anao mba hahafantatra ny hoe *inona* no ampianarina sy ny hoe *amin'ny fomba ahoana* no hampianarana azy (jereo koa ny fizarana 4.3.3 sy 4.3.4 ao amin'ny boky torolalana *Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara*). Ireo asa ampanaovina ho enti-mianatra izay aroso dia natao mba hanampiana ireo mpianatra hamantatra sy hahatakatra ary hampihatra ireo fahamarinana masina. Azonao atao ny mampiasa ny sasany amin'ireo izay tolokevitra na izy rehetra rehefa ataonao izay hampifandray azy ireny amin'ny fomba fampianaranao sy izay hanomezana ny zavatra ilain'ny mpianatra sy mety amin'ny toe-javatra misy azy ireo. Rehefa mandinika ny fomba hampifanarahana ny

votoatin'ny lesona amin'izay zavatra ilaina ianao, dia ataovy izay hanarahana ity torohevitra avy amin'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



“Matetika ny Filoha Packer no nampianatra, araka ny fahenoako azy, hoe mandray aloha isika, ary avy eo vao mampifanaraka. Raha mahafantatra tsara ny lesona nomena izay asaina ampianarintsika isika, dia ho afaka hanaraka ny Fanahy Masina isika mba hahafahana mampifanaraka tsara ny lesona amin'izay ilaina. Kanefa raha ny fahafahana manova no resahina dia misy fakampanahy mahazo antsika mba hanomboka amin'ny fampifanarahana fa tsy hanomboka amin'ny fanarahana izay efa misy ao. Mila fandanjalanjana izany. Olana mipetraka mandrakariva izany. Kanefa ilay hoe manaraka aloha vao mampifanaraka dia tena fomba tsara ahafahana mampianatra ireo fotopampianarana marina” (“A Panel Discussion with Elder Dallin H. Oaks” [Fampitana amin'ny alalan'ny zanabolana ataon'ny Seminera sy Institiota fianarana ny Filazantsara, aog. 7, 2012], si.lds.org).

Ity fandaharam-pianarana ity dia ahitana teny nataon'ireo mpitarika ny Fiangonana izay mety ho hita amin'ny fiteny maro. Rehefa miomana ny hampianatra ianao, dia azonao atao ny mampifanaraka ny lesona amin'ny alalan'ny fampiasana ireo teny hafa nambaran'ny mpitarika ny Fiangonana izay mifandraika amin'ilay lohahevitra.

Ilay fizarana hoe Sosokevitra Enti-mampianatra ao amin'ny lesona tsirairay dia ahitana fanambarana fotopampianarana na fitsipika iray farafahakeliny, izay miseho amin'ny endri-tsoratra matevina. Rehefa hitan'ireo mpianatra ireo fahamarinana ireo ka mizara ny zavatra nianarany izy, dia mety tsy hitovy amin'izay voasoratra ao amin'ity boky torolalana ity ny teny ampiasainy. Rehefa izay no mitranga, dia tandremo sao manao izay hiheveran'izy ireo hoe diso ny valinteniny. Na izany aza, raha misy teny nambara izay azo ahitsy mba ho marina kokoa, dia ataovy amim-pahamalinana izay hahatakaran'izy ireo izany mazava tsara.

Ity fandaharam-pampianarana ity dia maneho ny fomba hampidirana ny zavatra fototra amin'ny fampianarana sy fianarana ny filazantsara amin'ny fampianarana manaraka ny lohahevitra (jereo ny *Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara*, 10, 23–31, 38–41). Ato ho ato, ny Seminera sy Institiota dia hamoaka taratasy iray antsoina hoe “Fampianarana Manakara ny Lohahevitra amin'ny Institiota fianarana ny Filazantsara,” izay hanome fanazavana bebe kokoa ny amin'ny hoe ahoana no hampidirana ireo zavatra fototra amin'ny ny fampianarana sy fianarana ny filazantsara ao amin'ny fampianarana manaraka ny lohahevitra.

Nijoro ho vavolombelona ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny amin'ireo fitahiana izay azo rehefa mandalina ny filazantsara manaraka ny lohahevitra isika:



“Raha toa ka mitondra fahalalana fototra mivelatra be ny famakiana ny soratra masina hatramin'ny voalohany hatramin'ny farany, dia mampitombo ny halalin'ny fahalalana kosa ny fandalinana manaraka ny lohahevitra. Ny fikarohana fifandraisana, lamina ary lohahevitra ao anatin'ny fanambarana dia mampiorim-paka ny fahalalantsika arapanahy sy mampitombo izany Mampivelatra ny fomba fijerintsika sy ny fahatakarantsika ny drafitry ny famonjena izany.

“Raha ny fijeriko, dia ampahany amin'ny hevitra ny hoe ‘mivoky’ amin'ny tenin'i Kristy ny mikaroka amim-pahazotoana mba hahitana ny fifandraisana sy ny lamina ary ny lohahevitra. Izany fomba fianarana izany dia afaka manokatra ny varavaran'ilay loharanon'ny fahalalana arapanahy sy manazava ny fahatakarantsika amin'ny alalan'ny Fanahin'ny Tompo, ary miteraka fankasitrahana

lalina ho an'ireo soratra masina sy karazana fanolorantena ara-panahy izay tsy afaka ny ho azo amin'ny fomba hafa. Ny fikarohana toy izany dia mahatonga antsika hiorina eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra sy hahatohitra ireo rivotry ny faharatsiana amin'izao andro farany izao” [David A. Bednar, “A Reservoir of Living Water” (Takariva amorom-patan'ny Brigham Young University, 4 feb. 2007), 3, speeches.byu.edu.]

Vakitenin'ny Mpianatra

Io fizarana io dia mitanisa andinin-tsoratra masina sy lahateny nataon'ny mpitarika ny Fiangonana ary loharanom-pitaovana hafa izay hampitombo ny fahatakarana'ireo mpianatra ireo lohahevitra hita ao amin'ny lesona. Omeo andraikitra sy amporisiho ireo mpianatra hamaky ireo loharanom-pitaovana ireo alohan'ny hanatrehany fotoam-pianarana tsirairay. Rehefa mandalina ireo loharanom-pitaovana nentanim-panahy ireo izy dia tsy vitan'ny hoe ho vonona kokoa handray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ao am-pianarana fotsiny, fa hahazo fahatakarana misimisy ihany koa momba ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianarana. Omeo ny lisitry ny Vakitenin'ny Mpianatra rehetra ireo mpianatra amin'ny fiandohan'ny taom-pianarana.

Ahoana no ahafahako miomana hampianatra?

Hanampy anao ny Tompo rehefa miomana ny hampianatra ianao. Rehefa miomana ianao, dia mety ho hitanao hoe manampy ny mametraka ireto fanontaniana manaraka ireto amin'ny tenanao:

- Moa ve aho miezaka ny miaina ny filazantsara mba hahatonga ahy ho mora mahatsapany Fanahy Masina mandritra ny fiomanako sy ny fampianarako?
- Efa nivavaka ve aho mba hahazo ny fitarihan'ny Fanahy Masina?
- Efa nandalina ireo andinin-tsoratra masina sy vakiteny enti-mandalina nasaina novakina ve aho?
- Efa namaky ny fandaharam-pampianarana ve aho sy nanapa-kevitra raha misy zavatra tokony amboarina mba hampifanaraka izany amin'ny zavatra ilain'ny mpianatro?
- Ahoana ny fomba ahafahako manara-maso ny vakitenin'ny mpianatra mba hahazoako antoka fa mahazo ny tombontsoa betsaka indrindra avy amin'izany ireo mpianatra?
- Ahoana no ahafahako manampy ny mpianatro tsirairay handray anjara feno amin'ny lesona?

Mety hanampy ireto sosokevitra manaraka ireto:

- Amporisiho ireo mpianatra hamaky ireo andinin-tsoratra masina sy ireo lahatsoratra nasaina novakina alohan'ny fotoam-pianarana tsirairay.
- Takio amin'ny mpianatra ny hanatontosany ny anjara asany amin'ny mahampandranto fahalalana azy.
- Omeo fahafahana matetika ireo mpianatra hanazava ireo fotopampianarana sy fitsipika amin'ny teniny manokana sy hizara traikefa mifandray amin'izany ary hijoro ho vavolombelona momba ny zavatra fantany sy tsapany.
- Ovaovao ireo asa ampanaovina sy ny fomba fampianaranao isaky ny fotoam-pianarana ary ovaovao isaky ny lesona koa izany.



- Mamorona tontolo ahafahana mianatra izay manasa ny Fanahy Masina ary hahazoan'ireo mpianatra fahafahana sy andraikitra hifampianatra sy hianatra avy amin'ny andaniny sy ny an-kilany (jereo ny FF 88:78, 122).
- Hahita lesona miresaka ny fahaiza-manao amin'ny fandalinana ny soratra masina voafaritra tsara ianao manerana ny fandaharam-pianarana. Araraoty izany mba hanampiana ireo mpianatra ho lasa mahaleo tena kokoa amin'ny fandalinana ny soratra masina sy hanolo-tena kokoa amin'ny fianarana avy amin'ny soratra masina mandritra ny fiainany.

Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy hoe:



“Ataovy izay hisian'ny fandraisana anjara betsaka satria ny fampiasan'ny mpianatra ny fahafahana misafidy toy izany no manome fahafahana ny Fanahy Masina hampianatra. ... Rehefa tenenin'ireo mpianatra ny fahamarinana, dia voamarina ao amin'ny fanahin'izy ireo izany ary manamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo manokana” (“To Understand and Live Truth” [takariva iarahana amin'ny Loholona Richard G. Scott, 4 Feb. 2005], 3, si.lds.org).

Ahoana no ahafahako mampifanaraka ny lesona amin'izay ilain'ireo manana kilema?

Rehefa miomana ny hampianatra ianao dia aoka hahatsiaro ireo mpianatra izay mila fanampiana manokana. Amboary ireo asa atao sy ny zavatra andrasana amin'izy ireo mba hanampiana azy ireo hahomby. Mitadiava fomba hanampiana azy ireo hahatsapa fa tiana sy voaray tsara ary mpandray anjara feno tahaka ny rehetra. Ataovy izay hisian'ny fifampitokisana.

Mba hahazoana hevitra sy loharano fanampiny, dia jereo ny pejina ny Loharanom-pahalalana mikasika ireo Manana Kilema ao amin'ny disabilities.lds.org sy ny fizarana antsoina hoe “Kilasy sy Fandaharam-pianarana Mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo Mpianatra manana Kilema” ao amin'ny boky torolalana mikasika ny fitsipika arahin'ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara.

Ny fianakaviana mandrakizay (Fianarana ny filazantsara 200)

Vakitenin'ny Mpianatra

Fanamarihana: Tsy takiana aminao ny hamaky ny fitaovana atolotra ho vakiana izay tsy misy amin'ny fitenin'ny.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
1	Ny famoahana ny “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao”	<ul style="list-style-type: none"> • Efesiana 4:11–14; Môsià 8:15–17; Mosesy 6:26–39; 7:16–21. • “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao,” <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2010, 129, lds.org/topics/family-proclamation. • M. Russell Ballard, “What Matters Most Is What Lasts Longest,” <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2005, 41–44.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
2	Manambara amim-boninahitra ireo Mpaminany sy Apôstôly	<ul style="list-style-type: none"> Ezekiela 33:1–7; Amosa 3:6–7; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 1:4–5, 11, 14, 37–38; 90:1–5; 124:125–126. M. Russell Ballard, “Mijanôna ao anaty sambo dia mamikira!” <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2014, 89–92. Henry B. Eyring, “Finding Safety in Counsel,” <i>Ensign</i>, mey 1997, 24–26. Carol F. McConkie, “Miaina araka ny tenin’ireo mpaminany,” <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2014, 77–79.
3	Ny Fahafahantsika ho tonga tahaka an’ Andriamanitra	<ul style="list-style-type: none"> Genesisy 1:27; Isaia 55:8–9; Asan’ny Apostoly 17:29; Romana 8:16–17; Hebreo 12:9; 1 Jaona 3:1–2; 4:8–9; 1 Nefia 9:6; 2 Nefia 9:20; 3 Nefia 12:48; Môrônia 8:18; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 76:4; 88:41; 130:22. Dieter F. Uchtdorf, “Fomba Efatra Iantsoana Antsika,” <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2013, 58–61. Gospel Topics, “Becoming Like God,” lds.org/topics.
4	Ny fianakaviana sy ilay drafitra lehiben’ny fahasambarana	<ul style="list-style-type: none"> Mosesy 1:27–39; 3:16–17; 5:6–12; 2 Nefia 2:19–25; 9:6–12; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 49:15–17. M. Russell Ballard, “The Atonement and the Value of One Soul,” <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2004, 84–87. Julie B. Beck, “Teaching the Doctrine of the Family,” <i>Ensign</i>, mar. 2011, 12–17.
5	Ny Toetoetry ny Fiainana An-tany	<ul style="list-style-type: none"> 2 Nefia 2:27–29; Môsià 3:19; 16:3–6; Mosesy 6:49, 53–55; Abrahama 3:25. David A. Bednar, “The Atonement and the Journey of Mortality,” <i>Ensign</i>, apr. 2012, 40–47.
6	Ny Fianakaviana no ivon’ny Drafitry ny Ray any An-danitra	<ul style="list-style-type: none"> Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 93:39–50. Robert D. Hales, Robert D. Hales, “The Eternal Family,” <i>Ensign</i>, nôv. 1996, 64–67. David A. Bednar, “Hazoto sy Hikarakara Bebe Kokoa ao An-tokantrano,” <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2009, 17–20.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
7	Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra	<ul style="list-style-type: none"> • Mômôna 9:9; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 49:15–17; Mosesy 3:18–25; 5:1–16. • Dallin H. Oaks, "Tsy Manana Andriamani-kafa," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2013, 72–75. • Sheri L. Dew, "It Is Not Good for Man or Woman to Be Alone," <i>Ensign</i>, nôv. 2001, 12–14. • "The Divine Institution of Marriage," mormonnewsroom.org/article/the-divine-institution-of-marriage • Gospel Topics, "Same-Sex Marriage," lds.org/topics.
8	Ny maha-lahy na vavy sy ny maha-izy azy ny tena mandrakizay	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 7:12; Jaona 8:1–11; 15:12; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 76:24; Mosesy 2:27; ary ny andiam-pehezanteny faharoa ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2010, 129). • Jeffrey R. Holland, "Helping Those Who Struggle with Same-Gender Attraction," <i>Ensign</i>, ôkt. 2007, 42–45. • Gospel Topics, "Same-Sex Marriage," lds.org/topics.
9	Ny anjara asa sy andraikitra masin'ny lehilahy	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 2:13–16; Efesiana 5:23, 25; 1 Timoty 5:8; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 75:28; 83:2, 4; 121:36–46. • D. Todd Christofferson, "Let Us Be Men," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2006, 46–48. • Linda K. Burton, "Hiara-hivoatra isika," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2015, 29–32. • "The Sacred Callings of Fathers and Mothers," toko faha 15 ao amin'ny <i>Teachings of Presidents of the Church: Ezra Taft Benson</i> (2014), 191–96.
10	Ny anjara asa sy andraikitra masin'ny vehivavy	<ul style="list-style-type: none"> • 2 Timoty 1:5; 3:14–15; Almà 56:47–48; 57:21; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 25:1–3, 10, 13–16. • "Understand the Divine Roles of Women," <i>Ensign</i>, feb. 2009, 67. • "The Women of the Church," fizarana faha 20 ao amin'ny <i>Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball</i> (2006), 214–25.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
11	Fiomanana ho amin'ny fanambadiana mandrakizay	<ul style="list-style-type: none"> • Marka 5:35–36; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 6:22–23, 36; 8:2–3; 9:7–9; 11:12–14; 88:40. • Dieter F. Uchtdorf, "The Reflection in the Water" (Church Educational System devotional, 1 nov. 2009), <i>lds.org/media-library</i>. • Jeffrey R. Holland, "Be Not Afraid, Only Believe" (evening with Elder Jeffrey R. Holland, 6 feb 2015), <i>lds.org/broadcasts</i>.
12	Ôrdônansy sy Fanekehampihavanana any amin'ny Tempoly	<ul style="list-style-type: none"> • Eksodosy 19:3–6; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 84:19–21; 97:10–17; 109:12–26; 124:37–40, 55. • Boyd K. Packer, "The Holy Temple," <i>Ensign na Liahona</i>, ôkt. 2010, 29–35.
13	Manatsara ny fanatrehana ny tempoly	<ul style="list-style-type: none"> • Salamo 24:3–5; Jaona 2:13–16; 3 Nefia 17:1–3; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 109:8–22. • Richard G. Scott, "Fanatrehana ny tempoly: loharanon'ny tanjaka sy hery amin'ny fotoan-tsarotra," <i>Ensign</i>, mey 2009, 43–45. • L. Lionel Kendrick, "Enhancing Our Temple Experience," <i>Ensign</i>, May 2001, 78–79.
14	Lasa mpamonjy ao an-tendrombohitra Ziona	<ul style="list-style-type: none"> • Obadia 1:21; Malakia 4:5–6; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 110:13–16; 128:18; 138:27–37, 58–59. • David A. Bednar, "Hitodika ny Fon'ny Zanaka," <i>Ensign na Liahona</i>, nov. 2011, 24–27. • Quentin L. Cook, "Faka sy Sampana," <i>Ensign na Liahona</i>, mey 2014, 44–48.
15	Fanambadiana Mandrakizay	<ul style="list-style-type: none"> • Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 131:1–4; 132:1–24. • Russell M. Nelson, "Fanambadiana mandrakizay," <i>Ensign na Liahona</i>, nov. 2008, 92–95.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
16	Ny Hery Masina Hananana Zanaka	<ul style="list-style-type: none"> • Genesisy 2:21–24; Salamo 24:3–4; Matio 5:8, 27–28; Romana 8:6; Jakôba 2:28, 31–35; Almà 39:1–9; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 42:22–24; 63:16; 121:45–46. • David A. Bednar, "Mino Isika fa Tokony Hadio fitondrantena," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2013, 41–44. • Linda S. Reeves, "Fiarovana amin'ny Pônôgrafia—Tokantrano Mifantoka amin'i Kristy," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2014, 15–17. • "Pureté Sexuelle," <i>Jeunes, Soyez Forts</i> (kiboky, 2011), 35–37.
17	Ny didy Hihamaro sy Hameno ny Tany	<ul style="list-style-type: none"> • Genesisy 1:27–28; 9:1; 35:11; Salamo 127:3; 1 Nefia 15:11; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 29:6; 59:6; Mosesy 2:27–28. • Neil L. Andersen, "Zanaka," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2011, 28–31. • Russell M. Nelson, "Abortion: An Assault on the Defenseless," <i>Ensign</i>, ôkt. 2008, 32–37.
18	Mikolokolo ny Fifandraisana ao amin'ny Fanambadiana	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 19:3–8; Efesiana 5:25, 28–31; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 25:5, 13–15; 42:22; Abrahama 5:15–18. • David A. Bednar, "Marriage Is Essential to His Eternal Plan," <i>Ensign</i>, jona 2006, 82–87. • L. Whitney Clayton, "Ny Fanambadiana: Mijere ary mianàra," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2013, 83–85.
19	Manangana Fiainana sy Tokantrano Mifototra amin'i Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Jaona 15:1–5, 10–11; Helamàna 5:12; 14:30–31; 3 Nefia 11:29–30; 12:22–24; Môrônia 7:45, 48; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 64:9–11; 88:119, 123–25. • Henry B. Eyring, "Our Perfect Example," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2009, 70–73. • Richard G. Scott, "Mba Hahazo Fiadanana Ao Antokantrano," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2013, 29–31.
20	Fiarovana ny Finoana sy ny Fijoroana ho Vavolombelona	<ul style="list-style-type: none"> • Lioka 22:31–32; Jaona 14:26–27; Efesiana 4:11–14; 1 Nefia 15:23–24; 2 Nefia 31:19–20; Almà 5:45–46; Helamàna 3:28–30; 3 Nefia 18:32; Fotopampianarana sy Fanekehivahanana 11:13–14; 21:4–6; 108:7–8. • Dieter F. Uchtdorf, "Andao Hiaraka Aminay" <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2013, 21–24. • Jeffrey R. Holland, "Tompo ô, Mino aho" <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2013, 93–95.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
21	Mitaiza ny Zanaka Am-pitiavana sy Am-pahamarinana	<ul style="list-style-type: none"> • Lioka 15:11–20; Efesiana 6:4; 2 Timoty 3:15; 3 Nefia 18:21; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 68:25–28; 93:36–40. • Richard G. Scott, "Ataovy Voalohany amin'ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2014, 92–95. • Jeffrey R. Holland, "A Prayer for the Children," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2003, 85–87.
22	Manorina Fianakaviana Mahomby	<ul style="list-style-type: none"> • Deoteronomia 6:1–7; Josoa 24:15; Môsià 4:14–15; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 58:21; 98:4–6; 134:5–6; Fanekehampihanana 1:12. • Jereo ny Dallin H. Oaks, "Tsara, Tsara Kokoa, Tsara Indrindra," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2007, 104–8.
23	Manome Izay Zavatra Ilaina Ara-batana	<ul style="list-style-type: none"> • Malakia 3:8–12; Matio 6:19–21; Marka 6:1–3; Lioka 2:51–52; 1 Timoty 6:7–10; 2 Nefia 9:51; Jakôba 2:17–19; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 56:17; 75:28; 104:13–18, 78. • Robert D. Hales, "Becoming Provident Providers Temporally and Spiritually," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2009, 7–10. • Marvin J. Ashton, "One for the Money," <i>Ensign</i>, sept. 2007, 37–39.
24	Olon-dehibe tsy manambady mpikamban' ny Fiangonana	<ul style="list-style-type: none"> • 1 Korintiana 12:12–20, 25–27; Hebreo 11:1, 6, 8–13, 16. • Gordon B. Hinckley, "A Conversation with Single Adults," <i>Ensign</i>, mar. 1997, 58–63. • Spencer J. Condie, "Claim the Exceeding Great and Precious Promises," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, nôv. 2007, 16–18.
25	Mampihatra Finoana amin'ny Toe-javatra Sarotra iainan'ny Fianakaviana	<ul style="list-style-type: none"> • Ohabolana 3:5–6; Matio 11:28–30; 1 Nefia 16:34–39; 17:1–4; Môsià 24:8–16; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 121:7–8. • David A. Bednar, "The Atonement and the Journey of Mortality," <i>Ensign</i>, apr. 2012, 40–47. • "Strengthening the Family: Adapting to Circumstances," <i>Ensign</i>, des. 2005, 34–35.
26	Tompon'Andraikitra eo anoloan' Andriamanitra	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 18:1–6; Romana 13:12–14; 2 Korintiana 5:17–21; Môsià 4:30; Almà 5:15–22; 12:14; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 42:22–25; 93:39–44. • Jeffrey R. Holland, "The Tongue of Angels," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2007, 16–18. • Richard G. Scott, "Hanasitrana ny vokatra ny fanararaotana ara-nofo izay manimba," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2008, 40–43.

Lesona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
27	Fampitandreman'ny Mpaminany momba ny Fianakaviana	<ul style="list-style-type: none"> • 2 Timoty 3:1–7, 13; 1 Nefia 14:14–17; 22:16–17; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 97:22–28. • Russell M. Nelson, "Faith and Families," <i>Ensign</i>, mar. 2007, 36–41. • Bonnie L. Oscarson, "Mpiaro ilay Fanambarana momba ny Fianakaviana," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2015, 14–17.
28	Mampahafantatra fa ny Fianakaviana no Singa Fototra ao amin'ny Fiarahamonina	<ul style="list-style-type: none"> • Almà 43:9, 30, 45, 48; 46:11–16; 48:9–13. • Thomas S. Monson, "Mahereza sy Matanjaha," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2014, 66–69. • Dallin H. Oaks, "Balancing Truth and Tolerance," <i>Ensign</i>, feb. 2013, 24–31. • L. Tom Perry, "Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao," <i>Ensign</i> na <i>Liahona</i>, mey 2015, 39–42.

Ny famoahana ny “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao”

1

Fampidirana

Tamin’ny septambra 1995, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo dia namoaka fanambarana ho an’ny Fiangonana sy ho an’izao tontolo izao izay mitondra ny lohateny hoe “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao” (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Mampianatra ny anjara asa masina tanan’ny fianakaviana sy ny maha-zava-dehibe azy eo

amin’ny drafitra mandrakizay an’ Andriamanitra io fanambaran’ny mpaminany io. Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra hahatakatra bebe kokoa hoe nahoana ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara amin’ny andro farany no namoaka ity tahirin-kevitra nentanim-panahy ity.

Vakiteny Enti-mandalina

- “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129.
- M. Russell Ballard, “What Matters Most Is What Lasts Longest,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2005, 41–44.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Môsîà 8:15–17; Mosesy 6:26–27, 31–36; 7:16–21

“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’ izao Tontolo izao,” dia nosoratan’ireo mpahita

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Mosesy 6:26–27, ary asao ireo mpianatra ambiny hanaraka ny vakinteny, ka hitady ny zavatra nolazain’ny Tompo momba ny fo sy ny sofina ary ny mason’ny vahoaka.

- Ahoana no namariparitan’ny Tompo ny faharatsian’ny vahoaka?
- Midika inona izany hoe “mihamafy ny fon[ny vahoaka] ary mihadonto ny sofiny ary tsy mahita lavitra ny masony”?

Asaivo mamaky mafy ny Mosesy 6:31–34 ny mpianatra iray.

- Raha teo amin’ny teoran’i Enôka ianao, dia inona no mety ho hitanao fa mapitony tao amin’ny tenin’ny Tompo?
- Inona no ampianarin’ireo andinin-tsoratra masina ireo mikasika ny fomba hanomezan’ny Tompo hery ireo mpaminaniny?

Omeo fotoana ireo mpianatra hamakiny ny Mosesy 6:35–36.

- Afaka nahita inona i Enôka rehefa avy nanasa ny tanimanga tamin’ny masony izy?
- Mety haneho inona izany tanimanga izany? (Mety ho tandindon’ny rendrarendran’izao tontolo izao ilay tanimanga. Asaivo mandinika izay zavatra mety ho afaka ny ho hitany ireo mpianatra raha toa ka voasasa hiala eo imasony ireo zavatr’izao tontolo izao.)
- Ahoana no hanampian’ny andininy 36 amin’ny famaritana ny atao hoe mpahita? (Tokony hahitana ity fahamarinana manaraka ity ny valiny: **Ny mpahita dia afaka**)

mahita ireo zavatra izay tsy hita amin'ny maso voajanahary. Azonao atao ny manasa ireo mpianatra hampifandray ny andininy 36 amin'ny Môsià 8:15–17.)

Mba hamaritana misimisy kokoa ny atao hoe mpahita, dia aseho ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona John A. Widtsoe (1872–1952) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary angataho ny mpianatra iray hamaky mafy izany:



"Ny mpahita dia olona iray izay mahita amin'ny maso ara-panahy. Mahatakatra ny hevitra ny zavatra izay toa maizina amin'ny hafa izy; noho izany dia mpandika sy mpanazava ny fahamarinana mandrakizay izy. ... Olona iray mpahita izy, izay mandeha ao amin'ny fahazavan'ny Tompo amin'ny maso tena mibanjina tsara [jereo ny Môsià 8:15–17]" (*Evidences and Reconciliations*, nar. G. Homer Durham [1960], 258).

Toroy hevitra ireo mpianatra hanoratra ny ampahany amin'io famaritana io ao amin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Mosesy 6:35–36. Hazavao fa ireo mpahita dia mpaminany ihany koa.

Fintino ny Mosesy 7:16–21 mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra ny zavatra nitranga tamin'ireo izay nanaiky an'i Enôka ho mpahita ka dia nanaraka ny teniny.

- Amin'ny fomba ahoana no anehoan'ireo andinin-tsoratra masina ireo ny maha-zava-dehibe ny fihainoana sy fankatoavana ireo mpaminany sy mpahita ankehitriny? (Ataovy izay hahatakaran'ireo mpianatra ity fotopampianarana manaraka ity: **Manampy antsika hahita zavatra amin'ny fomba fijerin'Andriamanitra ireo mpaminany, ary voatahy isika rehefa mahatoky ny tenin'izy ireo.**)

Vakio ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo :



"Ry rahalahy sy anabavy, feno 10 taona amin'ity taona ity ny fanambarana ho an'izao tontolo izao mikasika ny fianakaviana, izay navoakan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny 1995 [jereo ny 'Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao,' *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129]. Antso avo mba hiarovana sy hampahatanjahana ny fianakaviana izany tamin'izany fotoana izany sy amin'izao fotoana izao. ...

"Ilay fanambarana dia tahirin-kevitra avy amin'ny faminaniana, tsy noho izy navoakan'ny mpaminany fotsiny fa noho izy manan-kery na dia aty aoriana aza. Mampitandrina amin'ny ankamaroan'ny zavatra izay tena mampidi-doza sy manimba ny fianakaviana nandritra ny folo taona lasa teo izy io ary mitaky ireo laharam-pahamehana sy fanantitranterana ilain'ny fianakaviana mba hahatafavoahany ao amin'ny tontolo izay toa mihamanohitra hatrany hatrany ny fanambadiana nentim-paharazana sy ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy zanaka.

"Ny fiteny mazava sy tsotra ampiasain'ilay fanambarana dia mifanohitra tanteraka amin'ny hevitra misafotofoto sy mifanjevon'ny fiarahamonina izay tsy mahavita mifanaraka akory ny amin'izay tena famaritana ny atao hoe fianakaviana" ("What Matters Most Is What Lasts Longest," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2005, 41).

- Inona araka ny hevitrao no tian'ny Loholona Ballard holazaina raha nilaza izy fa ilay fanambarana momba ny fianakaviana dia "manan-kery na dia aty aoriana aza"?

- Amin'ny fomba ahoana no hanamafisan'ily fanambarana momba ny fianakaviana ny finoanao fa ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo dia mpaminany sy mpahita ary mpanambara?

Mijoroa ho vavolombelona fa satria tia antsika ny Ray any An-danitra ary tiany ho lasa tahaka Azy isika, dia nandefasany mpaminany sy mpahita isika.

"Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao"

Ny namoahana ilay fanambarana momba ny fianakaviana

Ataovy izay hananan'ny mpianatra tsirairay ny tahadika'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" (lds.org/topics/family-proclamation). (Mety ho ilainao ny mizara tahadika vita printy ho an'ireo mpianatra mila izany.) Amporisiho ireo mpianatra hitondra tahadika vita printy na hitondra amin'ny fitaovana elektrônika ilay fanambarana momba ny fianakaviana isaky ny fotoam-pianarana mandritra ilay fandaharam-pianarana. Hazavao fa ny fampahafantarana voalohany ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" ho an'ny Fiangonana dia nataon'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) nandritra ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany tamin'ny 23 septambra 1995.

- Inona no ambaran'ily lohateny amintsika mikasika ny olona nokasaina handre ity fanambarana ity?
- Nahoana, araka ny eritreritrao, no navoaka ho an'izao tontolo izao ity fanambarana ity fa tsy ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana fotsiny? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity fahamarinana manaraka ity: **Miantso ireo mpaminany Andriamanitra mba hanambara ireo fahamarinany amin'ireo zanany rehetra.**)

Hazavao fa hatramin'ny nananganana ny Fiangonana, dia dimy ihany no isan'ny fanambarana navoakan'ireo mpitarika ny Fiangonana. Ny iray tamin'ireo dia navoakan'ny Fiadidiana Voalohany, ny iray navoakan'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, ary ireo ambiny dia niarahan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Roambinifololahy navoaka. Ireo fanambarana dia natokana mba hamoahana ireo filazana ireo filazana manan-danja lehibe. (Raha manontany mikasika ireo fanambarana dimy ireo ny mpianatra, dia asaivo jeren'izy ireo ny *Encyclopedia of Mormonism*, boky 5 [1992], "Proclamations of the First Presidency and the Quorum of the Twelve Apostles," 3:1151, eom.byu.edu.)

Lazao amin'ireo mpianatra fa talohan'ny namakin'ny Filoha Hinckley ilay fanambarana momba ny fianakaviana dia nilaza antony vitsivitsy izy izay nahatonga ireo mpitarika ny Fiangonana hahatsapa fitaomana avy amin'ny Fanahy hamoaka izany tahirin-kevitra manan-danja izany. Asehoy ity teny manaraka ity izay nataon'ny Filoha Hinckley, ary asao ny mpianatra iray hamaky izany:



"Tsy mila ampahatsiahiviko ianareo hoe tontolo feno korontana sy miovaova amin'ny hasina ijoroany ity misy antsika ity. Maro ireo feo misarika hanao zavatra iray na iray hafa mba hanimbana ireo fitsipi-piainana efa nipetraka hatry ny ela. voahozongozona mafy tokoa ireo fototra ara-pitondrantena eo amin'ny fiarahamonintsika" ("Stand Strong against the Wiles of the World," *Ensign*, Nôv. 1995, 99).

- Inona araka ny hevitrao no tian'ny Filoha Hinckley holazaina raha nilaza izy fa "voahozongozona mafy tokoa ireo fototra ara-pitondrantena eo amin'ny

fiarahamonintsika”? (Azonao atao ny manazava fa ny fototra dia izay mihazona ny zavatra iray mba ho mafy orina.)

- Ahoana no hamariparitanao ny zavatra nitranga tamin’ny “fototra ara-pitondrantena” an’ny fiarahamonina hatramin’ny taona 1995 no mankaty, rehefa niresaka momba ny fahasimban’ny fitondran-tena ny Filoha Hinckley?

Asehoy ity andiam-pehezanteny manaraka ity izay nalaina avy amin’ny lahatenin’ny Filoha Hinckley. Omeo fotoana ireo mpianatra hamaky izany sy hanoratra ireo teny sy andian-teny izay manazava misimisy kokoa ny olana izay hitan’ireo mpitarika ny Fiangonana teo amin’izao tontolo izao sy ireo antony namoahany io fanambarana io.



“Nahatsapa izahay fa tokony hampitandrina sy hilaza mialoha manoloana ireo habobo maro izay ambara ho fahamarinana, manoloana ireo famitahana maro mikasika ny fenitra sy ny hasina ijoroana, manoloana ireo fakampanahy sy fitaomana mba hanaiky ny fahalotoana tsikelikely entin’izao tontolo izao . Mba hanatanterahana izany, izahay ao amin’ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo dia mamoka fanambarana ankehitriny ho an’ny Fiangonana sy ho an’izao tontolo izao mba ho fanambarana sy ho filazana indray ireo fenitra sy fotopampianarana ary fomba fanao mifandraika amin’ny fianakaviana izay efa nambaran’ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara an’ity fiangonana ity ombieny ombieny nandritra ny tantarany” (“Stand Strong against the Wiles of the World,” 100).

Rehefa mizara ny zavatra hitany ny mpianatra dia soraty eny amin’ny solaitrabe ny valinteniny. Mety ho tahaka izao no endriky ny solaitrabe:

Inona avy ireo olana hitan’ireo mpitarika ny Fiangonana eo amin’izao tontolo izao?

Habobo ambara ho fahamarinana

Famitahana mikasika ny fenitra sy ny hasina ijoroana

Fakampanahy sy fitaomana mba hanaraka izao tontolo izao

Inona avy ireo antony vitsivitsy nahatonga ireo mpitarika ny Fiangonana hamoaka io fanambarana io?

Hampitandrina sy hilaza mialoha

Hanambarana sy hilazana indray ireo fenitra sy fotopampianarana ary fomba fanao efa nampianarin’ireo mpitarika ny Fiangonana teo aloha

- Inona no atao hoe “habobo”? (Ny habobo dia fandaharan-kevitra diso izay lazaina ho marina.) Tamin’ny fomba ahoana no nahitanao ny fampianarana ny hevi-diso ho toy ny fahamarinana izay mifandray amin’ny fianakaviana? (Azonao atao ny mijery ao amin’ny F&F 89:4 mba ho ohatra amin’ny habobo.)
- Inona no azontsika ianarana momba ny andraikitr’ireo mpaminany sy apôstôly amin’ny andro farany avy amin’ny teny nataon’ny Filoha Hinckley? (Tokony ahitana ity fahamarinana manaraka ity ny valintenin’ireo mpianatra: **Manana andraikitra masina ireo mpaminany ny hanambara “ireo fenitra sy fotopampianarana ary fomba amam-panaon’ny Tompo izay mifandraika amin’ny fianakaviana.”**)

Asaivo maka minitra vitsivitsy ireo mpianatra hijery ilay fanambarana momba ny fianakaviana sy hitady ny sasany amin’ireo valinteny entin’izany ho an’ireo

fanontaniana amin'izao vaninandro izao mikasika ny fianakaviana. Rehefa avy nanome fotoana ampy ireo mpianatra dia asao izy ireo hizara izay zavatra nianarany. Aza mandany fotoana betsaka amin'ity asa atao ity satria ireo lesona hafa dia miresaka ilay fanambarana amin'ny antsipiriany .

Mijoroa ho vavolombelona momba ireto fahamarinana ireto: Ilay fanambarana momba ny fianakaviana dia feno vahaolana nentanim-panahy enti-mamaha ireo olan'ny fiarahamonina. Ilay fanambarana dia vatofantsika mafy tsara ho an'ny olona tsirairay sy ho an'ny fianakaviana ao amin'ny tontolo izay feno korontana sy miovaova amin'ny soatoavina ijoroany.

Hazavao fa taorian'ny namakin'ny Filoha Hinckley ilay fanambarana momba ny fianakaviana, dia nanambara izy hoe:



"Mitaona ny rehetra izahay mba hamaky am-pitandremana sy am-pisaintsainana ary am-bavaka ity fanambarana ity. Ny herin'ny firenena iray dia miorim-paka anatin'ireo tokantrano ao aminy. Izahay dia mitaona ny vahoakantsika na aiza na aiza misy azy mba hanamafy orina ny fianakaviany mifanaraka amin'ireo soatoavina mendri-piderana ireo" ("Stand Strong against the Wiles of the World," *Ensign*, nôv. 1995, 101).

- Inona aminao no dikan'ny hoe mamaky amim-bavaka ilay fanambarana momba ny fianakaviana?
- Inona no fiantraikan'ireo fitsipika izay hita ao amin'ilay fanambarana momba ny fianakaviana teo amin'ny fahatsapanao mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana?

Ampio ireo mpianatra handinika sy hizara ny fomba mety ampiharany ny famporisihana nataon'ny Filoha Hinckley mba hianatra sy hampihatra ireo fotopampianarana sy fitsipika hita ao amin'ilay fanambarana momba ny fianakaviana (ohatra, manao tsianjery ny ampahany amin'ilay fanambarana). Soraty eo amin'ny solaitrabe ny valintenin'ireo mpianatra, ary asao izy ireo handinika am-bavaka ny fomba azon'izy ireo hanamafisana orina ny tenany sy ny fianakaviany amin'ny fampiharana "ireo soatoavina mendri-piderana ireo."

Vakitenin'ny Mpianatra

- Efesiana 4:11–14; Môsîà 8:15–17; Mosesy 6:26–39; 7:16–21.
- "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129, lds.org/topics/family-proclamation.
- M. Russell Ballard, "What Matters Most Is What Lasts Longest," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2005, 41–44.

2

Manambara amim-boninahitra ireo Mpaminany sy Apôstôly

Fampidirana

"Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" dia manomboka amin'izao teny izao: "Izahay, Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manambara amim-boninahitra ..." (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Ireo

mpaminany amin'ny fotoam-pitantanana rehetra dia manana andraikitra hanambara ny sitrapon'ny Tompo sy hampitandrina ny amin'ny vokatra ny fahotana. Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra hahatakatra ny anjara asan'ireo mpaminany noho izy ireo mpitily izay mampitandrina antsika.

Vakiteny Enti-mandalina

- M. Russell Ballard, "Mijanôna ao anaty sambo dia mamikira!" *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 89–92.
- Henry B. Eyring, "Finding Safety in Counsel," *Ensign*, mey 1997, 24–26.
- Carol F. McConkie, "Miaina araka ny tenin'ireo mpaminany," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 77–79.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Ezekiela 33:1–7; Fotopampianarana sy Fanekepihanana 1:4–5, 11, 14 *Ireo mpitily eo amin'ny tilikambo*



Asehoy an'ireo mpianatra ny sary iray maneho tilikambo, ary anontanio izy ireo raha toa ka afaka mahita ilay tilikambo ao amin'ilay sary. Hazavao fa ilay tilikambo dia alaina tahaka avy amin'ny tilikambo taloha. (Fomba iray hafa azonao hitondrana azy koa, raha misy amin'ny fitenin'ao, ny mandefa ny iray minitra voalohany amin'ilay horonantsary "Watchman on the Tower," lds.org/media-library.) Anontanio ireo mpianatra hoe karazana zavatra inona no mety hotadiavin'ny mpitily ary nahoana no zava-dehibe amin'izy ireny ny manatanteraka ny andraikiny.

Asao ireo mpianatra hamaky ny Ezekielia 33:1–3 ka hitady andraikitra iray sahanin'ny mpitily .

- Inona no anjara asan'ny mpitily? (Mampitandrina ny olona amin'ny loza manambana.)

Angataho ny mpianatra iray hamaky mafy ny Ezekielia 33:4–7.

- Inona no andraikitra nomen'ny Tompo an'i Ezekielia ?
- Inona no hitovian'ny mpaminany amin'ny mpitily eo amin'ny tilikambo? (Mety hanampy ireo mpianatra ny mamaky ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana 1:4–5, 11, 14 mba hahatakarany fa ireo mpaminany maoderina dia manao ny asan'ny mpitily. Azonao atao ny manoro hevitra ireo mpianatra mba hampifandray ireo andinin-tsoratra masina ireo amin'ny Ezekielia 33:4–7. Hazavao fa ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanambara fa, "Amin'ny maha Apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompo anay, dia andraikitra ny ho lasa mpitily eo amin'ny tilikambo" ["Beware of False Prophets and False Teachers," *Ensign*, nôv. 1999, 62].)

Mijoroa ho vavolombelona momba ity fotopampianarana manaraka ity: **Niantso mpaminany amin'ny andro farany ny Ray any An-danitra mba hampitandrina antsika amin'ny loza manambana.**

Mba hanamafisana io fotopampianarana io, dia aseho ity teny manaraka ity izay nataon'ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Toa tsy manam-pahataperana ny fanirian'ny Mpamonjy hitrika antsika ho any amin'ny toerana azo antoka. Ary tsy misy fiovana ny fomba fanehoany ilay lalana. Miantso amin'ny fomba mihoatra ny iray izy mba hahatongavan'izany any amin'ireo izay vonona hanaiky izany. Ary tafiditra mandrakariva ao anatin'ireo fomba ireo ny fandefasana hafatra amin'ny alalan'ny vavan'ireo mpaminaniny isaky ny mendrika ny hanana mpaminanin'Andriamanitra eo anivony ny olona. Omena andraikitra hampitandrina ny olona hatrany ireo mpanompo nahazo lalana ireo mba hilaza amin'izy ireo ny lalana mankany amin'ny toerana azo antoka" ("Finding Safety in Counsel," *Ensign*, Mey 1997, 24).

- Oviana ianao no nahatsapa fa voaro noho ny fanarahanao ny torohevitra ny mpaminany?
- Inona no torohevitra efa renao tamin'ny apôstôly sy mpaminany maoderina izay afaka mitondra fiarovana ara-panahy ho an'ny fianakaviana?
- Amin'ny fomba ahoana no maha feon'ny fampitandremana avy amin'ny Ray any An-danitra ilay fanambarana momba ny fianakaviana?

Amosa 3:6–7

Manampy antsika hahatakatra ny fomba fijerin'ny Tompo ny fianakaviana ireo mpaminany sy apôstôly.

Zarao ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo ity: Asao ireo mpianatra hitady ireo fomba izay mahatonga ireo mpaminany hahafantatra ireo loza misy eo amin'izao tontolo izao ankehitriny.



"Reko fa ny olona sasany dia mihevitra fa miaina ao anatin'ny 'tontolo iray tsy mifandray amin'izao tontolo izao' ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana. Ny zavatra adinon'izy ireo dia ny hoe lehilahy sy vehivavy manana traikefa maro izahay, efa niaina tany amin'ny toerana maro samihafa, ary niara-niasa tamin'ny olona maro samy hafa fiaviana. Ireo asa ampanaovina anay amin'izao fotoana izao dia tena mahatonga anay hitety an'izao tontolo izao tokoa, izay hihaonanay amin'ireo mpitondra eo amin'ny sehatry ny pôlitika, sy ny fivavahana, sy ny raharaham-barotra, ary ny fanampiana olona manerana izao tontolo izao. Na dia nitsidika [ireo mpitondra tao amin'ny] Maison Blanche ao Washington, D.C. sy ireo mpitondra firenena sy mpitondra fivavahana manerana izao tontolo izao aza izahay, dia notsidihinay ihany koa ireo [fianakaviana sy vahoaka] sahirana indrindra eto ambony tany. ...

"Rehefa mieritreritra amim-pisainana tsara ny fiainanay sy ny asa fanompoanay ianareo dia mety tena hanaiky fa mahita an'izao tontolo izao sy miaina ao anatin'izany izahay amin'ny fomba izay hiainan'ny olom-bitsy hafa an'izany. ...

"... Kanefa dia misy zavatra mahakasika ny fahendren'ny tsirairay sy ny fahendrena iraisan'ireo [mpitarika ny Fiangonana] izay tokony hahazoana toky. Efa niaina zavatra maro tokoa izahay, ao anatin'izany ny vokatra ny lalana sy ny fitsipika eo anivon'ny fanjakana, ny fahadisoam-panantenana, ireo loza, ary ireo fahafatesana eo anivon'ny fianakavianay tsirairay avy. Takatray ny zava-miseho eo amin'ny fiainanareo." ("Mijanona ao anaty sambo dia mamikira!" *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 90.


- Amin'ny fomba ahoana no mety hahatonga ny zavatra marobe niainan'ireo mpitarika ny Fiangonana ho lasa fanampiana ho azy ireo amin'ny anjara asa maha-mpitily azy?

Hazavao fa ireo mpaminany dia afaka mahazo zavatra manan-danja lavitra noho ny traikefa eo amin'ny fiainana mba hanampy azy ireo hanatanteraka ny andraikitra nomen'Andriamanitra azy ireo. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Amosa 3:6–7. Lazao amin'ireo mpianatra fa ny Dikantenin'i Joseph Smith dia nanova ny teny hoe "nahatonga" ho lasa hoe "nahafantatra" ao amin'ny andininy 6 sy ny teny hoe "raha tsy" ho lasa "raha tsy efa" ao amin'ny andininy 7. Mety ho fotoana tena mety aminao ity fifanakalozan-kevitra ity mba hamporisihana ireo mpianatra hampiasa ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy mandritra ny fandalinan'izy ireo manokana ny soratra masina.

- Inona no zavatra ampianarin'ny Amosa 3:6–7 momba ny mpaminany?

Zarao amin'ireo mpianatra ity famaritana manaraka ity: Ny mpaminany dia "olona izay nantsoin'Andriamanitra sy miteny ho Azy. Mandray didy, faminiana ary fanambarana avy amin' Andriamanitra ny mpaminany amin'ny maha-mpitondra hafatr'Andriamanitra azy. ... Miampanga ny fahotana ny mpaminany ary manambara mialoha ny vokatra aterany" (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Mpaminany," scriptures.lds.org).

Adikao eny amin'ny solaitrabe ity Kisary manaraka ity:



Omeo fotoana fohy ireo mpianatra hisaintsainana sy hifanakalozana hevitra momba ilay kisary. Azonao atao ny manazava fa ilay kisary dia maneho ny fomba mahatafiditra ny fiainana talohan'ny nahaterahana sy ny fiainana ety an-tany ary ny fiainana aorian'ny fahafatesana ao anatin'ny fijerin'Andriamanitra ny fianakaviana. Amin'ny alalan'ny fanambarana dia mandray fomba fijery mivelatra kokoa ireo mpaminany, ary izy ireo kosa indray dia manampy antsika hampitombo ny fomba fijerintsika sy ny fahatakarantsika.

- Amin'ny fomba ahoana no hanehoan'io kisary io ny antony mety hilazana fa hendry isika raha mandalina ny fanambarana momba ny fianakaviana? (Soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao: **Afaka mianatra ny fomba fijerin'ny Ray any An-danitra ny fianakaviana isika amin'ny fandalinana ny fanambarana momba ny fianakaviana.**)

Asaivo avoakan'ireo mpianatra ny tahadikany "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" any aminy. Antitrantero ilay andian-teny voalohany hoe: "Izahay Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manambara amim-boninahitra. ..." Omeo minitra vitsy ireo mpianatra handiniana ilay fanambarana momba ny fianakaviana, ka hitady porofo izay maneho fa ny fomba fijerin'Andriamanitra ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia tsy mitovy amin'ny fomba fijerin'izao tontolo izao. Asao ireo mpianatra hizara ny zavatra hitany, ary tanisao eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'ireo mpianatra.

Fotopampianarana sy Fanekehavanana 90:1-5

Ny fanarahana ny torohevitra ny mpaminany ao amin'ilay fanambarana momba ny fianakaviana dia hahatonga antsika hijanona ho voaro.

Asao ny mpianatra handinika ny Fotopampianarana sy Fanekehavanana 90:1-3 mba hahitana izay nomen'ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith.

- Inona no nomen'ny Tompo an'i Joseph Smith? (Ny fanalahidin'ny fanjakana izay maneho ny zon'ny fiadidiana, na ny fahefana hitantanana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.)
- Iza no mihazona ireo fanalahidy ireo ankehitriny? (Ireo mpikambana tsirairay ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekehavanana 90:4-5. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny zavatra nampanantenain'ny Tompo fa azon'ny Fiangonana amin'ny alalan'ny Mpaminany. (Nilaza ny Tompo fa ny Fiangonana dia handray "fanambarana.") " "

- Inona no fampitandremana izay nomen'ny Tompo ny Olomasina ao amin'ny andininy 5?
- Inona no fitsipika azontsika ianarana avy amin'izany fampitandremana izany? (Tokony haneho ny fahatakarana ity fitsipika manaraka ity ny valinteny: **Raha toa ka hamaivanintsika ireo fanambarana omen'Andriamanitra antsika amin'ny alalan'ireo mpaminany dia ho solafaka sy hianjera isika.** Azonao atao ny manoratra izany fitsipika izany amin'ny solaitrabe .)

Asehoy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Rahavavy Carol F. McConkie ao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy manerantany sy ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Afaka misafidy ny tsy hiraharaha na hanamaivana na hanambany na hanohitra ny tenin'i Kristy ambaran'ireo mpanompo voatendriny isika. Saingy nampianatra ny Mpamonjy fa ireo izay manao izany dia hoesorina tsy ho eo anivon'ny vahoakan'ny fanekehavanany [jereo 3 Nefia 20:23]" (Carol F. McConkie, "Miaina araka ny Tenin'ireo Mpaminany," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 79).



"Hitako taratra nandritra ny asa fanompoana nataoko fa ireo izay nivily lalana [sy] very hevitra dia mazàna no ireo izay matetika no ... nanadino fa rehefa miteny ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ka miray feo dia feon'ny Tompo izany amin'io fotoana io. Mampahatsiahy antsika ny Tompo hoe: 'Na amin' ny alalan' ny feoko na amin' ny alalan' ny feon' ny mpanompoko, dia iray ihany izany' [F&F 1:38]" (M. Russell Ballard, "Mijanona ao anaty Sambo dia Mamikiral!" 90).

- Inona no mety ho famantarana vitsivitsy maneho fa ny olona iray dia manamaivana ny torohevitra ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana?
- Inona no fitahiana efa noraisinao na norasin'ny hafa noho ny fitandremana ny torohevitra ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana?
- Inona no eritreritra sy fahatsapana anananao momba ny mpaminany amin'ny andro farany izay azonao zaraina amin'ny mpianatra?

Mijoroa ho vavolombelona fa ny fanambarana momba ny fianakaviana dia fanambarana nentanim-panahy avy amin'ny firaisam-peon'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara dimy ambin'ny folo. Amporisiho ireo mpianatra hanararaotra mandritra ity fandaharam-pianarana ity hivavaka mba hahazoana fijoroana ho vavolombelona lalindalina kokoa ny amin'ireo fahamarinana hita ao amin'ilay fanambarana momba ny fianakaviana.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Ezekiela 33:1–7; Amosa 3:6–7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:4–5, 11, 14, 37–38; 90:1–5; 124:125–126.
- M. Russell Ballard, “Mijanona ao anaty sambo dia mamikira!” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 89–92.
- Henry B. Eyring, “Finding Safety in Counsel,” *Ensign*, mey 1997, 24–26.
- Carol F. McConkie, “Miaina araka ny tenin'ireo mpaminany,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 77–79.

Ny Fahafahantsika ho tonga tahaka an' Andriamanitra

3

Fampidirana

Ny Ray any An-danitra dia nanome drafitra izay ahafahantsika miverina eo anatrehany indray sy ho lasa tahaka Azy. Nampianatra ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe: "Zanany isika talohan'ny nahatongavana teto amin'ity tany ity, ary mbola ho Zanany mandrakizay. Io fahamarinana fototra io dia tokony hanova ny fomba fiheverantsika ny tenantsika, sy ireo rahalahy sy

anabavintsika, ary ny fiainana mihitsy" ("Fomba Efatra lantsoana Antsika," *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 58). Rehefa mihamahatakatra bebe kokoa ny fahafahany ho tonga tahaka an' Andriamanitra ireo mpianatra, dia mety ho hainy kokoa ny hiatrika araka ny tokony ho izy ireo olana eo amin'ity fiainana an-tany ity.

Vakiteny Enti-mandalina

- Dieter F. Uchtdorf, "Fomba Efatra lantsoana Antsika," *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 58–61.
- Gospel Topics, "Becoming Like God," [lds.org/topics](https://www.lds.org/topics).

Sosokevitra Enti-mampianatra

Genesisy 1:27; Isaia 55:8–9; Asan'ny Apostoly 17:29; Hebreo 12:9; 1 Jaona 3:1; 4:8–9; 1 Nefia 9:6; 2 Nefia 9:20; Môrônia 8:18; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 76:4; 88:41; 130:22

Zanak'Andriamanitra isika

Asao ireo mpianatra haka sary an-tsaina hoe misy namana iray tsy mpikamban'ny Fiangonana nanontany azy ireo hoe manao ahoana ny endriky ny Ray any An-danitra araka ny finoan'ny Fiangonantsika. Asaivo zarain'ny mpianatra vetivety ny fomba mety hamaliany izany.

Soraty eo amin'ny solaitrabe, na omeo azy ireo ao anatin'ny taratasy zaraina ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto:

Genesisy 1:27; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 130:22

1 Nefia 9:6; 2 Nefia 9:20

Isaia 55:8–9; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 88:41

1 Jaona 3:1; 4:8–9

Môrônia 8:18; Fotopampianarana sy Fanekehavanana 76:4

Asan'ny Apostoly 17:29; Hebreo 12:9

Asaivo mamaky ny sasany amin'ireo vondron'andinin-tsoratra masina ireo ny mpianatra ka hamantatra hoe inona no ampianarin'izy ireo momba ny Ray any An-danitra. Ataovy izay hahavoazara ny vondron'andinin-tsoratra masina tsirairay mba hovakin'ny mpianatra. Rehefa avy nomena fotoana ampy ireo mpianatra dia asao izy ireo hizara ny fomba mety hampiasany ny iray na ny maromaro amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo mba hanazavana ny zavatra fantany na inoany momba ny Ray any An-danitra.

- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fahafantaranao ireo toetran'ny Ray any An-danitra ireo manampy anao hitsaoka Azy?
- Nahoana no hampiova ny fifandraisanao amin'ny Ray any An-danitra ny fahafantaranao fa Izy dia tena olona izay manana vatana nofo sy taolana feno voninahitra sy nitsangana tamin'ny maty ary Izy dia Rain'ny fanahinao?
- Nahoana no manampy antsika ny mahatsiaro, rehefa mitsaoka an' Andriamanitra isika, fa Izy dia Rain'ny fanahintsika? (Ao anatin'ny fifanakalozan-kevitra, dia antitrantero fa noho Andriamanitra Rain'ny fanahintsika, dia afaka ny ho lasa tahaka Azy isika. Mety hanampy ihany koa ny mizara ity fanambarana manaraka ity izay navoakan'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny taona 1909, teo ambany fitarihan'ny Filoha Joseph F. Smith [1838–1918]: “Ny lehilahy rehetra sy vehivavy rehetra dia manahaka ny Ray sy Reny iraisan'ny rehetra ary izy ireo dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ara-bakiteny” [“Gospel Classics: The Origin of Man,” *Ensign*, feb. 2002, 29].)

Zarao ny tahadikan'ity teny manaraka nataon'ny Mpaminany Joseph Smith ity: Asao ireo mpianatra hamaky izay mangina sy hanoratra ireo andian-teny izay maneho ny maha-zava-dehibe ny fahatakarana hoe iza moa Andriamanitra.



“Raha tsy mahatakatra ny toetoetr'Andriamanitra ny olona, dia tsy mahatakatra ny toetoetrany izy. ...

“Andriamanitra koa dia tahaka antsika izao tany aloha tany, ary olona nisandratra Izy ary mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany any an-danitra ambony any! ... Raha rovitra ny voaly ankehitriny, ka mampiseho ny tenany ilay Andriamanitra lehibe izay mihazona ity tontolo ity sy ny manodidina azy, ary mihazona izao tontolo rehetra izao sy ny zava-drehetra amin'ny heriny, —dia hoy aho hoe raha toa ka mahita azy ianareo androany, dia ho hitanareo izy fa tahaka ny olona,—tahaka anareo, ny endrikareo, satria i Adama dia noforonina araka ny hatsara, endrika ary mitovy amin' Andriamanitra, ary nandray ny torolalana, nandeha, niresaka ary nifanakalo hevitra taminy, tahaka ny olona iray miresaka amin'ny iray hafa” (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 40).

- Amin'ny fomba ahoana no hanampiana antsika hahatakatra ny momba ny tenantsika manokana amin'ny alalan'ny fahatakarana hoe iza moa ny Ray any An-danitra? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao: **Rehefa mahatakatra tsara ny amin'ny Raintsika any An-danitra isika, dia afaka mahatakatra bebe kokoa ny fahafahantsika ho lasa tahaka ireo Ray aman-drenintsika any An-danitra .)**

Asehoy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Diniho ny herin'ny hevitra ampianarina ao amin'ilay hira mamintsika hoe ‘Zanaky ny Ray aho’ [*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 113]. ... Iray amin'ireo fanontaniana lehibe eto amin'ny fiainana ny hoe: ‘Iza moa Aho?’ Izaho dia zanak'Andriamanitra izay manana firazanana ara-panahy avy amin'ny ray aman-dreny any an-danitra. Ny fananantsika izany ray aman-dreny izany no mamaritra ny hery anaty ananantsika mandrakizay hanao zavatra. Izany hevitra mafonja izany dia manatsara ny fijerintsika ny tenantsika. Izany dia afaka mampahatanjaka ny tsirairay amintsika mba hanao safidy tsara sy hikatsaka ny tsara indrindra ao anatintsika” (“Powerful Ideas,” *Ensign*, nôv. 1995, 25).

Soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao:

Ny fahafantarako fa zanaky ny Ray aho dia afaka manampy ahy rehefa

Ny fahafantarako fa zanaky ny Ray aho dia efa nanampy ahy rehefa

Asao ny mpianatra maromaro hizara izay fomba hamenoany ny iray amin'ireo fehezanteny ireo.

Romana 8:16–17; 1 Jaona 3:2; 3 Nefia 12:48

Ny fahafahantsika ho tonga tahaka an' Andriamanitra

Lazao ny mpianatrao fa indraindray isika dia mandre hoe misy olona iray manana “hery anaty lehibe hanaovan-javatra.”

- Inona araka ny eritreritrao no dikan'io andian-teny io?

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto, ary asaivo mandalina azy ireo ny mpianatra mba hianarany ny momba ny fahafahantsika ho tonga tahaka an' Andriamanitra: Romana 8:16–17; 1 Jaona 3:2; 3 Nefia 12:48. Azonao atao ny manoro hevitra ireo mpianatra mba hampifandray ireo andinin-tsoratra masina ireo amin'ny fanoratana ireo andinin-tsoratra masina roa hafa eo amin'ny sisin'ny pejy akaikin'ny soratra masina tsirairay.

- Raha miainga avy amin'ireo soratra masina nohalalinintsika mikasika toetoetran'Andriamanitra dia midika inona aminao ilay andian-teny hoe “ho tahaka Azy isika”
- Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe “mpiray lova” amin'i Jesoa Kristy? (Amin'ny maha-Zanaka Lahitokan'ny Ray ao amin'ny nofo an'i Jesoa Kristy, dia manan-jo handova izay rehetra ananan'ny Ray Izy. Ireo izay mankatò sy mandray ireo fitahiana feno entin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy koa dia handova izay rehetra ananan'ny Ray [jereo ny Romana 8:14–18; Galatiana 3:26–29; F&F 84:38]. Antitrantero izao fitsipika manaraka izao: **Manome fomba iray ahafahantsika ho lasa tahaka ireo Ray aman-drenintsika any An-danitra ny drafitry ny Ray any an-danitra.** Hazavao fa na dia misy aza ny olona sasany izay mety mitsikera ny finoantsika fa afaka ny ho lasa tahaka an' Andriamanitra isika, dia mifototra amin'ny fampianarana ao amin'ny Baiboly io finoana io.)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity:

Inona no nampianarin'ny Loholona Dallin H. Oaks momba ny tanjon'ny fiainantsika eto an-tany?

Vakio ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ity ary asaivo tadiavin'ireo mpianatra ny valin'ilay fanontaniana eny amin'ny solaitrabe:



“Ao amin'ny teôlojian'ny fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny, ny tanjon'ny fiainana ety an-tany dia ny manomana antsika mba hanatanteraka ny anjarantsika amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra—ny ho lasa tahaka Azy. ... Ny Baiboly dia mamaritra ny olombelona ho ‘zanak'Andriamanitra’ sy ho ‘mpandova an' Andriamanitra no mpiray lova amin'i Kristy’ (Rom. 8:16–17). Izy io koa dia manambara fa ‘miara-miaritra aminy isika mba hiara-manam-boninahitra aminy koa’ (Rom. 8:17) sy ny hoe ‘raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika’ (1 Jao. 3:2). Mandray ara-bakiteny ireo

fampianaran'ny Baiboly ireo isika. Mino isika fa ny tanjon'ny fiainana ety an-tany dia ny hahazo vatana ary ny ho mendrika ny hahazo ny toetra feno voninahitra sy nitsangana tamin'ny maty ary selestialy izay antsoina hoe fisandratana faratampony na fiainana mandrakizay amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara. ... (Izany anjara hahazoana fiainana mandrakizay izany na fiainan'Andriamanitra dia tokony tsy ho vaovao ho amin'ireo rehetra izay nandalina ny fotopampianarana Kristiana taloha sy ny finoana ny fiovana ho lasa andriamanitra na fisondrotana amin'ny toetra maha-andriamanitra.) ...

"... Ny teôlojiansika dia manomboka amin'ny ray aman-dreny any an-danitra. Ny faniriansika lehibe indrindra dia ny hitovy bebe kokoa amin'izy ireo. Ao anatin'ilay drafitra feno famindrampon'ny Ray, izany rehetra izany dia azo tanterahina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray, i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjy antsika" ("Apostasy and Restoration," *Ensign*, mey 1995, 86–87).

(*Fanamarihana*: Azonao atao ny manazava fa ny fiovana ho lasa andriamanitra sy ny fisondrotana amin'ny toetra maha-andriamanitra dia entina milaza ny foto-kevitra hoe ny olona iray dia afaka ho lasa andriamanitra.)

Mifanakaloza hevitra momba ny valintenin'ny mpianatra amin'ny fanontaniana eo amin'ny solaitrabe. Dia manontania avy eo hoe:

- Inona no eritreritra tonga ao aminao rehefa mandinika ianao hoe ny drafitry ny Ray any An-danitra dia manome anao fahafahana ho lasa tahaka Azy?
- Nahoana no tena ilaintsika ny Sorompanavotan'i Kristy mba hahatonga antsika ho tahaka an' Andriamanitra?

Mba hanohizana ity resadresaka ity, dia avereno jerena miaraka amin'ireo mpianatrao ity tena manaraka ity:

"Ny Olomasin'ny Andro Farany dia mahatakatra ny halehiben'ny Sorompanavotan'i Kristy raha ny fahafaha-manao goavana izay entiny ho an'ny olona no jerena. Tsy vitan'ny hoe mitondra famelan-keleka sy fandresena ny fahafatesana fotsiny ny Sorompanavotan'i Kristy, fa manavotra ihany koa ny fifandraisana tsy tomombana izy, manasitrana ireo ratra ara-panahy izay misakana ny fivoarana, ary mampahatanjaka sy mahatonga ny tsirairay ho afaka hampivoatra ireo toetra tahaka ny an'i Kristy [jereo ny Almà 7:11–12]. Ny Olomasin'ny Andro Farany dia mino fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy irery ihany no ahafahantsika manana fanantenana azo antoka ny amin'ny voninahitra mandrakizay. Ny Olomasin'ny Andro Farany koa dia mino fa herin'ny Sorompanavotany dia tsy azo tanteraka raha tsy amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy, amin'ny fibebahana, amin'ny batisa, amin'ny fandraisana ny fanomezan'ny Fanahy Masina, ary amin'ny faharetana hatramin'ny farany amin'ny fanarahana ny torolalana sy ohatra nasehon'i Kristy [jereo ny 2 Nefia 31:20; Fanakem-pinoana 1:4]. Noho izany, ireo izay lasa tahaka an' Andriamanitra sy miditra ao amin'ny fahafenoan'ny voninahiny dia lazaina fa olona izay efa 'natao fanaperana tamin'ny alalan'i Jesoa, ilay mpanalalan'ny fanekempihavanana vaovao, izay nanatontosa ity sorompanavotana fanaperana ity tamin'ny alalan'ny fandatsahana ny rany ihany' [F&F 76:69]" [Gospel Topics, "Becoming Like God," [lds.org/topics](https://www.lds.org/topics)].

Zarao ny tahadikan'ity teny nambaran'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ity. Asao ireo mpianatra hamaky ilay fanambarana sy hanisy marika ireo hevitra izay manome azy ireo fanantenana fa afaka ny hahatratra ny fahafahany ho lasa andriamanitra izy ireo. Hazavao fa ny Filoha Uchtdorf dia nanao ity lahateny ity nandritra ny fivorian'ny fisoronana tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana, kanefa ireo hevitra dia miantefa amin'ny olona rehetra:



“Fomba iantsoana iray izay mamaritra antsika rehetra, amin’ny lafiny faran’izay fototra indrindra, ny hoe [zanakalahy na zanakavavin’] ny Ray any An-danitra. Na iza isika na iza eo amin’ny fiainana ary na inona na inona ataontsika dia tsy tokony hadinointsika mihitsy hoe fanahy zanak’Andriamanitra ara-bakiteny isika. Zanany isika talohan’ny nahatongavana teto amin’ity tany ity, ary mbola ho Zanany mandrakizay. Io

fahamarinana fototra io dia tokony hanova ny fomba fiheverantsika ny tenantsika, sy ireo rahalahy sy anabavintsika, ary ny fiainana mihitsy. ...

“Mety mahakivy indraindray ny mahafantatra ny dikan’ny hoe zanakalahin’Andriamanitra ianao kanefa tsy mahavita azy araka izany. Tia manararaotra izany fahatsapana izany ny devoly. Aleon’i Satana ianao mamaritra ny tenanao amin’ny alalan’ny fahotanao toy izay amin’ny alalan’ny hery anaty izay mety nahatongavanao ho tahaka an’ Andriamanitra. Ry rahalahy isany, aza mihaino azy.

“Samy efa nahita zaza miana-mandeha isika rehetra. Mandroso kely izy aloha dia mivembena. Ary mianjera. Moa ve itezerantsika izany andrana izany? Mazava ho azy fa tsia. Ray toy ny ahoana no hanasazy zaza iray noho ny fianjerany? Amporisihana izy, sy tehafana ary deraina, satria isaky ny mandingana kely indray mandeha ilay zaza dia miha mitovy amin’ireo ray aman-dreniny.

“Ankehitriny ry rahalahy isany, raha ampitahaina amin’ny fahatanterahan’Andriamanitra isika dia tsy mihoatra lavitra noho ny zazakely miambakavaka sy tsy mahatoky tena. Saingy tian’ny Raintsika any An-danitra be fitiavana isika ho tonga tahaka Azy bebe kokoa, ary izany koa ry rahalahy malala isany, no tokony ho tanjontsika mandrakizay koa. Takatr’Andriamanitra tsara raha hoe tsy ao anatin’ny indray mipi-maso isika no tonga amin’izany fa amin’ny alalan’ny dingana iray isaky ny mandeha” (“Fomba efatra iantsoana antsika,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 58).

- Ahoana no hahafahan’ny fahatsiarovanao ireo fahamarinana ireo manampy anao hahatratra ny fahafahanao ho lasa andriamanitra?
- Amin’ny fomba ahoana no mety hampiova ny fomba hitondranao ny olona ao amin’ny fianakavianao rehefa mahatsiaro ireo fahamarinana ireo ianao?
- Amin’ny fomba ahoana no mety hampiova ny faniriana hitady ny mombamomba ireo fianakavianao efa nodimandry sy hanatanteraka ireo ôrdônansin’ny tempoly ho azy ireny noho ny fahafantaranao ireo fahamarinana ireo?

Entano ireo mpianatra hizara ny zavatra izay nianaran’izy ireo sy tsapany nandritra ity lesona ity amin’ny olona ao amin’ny fianakaviany na amin’ny namana mandritra ny herinandro ho avy. Azon’izy ireo atao koa ny mandinika izay zavatra azony atao isan’andro mba hahatsiarovany tsara fa zanaky ny Ray any An-danitra izy ireo sy ny hanaovany drafitra mba hanoratra ao amin’ny diariny ny fomba fiantraikan’ny fahatsiarovany izany fahamarinana masina izany eo amin’ny zavatra ataony.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Genesisy 1:27; Isaia 55:8–9; Asan’ny Apostoly 17:29; Romana 8:16–17; Hebreo 12:9; 1 Jaona 3:1–2; 4:8–9; 1 Nefia 9:6; 2 Nefia 9:20; 3 Nefia 12:48; Môrônia 8:18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:4; 88:41; 130:22.
- Dieter F. Uchtdorf, “Fomba Efatra Iantsoana Antsika,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 58–61.
- Gospel Topics, “Becoming Like God,” [lds.org/topics](https://www.lds.org/topics).

4

Ny fianakaviana sy ilay drafitra lehiben'ny fahasambarana

Fampidirana

Tamin'ny nahariana an'i Adama sy i Eva dia napetraka tety an-tany ny fianakavian'ny olombelona. Ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva no nahatonga ny zanaka ho azo nateraka ka tonga ety an-tany, ary ny Sorompanavotana kosa indray dia manampy antsika handresy ireo

voka-dratsin'ny Fahalavoana. Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra hahatakatra bebe kokoa ny fomba hiarahan'ny Fahariana sy ny Fahalavoana ary ny Sorompanavotana miasa mba ho famonjena ny fianakaviana.

Vakiteny Enti-mandalina

- M. Russell Ballard, "The Atonement and the Value of One Soul," *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 84–87.
- Julie B. Beck, "Teaching the Doctrine of the Family," *Ensign*, mar. 2011, 12–17.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Mosesy 1:27–39; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 49:15–17

Nianatra ny tanjon'ny nahariana ny tany i Mosesy

Mitondrà fitoeran-javatra kely iray misy fasika sy rano iray very ao an-dakilasy. Asao ny mpianatra iray hanatsoboka ny ratsantanany iray ao anatin'ilay rano ary avy eo ao anatin'ilay fasika. Angataho avy eo io mpianatra io hanombatombana hoe firy ny isan'ny fasika mipetaka amin'ny ratsantanany.

- Firy araka ny eritreritrao ny isan'ny fasika ao amin'ilay fitoeran-javatra misy fasika? Ary firy ny eny amoron-dranomasina?

Asaivo mijery ao amin'ny Mosesy 1, izay mitantara fahitana maro hitan'i Mosesy ireo mpianatra. Angataho ny mpianatra iray hamaky mafy ny Mosesy 1:27–29, ary asao ny mpianatra rehetra hitady ny zavatra nasehon'ny Tompo an'i Mosesy.

- Araka ireo andininy ireo, dia inona ny zavatra hitan'i Mosesy tamin'ny fahitana?
- Inona no mety ho eritreritra nanananao raha toa ka nahita io fahitana io ianao?

Asaivo mamaky ny Mosesy 1:30 ireo mpianatra ary hanisy marika ireo fanontaniana roa napetrak'i Mosesy tamin'ny Tompo (*nahoana sy tamin'ny inona* no nanaovana ny tany sy ny mponina teo amboniny). Ampio ireo mpianatra hampitombo ireo fahaizamananao enti-mandalina ny soratra masina izay ananany amin'ny famporisihana azy ireo hitady ireo fanontaniana sy ny valiny ao amin'ny soratra masina rehefa mandalina izy ireo.

Asao hamaky ny Mosesy 1:31–33 ireo mpianatra ary hikaroka ny fomba namalian'ny Tompo ireo fanontanian'i Mosesy anankiroa.

- Araka ny voalazan'ny andininy 31, dia nahoana Andriamanitra no nahary ny tontolo?
- Inona no fotopampianarana ampianarin'ny andininy 32–33 mikasika ny fomba naharian'ny Ray any An-danitra ireo tontolo? (Tokony hahita ity fotopampianarana manaraka ity ireo mpianatra: **Nahary tany sy tontolo tsy hita isa i Jesoa Kristy teo ambany fitarihan'ny Ray.**)

Asao hamaky ny Mosesy 1:36–39 ireo mpianatra ary hamantatra ny faniriana fanampiny nananan'i Mosesy sy ny valintenin'ny Tompo.

- Inona no tanjon'ny Ray any An-danitra tamin'ny nanorenany ny tany sy ny mponina teo amboniny? (Tokony hahita ity fotopampianarana manaraka ity ireo mpianatra: **Nohariana ny tany mba hanampy amin'ny fanatanterahana ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona.** Mariho fa ny *tsy fahafatesana* dia midika hoe miaina mandrakizay amin'ny toetra nitsangana tamin'ny maty, raha toa kosa ny *fiainana mandrakizay* ka midika hoe miaina tahaka ny fomba iainan'Andriamanitra, izany hoe miaina mandrakizay anatin'ny fianakaviana mandrakizay.)
- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny fahariana ny tany amin'ny fanatanterahana ny asa sy ny voninahitry ny Ray any An-danitra? (Ampisasao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:15–17 mba hanehoana fa ny tany dia nohariana mba ho toerana hipetrahan'ny fianakaviana ety an-tany.)

Mijoroa ho vavolombelona fa ny tany dia nohariana mba hanampy amin'ny fanatanterahana ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ireo zanak'Andriamanitra. Ny rafitry ny fianakaviana dia natao hanampy antsika hahazo ny fiainana mandrakizay, izay midika fa isika dia miaina mandrakizay anatin'ny fianakaviana mandrakizay—ny fiainana izay iainan'Andriamanitra.

2 Nefia 2:19–25; Mosesy 3:16–17; 5:9–11

Ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva dia ampahany nanan-danja tao anatin'ny drafitr'Andriamanitra.

Hazavao fa nanome toromarika manokana an'i Adama sy i Eva Andriamanitra tao amin'ny Saha Edena. Asaivo mamaky mangina ny Mosesy 3:16–17 ireo mpianatra, dia manontania avy eo hoe:

- Inona no nolazain'ny Tompo fa hitranga amin'i Adama sy i Eva raha toa izy ireo ka mihinana ilay voankazo voarara?

Hazavao fa rehefa nihinana ilay voankazo voarara i Adama sy i Eva dia nitondra karazana fahafatesana roa teo amin'ny olombelona izy ireo.

Soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao:

Fahafatesana ara-panahy = fisarahana amin' Andriamanitra

Fahafatesan'ny vatana = fisarahan'ny fanahy amin'ny vatana mety maty

Asao hamaky ny 2 Nefia 2:19–25 ireo mpianatra ary hitanisa ireo vokatry fanampiny nentin'ny Fahalavoana.

- Tamin'ny fomba ahoana no nahatonga an'i Adama sy i Eva sy ny olombelona rehetra ho afaka ny hitovy kokoa amin'ny Ray any An-danitra noho ny fihinanana'i Adama sy i Eva ilay voankazo voarara?

Aseho ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



mar. 2008, 35).

"Ampahany manan-danja ao amin'ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra ny Fahalavoana. Raha tsy nazy azy io dia tsy ho nisy zanaka mety maty naterak'i Adama sy i Eva, ary tsy ho nisy fianakavian'olombelona mba hiaina ny fifanoherana sy ny fivoarana, ny fahafahana misafidy, ny fifaliana avy amin'ny fitsanganana amin'ny maty, ny fanavotana, ary ny fiainana mandrakizay" ("The Atonement of Jesus Christ," *Ensign*,

Vakio miaraka amin'ny mpianatra ny Mosesy 5:9-11. Ampio ireo mpianatra hilaza ireo fahamarinana voarakitra ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo amin'ny fanontaniana hoe:

- Inona avy ireo fahamarinana nianaran' i Adama sy i Eva taorian' ny nandroahana azy ireo hiala tao amin' ny Saha Edena? (Tokony hahatakatra ireto fahamarinana manaraka ireto ireo mpianatra: **Noho ny Fahalavoana, dia afaka niteraka i Adama sy i Eva ary ny taranany dia afaka mivoatra mankany amin'ny fiainana mandrakizay.**)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nambaran'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Asaivo tadiavin'ireo mpianatra ireo antony nahatonga antsika ho dodona ny ho ety an-tany:



2001, 6).

"Iray amin'ireo fotoana izay nampiantanentana indrindra teo amin'ny fiananao—rehefa feno fanantenana sy firavoravoana ary fankasitrahana ianao—izay tsy afaka ny ho tadidinao. Izany zavatra niainana izany dia nitranga tany amin'ny fianana talohan'ny fiainana an-tany rehefa nampahafantarina ianao fa tonga amin'izay ny anjara fotoana izay handaozanao ny tontolon'ny fanahy mba hitoeranao ety an-tany anatin'ny vatana mety maty. Nahafantatra ianao fa afaka hianatra amin'ny alalan'ny traikefan'ny tenanao manokana ireo lesona izay hitondra fifaliana ety an-tany, lesona izay hitondra anao ho amin'ny fisandratana faratampony sy fiainana mandrakizay amin'ny farany rehefa lasa olona feno voninahitra sy selestialy eo anatrehan'ny Rainao Masina sy ny Zanaka Malalany ianao" ("First Things First," *Ensign*, mey

- Inona no fiantraikan'ny fahatakaranao ny tanjon'ny Fahalavoana sy ny fiainana mety maty amin'ny safidy ataonao eto amin'ity fiainana ity?

2 Nefia 9:6–12

Mandresy ireo vokatry ny Fahalavoana ny Sorompanavotana

Vakio mafy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



("The Atonement and the Value of One Soul," *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 84).

"Ny fianakavianay dia niaina ny ngidin'ny famoizana an'i Nathan zafikelinay tamin'ny fianjeran'ny fiaramanidina tamin'ny volana Janoary lasa teo. Nanompo tao amin' ny Misiônan' i Baltika izay miteny Rosiana i Nathan. Tia ny mponina tany izy ary fantany fa tombontsoa ny manompo ny Tompo. Telo volana taorian'ny nanamasinako ny fanambadiana mandrakizany izy sy i Jennifer malalany, dia nanaisotra ny ainy io loza io"

Hazavao fa noho ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva dia tsy maintsy handalo traikefa mampalahelo sy mampivarahontsana toy izay nitranga tamin'ny fianakavian'ny Loholona Ballard isika. Soa ihany fa nanome fomba iray handresena ireo vokatry ny Fahalavoana ny Ray any An-danitra.

Asao ireo mpianatra handalina ny 2 Nefia 9:6–12, ka hitady ny fomba ahafahan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy manampy antsika tsirairay handresy ny fahafatesana ara-batana sy ara-panahy. Azonao atao ny mamporisika ireo mpianatra hanisy marika ireo teny manan-danja sy ireo andian-teny ao amin'ny soratra masiny rehefa mamaky izy ireo. Dia asao avy eo ireo mpianatra mba hizara ny zavatra hitany.

- Inona no fotopampianarana ampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo momba ny fifandraisan'ny Fahalavoan'i Adama sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy? (Ataovy izay hahatakarana'ireo mpianatra izao manaraka izao: **Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia manome ho an'ny zanak'Andriamanitra rehetra ny fomba handresena na ny fahafatesana ara-batana na ny fahafatesana ara-panahy.** Azonao atao ny mamporisika ireo mpianatra handray an-tsoratra ny fiverimberenan'ny fifandraisan'ny Fahalavoana sy ny Sorompanavotana ao amin'ny soratra masina rehefa mandalina ny soratra masina izy ireo. Azonao atao ny mizara ity teny nambara ity: "Ny fifandraisana dia rohy eo amin'ny hevitra, na olona, na zavatra, na trangan-javatra. ... Ny fitadiavana sy fianarana ary fisaintsanana ireny fifandraisana ireny amim-bavaka ... dia mitondra hevi-baovao nentanim-panahy sy rakitsoam-pahalalana nafenina" [David A. Bednar, "A Reservoir of Living Water" (Takariva amorom-patana ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotreron'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, 4 feb. 2007), 4, lds.org/media-library].)

Mangataha mpianatra iray hamaky mafy ity manaraka ity izay tohin'ny teny nambaran'ny Loholona M. Russell Ballard:



"Nampitodika ny fo sy ny sainay tsirairay ho any amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompo ny fahalasan'i Nathan tampoka tsy ho eo anivonay ety an-tany. ...

"Ny fahaterahan'ny Mpamonjy, ny fiainany, ny Sorompanavotany tao amin'ny Sahan'i Getsemane, ny fijaliany teo amin'ny hazo fijaliana, ny fandevenana Azy tao amin'ny fasan'i Josefa, ary ny Fitsanganany tamin'ny maty feno voninahitra, izay sarobidy avokoa, dia samy lasa tsapanay indray fa tena nisy marina. Ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty dia manome toky antsika rehefa fa indray andro any koa isika dia hanaraka Azy ary hiaina ny fitsanganantsika amin'ny maty. Tena fiadanana sy fampiononana tokoa ity fanomezana lehibe izay azo avy amin'ny fitiavana feno famindram-pon'i Jesoa Kristy ity, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra ny zanak'olombelona. Noho Izy dia fantatray fa afaka ny hiaraka amin'i Nathan indray izahay" ("The Atonement and the Value of One Soul," 84).

- Nahoana no maneho ny fomba ahafahan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy manampy ny fianakaviana hanaiky ny vokatra faoben'ny Fahalavoana ny fihetsiky ny fianakavian'ny Loholona Ballard manoloana ny fodiamandrin'ny havany?
- Inona no ataon'ny Sorompanavotana ho azo tanterahina ho an'ny fianakavian'i Nathan sy ho an'ny fianakaviansika tsirairay any amin'ny mandrakizay?

Omeo fotoana ny mpianatra hisaintsainana ity fanontaniana manaraka ity, ary avy eo dia asao izy ireo hamaly izany:

- Tamin'ny fomba ahoana no nanampian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny fianakavianao handresy ireo vokatry ny Fahalavoana? (Ao anatin'ny fifanakalozan-kevitra, dia hazavao fa ireo izay natao ho tanteraka tamin'ny alalan'ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ihany no ho afaka hiara-hiaina mandrakizay ao anatin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana.)

Farano ny lesona amin'ny fampisehoana ity teny ity, izay nataon'ny Rahavavy Julie B. Beck, filohan'ny Fiakambanana Ifanampiana maneran-tany teo aloha, ary asao ny mpianatra iray hamaky izany:



© Busath.com

“Ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia manana teôlôjia mikasika ny fianakaviana isika izay mifototra amin'ny Fahariana sy ny Fahalavoana ary ny Sorompanavotana. Ny Fahariana ny tany dia nanome toerana izay ahafahan'ny fianakaviana hiaina. Nahary lehilahy iray sy vehivavy iray Andriamanitra dia ireo izay silany roa ilaina ao anatin'ny fianakaviana. Efa tao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra fa i Adama sy i Eva dia hofehezina ary ho lasa fianakaviana mandrakizay.

“Ny Fahalavoana dia nanome fomba ahafahan'ny fianakaviana hitombo. I Adama sy i Eva no mpitarika ny fianakaviana izay nisafidy ny hisedra ny fiainana eto an-tany. Ny Fahalavoana no nahafahan'izy ireo nanana zanakalahy sy zanakavavy.

“Ny Sorompanavotana no ahafahan'ny fianakaviana ho fehezina miaraka mandrakizay. Io no ahafahan'ny fianakaviana manana fivoarana sy fahatanterahana mandrakizay. Ny drafitry ny fahasambarana izay antsoina ihany koa hoe ny drafitry ny famonjena, dia drafitra iray noforonina ho an'ny fianakaviana” (“Teaching the Doctrine of the Family,” *Ensign*, mar. 2011, 12).

Amporisiho ireo mpianatra hisaintsaina ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ny Fahariana sy ny Fahalavoana ary ny Sorompanavotana sy hisaintsaina ny zavatra azon'izy ireo atao mba hanasana ny herin'ny Sorompanavotana ho tonga hery lehibe kokoa eo amin'ny fiainan'izy ireo sy eo amin'ny fiainan'ny fianakaviany.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Mosesy 1:27–39; 3:16–17; 5:6–12; 2 Nefia 2:19–25; 9:6–12; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 49:15–17.
- M. Russell Ballard, “The Atonement and the Value of One Soul,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 84–87.
- Julie B. Beck, “Teaching the Doctrine of the Family,” *Ensign*, mar. 2011, 12–17.

Ny Toetoetry ny Fiainana An-tany

5

Fampidirana

Tao amin'ny tontolo talohan'ny fahaterahana isika dia "nanaiky ny [drafitry ny Ray any An-danitra] izay ahafahan'ireo zanany hahazo vatana sy hahazo traikefa ety ambonin'ny tany mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana" ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" (*Ensign* na *Liahona*, nôv.

2010, 129). Fitahiana lehibe ny vatantsika mety maty; na izany aza, dia iharan'ny fakampanahy maron'i Satana izy io. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia afaka mandresy ireo fakampanahy ireo isika sy miverina any amin'ny Raintsika any An-danitra.

Vakiteny Enti-mandalina

- David A. Bednar, "Things as They Really Are," *Ensign*, jona 2010, 16–25.
- David A. Bednar, "The Atonement and the Journey of Mortality," *Ensign*, apr. 2012, 40–47.

Sosokevitra Enti-mampianatra

2 Nefia 2:27–29; Abrahama 3:25

Tena ilaina mba hahazoana ny fiainana mandrakizay ny traikefantsika ety an-tany

Asehoy ity teny nolazain'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary manasà mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Moa ve isika efa nandinika hoe nahoana no manan-danja tokoa ny fananana vatana? ... Tena takatsika ve hoe nahoana no tena manan-danja fototra ao anatin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray ny vatana? Moa ve isika milaza io valiny io matetika sy entim-pahazarana loatra hany ka tsy hitantsika ny tena maha-zava-dehibe azy? Tiako ny hanadihadiantsika bebe kokoa io fanontaniana manan-danja mandrakizay io izay mikasika ny antony maha-zava-dehibe ny vatana. Raha ny marina dia misy fiantraikany amin'ny zavatra rehetra ataontsika ilay valinteny" ("Ye Are the Temple of God," *Ensign*, sept. 2001, 14).

- Araka ny nambaran'ny Loholona Bednar, nahoana isika no tokony hikatsaka ny hahatakatra ny antony maha-zava-dehibe ny vatantsika?

Asao ireo mpianatra hanoratra ny valintenin'izy ireo ho an'ity fanontaniana manaraka ity. Rehefa mandroso ny lesona, dia amporisiho izy ireo hanoratra eritreritra sy hevitra fanampiny.

- Nahoana no manan-danja lehibe ao anatin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra ny vatantsika?

Asao ireo mpianatra hamaky mangina ny andiam-pehezanteny fahatelo ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" ka hitady ny fanambarana izay manazava ny antony ilàna ny vatana amin'ny fivoarantsika mandrakizay.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy izao teny manaraka izao izay nolazain'ny Loholona David A. Bednar. Angataho ny mpianatra mba hihaino ny antony maha-zava-dehibe ny vatantsika ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra. Omeo ny mpianatra tsirairay ny tahadikan'ity teny nambara ity alohan'ny hamakina azy.



“Ny vatantsika dia manome fahafahana hahazo traikefa lalina sy mahery vaika, izay tsy afaka ny ho azo mihitsy nandritra ny fsiantsika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo teo aloha, dia nampianatra fa ‘Ny fanahintsika sy ny vatantsika dia natambatra amin'ny fomba iray mba hahatongavan'ny vatantsika ho lasa fitaovana ho an'ny saintsika ary fototry ny toetrantsika’ [“The Instrument of Your Mind and the Foundation of Your Character” (Lahateny tao amin'ny Fampaherezam-panahy tao amin'ny Brigham Young University, feb. 2, 2003, speeches.byu.edu]. Noho izany, ny fifandraisantsika amin'ny olona hafa, ny hery ananantsika ny hanaiky sy hanao zavatra mifanaraka amin'ny fahamarinana, ary ny fahafahantsika mankatò ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mihamafy amin'ny alalan'ny vatantsika. Mandritra ny fiainana an-tany isika dia miaina halemem-panahy, fitiavana, hatsaram-panahy, fahasambarana, alahelo, fahadisoam-panantenana, fanaintainana, eny fa na dia ireo zava-tsarotra avy amin'ny sakana ara-batana aza, izay manomana antsika amin'ny mandrakizay. Raha lazaina amin'ny fomba tsotra dia misy ireo lesona tsy maintsy ianarantsika sy ireo traikefa tsy maintsy ananantsika araka izay faritan'ny soratra masina manao hoe ‘araka ny maha-nofa’ (1 Nefia 19:6; Almà 7:12–13) (“Things as They Really Are,” *Ensign*, jona 2010, 16).

- Inona no nampianarin'ny Loholona Bednar momba ny antony ilàna ny vatana amin'ny fivoarantsika mandrakizay? (Na dia mety hiovaova aza ny valinteny, dia antitrantero ity fahamarinana ity: **Rehefa manana vatana isika, dia miaina anatin'ny toetoetra an-tany izay afaka manomana antsika ho amin'ny mandrakizay.**)
- Ny vatantsika dia “fitaovan'ny saintsika sy fototry ny toetrantsika.” Amin'ny fomba ahoana?
- Amin'ny fomba ahoana ny “fahafahantsika mankatò ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsara ... no mitombo amin'ny alalan'ny vatantsika”? (Mety ahitana izao manaraka izao ny valinteny: Ny vatana dia manome fahafahana antsika hankatò ilay didy mba hitombo sy hameno ny tany. Ny vatana dia mamela antsika hahatsapa ny fifaliana avy amin'ny fiainana ao anaty fianakaviana, izay toerana ianarantsika sy hampiharantsika ireo fitsipiky ny filazantsara ao an-tokantrano—ohatra, mianatra ny fomba hifehezantsika ny toetrantsika ao amin'ny fianakaviana isika.)

Asao ny mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny Abrahama 3:25 sy 2 Nefia 2:27–29 ary ny mpianatra rehetra kosa mitady ny fomba h'iarahanireo andinin-tsoratra masina ireo miasa mba hanampiana antsika hahatakatra bebe kokoa ny tanjon'ny fananana vatana.

- Na dia fitahiana lehibe aza ny fanana vatana, dia nahoana no tafiditra ao amin'ny fitsapana ety an-tany ny fananana vatana? (Maro amin'ireo fakampanahin'i Satana no mihamatanjaka noho ny fananantsika vatana.)
- Amin'ny fomba ahoana no hanomezan'ny fisafidianana “ny sitrapon'ny nofo” “fahefana [...] mba hambabo” ho an'ny devoly?

Môsià 3:19; Mosesy 6:49, 53–55

“Ny olona araka ny nofo dia fahavalon'Andriamanitra”

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Mosesy 6:53–54, ary asao ireo mpianatra ambiny hitady ary avy eo hanazava hoe inona no ampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo momba ny toetoetra misy antsika amin'ny fotoana ahaterahantsika. Mariho fa ny teny hoe “madio” eto amin'ity sahankevitra ity dia midika hoe afaka amin'ny vokatra ny fandikan-dalana nataon'i Adama.

Avy eo dia asaivo mamaky ny Mosesy 6:49 sy 55 ilay mpianatra, ary anontanio ny mpianatra rehetra hoe:

- Inona no ampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo mikasika ny fomba mahatonga ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva hisy fiantraikany amintsika mandritra ny fiainana ety an-tany? (Rehefa manaraka ny fakampanahin'i Satana isika, dia miaina ireo voka-dratsin'ny safidintsika mba ho olon'ny nofo, sy tia ny zavatra aranofo ary manaraka ny devoly. Azonao atao ny miresaka ny Etera 3:2, izay mampianatra fa “noho ny fahalavoana dia efa zary ratsy lalandava ny toetrantsika.”).

Asaivo mamaky mafy ny andalana vitsy voalohany ao amin'ny Môsià 3:19 ny mpianatra iray. Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto:

Inona no atao hoe olona araka ny nofo?

Nahoana ny olona araka ny nofo no fahavalon'Andriamanitra?

Omeo minitra vitsy ireo mpianatra mba hitadiavany ny valin'ireo fanontaniana ireo sy hampitomboany ny fahatakarany ny teny hoe “olona araka ny nofo” amin'ny fandalinany ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy ho an'ny andininy 19 (indrindra ny fanovozan-kevitra a sy ireo andinin-tsoratra masina hafa izay voalaza ao amin'ilay fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy). Mifanakaloza hevitra momba ny zavatra hitan'ireo mpianatra rehefa avy nanome fotoana ampy tsara ho azy ireo. Hazavao fa io teny io dia milaza ny toetoetra izay mahakasika ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny fomba mitovy.

- Raha manana ny toetran'ny olona araka ny nofo ny olona iray dia inona no vokatra mety aterak'izany amin'ny fanambadiana na amin'ny fianakaviana?

Asaivo mamita ny famakiana ny Môsià 3:19 ilay mpianatra teo, ary asao ny mpianatra rehetra hitady fitsipika iray mikasika ny fomba afahafantsika mandresy ny olona araka ny nofo. (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity fitsipika ity: **Amin'ny alalan'ny fanekena ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fanarahana ny fitaoman'ny Fanahy Masina, dia afaka manaisotra ny olona araka ny nofo isika ary lasa olomasina.**)

Hazavao fa eto amin'ity sahan-kevitra ity, ny hoe *fanarahana* dia midika hoe milefitra na miaiky ny bitsiky ny Fanahy Masina.

- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny olona iray mamantatra izay hibitsihan'ny Fanahy Masina azy mba hataony?
- Afaka mizara traikefa izay tsy saropady loatra ve ianao izay nibitsihan'ny Fanahy Masina anao mba hanaisotra ny olona araka ny nofo?

Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa manaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina isika, dia lasa afaka mahazo ny herin'ny Sorompanavotana.

Môsià 3:19; 16:3–6

Mampihatra ny Sorompanavotan'i Kristy

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 16:3–6, ary asao ny mpianatra rehetra hanaraka ny vakiteny, ka hitady ny zavatra hanampy antsika handresy ny vokatra ny Fahalavoana eo amin'ny fiainantsika.

- Inona no efa nomanina tao amin’ny drafity ny Ray any An-danitra mba hamela antsika handresy ilay toetrantsika anaty fahalavoana? (Soraty eny amin’ny solaitrabe ity fotopampianarana manaraka ity: **Amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy, dia afaka ny ho avotana amin’ny toetrantsika very sy lavo isika.**)

Asehoy ity teny nolazain’ny Loholona David A. Bednar ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy izany:



Ny filana, ny faniriana, ny fironana, ary ny fihetsehampo tsy hay tohaina rehetra an’ny olona araka ny nofo dia azo toherina amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy. Eto an-tany isika mba hampitombo toetra tahaka ny an’ Andriamanitra sy hifehy ny filan’ny nofo rehetra” (“Mino Isika fa tokony ho Madio Fitondrantena,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 43).

Hazavao amin’ireo mpianatra fa rehefa mino ny Sorompanavotana isika, dia mandray ny fahasoavan’i Jesoa Kristy, izay azo notanterahina noho ny sorona manavotra nataony. Ny hevi-dehiben’ily teny hoe: *fahasoavanadia* hoe “fomba masina entina hanampiana na hanomezana hery, omena amin’ny alalan’ny famindram-po sy ny fitiavan’i Jesoa Kristy izay miavosa.” Izany dia “hery manome fahafahana” izay manampy antsika hibebaka sy hahazo ireo toetra izay tsy vitantsika samirery ny mahazo azy (jereo ny Bible Dictionary, “Grace”). Mba hanampiana ireo mpianatra hamantatra ireo toetra tahaka ny an’i Kristy izay tokony hananantsika, dia asaivo averin’izy ireo jerena ny lisitr’ireo toetra izay mitarika antsika mba ho lasa olomasina, araka izay hita ao amin’ny Môsîà 3:19.

- Tamin’ny fomba ahoana no nanampian’ny Mpamonjy anao hanana ny iray amin’ireo toetra voatanisa ao amin’ny Môsîà 3:19?
- Tamin’ny fomba ahoana no nahitanao fa fitahiana ho an’ny fianakaviany ireo olona izay manana ny iray na maromaro amin’ireo toetra ireo?
- Amin’ny fomba ahoana no ahafahanao ho tonga vady tsaratsara kokoa, na ray na reny tsaratsara kokoa rehefa manao izay hananao ny iray na maromaro amin’ireo toetra ireo ianao amin’ny alalan’ny hery manome fahafahana avy amin’ny fahasoavan’ny Mpamonjy?

Hazavao amin’ireo mpianatra fa isika tsirairay dia homena fanontaniana iray manandanja izay tsy maintsy hovaliana aorian’ny lesona androany. Asehoy ity teny nolazain’ny Loholona David A. Bednar ity, ary asaivo mamaky izany mangina ireo mpianatra:



“Ny toetra voajanahary marin’ny fitsapana amin’ny fiainana an-tany, noho izany, dia afaka ny ho fintinina ao amin’ity fanontaniana manaraka ity: Hanao zavatra amin’ny fironan’ny olona araka ny nofo ve aho, na hihaino ny fitaoman’ny Fanahy Masina ve aho ary hanaisotra ny maha olona araka ny nofo ary tonga olomasina amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Kristy Tompo (jereo ny Môsîà 3:19)? Izay ilay fizahan-toetra” (“Mino Isika fa Tokony Hadio fitondrantena,” 43).

Omeo minitra vitsivitsy ireo mpianatra hanoratana valiny ho an’ily fanontanian’ny Loholona Bednar. Asao izy ireo hisaintsaina ireo toetra tahaka ny an’i Kristy izay hita ao amin’ny Môsîà 3:19 sy hanao drafitra hanomboka hanao izay hananana feno kokoa ny iray amin’ireo toetra ireo.

Vakitenin'ny Mpianatra

- 2 Nefia 2:27–29; Môsià 3:19; 16:3–6; Mosesy 6:49, 53–55; Abrahama 3:25.
- David A. Bednar, “The Atonement and the Journey of Mortality,” *Ensign*, apr. 2012, 40–47.

6

Ny Fianakaviana no ivon'ny Drafitry ny Ray any An-danitra

Fampidirana

Ireo mpaminany maoderina dia nanambara fa “ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an’ny anjara mandrakizain’ny zanany” (“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Ity lesona ity dia hanampy

ireo mpianatra hahita fa rehefa lasa “[m]azoto sy [m]ikarakara bebe kokoa ao an-tokantrano” (F&F 93:50) izy ireo dia afaka manao izay hahatonga ny fianakaviana ho fototry ny fiainan’izy ireo bebe kokoa.

Vakiteny Enti-mandalina

- Robert D. Hales, Robert D. Hales, “The Eternal Family,” *Ensign*, nôv. 1996, 64–67.
- David A. Bednar, “Hazoto sy Hikarakara Bebe Kokoa ao An-tokantrano,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2009, 17–20.
- *Manuel 2: Administration de l’Église* [2010], 1.1.1, 1.1.4, sy 1.4.1 (raha misy).

Sosokevitra Enti-mampianatra

Ny fianakaviana no ivon'ny drafitry ny Ray any An-danitra

Lazao amin’ireo mpianatrao fa tamin’ireo lohahevitra rehetra voalaza nandritra ny fihaonamben’ny Fiangonana farany, dia ny fianakaviana no anisan’ny lohahevitra voaresaka imbetsaka indrindra.

- Nahoana araka ny eritreritrao no miresaka momba ny fianakaviana imbetsaka toy izany ireo mpitarika ny Fiangonana?

Soraty eny amin’ny solaitrabe ity fahamarinana manaraka ity izay avy ao amin’ny fanambarana momba ny fianakaviana, ary asaivo zarain’ny mpianatra izay heverin’izy ireo fa hevitra fonosin’izany:

“Ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an’ny anjara mandrakizain’ny zanany.”

Mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra bebe kokoa ny fomba mahatonga ny fianakaviana ho fototry ny anjara mandrakizaintsika, dia omeo ireo mpianatra ny tahadikan’ily taratasy zaraina izay hita any amin’ny faran’ity lesona ity. Zarao ho vondrona kely maromaro ireo ankizy. Asaivo mamaky ny iray amin’ireo fizarana telo ao amin’ily taratasy zaraina ny vondrona tsirairay sy mifanakalo hevitra momba ireo fanontaniana izay hita ao. Ataovy izay hahavoazara ny fizarana tsirairay mba hovakin’ny mpianatra.

Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia manasa mpianatra iray farafahakeliny izay nasaina namaky ny fizarana tsirairay amin'ilay taratasy zaraina mba hamintina ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny vondrona misy azy amin'ny mpianatra rehetra. Mijoroa ho vavolombelona momba ity fahamarinana manaraka ity: **Ny fianakaviana dia fototry ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiainana talohan'ny nahaterahana sy ety an-tany ary mandrakizay.**

- Inona avy ireo traikefa nanampy anao hahatsapa ny tena maha-zava-dehibe ny fianakaviana ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra?



Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 93:39–50

Manao ny fianakaviana ho laharam-pahamehana

Ampiomany ireo mpianatra mba hianatra avy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 93 amin'ny alalan'ny fanazavana fa io fizarana io dia mirakitra, ankoatra ny zavatra hafa, ny torolalana nomen'ny Tompo momba ny maha-zava-dehibe ny manabe ny ankizy ao amin'ny "fahazavana sy ny fahamarinana" sy ny manao ny fianakaviansika ho laharam-pahamehana. Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto:

Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 93:39-43

Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 93:44

Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 93:45-48

Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 93:50

Asaivo mamaky farafahakeliny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ny mpianatra (ataovy izay hahavoazara ny andinin-tsoratra masina rehetra mba hovakin'ny mpianatra iray farafahakeliny). Asaivo karohin'ireo mpianatra hoe iza no niresahan'ny Tompo ary inona no torolalana nomeny. Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia asao izy ireo hilaza ny zavatra nianarany. Ataovy izay hahafantaran'ireo mpianatra fa ireo lehilahy efatra izay niresahana dia ny Fiadidiana Voalohany sy ny evekan'ny Fiangonana tany Ohio; noho izany, ireo andinin-tsoratra masina ireo dia mampahatsiahy an'ireo mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana, eny fa na ireo izay mpitarika aza, mba hanao ny fianakaviany ho laharam-pahamehana. Azonao atao ny manoro hevitra ireo mpianatra hanisy marika ny zavatra miverimberina na ny ohatra arahina hita ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo—Ireo mpikamban'ny fiangonana dia tokony "handamina" ny ankohonany (jereo ny andininy 43, 44, sy 50).

- Araka ny ao amin'ny andininy 42, 48, sy 50, dia inona no azontsika atao mba handaminana ny fianakaviansika? (Tokony hahita izao manaraka izao ireo mpianatra: mampianatra amin'ny zanaka ny fahazavana sy ny fahamarinana, mibebaka, miala amin'ny zavatra tsy marina, mazoto sy mikarakara kokoa ao an-tokantrano, ary mivavaka mandrakariva.)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fitsipika manaraka ity: **Manampy amin'ny fanatanterahana ny didin'ny Tompo mba handamina ny ankohonantsika isika rehefa mazoto sy mikarakara kokoa ao an-tokantrano.**

- Inona no azon'ny tanora iray atao mba hazoto sy hikarakara bebe kokoa ao an-tokantrano?

Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nalaina tao amin'ny taratasy nosoratan'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny taona 1999, ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:

“Ny tokantrano no fototry ny fiainana marina, ary tsy misy fitaovana hafa afaka maka ny toerany na afaka mahatontosa ny anjara asany manan-danja eo amin'ny fampandrosoana io andraikitra nomen' Andriamanitra io.

“Manoro hevitra ireo ray aman-dreny sy ireo zanaka izahay mba hametraka ho laharam-pahamehana voalohany indrindra ny vavaky ny mpianakavy, ny takarivan'ny mpianakavy, ny fandalinana sy fampianarana ny filazantsara ary ny fanaovana fiaraha-mientana mahasoana ny mpianakavy. Na dia tsara sy mendrika ho atao tahaka izany aza ny zavatra na fiaraha-mientana hafa dia tsy tokony havela izany hanolo toerana ireo andraikitra masina manokana izay ny ray aman-dreny sy ny fianakaviana ihany no afaka manatanteraka azy tsara” (Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 11 Feb. 1999, voalaza ao amin'ny *Manuel 2: Administration de l'Eglise* [2010], 1.4.1).

- Raha jerena avy amin'ny zavatra niainanao, dia inona ireo “anjara asa manan-danja” sy “ireo andraikitra nomen'Andriamanitra” vitsivitsy izay ao amin'ny fianakaviana no afaka hanatanterahana azy tsara?

Asehoy ity teny manaraka izay nambara ity, ary amporisiho ireo mpianatra handinika ireo fitahiana izay azo rehefa samy mikatsaka ny hanatanteraka ny andraikitra nomen'Andriamanitra azy ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana:

“Na aiza na aiza onenan' ireo mpikamban'ny Fiangonana, dia tokony hanorina tokantrano izay hitoeran'ny Fanahy izy ireo. ...

Ny tokantrano iray izay misy ray aman-dreny feno fitiavana sy marina no rafitra mahomby indrindra hanomezana fahafahampo ireo filàna ara-panahy sy ara-batan'ireo zanaka. Ny tokantrano iray mifantoka amin' i Kristy dia manome toerana iray ho fiarovana amin'ny fahotana, fialofana eo anatrehan' izao tontolo izao, fahasitranana amin' ireo ratra ara-pihetsehambo sy ratra hafa, ary fitiavana marina sy feno fanoloratena ho an'ireo olon-dehibe sy ireo zanaka” (*Manuel 2: Administration de l'Eglise*, 1.4.1).

- Amin'ny fomba ahoana no hitondranao fanampiana amin'ny fanorenana tokantrano mifantoka amin'i Kristy ho an'ny fianakavianao?
- Inona no zava-baovao entin'izany ao amin'ny fianakavianao?

Asehoy ity fteny nolazain'ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy izany:



“Avelao izay zavatra rehetra ataonareo any ivelan'ny tokantrano mba ho fanampiny sy hanohanana ny zavatra miseho ao anatin'ny tokantranonareo. Tadidio ny torohevity ny Filoha Harold B. Lee hoe ‘Ny asa manan-danja indrindra ... izay ho ataonareo hatramin'izay dia ny asa izay ho ataonareo ao an-tokantranonareo manokana’ ... ary ilay torohevity ny Filoha David O. McKay izay manan-kery mandrakizay manao hoe ‘Tsy misy fahombiazana hafa afaka manonitra ny tsy fahombiazana ao an-tokantrano’ ” (“Mba Ho Hita Indray Izay Very,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2012, 99).

Omeo fotoana ireo mpianatra hanoratany zavatra vitsivitsy izay azon'izy ireo atao mba hazoto sy hikarakara kokoa ao an-tokantrano ary hanao izay hahatonga ny fianakaviany ho zavatra fototra hifantohana bebe kokoa eo amin'ny fiainany. Amporisiho hametraka tanjona ireo mpianatra mba hanaraka ny iray amin'ireo hevitra

izay nosoratany. Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa manatratra ny tanjony ireo mpianatra, dia hanamafy orina azy ireo ara-panahy ny Tompo sy hanampy azy ireo hahita ny fomba hanamafisana orina ny fianakaviany noho ny asa ataon'izy ireo.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:39–50.
- Robert D. Hales, Robert D. Hales, “The Eternal Family,” *Ensign*, nôv. 1996, 64–67.
- David A. Bednar, “Hazoto sy Hikarakara Bebe Kokoa ao An-tokantrano,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2009, 17–20.

Ny fianakaviansika talohan'ny nahaterahana, sy ety an-tany ary mandrakizay

Ny fianakaviansika talohan'ny nahaterahana

“Ny fianakaviana dia tendrin'Andriamanitra. Io no rafitra manan-danja indrindra amin'izao fotoana izao sy ho mandrakizay. Na dia talohan'ny nahaterahantsika teto an-tany aza dia tao anatin'ny fianakaviana iray isika. Isika tsirairay 'dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra' ary manana 'toetra sy anjara araka an' Andriamanitra' ('Ny fianakaviana: Fanambarana ho an' izao Tontolo izao,' *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129]. Andriamanitra no Raintsika any An-danitra, ary niaina teo anatrehany isika amin'ny maha-isan'ny fianakaviany antsika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Tany isika no nianatra ireo lesontsika voalohany ary nomanina ho an'ny fiainana an-tany (jereo ny F&F 138:56)” (*Manuel 2: Administration de l'Eglise* [2010], 1.1.1).

“Mivavaka amin'ilay Andriamanitra lehibe izay nahary izao rehetra ary izao isika. Izy no Raintsika any An-danitra. Nisy isika noho Izy; zanany ara-panahy isika. Nitoetra niaraka Taminy tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana isika ary fianakaviany. Fantatsika Izy toy ny fahafantarantsika akaiky sy lalina ireo raintsika ety an-tany mandritra izao fisiansika izao” (Bruce R. McConkie, *How to Worship*, Brigham Young University Speeches of the Year [20 jolay, 1971], 2).

Fanontaniana ifanakalozan-kevitra:

- Tamin'ny fomba ahoana no naha-ampahany fototra ny fianakaviana tamin'ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana?
- Nahoana no manampy ny mahafantatra fa Andriamanitra dia Rainao ary ianao dia anisan'ny fianakaviany izay tiany tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana?
- Mety ho toy ny ahoana araka ny eritreritrao ny fifandraisanao tamin'ireo Ray Aman-dreninao any An-danitra?

Ny fianakaviansika ety an-tany

“Tafiditra ao anatin'ny drafitry ny Raintsika Any An-danitra ny hoe teraka tao anaty fianakaviana isika. Namorona fianakaviana Izy mba hitondrana fahasambarana ho antsika, mba hanampiana antsika hianatra fitsipika marina ao anatin'ny tontolo feno fitiavana, ary hanomana antsika ho amin'ny fiainana mandrakizay.

“Manana andraikitra lehibe ireo ray aman-dreny amin'ny fanampiana ny zanak' izy ireo hiomana hiverina any amin'ny Ray any An-danitra. Manatanteraka izany andraikitra izany ireo ray aman-dreny rehefa mpianatra ireo zanany hanaraka an' i Jesoa Kristy sy hiaina ny filazantsarany” (*Manuel 2: Administration de l'Eglise*, 1.1.4).

“Andriamanitra no mpahary ny fianakaviana. Ny fikasany dia ny tokony hahatongavan'ny fahasambarana lehibe indrindra, ny lafiny mahafapo indrindra eo amin'ny fiainana, ary ny hafaliana lalina indrindra ao anatin'ny fiarahantsika miasa sy ny fifampikarakarantsika amin'ny maha-ray sy reny ary zanaka antsika” (Gordon B. Hinckley, “What God Hath Joined Together,” *Ensign*, mey 1991, 74).

Fanontaniana ifanakalozan-kevitra:

- Amin'ny fomba ahoana no maha-ampahany fototra ny fianakaviana amin'ny fiainantsika ety an-tany?
- Mety ho hafa manao ahoana ny fiainantsika ety an-tany raha toa isika ka nalefa tety an-tany tsirairay fa tsy nisy fianakaviana—tsisy ray, reny, iray tampo, razambe, na taranaka?
- Inona ireo traikefa izay nanampy anao hahatakatra ny anjara asa sy ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana ety an-tany?

Ny fianakaviansika mandrakizay

"Ny drafitra masin'ny fahasambarana no ahafahan'ny fifandraisana eo amin'ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatra ny fasana" ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129).

"Raha toa ny famonjena antsika tsirairay ka miankina amin'ny fankatoavantsika manokana, dia zava-dehibe mitovy amin'izany koa ny fahatakarantsika fa isika tsirairay dia ampahany manan-danja sy tena ilaina ao amin'ny fianakaviana ary ny fitahiana ambony indrindra dia tsy azo raisina raha tsy ao anatin'ny fianakaviana mandrakizay ihany. Rehefa mandeha araka ny namolavolan'Andriamanitra azy ny fianakaviana, dia ny fifandraisana misy ao no sarobidy indrindra amin'ny fiainana an-tany. Ny drafitra ny Ray dia ny hitohizan'ny fifankatiavana sy ny fiarahan'ny fianakaviana any amin'ny mandrakizay. Ny firaisan-kina ao amin'ny fianakaviana dia mitondra andraikitra goavana amin'ny fikarakarana, fitiavana, fampaherezana, ary fampatanjahana ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana mba hahafahan'ny rehetra maharitra am-pahamarinana hatramin'ny farany ary hitoetra miaraka any amin'ny mandrakizay. Tsy ampy ny mamonjy ny tenantsika. Manan-danja toy izany koa ny hahavoavonjy ny ray aman-dreny sy ireo mpiray tampo amintsika ao amin'ny fianakaviansika. Raha miverina irery any amin'ny Raintsika any An-danitra isika dia hanontaniana hoe 'aiza ny sisa amin'ny fianakavianao?' Izany no antony hampianarantsika fa ny fianakaviana dia mandrakizay. Ny toetra mandrakizain'ny olona iray dia lasa toetra mandrakizain'ny fianakaviana" (Robert D. Hales, "The Eternal Family," *Ensign*, nôv. 1996, 65).

Fanontaniana ifanakalozan-kevitra:

- Amin'ny fomba ahoana no maha-ampahany fototra ny fianakaviana amin'ny anjarantsika mandrakizay?
- Inona avy ireo asan'ny fahamarinana vitsivitsy azon'ny tsirairay ao amin'ny fianakaviana atao mba hifanavotan'izy ireo?
- Oviana no nisy olona iray ao amin'ny fianakavianao nankahery na nampatanjaka anao hany ka naniry ny haharitra hatramin'ny farany ianao?

Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra

7

Fampidirana

Nametraka ny lamina masin'ny fanambadiana izay tokony arahina niaraka tamin'i Adama sy i Eva tao amin'ny Saha Edena ny Ray any An-danitra. Amin'izao androntsika izao, ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nanamafy io lamina io tamin'ny filazana hoe: "Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray

sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra" ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Na dia mikasa ny hanova izany famaritana izany aza ny lalàn'olombelona, dia tsy miova mandrakizay ny lalàn'Andriamanitra.

Vakiteny Enti-mandalina

- D. Todd Christofferson, "Nahoana no ilaina ny manambady sy manorina fianakaviana?" *Ensign* na *Liahona*, mey 2015, 50–53.
- Dallin H. Oaks, "Tsy Manana Andriamani-kafa," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2013, 72–75.
- Sheri L. Dew, "It Is Not Good for Man or Woman to Be Alone," *Ensign*, nôv. 2001, 12–14.
- "The Divine Institution of Marriage," mormonnewsroom.org/article/the-divine-institution-of-marriage
- Gospel Topics, "Same-Sex Marriage," lds.org/topics.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 49:15–17; Mosesy 3:21–24

Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra.

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fotopampianarana manaraka ity: "**Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin'Andriamanitra.**"

Anontanio amin'ny mpianatra ny dikan'ny hoe *manendry* ao amin'io fehezanteny io. (Mety ahitana izao ny valinteny: mandidy na mampanao na maniraka noho ny fananana fahefana ambony kokoa.) Anontanio ny mpianatra ny fomba hanampian'io famaritana io azy ireo hahatakatra ny hevitr'ilay fotopampianarana eny amin'ny solaitrabe. Asaivo mamaky mangina ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 49:15–17 ireo mpianatra mba hitady soratra masina iray mamerina milaza io fotopampianarana io.

Asaivo mamaky mafy ny Mosesy 3:21–24 ny mpianatra iray. Asao ny mpianatra rehetra hitady hoe iza amin'ireo dingana manan-danja ao amin'ny drafitry ny famonjena no voasoritsoritra ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo. (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia hazavao fa sarin-teny ny filazana ny taolan-tehezan'i Adama—tsy tena nanaisotra ny taolan-tehezan'i Adama akory Andriamanitra. Azonao atao koa ny manoro hevitra ireo mpianatra hanoratra ity famaritana manaraka ity ho an'ny teny hoe *hikambana* eo amin'ny sisin'ny pejy ao amin'ny soratra masin'izy ireo: "manorina fiombonana akaiky sy maharitra ary mafy orina.")

- Inona araka ny eritreritrareo no tian'Andriamanitra ampianarina antsika tamin'ny famaritany ny fahariana ara-batana an'i Eva araka izany fomba izany? (Ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kolejiny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra fa: "Ilay taolan-tehezana, izay azo avy amin'ny tehezana, dia toa maneho fiaraha-miasa. Ilay taolan-tehezana dia sady tsy midika ho fanapahana no tsy midika ho fileferana ho ambany kokoa, fa midika kosa fifandraisana mira lontan'ny mpiara-miasa, mba hiara-hiasa sy hiara-hiana" ["Lessons from Eve," *Ensign*, nôv. 1987, 87].)
- Inona no azontsika ianarana avy amin'ny Mosesy 3:24? (Nilaza ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo fa Andriamanitra dia "nampitambatra [an'i Adama sy i Eva] ho mpivady. ... Tsy misy amintsika, na olona mety maty hafa, afaka manova io lamina masin'ny fanambadiana io. Tsy zavatra noforonin'olombelona izany" ["Nahoana no ilaina ny manambady sy manorina fianakaviana?" *Ensign* na *Liahona*, mey 2015, 52].)

Asehoy ity teny nambaran'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy: Asao ny iray kilasy hikaoka hevi-baovao momba ny antony nanendren'Andriamanitra hoe ny fanambadiana dia tokony hitranga eo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray irery ihany.



"Taorian'ny nahariana ny tany dia napetraka tao amin'ny Saha Edena i Adama. Tamin'ny fomba manan-danja, na izany aza anefa, dia nilaza Andriamanitra fa 'tsy tsara raha irery ralehilahy' (Mosesy 3:18; jereo koa ny Genesisy 2:18), ary lasa vady sy mpanampy sahaza ho an'i Adama i Eva. Ny fiarahana tsy manan-tsahalan'ny fahafahana ara-panahy, ara-batana, ara-tsaina, ary ara-pihetseham-po an'ny lahy sy ny vavy dia nilaina mba hanatanterahana ny drafitry ny fahasambarana. 'Kanefa ao amin'ny Tompo tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy' (1 Korintiana 11:11). Ny lehilahy sy ny vehivavy dia natao mba hianatra avy amin'ny tsirairay, hifankahery, hifampitahy, ary hifameno" ("Mino isika fa tokony ho Madio Fitondrantena," *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 41–42).

- Miainga avy amin'ny fahatakaranao ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any Andanitra, nahoana ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray no tendriny?

Mosesy 3:18; 5:1–5, 12, 16

Mpiara-miasa mira lenta ny mpivady

- Inona no maha-zava-dehibe ny fanarahana maodely rehefa manao zavatra iray toy ny hoe manjaitra akanjo?
- Inona no maha-zava-dehibe ny fandalinana ny lamina tsara indrindra an'ny fanambadiana?

Hazavao fa ny fanambadian'i Adama sy i Eva dia maneho ny lamin'ny Tompo mikasika ny hoe tokony ho toy ny ahoana izany fanambadiana izany. Asao hamaky mafy ny Mosesy 3:18 ny mpianatra iray.

- Midika inona aminao ny hoe "mpanampy sahaza"? (Ny hoe "Mpanampy" dia nadika avy amin'ny fanakambanana teny hebreo fototra anankiroa, ny iray dia midika hoe manavotra na mamonjy, ary ny iray hafa dia midika hoe matanjaka. Ny hoe "Sahaza" dia nadika avy amin'ny teny Hebreo izay milaza hoe mety na mitovy. Noho izany, ny "mpanampy sahaza" dia namana mety aminao sy mitovy aminao izay manana hery hamonjy. Toroy hevitra ireo mpianatra hanoratra io famaritana io

ao amin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Mosesy 3:18. Jereo koa ny Howard W. Hunter, "Being a Righteous Husband and Father," *Ensign*, nôv. 1994, 51.)

- Karazana fifandraisana manao ahoana no tian'io teny io ambara mikasika ny mpivady? (Fintino ny valintenin'ireo mpianatra amin'ny alalan'ny fanoratana ity fitsipika manaraka ity eo amin'ny solaitrabe: **Notendren'Andriamanitra ny mpivady mba ho mpiara-miasa mira lenta.**)
- Inona araka ny eritreritrao ny dikan'ny hoe mpiara-miasa mira lenta ho an'ny mpivady?

Zarao ho vondrona kely vitsivitsy ny mpianatra, ohatra hoe misy mpianatra telo na efatra angamba ao amin'ny vondrona iray. Asaivo mamaky ny Mosesy 5:1–5, 12, sy 16 ireo mpianatra, ka hitady ireo fomba izay niarahan'i Adama sy i Eva niasa amin'ny maha-mpiara-miasa mira lenta azy ireo, ary hifanakalo hevitra momba ny zavatra hitany amin'ny vondrona hafa.

Asehoy ity teny manaraka izay nolazain'ny Filoha Ezra Taft Benson ity(1899–1994), sy ny Rahavavy Sheri L. Dew, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany teo aloha. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy izany:



"Hitantsika avy amin'io rakitsoratra nentanin-panahy io [Mosesy 5:1–2, 4, 12, 16] fa i Adama sy i Eva dia nanome antsika ohatra tena tsara ny amin'ny fifandraisana ao anatin'ny fanambadiana natao tao amin'ny fanekempihavanana. Niara-niasa izy ireo; niara-nanana zanaka izy ireo; niara-nivavaka izy ireo; ary niaraka— nampianatra ny filazantsara tamin'ireo zanany izy ireo. Izany no lamina tian'Andriamanitra halain'ny lehilahy sy ny vehivavy marina rehetra tahaka" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Ezra Taft Benson* [2014], 183).



"Saintsaino ny tantaran'i Adama sy i Eva ao amin'ny soratra masina ary jereo ny zavatra izay ho ampianarin'ny Tompo anao ka hampatanjaka ny fanambadianao [sy] ny fianakavianao. ... Ny lamina napetraky ny Raintsika dia manampy antsika hiala amin'ny fahadisoam-panantenana. Mitodiha any amin'ny Tompo fa tsy any amin'izao tontolo izao mba hahazoanao hevitra sy hahafantaranao izay tsara indrindra mikasika ny lehilahy sy ny vehivavy" (Sheri L. Dew, "It Is Not Good for Man or Woman to Be Alone," *Ensign*, nôv. 2001, 14).

- Oviana ianao no nahita mpivady niara-niasa amin'ny maha-mpiara-miasa mira lenta azy ireo?
- Amin'ny fomba ahoana araka ny eritreritrao no mety hampiova ny hoavinao noho ny fahatakarana ilay lamina masin'ny fanambadiana?

Omeo minitra vitsivitsy ireo mpianatra hanaovany lisitra anankiroa: (1) ireo fihetsika izay ananany ankehitriny ka hitondra azy ireo amin'ny fanambadiana notendren'Andriamanitra, sy (2) ireo fihetsika mila ovain'izy ireo mba hanatonany bebe kokoa izany tanjona izany. Omeo toky izy ireo fa hitahy azy ireo amin'ny ezaka ataony ny Tompo.

Môrmôna 9:9.

Ny fampianaran'ny Tompo momba ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy

(*Fanamarihana*: Mila mihaino tsara sy vonon-kanampy ianao raha misy mpianatra maneho hevitra hafa mikasika ity resaka ity. Ampifantohy amin'ny teny nataon'ny Manampahefana Ambonin'ny Fiangonana ny fifanakalozan-kevitra ny mpianatra.)

- Inona no mitranga amin'ny lamina notendren'Andriamanitra ho an'ny fanambadiana rehefa mamoaka lalàna mahatonga ny fitondrantena mifanohitra amin'io lamina io ho lasa ara-dalàna ny fitondram-panjakana ? (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia ampiasao ny Môrmôna 9:9 mba hanehoana fa Andriamanitra sy ny lalàny dia tsy miova. Ny toetran'Andriamanitra izay tsy miova dia manampy antsika hahatoky sy hino Azy.)

Omeo ny mpianatra tsirairay ny tahadikan'ity fanambarana manaraka ity, izay nataon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo, ary asao ireo mpianatra hitady ireo antony niresahan'ny mpitarika ny Fiangonana mikasika ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy:

“Dingana maro narahana teo anivon'ny lalàna sy fanaovana fehezan-dalàna tao amin'ny firenena maro no nanome fankatoavana ara-panjakana ny fiarahan'ny samy lahy na ny samy vavy, ary mbola ambetin-dresaky ny olona maro io fanambadiana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy io hatramin'izao. Eo am-piatrehantsika izany sy ireo olona maro hafa dia mamporisika ny rehetra izahay mba hahatsiaro ny tanjon'ny Raintsika any an-danitra tamin'ny nahariany ny tany ary ny nanomezany ny fahaterahantsika eto an-tany sy ireo zavatra iainana ety amin'ny maha-zanany antsika [jereo ny Genesisy 1:27–28; 2:24]. ... Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia napetrak'Andriamanitra ary fototry ny drafiny ho an'ny zanany mba ho soa ho an'ny fiaraha-monina. Ireo fianakaviana matanjaka izay tarihin'ny reny sy ray be fitiavana dia rafitra fototra hitaizana ny zanaka, hampioenam-paka ny finoana, ary hampitana amin'ireo taranaka ho avy ireo tanjaka sy soatoavina ara-pitondrantena izay manan-danja eo amin'ny rafi-piainana ary manan-danja lehibe amin'ny famonjena mandrakizay.

“Ny fiovana eo amin'ny lalàn'ny fanjakana dia tsy afaka na oviana na oviana hanova ny lalàna ara-pitondrantena izay napetrak'Andriamanitra. Miandry antsika hanohana sy hitandrina ny didiny Andriamanitra na dia eo aza ireo fomba fihevitra na fironana mifanohitra amin'izany eo amin'ny fiarahamonina. Mazava ny lalàn'ny fitondrantena nataony: tsy azo atao ny firaisana ara-nofo raha tsy eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray mpivady ara-dalàna ihany” (voalaza ao amin'ny Gospel Topics, “Same-Sex Marriage [Fanambadian'ny samy lahy na samy vavy],” [lds.org/topics](https://www.lds.org/topics)).

- Nahoana no hanampy antsika hamantatra ny maha-zava-dehibe ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray ny fahatakarana ny drafitra sy fotopampianaran'Andriamanitra?

Omeo ny mpianatra tsirairay koa ny tahadikan'ity fanambarana manaraka ity izay nalaina avy tao amin'ny taratasy navoakan'ny Fiangonana mitondra ny lohateny hoe “The Divine Institution of Marriage. [Ny Rafitra Masin'ny Fanambadiana]”: Asaivo tadiavin'ireo mpianatra ny antony tokony hitazonana ny famaritana ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray ao amin'ny lalàna sy ny fitsipi-pifehezana:

“Ny fanambadiana dia mihoatra lavitra ny fifanarahana eo amin'ny olona mba hampanan-kery ny fifankatiavan'izy ireo sy manome adidy ifanakalozana. Ny fanambadiana kosa dia rafitra tena ilaina mba hitaizana ny zanaka sy hampianarana azy ireo mba ho lasa olon-dehibe tompon'andraikitra. Niaiky sy nilaza ireo fitondram-panjakana isan-karazany nisy hatrizay nisian'ny tantara fa rafitra iray tena ilaina ny fanambadiana amin'ny fihazonana ny fiarahamonina ho mafy orina sy ny fitohizan'ny fiainana. Na notanterahina tamin'ny fombafombam-pivavahana na notanterahana tamin'ny fomba ara-panjakana ny fanambadiana, saika ho an'ny kolontsaina rehetra, dia narovana sy nankatoavin'ny mpitondra fanjakana ny fanambadiana mba hiarovana sy hamporisihana ny rafitra tena manan-danja indrindra mba hanabe zanaka sy hampianatra azy ireo ny soa toavina ara-pitondrantena izay manampy ny fivoaran'ny fiarahamonina. ...

“Raha jerena ny fifandraisana izay efa nisy hatry ny ela eo amin'ny fanambadiana, ny fiterahana, ny maha-lahy na vavy, ny maha-ray aman-dreny, dia tsy azo heverina ho fanomezana 'zo' vaovao fotsiny ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy. Izany dia mahakasika ny fanovana ny famaritana ny tena toetry ny fanambadiana mihitsy. Izany dia manamarika fiovana fototra eo amin'ny rafitry ny fanambadiana amin'ny fomba izay mifanohitra amin'ny tanjon'Andriamanitra ho an'ireo zanany sady manimba ny tombontsoa lavitra ezaky ny fiarahamonina” (“The Divine Institution of Marriage,” mormonnewsroom.org/article/the-divine-institution-of-marriage).

- Inona no antony vitsivitsy izay mahatonga ny fiarahamonina nankatò sy niaro ny fanambadiana teo amin'ny lehilahy iray sy vehivavy iray?
- Amin'ny fomba ahoana no mety amantaran'ny olona iray ny fahamarinan'ny hevitra hijoroan'ny Fiangonana momba io resaka manan-danja io?

Amporisiho ireo mpianatra handinika hoe aiza ho aiza ny hevitr'izy ireo raha ampitahaina amin'ny fampianaran'Andriamanitra mikasika ny fanambadiana araka izay nampianarin'ireo mpitarika ny Fiangonana. Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao fa ny mino sy manohana ny lamin'Andriamanitra ho an'ny fanambadiana dia mitondra fitahiana mandrakizay.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Môrmôna 9:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:15–17; Mosesy 3:18–25; 5:1–16.
- Dallin H. Oaks, “Tsy Manana Andriamani-kafa,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2013, 72–75.
- Sheri L. Dew, “It Is Not Good for Man or Woman to Be Alone,” *Ensign*, nôv. 2001, 12–14.
- “The Divine Institution of Marriage,” mormonnewsroom.org/article/the-divine-institution-of-marriage
- Gospel Topics, “Same-Sex Marriage,” lds.org/topics.

8

Ny maha-lahy na vavy sy ny maha-izy azy ny tena mandrakizay

Fampidirana

Ny maha-lahy na vavy antsika dia napetraka talohan'ny nahaterahantsika tety an-tany ary toetoetra ilaina amin'ny maha-izy azy antsika mandrakizay. Ireo mpitarika ny Fiangonana dia nanavaka ny fifanintonan'ny samy lahy na ny samy vavy, izay tsy fahotana, sy ny fanaovan'ny lahy samy lahy na vavy samy vavy firaisana ara-nofa, izay raisina ho fahotana satria mifanohitra

amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny fisandratantsika faratampony. Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra hahita ny fototra ara-paminaniana an'io fanavahana io sy hamantatra ihany koa fa ny zanak'Andriamanitra rehetra dia samy tiany ary mendrika ny hoentina amim-pitiavana sy amim-pahalalam-pomba.

Vakiteny Enti-mandalina

- Robert D. Hales, “The Plan of Salvation: A Sacred Treasure of Knowledge to Guide Us,” *Ensign*, ôkt. 2015.
- Jeffrey R. Holland, “Helping Those Who Struggle with Same-Gender Attraction,” *Ensign*, ôkt. 2007, 42–45.
- Dallin H. Oaks, “Same-Gender Attraction,” *Ensign*, ôkt. 1995, 7–14.
- Gospel Topics, “Same-Sex Marriage,” [lds.org/topics](https://www.lds.org/topics).
- “Love One Another: A Discussion on Same-Sex Attraction,” [mormonsandgays.org](https://www.mormonsandgays.org). Raha mametraka fanontaniana mikasika ny fitsipiky ny Fiangonana mikasika ny firaisan'ny samy lahy na samy vavy ireo mpianatra, dia asaivo mijery ity tranonkalan'ny Fiangonana ity izy ireo.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:24; Mosesy 2:27; “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao”

Lafiny manan-danja amin'ny maha-izy azy antsika mandrakizay ny maha-lahy na maha-vavy antsika

Asao ny mpianatra telo hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:24; Mosesy 2:27; ary ny andiam-pehezanteny faharoa ao amin'ny “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao” (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Asao ireo mpianatra handinika hoe inona no ampianarin'ireo loharanom-pitaovana ireo na tiany holazaina mikasika ny maha-lahy na maha-vavy.

- Ahoana no hamintinanao ny zavatra amiparin'ireo loharanom-pitaovana ireo mikasika ny maha-izy azy antsika mandrakizay? (Tokony hahita izao manaraka izao ireo mpianatra: **Ny maha-lahy na maha-vavy antsika dia toetoetra manan-danja amin'ny maha-izy azy antsika sy amin'ny tanjontsika mandrakizay.**)
- Nahoana no hanampy antsika ny mahatakatra fa ny maha-lahy na maha-vavy antsika dia efa nisy elabe talohan'ny niavantsika tety an-tany? (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia azonao atao ny mizara ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Joseph Fielding Smith [1876–1972]: “Hitantsika ao amin'ny Genesisy hoe: ... ‘Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny

endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy.' [Genesisy 1:27; nampiana soramandry.] Moa ve tsy azo atao ny mino fa ireo fanahy vavy dia nohariana araka ny endriky ny 'Reny any An-danitra?' [Answers to Gospel Questions, comp. Joseph Fielding Smith Jr., boky 5 (1957–66), 3:144].)

- Nahoana no hanampy antsika hiaina mifanaraka amin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra ny fahatakarantsika ny toetra mandrakizay amin'ny maha-lahy na maha-vavy, na dia manaiky ny fenitry ny fitondrantena mifanohitra tanteraka amin'izany aza ny fiarahamonina indraindray?

Mba hanampiana ny mpianatra hamaly io fanontaniana io dia zarao ity teny mifono fotopampianarana izay nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Vakio tsirairay ny andiam-pehezanteny ary mifanakaloza hevitra momba ny zavatra ampianariny mikasika ny fomba hanoheran'ny fanaovan'ny samy lahy na samy vavy firaisana ara-nofo ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny fisandratana faratampony an'ireo zanany.



"Ny tanjon'ny fiainana an-tany sy ny asa hanirahana Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia ny hanomana ireo zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ho amin'ny anjarany—ny ho lasa tahaka ireo ray aman-drenintsika any an-danitra.

"Ny anjarantsika mandrakizay—fisandratana ao amin'ny fanjakana selestialy—dia tsy azo tanterahina raha tsy amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy irery ihany (amin'ny alalan'izany no hahazoantsika mijanona ho 'fanamarinana eo anoloan'Andriamanitra' [F&F 93:38]) ary ireo lehilahy sy vehivavy izay nanao sy nanaja ireo fanekempihavanan'ny fanambadiana mandrakizay any amin'ny tempolin'Andriamanitra ihany no afaka mahazo azy io (jereo ny F&F 131:1–4; 132). ...

"Koa satria i Satana dia mikatsaka ny hahatonga ny 'olon-drehetra ho ory tahaka azy' (2 Ne. 2:27), dia ampiasainy mba hamporisihana ireo safidy sy fihetsika izay hanimba ny drafitr'Andriamanitra ho an'ireo zanany ny ezaka mafy indrindra ataony. Katsahiny ny hanozongozona ilay fitsipika mahatompon'andraikitra ny tsirairay, mba handresen-dahatra antsika hampiasa amin'ny tsy tokony ho izy ny hery masina ananantsika ahafahana miteraka, mba hanakiviana ny lehilahy sy ny vehivavy mendrika tsy hanao fanambadiana sy hiteraka, ary hampisavorovoro saina mba tsy hahalalana ny hevitra hoe lahy na vavy" ("Same-Gender Attraction," *Ensign*, ôkt. 1995, 7–8).

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:6

Ny Fiangonana dia manavaka tsara ny fifanintonan'ny samy lahy na ny samy vavy sy ny fanaovan'ny samy lahy na ny samy vavy firaisana ara-nofo.

Omeo ny mpianatra tsirairay ny tahadika'ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo: Asao ireo mpianatra handalina ilay teny nambara, ka hitady ireo fitsipika izay ampianarin'ny Loholona Holland mikasika ireo izay voasinton'ireo lehilahy na vehivavy tahaka azy sy ny fomba hamaliana azy ireo am-pitiavana.



"Nisy zatovolahy mahafinaritra iray vao roapolo taona mahery kely eo ho eo nipetraka teo ampitako. Mahasarika erỳ ny fitsikiny, na dia tsy nitsiky matetika aza izy nandritra ny resaka nataonay. Ny nanintona ahy dia ny alahelo teo amin'ny fijeriny.

"Tsy fantatro raha tokony hijanona ho mpikamban'ny Fiangonana aho' hoy izy. 'Tsy mino ny tenako ho mendrika aho.'

"'Nahoana moa ianao no tsy ho mendrika?' Hoy aho nanontany.

“Tia lehilahy aho.”

“Nieritreritra izy angamba hoe hikoropaka aho. Tsy izay anefa. ‘Dia ...?’ Hoy aho nanontany .

“Hita soritra teny amin’ny endriny ny fihenana’ny ahiahiny rehefa nahatsapa izy fa liana taminy tsy tapaka aho. ‘Tsy manintona ahy ny vehivavy. Ny lehilahy no manintona ahy. Niezaka tsy niraharaha ireo fahatsapana ireo aho na hanova azy ireo saingy ...’

“Hoy izy nisento. Nahoana aho no tahaka izao? Tena misy ireo fahatsapana ireo.”

“Niato kely aho, dia hoy aho avy eo hoe: ‘Mila fanampim-pahalalana kely aho alohan’ny hanoroako hevitra anao. Hitanao! Ny fifanintonana eo amin’ny samy lahy na samy vavy dia tsy fahotana, fa ny fanatanterahana ny faniriana ao anatin’izany no fahotana—tsisy hafa amin’ireo faniriana ananan’ny lehilahy sy ny vehivavy miaraka ihany. Moa ve ianao mandika ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena?

“Nihifikifi-doha izy. ‘Tsia, tsy mandika aho.’

“Tamin’izay fotoana izay dia nihamaivamaivana aho. ‘Misaotra anao maniry ny hamaha ity olana ity,’ hoy aho. ‘Mila herimpo ny miresaka momba izany, ary midera anao aho noho ianao nijanona ho madio.

“Ny amin’ny hoe nahoana ianao no manana ny fahatsapana anananao, dia tsy afaka mamaly izany fanontaniana izany aho. Mety misy antony maro mahatonga izany, ary mety ho samy hafa toy ny maha-samy hafa ny olona izany. Misy zavatra sasany izay mety tsy ho fantatsika mihitsy mandritra ity fiainana ity, anisan’izany ny antony hanananao ireo fahatsapanao. Kanefa ny fahafantarana ny antony hananao ny fahatsapana toy izany dia tsy manan-danja raha ampitahaina amin’ny fahafantarana hoe tsy nandika lalàna ianao. Raha mifanaraka amin’ireo didy ny fiainanao, dia mendrika ny hanompo ao amin’ny Fiangonana ianao, sy higoka ny maha-mpikambana feno anao, sy hankany amin’ny tempoly, ary handray ireo fitahiana rehetra entin’ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy.”

“Somary nitraka kokoa izy. Notohizako hoe: ‘Tsy manome lanja ny tenanao ianao rehefa ny fahatsapana ara-nofa anananao no hamaritanao voalohany ny tenanao. Tsy izay ihany no toetoetra mamaritra anao ,noho izany dia aza mifantoka be loatra amin’izany. Voalohany indrindra dia zanak’Andriamanitra ianao, ary tia anao izy’ ” (“Helping Those Who Struggle with Same-Gender Attraction,” *Ensign*, ôkt. 2007, 42).

- Inona avy ireo fitsipika hitanao ao amin’ny torohevitra ny Loholona Holland?

Soraty eny amin’ny solaitrabe ireto fitsipika hentitra manaraka ireto ka hifampizaran’ireo mpianatra sy hifanakalozany hevitra am-pitandremana izany:

- **Afaka mahatsapa ny fitiavan’Andriamanitra isika rehefa mifantoka amin’ny maha-izy azy antsika hoe zanakalahiny sy zanakavaviny isika.**
- **Ny fahatsapana herin-tsintona ho tia olona iray izay lahy na vavy tahaka ny tena dia tsy fandikana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena, fa ny fanekena hiroboka amin’izany fitiavana izany no fandikana io lalàna io.** Zarao ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:6: “Tsy ... hanitsakitsa-bady [iana] ... na hanao zavatra toy izany,” ka hazavao hoe ny “zavatra toy izany” dia entina milaza ny firaisana ara-nofa ivelan’ny famatoran’ny fanambadiana. Ny fanaovana firaisana ara-nofa eo amin’ny samy lahy na samy vavy dia fahotana, toy ny maha-fahotana ny firasaina ivelan’ny fanambadiana eo amin’ny lehilahy sy ny vehivavy. Na iza na iza mandray anjara amin’ny karazana fahotana amin’ny fahalotoam-pitondrantena dia afaka ny ho voavela amin’ny alalan’ny fibebahana.
- **Na eo aza ireo antony mahatonga ny olona sasany ho voasintona amin’ireo lehilahy na vehivavy tahaka ny tenany, dia afaka ny hisafidy ny hiaina mifanaraka amin’ny didin’Andriamanitra ny olona rehetra.** Antitrantero ity teny manaraka ity izay nolazain’ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin’ny Kôlejin’ny

Apôstôly Roambinifolo: “Maro ny zavatra tsy takatsika mikasika io lohahevitra io, hany ka tsara kokoa amintsika ny mijanona akaikin’ny zavatra fantatsika avy amin’ny teny nambaran’Andriamanitra. Ny zavatra fantatsika dia tsy niova ary tsy miova ny fotopampianaran’ny Fiangonana, fa ny firaisana ara-nofo dia tsy tokony hatao raha tsy eo amin’ny lehilahy sy vehivavy izay mpivady ihany” (“What Needs to Change,” mormonsandgays.org).

- **Rehefa miaina mifanaraka amin’ireo didin’Andriamanitra isika, dia afaka mandray ireo tombontsoa rehetra maha-mpikambana sy ireo fitahian’ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy.** Na dia mety tsy nisafidy ny ho voasintona ho tia lehilahy na vehivavy tahaka ny tenany aza ny olona dia afaka misafidy ny fomba hiatrehany izany herin-tsintona izany izy.

Rehefa avy nanoratra ireo fitsipika ireo teny amin’ny solaitrabe ianao, dia manontania hoe:

- Amin’ny fomba ahoana no mety ahafahan’ireo fitsipika ireo manome fanantenana ho an’ireo izay voasintona amin’ny fitiavana lehilahy na vehivavy tahaka ny tenany?
- Inona ireo fitsipika hafa azontsika ianarana avy amin’ny teny nataon’ny Loholona Holland?

Matio 7:12; Jaona 8:1–11; 15:12

Tokony ho feno fitiavana sy fanajana isika amin’ny fitondrantsika ny hafa.

(*Fanamarihana:* Rehefa mampianatra ity fizarana ao amin’ny lesona ity ianao, dia ataovy izay hanantitranterana fa ireo izay voasintona hitia lehilahy na vehivavy tahaka azy kanefa tsy milefitra amin’izany fahatsapana izany dia tsy manota toy ilay vehivavy tratra nijangajanga. Na izany aza, ny fihetsik’i Kristy tamin’ily vehivavy dia ohatra maneho ny fomba tokony hitondrantsika ny olon-drehetra—na nanao zavatra mamafady izy na tsia.)

Lazaoamin’ireo mpianatra fa i Jaona Apôstôly dia nirakitra an-tsoratra ny fotoana iray izay niatrehan’ny Mpamonjy toe-javatra tena nanahirana. Omeo fotoana fohy ireo mpianatra handalinany ny Jaona 8:1–11, ka hitady ny fomba nitondran’ny Mpamonjy ilay vehivavy tratra nijangajanga. Ampio ireo mpianatra hampitovy io tantara io amin’ny fihetsiny sy ny zavatra ataony amin’ireo izay manao firaisana ara-nofo eo amin’ny samy lahy na samy vavy sy mandray anjara amin’ny fitondrantena mamafady hafa amin’ny alalan’ny fametrahana ity fanontaniana manaraka ity:

- Inona no ampianarina antsika avy amin’ny zavatra nataon’ny Mpamonjy momba ny tokony ho fitondrantsika ny hafa? (Na dia tsy nanaiky ny fahotan’ily vehivavy aza Izy, dia tsara fanahy taminy sy nanaja azy, fa tsy nasiaka taminy.)
- Ahoana no ahafahantsika mampihatra ny ohatry ny Mpamonjy amin’ny fihetsitsika sy ny zavatra ataontsika manokana amin’ireo rahalahy sy rahavavy tia lehilahy na tia vehivavy tahaka ny tenany, na nanana fitondrantena mamafady izy ireo na tsia? Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia soratra eny amin’ny solaitrabe ity fitsipika manaraka ity: **Manaraka ny ohatry ny Mpamonjy isika rehefa mahay mipetraka eo amin’ny toeran’ireo zanak’Andriamanitra rehetra sy mitondra azy ireo amim-piraharahiana sy amin-katsaram-panahy.** (Jereo koa ny Matio 7:12; Jaona 15:12.)

Azonao atao ny mampiseho ity teny nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy an'izany:



"Mazava ho azy fa ny Tompo dia tsy nanamarina ny fahotan'ily vehivavy. Nilaza taminy fotsiny izy hoe tsy nanameloka azy—izany hoe, tsy hampihatra ny fitsarana farany taminy tamin'io fotoana io. Ity fanazavana ity dia hamafisin'ny zavatra nolazainy tamin'ny Fariseo tamin'izay: 'Hianareo mitsara araka ny nofo; Izaho tsy mitsara olona na dia iray akory aza' (Jaona 8:15). Ilay vehivavy tratra nijangajanga dia nomena fotoana mba hibe bahana, fotoana izay mety ho nolavin'ireo izay naniry ny hitora-bato azy" ("Judge Not' and Judging," *Ensign*, aog. 1999, 8).

Mety hahasoa ireo mpianatra ny fianarany fa, araka ny Dikantenin'i Joseph Smith ho an'ny Jaona 8:11, taorian'ny nifandraisany tamin'ny Tompo, "ily vehivavy dia nankalaza an' Andriamanitra nanomboka tamin'io ora io, ka nino ny anarany".

Aseho ity teny nolazain'ny Loholona Quentin L. Cook ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Amin'ny maha-fiagonana antsika dia tsy tokony hisy olona hanam-pitiavana sy fangorahana bebe kokoa noho isika. Aoka isika mba ho lohalaharana amin'ny fanehoana fitiavana sy ny fangorahana ary ny fanolorantanana an-tsitrapo. Aoka isika mba tsy hanana fianakaviana manilika na tsy manaja ireo izay misafidy fomba fiainana hafa izay nateraky ny fihetseham-pon'izy ireo mikasika ny maha-lahy na ny maha-vavy azy ireo manokana" ("Love One Another: A Discussion on Same-Sex Attraction," mormonsandgays.org).

Asao ireo mpianatra handrefy ny fihetsiny sy ny zavatra ataony amin'ireo olona izay voasinton'ny lehilahy na vehivavy tahaka ny tenany. Moa ve ireo fihetsika sy zavatra ataony ireo mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Tompo sy ny ohatra nomeny?

- Inona no mety ho nataonao raha toa ianao ka tafaraka tamin'ny vondron'olona izay manao fanamarihana manaratsy ireo izay mahatsapa ho voasinton'ny lehilahy na vehivavy tahaka ny tenany?

Mijoroa ho vavolombelona fa raha maneho fitiavana sy fahatsaram-panahy bebe kokoa amin'ireo rahalahy sy rahavavy tia lehilahy sy tia vehivavy tahaka ny tenany isika, dia hisy fiainana maro afaka hiova, fianakaviana afaka hositrana, ary ireo olona izay mahatsiaro ho voailiky ny Fiagonana dia afaka hahatsapa fa tsara kokoa ny fandraisan'ireo mpikamban'ny Fiagonana azy. Ampahatsiahivo an'ireo mpianatra fa ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia afaka ho azon'ny olona rehetra izay mikatsaka ny hanaraka ireo didy sy mijanona ho marina amin'ny fanekempihavanan'ny filazantsara.

Asao ireo mpianatra hieritreritra olona izay fantany fa voasinton'ny lehilahy na vehivavy tahaka ny tenany ary hisaintsaina hoe inona no ho ataon'izy ireo mba hanana fangorahana bebe kokoa amin'izy ireny sady mijanona ho mahatoky hatrany amin'ny lan'ny fahadiavam-pitondrantena nomen'ny Tompo.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 7:12; Jaona 8:1–11; 15:12; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:24; Mosesy 2:27; ary ny andiam-pehezanteny faharoa ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129).

- Jeffrey R. Holland, “Helping Those Who Struggle with Same-Gender Attraction,” *Ensign*, ôkt. 2007, 42–45.
- Gospel Topics, “Same-Sex Marriage,” [lds.org/topics](https://www.lds.org/topics).

9

Ny anjara asa sy andraikitra masin'ny lehilahy

Fampidirana

Ampahany iray manan-danja ao amin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra ny nanendreny ny lehilahy ho lasa vady sy ray. Mifantoka amin'ny andraikitr'izy ireo ity lesona ity: "Araka ny drafitr'Andriamanitra, ny ray no tokony hitarika ny fianakaviany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana ary

tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana sy ny fiarovana ny fianakaviany" ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na *Liahona*, Nov. 2010, 129).

Vakiteny Enti-mandalina

- Richard G. Scott, "Ireo Fitahiana Mandrakizain'ny Fanambadiana," *Ensign* na *Liahona*, mey 2011, 94–97.
- D. Todd Christofferson, "Let Us Be Men," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2006, 46–48.
- Linda K. Burton, "Hira-hivoatra isika," *Ensign* na *Liahona*, mey 2015, 29–32.
- Howard W. Hunter, "Being a Righteous Husband and Father," *Ensign*, nôv. 1994, 66–70.
- "The Sacred Callings of Fathers and Mothers," toko faha 15 ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Ezra Taft Benson* (2014), 191–96.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Efesiana 5:25

Ireo lehilahy dia tokony hanambady sy hitia ireo vadiny

Atombohy ny fotoam-pianarana amin'ny alalan'ny fanontaniana hoe:

- Iza avy ireo lehilahy izay nahay nandresy lahatra sy nitarika ny safidinao teo amin'ny fiainanao? Nahoana no nandaitra taminao toy izany ny fitaoman'izy ireo?

Hazavao fa ity lesona ity dia hiresaka momba ny anjara asa nomen'Andriamanitra ny lehilahy. Tsy misy anjara asa manan-danja kokoa ho an'ny lehilahy mihoatra ny anjara asa amin'ny maha-vady sy ray. Rehefa mikatsaka ny hanatanteraka ireo andraikitra ireo amim-pahamarinana ny lehilahy, dia lasa mihamitovy kokoa amin'ny Ray any An-danitra izy ireo.

Asaivo vakian'ny mpianatra iray mafy ny Efesiana 5:25.

- Inona no fitsipika ianaranao avy amin'io soratra masina io mikasika ny tokony ho fomba fihetsiky ny lehilahy manambady? (Na dia mety hampiasa teny hafa aza ireo mpianatra, dia tokony ho hitany ity fitsipika ity: **Tokony hitia ny vadiny tahaka ny nitiavan'i Jesoa Kristy ny Fianganana ireo lehilahy manambady.**)
- Inona avy ireo fomba vitsivitsy izay nanehoan'i Jesoa Kristy ny fitiavany ny Fianganana?
- Inona no azon'ireo lehilahy manambady atao mba hanarahana ny ohatr'i Jesoa Kristy eo amin'ny fomba hitondran'izy ireo ny vadiny?

Asehoy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985), ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy an'izany:



"Tena tian'i Kristy tokoa ny fiangonana sy ny olona ao anatin'izany hany ka dia niaritra fanenjehana an-tsitrampo lzy ho azy ireo, nijaly noho ny fanimbazimbana mampihetry lzy ho azy ireo, nizaka fanaintainana sy fampijaliana ara-batana tamim-pitoniana lzy ho azy ireo, ary farany nanome ny ainy sarobidy lzy ho azy ireo.

"Rehefa vonona ny hitondra ny ao an-tokantranony amin'ny fomba takaha izany ny lehilahy manambady iray, dia tsy ny vadiny ihany fa ny fianakaviany manontolo no hanaraka ny fitarihany" ("Home, the Place to Save Society," *Ensign*, jan. 1975, 5).

- Inona no ao anatin'ny eritreritrareo rehefa mandinika ny tenin'ny Filoha Kimball ianao?
- Amin'ny fomba ahoana no anaovan'ny raim-pianakaviana fahafoizan-tena ho an'ny fianakaviany amin'izao fotoana izao?

Mijoroa ho vavolombelona fa tian'ny Ray any An-danitra ireo lehilahy mba hiezaka ny ho vady feno fahamarinana.

Efesiana 5:23; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 121:36–46

Tokony hitarika amim-pahamarinana ny raim-pianakaviana

Asaivo halalinin'ireo mpianatra ny andiam-pehezanteny faha fito ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" mba hianarany ny zavatra andrasan'ny Ray any An-danitra amin'ny raim-pianakaviana.

- Inona no dikan' ny teny hoe: *mitarika*? (Manome fitarihana sy torolalana ho an'ny hafa.)
- Nahoana no hanampy ny lehilahy iray hanatanteraka ny andraikitra nomen'Andriamanitra ny raim-pianakaviana ny fitadidiany ilay andiam-pehezanteny hoe "araka ny drafitr'Andriamanitra"?

Mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra ny fomba tokony hitarihan'ny raim-pianakaviana ao an-tokantrano, dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Efesiana 5:23. Avy eo dia asao ny mpianatra iray hafa hamaky ity teny manaraka nolazain'ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994) ity:



"Nanazava i Paoly Apôstôly hoe: 'ny lahy no lohan'ny vavy, dia tahaka an'i Kristy koa no Lohan'ny fiangonana' (Efesiana 5:23; nampiana soramandry). Izany no ohatra tokony harahintsika amin'ny anjara asa ananantsika amin'ny fitarihana ny tokantrano. Tsy mahita ny Mpamonjy mitarika ny Fiangonana amin'ny fomba lozabe sy feno haratsiana isika. Tsy mahita ny Mpamonjy manamavo na manamaivana ny fitondrany ny

Fiangonany isika. Tsy mahita ny Mpamonjy mampiasa hery famoretana mba hanatanterahana ireo tanjony isika. Na aiza na aiza isika dia tsy mahita ny Mpamonjy manao zavatra ankoatra izay mankahery, mampatanjaka, mampionona sy manandratra ny Fiangonana. ... lzy no maodely tokony harahintsika rehefa mitarika ny fianakaviansika ara-panahy isika" (*Teachings of Presidents of the Church: Ezra Taft Benson* [2014], 196).

- Ahoana no fomba mety ilazanao amin'ny fiteninao manokana ny fitsipika iray izay ampianarin'i Paoly Apôstôly sy ny Filoha Benson? (Tokony hilaza fitsipika iray tahaka izao manaraka izao ny mpianatra: **Rehefa mampiasa ny fisoronana amim-pahamendrehana ao an-tokantranony ny lehilahy iray, dia afaka mitaona ny vady aman-janany amim-pahamarinana izy.** Ho fanampin'izay dia zarao amin'ireo mpianatra ity fitsipika ity: **Rehefa mikatsaka ny hanatanteraka**

ireo anjara asan'ny vady sy ny ray amim-pahamarinana ny lehilahy, dia lasa mihamitovy kokoa amin'ny Ray any An-danitra izy ireo.)

Mba hanazavana bebe kokoa ny fomba tokony hitarihan'ny lehilahy manambady sy manan-janaka ny tokantrano, dia zarao ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Howard W. Hunter (1907–95):



"Apetraka eo amin'ny mpihazona ny fisoronana avy amin'ny fanendren'Andriamanitra ny andraikitra hitarika ny tokantrano (jereo ny Mosesy 4:22). Ny vehivavy dia nataon'ny Tompo ho mpanampy sahaza ny lehilahy (ny hoesahaza dia midika hoe mitovy)—izany hoe namana mitovy sy ilaina ao anatin'ny fifandraisana feno. Ny fitarihana amim-pahamarinana dia ilàna andraikitra ifampizaran'ny mpivady; miara-miasa ombampahalalana sy fandraisana anjara amin'ny zavatra rehetra mahakasika ny fianakaviana ianareo. Ho an'ny lehilahy iray, ny manao zavatra tsy miankina amin'izay mety hoe fahatsapana sy torohevitra ananan'ny vadiny na tsy mandraharaha izany eo namin'ny fitarihana ny fianakaviana dia fampiasana fanapahana tsy rariny" ("Being a Righteous Husband and Father," *Ensign*, ôv. 1994, 50–51).

Asao ny mpianatra hamadika ny bokiny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36–46. Toroy hevitra izy ireo hampifandray ny Efesiana 5:23, 25 amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo. (Ampio ireo mpianatra hampitombo ny fahaiza-mandalina ny soratra masina mikasika ny fampifandraisana azy ireny amin'ny alalan'ny fanasana azy ireo hitady manokana ireo andinin-tsoratra masina ho ampifandraisina ireo amin'ny mahamety izany.)

Omeo minitra vitsy ireo mpianatra handalinany ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36–39, ka handinika hoe amin'ny fomba ahoana no mampifanohitra ny fomba fitarihana voalaza ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo amin'ny fomba fitarihana nasehon'i Jesoa Kristy tamin'ny ohatra nomeny.

- Inona araka ny eritreritrao no dikan'ilay andian-teny hoe "ireo zon'ny fisoronana" ? (Rehefa mandray ny fisoronana ny lehilahy iray, dia omen'Andriamanitra zo sy fahefana izy. Tsy afaka mampiasa ireo zo ireo ilay lehilahy raha tsy rehefa manao izany amim-pahamarinana.)
- Inona no mitranga rehefa tsy miaina amim-pahamarinana ny mpihazona ny fisoronana iray? (Esorin'Andriamanitra amin'izany lehilahy izany ny herin'ny lanitra, ary tsy afaka mampiasa ny fahefan'ny fisoronana intsony ilay lehilahy; tafintohina ny Fanahy Masina.)

Mba hahatakarana ny fomba tokony hitarihan'ny raim-pianakaviana ny fianakaviany dia mangataha mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:41–46.

- Inona ireo toetra sasany tahaka ny an'i Kristy izay voalaza ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo? Nahoana araka ny eritreritrao no afaka hahazo ny herin'ny lanitra ny raim-pianakaviana izay manana ireo toetra ireo ?
- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ireo toetra tahaka ny an'i Kristy ireo ny raim-pianakaviana mba hitarihany ny fianakaviany? (Azonao atao ny manazava fa ireo toetra tahaka ny an'i Kristy ireo dia tokony hananan'ny vehivavy ihany koa.)
- Fariparito hoe mety hanao ahoana izany hoe vady na zanaky ny lehilahy iray izay mikatsaka ny hanaraka ny ohatry ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy izany eo amin'ny fomba fitarihany ny fianakaviany.

Asehoy sy zarao ity teny manaraka izay nosoratan'ny Kôlejin' ny Apostoly Roambinifolo tamin'ny taona 1973:

"Ny maha-ray dia fahaiza-mitarika, io no karazana fahaiza-mitarika manan-danja indrindra. Efa toy izany foana izy io ary mbola ho toy izany hatrany foana izany. Ry raim-pianakaviana, mitarika ny tokantronareo ianareo miaraka amin'ny fanampiana sy ny torohevitra ary ny famporisihan'ny vadinareo mandrakizay. jNy anton'izany dia tsy hoe ianareo no mendrika indrindra na mahay indrindra, fa ny tena antony dia lalàna sy fanendrena [avy amin' Andriamanitra] izany" ("Father, Consider Your Ways," *Ensign*, ona 2002, 16).

- Ry Rahavavy, inona no azonareo atao mba hamporisihana ireo zatovolahy hanatanterahany tsara ireo anjara asa sy andraikitra masina ananany ao amin'ny fianakaviany any aoriana?
- Inona no azon'ny tsirairay aminareo—na ny lahy na ny vavy—atao ankehitriny mba hiomananareo bebe kokoa hitarika ny fianakavianareo any aoriana?

Matio 2:13–16; 1 Timoty 5:8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75:28; 83:2, 4

Ireo raim-pianakaviana dia tokony hamelona sy hiaro ny fianakaviany

Angataho ireo mpianatra hamaky ny 1 Timoty 5:8 sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 75:28; 83:2, 4, ka hitady andraikitra iray hafa manan-danja ananany amin'ny raim-pianakaviana. (Azonao atao ny manoro hevitra ireo mpianatra hampifandray ireo andinin-tsoratra masina ireo.)

- Nahoana araka ny eritreritrao no andrasan'ny Tompo amin'ny raim-pianakaviana ny hanomezan'izy ireo izay ilain'ny fianakaviany eo amin'ny fiainana? Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia hazavao fa ho an'ny tokantrano tsy misy afa-tsy renim-pianakaviana, dia afaka manome izay ilain'ny fianakaviany ilay renim-pianakaviana.)
- Inona no mety ho hevitr'ireo andinin-tsoratra masina ireo ho an'ny zatovolahy iray izay tsy mbola manambady?

Asao ny mpianatra iray hamaky ity teny manaraka izay nolazain'ny Filoha Gordon B. Hinckley ity (1910–2008):



"Miezaha handranto fianarana. Araho izay fiofanana rehetra azonao arahina. Hanome malalaka ny karama izay heveriny ho sahaza anao ny olona. ... Adidinao voalohany indrindra ny manome izay ilain'ny fianakavianao" ("Living Worthy of the Girl You Will Someday Marry," *Ensign*, mey 1998, 50).

Antitrantero amin'ireo mpianatra fa mba ho antoky ny fiainan'ny fianakavian'izy ireo any aoriana, dia tena ilain'ny zatovolahy sy ny zatovovavy ny manararaotra izao fotoana eo amin'ny fiainan'izy ireo izao mba hanovozana fianarana sy fiofanana arak'asa araka izay vitany.

Hazavao fa ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana, dia mpianatra ireo mpitarika ny Fiangonana fa ny ray no tokony manome izay ilain'ny fianakaviany sy miaro azy.

- Inona avy ireo loza manambana ny fianakaviana amin'izao fotoana izao?

- Tamin'ny fomba ahoana no nahitanao raim-pianakaviana marin-toetra niaro ny fianakaviany?

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Filoha Howard W. Hunter ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy an'izany:



"Ny raim-pianakaviana iray marin-toetra dia miaro ny zanany ka manome ny fotoany sy ny fanatrehany mandritra ireo zavatra atao sy andraikitr'izy ireo eo amin'ny fiarahamonina, any am-pianarana ary amin'ny ara-panahy" ("Being a Righteous Husband and Father," *Ensign*, nòv. 1994, 51).

- Ahoana no mety hampiharanao io torohevitra io ao amin'ny fianakavianao any aoriana na ao amin'ny fianakavianao ankehitriny?

Asao ireo mpianatra hieritreritra ny fomba iezahan'izy ireo hanamafy orina ny hiaro ny fianakaviany ary avy eo dia hanoratra ny zavatra tsapany.

Hazavao fa isika dia afaka mianatra fitsipika manan-danja avy amin'ny fikarakaran'i Josefa an'i Jesoa zaza. Angataho ny mpianatra iray hamaky mafy ny Matio 2:13–16, ka hitady ny zavatra nataon'i Josefa mba hiarovana an'i Kristy tamin'ny loza.

Lazao amin'ireo mpianatra fa na dia mety tsy hifindra toerana azy izy ireo mba hiarovana ny fianakaviany, dia afaka mampitovy na mampihatra ireo andinin-tsoatra masina ireo amin'ny tenany izy amin'ny famakafakana zavatra kely vitsivitsy manan-danja:

- Inona no nampahafantarin'ny Tompo an'i Josefa ao amin'ny andininy 13?
- Oviana ary ahoana no namalian'i Josefa izany fampitandremana izany?
- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ireo raim-pianakaviana manaraka ny ohatra nasehon'i Josefa amin'ny fiarovana ny fianakavian'izy ireo? (Ataovy izay hahatakarana'ireo mpianatra ity fitsipika ity: **Rehefa mikatsaka sy manaraka ny fitarihana avy amin'ny Tompo ireo raim-pianakaviana, dia afaka miaro bebe kokoa ny fianakaviany izy.**)

Ny lehilahy sy ny vehivavy dia tokony hanatanteraka ny drafitry ny Tompo

Asehoy ity teny nolazain'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Raha toa ianao tovolahy eo amin'ny taonan'ny fanambadiana ka tsy manambady, dia aza mandany fotoana amin'ny fanaovan-javatra tsy misy dikany. Aoka ianao hivoatra eo amin'ny fiainana ary mametraha tanjona mba hanambady. Aza iainana fotsiny tsy hanaovan-javatra izao vanimpotoan'ny fiainana izao. Ry zatovolahy! Mandehana manao asa fitoriana am-pahamendrehana. Ary dia ataovy ho toy ny laharam-pahamehanao ambony indrindra ny fitadiavana ilay namana mendrika sy hiaraka aminao mandrakizay. ...

"... Ny fanambadiana dia manome sehatra tonga lafatra mba handresena ny fironana any amin'ny fitiavan-tena na ny fizahozahoana. Mieritreritra aho fa ny iray amin'ireo antony hamporisihana antsika mba hanambady aloha eo amin'ny fiainana dia ny mba hisorohana ny fivelaran'ireo toetra tsy tsara izay sarotra ovaina" ("Ireo Fitahiana Mandrakizain'ny Fanambadiana," *Ensign* na *Liahona*, mey 2011, 95–97).

- Amin'izao tontolo ankehitriny izao, inona ireo faneriterena mihatra amin'ireo zatovolahy sy zatovovavy ka mahatonga azy hanemotra ny fanambadiana?
- Nahoana ny fahavalo no mikatsaka izay handrebirebena ny zatovolahy sy ny zatovovavy mba tsy hitady fiarahana izay afaka hitondra any amin'ny fanambadiana sy ny fiterahana?
- Nahoana araka ny eritreritrao ireo mpitarika ny Fiangonana no manoro hevitra hatrany ireo zatovolahy mba hikatsaka amim-pahazotoana ny fiarahana izay afaka hitondra any amin'ny fanambadiana?

(*Fanamarihana*: Mandritra ity fifanakalozan-kevitra ity, dia tandremo fa misy zatovolahy sasany ao amin'ny kilasinao izay mety tsy hanambady mihitsy na tsy ho lasa raim-pianakaviana mihitsy noho ny toe-javatra izay tsy azony hanoharana.)

Rehefa mamarana ianao, dia eritrereto ny toe-javatra iainan'ny mpianatrao. Inona no fanamby azonao ampanaovina ireo mpianatra lehilahy mba hanatanterahany ireo adidiny ho lasa vady sy raim-pianakaviana marin-toetra? Azonao atao ny manasa ireo mpianatrao rehetra hifantoka amin'ny fiezahana hanana toetra tsara iray tahaka ny an'i Kristy, toy ny faharetana na fanehoana fitiavana amin'ny hafa, izay hitondra soa ho an'ny fianakavian'izy ireo.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 2:13–16; Efesiana 5:23, 25; 1 Timoty 5:8; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 75:28; 83:2, 4; 121:36–46.
- D. Todd Christofferson, “Let Us Be Men,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2006, 46–48.
- Linda K. Burton, “Hiara-hivoatra isika,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2015, 29–32.
- “The Sacred Callings of Fathers and Mothers,” toko faha 15 ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Ezra Taft Benson* (2014), 191–96.

10

Ny anjara asa sy andraikitra masin'ny vehivavy

Fampidirana

Lafiny iray manan-danja ao amin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra ny nanomezany ny vehivavy ny anjara asa masina maha-vady sy reny. "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" dia mampianatra fa: "ny reny dia

tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany" ary ny ray sy ny reny dia tokony "[h]ifanampy amin'ny maha-mpiamiasa mitovy lenta azy ireo" (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129).

Vakiteny Enti-mandalina

- Dieter F. Uchtdorf, "The Influence of Righteous Women," *Ensign*, sept. 2009, 5–9.
- "Understand the Divine Roles of Women," *Ensign*, feb. 2009, 67.
- "The Women of the Church," fizarana faha 20 ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball* (2006), 214–25.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:1–3, 10, 13–16

Ny hery mitaona lehibe ananan'ireo vehivavy Olomasin'ny andro Farany amin'ny andro farany

Asehoy ity faminiana manaraka ity izay nataon'ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985), ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy an'izany:



"Maro amin'ireo fivoarana lehibe izay tonga amin'ny Fiangonana amin'ny andro farany no ho tonga satria maro amin'ireo vehivavy marin'izao tontolo izao ... no ho voataona ho ao amin'ny Fiangonana ary maro an'isa izy ireo. Hitanga izany rehefa maneho fahamarinana sy fahaiza-mandahateny eo amin'ny fiainan'izy ireo ireo vehivavy ao amin'ny Fiangonana ary ... hita ho misongadina sy miavaka —amin'ny fomba mahafaly—raha oharina amin'ny vehivavin'izao tontolo izao" (*Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball* [2006], 222–23).

- Nahoana araka ny eritreritrao no ho lasa antony mahatonga ny fivoarana lehibe ao amin'ny Fiangonana ireo vehivavy Olomasin'ny Andro Farany marin-toetra?

Mba hamelabelarana io hevitra io, dia angataho ny mpianatra handalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:1–3, 10, 13–16, ka hitady ireo teny sy andian-teny izay maneho ny fomba ahafahan'ireo vehivavy Olomasin'ny Andro Farany ho lasa "misongadina sy miavaka" am-pifaliana raha ampitahaina amin'ireo vehivavin'izao tontolo izao. Ampio ireo mpianatra hahatakatra ny sahankevitr'ity fanambarana ity amin'ny fanazavana fa fanambarana ho an'ny tena manokana ho an'i Emma Smith izy ity, kanefa azo ampiharina amin'ny vehivavy rehetra ao amin'ny Fiangonana izany.

- Inona no azontsika ianarana avy ao amin'ireo andininy ireo mikasika toetoetra izay tokony ho trandrahan'ny vehivavy marin-toetra?
- Amin'ny fomba ahoana no hilazanao ny fotopampianarana iray na fitsipika iray ampianarina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25? (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia lazao ity fitsipika ity: **Amin'ny maha-mpianatry ny**

Tompo ny vehivavy, dia afaka mampiasa ireo fanomezam-pahasoavana sy talenta avy amin' Andriamanitra izy ireo mba hitodrana fanampiana amin'ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra.)

Zarao ireto teny manaraka ireto izay nolazain'ny Filoha Spencer W. Kimball sy ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Amin'ny vanim-potoana rehetra dia mendri-piderana izany hoe vehivavy marin-toetra. Antso feno voninahitra tena miavaka izany hoe vehivavy marina ao anatin'ireo toe-javamiseho izay mikorontana eto amin'ity tany ity izany, mialohan'ny fiavian'ny Tompo fanindroany. Ny tanjaka sy ny hery enti-mitaona ananan'ny vehivavy marina amin'izao fotoana izao dia mety ho avo folo heny noho izay misy mandritra ireo fotoana izay tony kokoa" (*Teachings: Spencer W. Kimball, 217*).



"Ry Rahavavy isany, miavaka ny fahafahana anananareo hoenti-mitaona ny hafa—izay zavatra iray tsy vitan'ny lehilahy alain-tahaka. Tsy misy afaka miaro ny Mpamonjy amin'ny fandresen-dahatra sy hery mihoatra noho izay afaka ataonareo—ireo zanakavavin'Andriamanitra izay tena manana hery sy hevitra ifikirana ao anatiny. Tsy hay refesina ny herin'ny feon'ny vehivavy iray niova fo, ary mila ny feonareo ny Fiangonana amin'izao fotoana izao mihoatra noho ny taloha" (M. Russell Ballard, "Men and Women and Priesthood Power," *Ensign*, sept. 2014, 33).

Anontanio ireo vehivavy ao amin'ny kilasinao hoe inona no eritreritra sy fahatsapana tonga ao aminy rehefa mandinika ny hery enti-mitaona izay afaka ananany ao antokantranony sy ao amin'ny Fiangonana ary eo amin'ny fiarahamonina izy. Antitrantero ny anjara asa manan-danja izay ananan'ny vehivavy mpitarika ao amin'ny Fiangonana.

Azonao atao ny mangataka ireo rahalahy ao amin'ny kilasinao hizara ny fomba efa nahitan'izy ireo ny tanjaka sy ny hery enti-mitaona ananan'ireo vehivavy ao amin'ny paroasiny na sampana misy azy nitondra olona hanakaiky kokoa ny Ray any Andanitra.

2 Timoty 1:5; 3:14–15; Almà 56:47–48; 57:21

Ny anjara asa notendren'Andriamanitra ho an'ny vehivavy mba ho reny ao Ziona

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Manana fanomezam-pahasoavana samy hafa sy hery samy hafa ary fomba fijery sy fironana samy hafa ny lehilahy sy ny vehivavy. Izany no isan'ny antony fototra mahatonga antsika mifampila. Mila lehilahy iray sy vehivavy iray vao mahaorina tokantrano, ary mila lehilahy sy vehivavy maro vao mahatontosa ny asan'ny Tompo" ("Men and Women and Priesthood Power," 32).

- Ankoatra ireo fahasamihafana ara-batana izay miharihary, dia inona ireo fomba vitsivitsy izay tsikaritrao fa maha-samy hafa ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny ankapobeny?

Hazavao fa ankoatra ireo fahasamihafana amin'ny ankapobeny ireo, dia manana anjara asa samy hafa avy amin' Andriamanitra ihany koa ny lehilahy sy ny vehivavy, araka izay voasorisoritra ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo

izao” (jereo ny andiam-pehezanteny fahafito). Aseho ny teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinfolo:



“Ianareo rahavavy dia nofinidy talohan'ny nanorenana izao tontolo izao mba hitondra ao am-bohoka sy hikarakara ireo zanak'Andriamanitra; rehefa manao izany ianareo, dia manome voninahitra an' Andriamanitra (jereo ny F&F 132:63)” (“What Will You Choose?” *Ensign*, jan. 2015, 19).

- Ahoana no ahafahan'ny vehivavy manome voninahitra an' Andriamanitra rehefa mitondra ao am-bohoka sy mikarakara ny zanak'Andriamanitra izy ireo? (Rehefa mizara ny zavatra eritreretiny ireo mpianatra, dia ampio izy ireo hahatakatra ity fitsipika ity: **Rehefa eken'ireo vehivavy am-pifaliana ilay anjara asa maha-reny nomen'Andriamanitra azy ireo mba hitondra ao am-bohoka sy hikarakara ireo zanak'Andriamanitra, dia manome voninahitra Azy izy ireo ary lasa mitovy bebe kokoa amin'ireo Ray Aman-drenintsika any An-danitra.** Hazavao fa ny fitondrana ireo zanaka ho ety an-tany dia ampahany iray tena ilaina ao amin'ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra.

Zarao ity teny nambaran'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity:



“Maro ny feo eto amin' izao tontolo izao ankehitriny izay manao tsinontsinona ny maha-zava-dehibe ny fananan-janaka na manoro hevitra ny hanemorana na hamerana ny zaza ao anatin' ny fianakaviana iray. Vao tsy ela akory izay ireo zanako vavy no nampiseho tamiko ny blaogy iray nosoratan' ny reny Kristiana iray (izay tsy iray finoana amintsika) manan-janaka dimy. Hoy ny filazany: ‘[Raha lehibe ato] amin' ity kolontsaina ity, dia tena sarotra ny mahita ny fomba fijery ara-baiboly ny amin' ny maha-reny. ... Ny toeran' ny zanaka dia ambany lavitra noho ny fandrantoana fianarana. Ambany noho ny fitetezana izao tontolo izao, mazava ho azy. Ambany noho ny fahafahana mandeha mivoaka amin' ny alina manao izay mahafinaritra anao. ... Ambany noho izay mety asa anananao na irinao ho azo.’ Avy eo izy dia nanampy hoe: ‘Ny maha-reny dia tsy fialam-boly, fa antso’” (“Zanaka,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2011, 28).

- Inona no dikan'ny hoe “manao tsinontsinona” ny maha-zava-dehibe ny fananan-janaka?
- Inona no faneriterena hitanao hoe atao amin'ny vehivavy mba “[hanaovana] tsinontsinona” ny maha-zava-dehibe ny fananan-janaka?
- Inona no azon'ireo tanora ao amin'ny Fiangonana atao mba hitazonana ny fomba fijery marina momba ny maha-zava-dehibe ny fananan-janaka?

Omeo toky ireo mpianatra fa ny fanampahan-kevitra ny amin' ny fotoana hiterahana sy ny isan' ny zaza ateraka dia anjaran' ny mpivady sy Andriamanitra irery ihany. Misy lesona izay hiresaka momba izany lohahevitra izany amin'ny antsipiriany kokoa ao aoriana ao.

Asao ireo mpianatra hamaky sy hampitaha ny 2 Timoty 1:5; 3:14–15 sy ny Almà 56:47–48; 57:21, ka hitady ny hery azon'ny reny ananana mba hoentiny mitaona ireo zanany ho amin'ny tsara. (Ny fianarana mampitaha ireo andinin-tsoratra soratra masina dia fahaiza-mandalina ny soratra masina izay azon'ireo mpianatra ampiasaina mandritra ny fiainan'izy ireo.)

- Inona no ampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo momba ny anjara asan'ny reny? (Antitrantero ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa mampianatra ny filazantsara amin'ireo zanany ny renim-pianakaviana, dia manampy ireo zanany mba hanana finoana izy sy mampiomana azy ireo hiaina amim-pahamarinana.**)
- Amin'ny fomba ahoana no hanazavan'ireo andinin-tsoratra masina ireo ny antony hiasan'i Satana mafy tokoa mba hampihena ny hasin'ny anjara asan'ny reny?
- Inona ireo toetran'ny vehivavy izay afaka manampy azy hahomby amin'ny anjara asa maha-reny azy?

Tandremo fa misy zatovovavy ao amin'ny kilasinao izay mety tsy hanambady mihitsy, ary raha manambady aza izy, dia mety tsy ho afaka ny hiteraka. Ampiasao ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Rahavavy Sheri L. Dew, izay mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, mba hanampiana ireo mpianatrao hahatakatra fa ny anjara asan'ny reny dia lova avy amin' Andriamanitra ho an'ny vehivavy rehetra:



"Tahaka ny nanendrena mialoha ireo lehilahy mendrika mba hihazona ny fisoronana ety an-tany, ireo vehivavy marin-toetra dia nomena ny tombontsoa amin'ny maha-reny tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Ny mahareny dia mihoatra lavitra noho ny fitondrana vohoka, na dia ao anatin'ny tokoa aza izany. Tafiditra ao anatin'izany ny toetoetra fototra indrindra izay mamaritra ny maha-vehivavy antsika. Mamaritra ny tena maha-izy azy antsika izany, sy ny endritsika sy toetrantsika avy amin' Andriamanitra, ary ny toetra tsy manan-tсахala izay nomen'ny Raintsika antsika. ...

"... Takina amin'ny vehivavy sasany ny hiandry vao mahazo zanaka. ... Kanefa ny fandaharam-potoan'ny Tompo ho antsika tsirairay dia tsy mifanohitra amin'ny toetrantsika. Ny sasany amintsika, noho izany, dia mila mitady fomba hafa fotsiny mba ho lasa reny. Ary eny amin'ny manodidina antsika no misy ireo izay mila fitiavana sy fitarihana" ("Are We Not All Mothers?" *Ensign*, nov. 2001, 96–97).

- Amin'ny fomba ahoana no ampitomboan'ny tenin'ny Rahavavy Dew ny fahatakaranao ny maha-reny?

Anontanio ireo mpianatra raha misy amin'izy ireo te hizara ny eritreritra sy fahatsapana ananany mikasika ny hery enti-mitaona amin'ny tsara izay ananan'ny reniny.

Asehoy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Rahavavy Julie B. Beck, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany teo aloha, izay niresaka tamin'ireo vehivavy mikasika ny hoe mila manatanteraka ny anjara asa nomen' Andriamanitra azy izy ireo. Asaivo mamaky izany mafy ny mpianatra iray, ary asao ny mpianatra rehetrahandinika ny zavatra mety ho nitranga raha tsy nahavita nanatanteraka ny anjara asany ny vehivavy.



"Raha tsy manao ny anjarantsika isika dia tsy hisy olon-kafa hanao izany ho antsika. ... Tsy afaka afindrantsika [ny anjarantsika ao amin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Ray any An-danitra]. Tsy afaka manilika izany any amin'ny hafa isika. Antsika izany. Afaka mandà sy tsy miraharaha izany isika, saingy mbola anjarantsika ihany izany ary tompon'andraikitra amin'izany isika. Ho avy ny andro izay hahatsiarovantsika ny zavatra fantantsika talohan'ny nahaterahantsika. Ho tadidintsika fa niady tao anatin'ny fifanolanana lehibe isika mba hahazoana izany tombontsoa izany. Ahoana no hanatanterahantsika izany andraikitra izany? Manokana ny herintsika amin'izany asa izany isika isan'andro, asa izany isika ihany no afaka manao azy" ("Understand the Divine Roles of Women," *Ensign*, feb. 2009, 67).

- Inona no eritreritra sy fahatsapana anananao mikasika ilay andian-teny hoe “Raha tsy manao ny anjarantsika isika dia tsy hisy olon-kafa hanao izany ho antsika”?
- Inona no ho very tsy ho ao amin’ny fianakaviana, tsy ho ao amin’ny paroasy na sampana misy antsika, tsy ho ao amin’izao tontolo izao raha tsy manao ny “anjarany” intsony ny vehivavy?
- Inona ireo fomba vitsivitsy izay afaka hanatanterahan’ny tanora vehivavy ny anjara asany avy amin’ Andriamanitra amin’ny maha-vehivavy azy ao amin’ny fanjakan’ny Ray any An-danitra?

Mijoroa ho vavolombelona ny amin’ny anjara asa masina sy manan-danjan’ny vehivavy mba ho vady sy reny marin-toetra, ary antitrantero fa ny Raintsika any An-danitra indray andro any dia hanome ny fitahiana rehetra ho an’ireo zanany marin-toetra. Asao ireo mpianatra hilaza amin’ny renim-pianakaviana iray izay fantatr’izy ireo hoe midera azy fatratra izy ireo noho ny fomba nanatanterahany ny anjara asany masina.

Farano ny lesona amin’ny fanontaniana raha misy amin’ireo mpianatra no te hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany ny amin’ny fitahiana izay azo rehefa mahatsapa ny vehivavy hoe iza izy ireo ao amin’ny drafitry ny famonjen’ny Ray any An-danitra ka manao asa araka izany fahalalana ananany izany.

Vakitenin’ny Mpianatra

- 2 Timoty 1:5; 3:14–15; Almà 56:47–48; 57:21; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 25:1–3, 10, 13–16.
- “Understand the Divine Roles of Women,” *Ensign*, feb. 2009, 67.
- “The Women of the Church,” fizarana faha 20 ao amin’ny *Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball* (2006), 214–25.

Fiomanana ho amin'ny fanambadiana mandrakizay

11

Fampidirana

Rehefa miaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo tanora tokantena, dia afaka miandrindra ny ho avy izy ireo sy miaina amimpanantenana. Hanoro lalana azy ireo ny Ray any An-danitra amin'ny fanapahan-kevitr'izy ireo momba ny fanambadiana

mandrakizay rehefa mikatsaka fitarihana avy Aminy . Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra hieritritra ny fanambadiana amin'ny fahatokiana lehibe kokoa , rehefa mahafantatra fa afaka mahazo fanampiana masina avy amin'ny Tompo .

Vakiteny Enti-mandalina

- Dieter F. Uchtdorf, "The Reflection in the Water" (Church Educational System devotional, 1 nôv. 2009), lds.org/media-library.
- Jeffrey R. Holland, "Be Not Afraid, Only Believe" (evening with Elder Jeffrey R. Holland, 6 feb 2015), lds.org/broadcasts.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:40

Fiomanana ho amin'ny fanambadiana

Asaivo mananga-tanana ireo mpianatra raha efa nanao lisitra ireo toetoetra izay tadiavin'izy ireo ao amin'izay ho vadiny any aoriana izy ireo. Manasà mpianatra vitsivitsy hizara ny toetoetra amin'ny lisitr'izy ireo.

Asehoy ity teny nambaran'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Misy tanora sasany toa manana ny lisitry ny toetoetra izay tian'izy ireo hananan'izay ho lasa vadiny sy mandrefy ny fahafaha-manaony: 'Ianao ve manana ny zavatra rehetra izay takiko?' Raha manantena ny hanana namana mandrakizay izay manana toetra tsara ara-panahy ianao, dia tsy maintsy miezaka ny hanana ireo toetra tsara ara-panahy ireo ao anatinao. Avy eo dia ho voasarika hanatona anao ny olona iray izay manana ireo toetra tsara ireo" ("Understanding Heavenly Father's Plan," LDS.org).

- Inona no fitsipika ianarantsika avy amin'ny teny nataon'ny Loholona Bednar? (Ataovy izay ahitan'ny mpianatra ity fitsipika manaraka ity: **"Raha manantena ny hanana namana mandrakizay izay manana toetra tsara ara-panahy ianao, dia tsy maintsy miezaka ny hanana ireo toetra tsara ara-panahy ireo ao anatinao."**)

Asao ny mpianatra hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:40, ka hitady ny fomba hanohanana'ity andinin-tsoratra masina ity ilay fitsipika izay vao hitany teo.

- Amin'ny fomba ahoana no mety ampipihan'ny olona izay miezaka ny hanambady ireo fahamarinana voarakitra ao amin'ity andinin-tsoratra masina ity?
- Tamin'ny fomba ahoana no nahitanao ny niharan'ireo fahamarinana ao amin'io andinin'io teo amin'ny safidy nataon'ireo tanora mikasika ireo namany?

Asaivo eritreretin'ireo mpianatra ireo toetra izay tian'izy ireo ho hita ao amin'ny vadiny any aoriana. Asao ireo mpianatra hieritreritra raha toa izy ireo ka manana ireo toetra tsara ireo na tsia. Asaivo dinihin'izy ireo ny fomba mety ampiasany ireo fitsipika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 88:40 mba hiomanany tsaratsara kokoa ho amin'ny fanambadiana.

Marka 5:35–36; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 6:36

“Aza matahotra, minoa fotsiny ihany”

Anontanio ireo mpianatra hoe:

- Inona no andrandrainao amin'ny fanambadiana?
- Inona ireo zavatra vitsivitsy izay mety hahatonga ny tanora hatahotra ny fanambadiana? (Ataovy lisitra eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'izy ireo.)

Asao avy eo ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity, izay nambaran'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary asaivo henoin'ny mpianatra rehetra ireo antony mahatonga ny tanora sasany hatahotra ny fanambadiana.



“Amin'ny fitrangany ratsy indrindra [ireo tanora] dia matahotra hoe efa hifarana amin'ny rà mandriaka sy loza mahatsiravina izao tontolo izao —toe-javatra izay tsy tiany hiainan'ny vady na zanaka. Amin'ny fitrangany tsy dia ratsy loatra, izay mahazatra kokoa, dia matahotra izy ireo hoe hihasarotra kokoa ny fiainana eo amin'izao tontolo izao, ho sarotra ny mitady asa, ary tokony hahavita fianarana sy ho afa-trosa, hanana asa tsara sy trano ny olona iray alohan'ny hieritreretany fanambadiana. ...

“Fanampin'izany, dia maro ireo tanora niresahako no matahotra fa raha manambady izy ireo dia hampitombo fotsiny ny antontanisan'ny fisaraham-panambadiana. ... Atambaro amin'ilay fanimbazimbana tsisy fahalalam-pomba sy feno fahadalana ary indraindray aza asan-devoly mihitsy izay atao amin'ny fahadiovam-pitondrantena sy ny fanajana vady ary ny fiainam-pianakaviana izay asehon'ny horonantsary sy ny fahitalavitra ombieny ombieny izany tahotra momba ny fahombiazan'ny fanambadiana izany dia ho hitanareo hoe inona ilay olana” (“Be Not Afraid, Only Believe” [evening with Elder Jeffrey R. Holland, feb. 6, 2015], lds.org/broadcasts).

- Firy aminareo no mahafantatra olona izay matahotra ny hanambady noho ny iray amin'ireo antony izay volazan'ny Loholona Holland?

Asao ireo mpianatra hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 6:36 ka handinika ny fomba iantefan'ilay torohevitra nomen'ny ny Tompo an'i Oliver Cowdery amin'ny fiomanana amin'ny fanambadiana mandrakizay. Avy eo dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Marka 5:35–36. Hazavao fa i Jairo, ilay mpanapaka ny synagoga, dia nankany amin'i Jesoa satria nantenainy fa hanasitrana ny zanany Izy. Asaivo eritreretin'ireo mpianatra ny fomba azo ampiharana ny fankaherezan'ny Mpamonjy an'i Jairo amin'ireo izay miomana ny hanambady.

- Nahoana no hanampy antsika ny mibanjina ny Tompo “amin'ny eritreritra rehetra” rehefa mieritreritra ny hoavintsika isika?
- Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ilay torohevitra nomen'ny Tompo ho an'i Oliver Cowdery sy Jairo ireo olona izay matahotra ny hanambady? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa mibanjina an'i Jesoa Kristy am-pinoana isika, dia afaka mandresy ny tahotra ary manana fahatokiana amin'ny hoavy.**)

Zarao ity teny manaraka nambaran'ny Loholona Jeffrey R. Holland ity: Asaivo henoin'ny mpianatra ny antony nahatonga ny Loholona sy ny Rahavavy Holland nila finoana mba hisafidy ny hanambady tamin'izy ireo nanao izany.



"Tamin'izaho sy [Rahavavy Holland] nivady dia samy mbola mpianatra tao BYU izahay, ary tsy afaka nanampy anay ara-bola ny ray aman-dreninay, tsy azo nalaina sary antsaina ny fianarana ambony izay mbola niandry anay, ary tao anatin'izany toe-javatra izany izahay dia tsy nanana afa-tsy 300 dôlara tamin'ny andro nanambadianay! Mety tsy izay no fomba tsara indrindra hanombohana ny fanambadiana, kanefa nahafinaritra tokoa ilay fanambadiana ary maty antoka tokoa izahay raha niandry na dia andro iray monja aza rehefa nahafantatra izahay fa mety taminay ny nanambady. ... Mampangovitra ahy ny mieritreritra hoe inona avy no ho very raha toa izahay ka naka 'torohevitra avy aminny ny tahotray,' araka ny nolazain'ny Filoha James E. Faust tamiko foana foana foana' taty aoriana fa izaho ihany fa tsy ny olon-kafa no tokony hanao izany" ("Be Not Afraid, Only Believe" [Aza matahotra, Minoa fotsiny ihany]).

- Inona no itovizan'ny toe-javatra niainan' ny Loholona sy Rahavavy Holland amin'ny toe-javatra iainan'ny tanora maro ankehitriny?
- Inona ny dikan'ny hoe maka torohevitra avy amin'ny tahotra? Nahoana izany no fomba tsy mety handraisana fanapahan-kevitra?

Asao ny mpianatra iray mba hamaky ity fijoroana ho vavolombelona sy fampanantenana nataon'ny Filoha Thomas S. Monson ity:



"Ry rahalahiko sy anabaviko malala, aza matahotra. Matokia. Mamiratra toy ny finoanareo ny hoavy" (Thomas S. Monson, "Matokia," *Ensign* na *Liahona*, mey 2009, 92).

- Inona ny eritreritra sy fahatsapana anananao momba ny hoavy rehefa misaintsaina io famporisihan'ny mpaminany io ianao?

Ampio ireo mpianatra handinika ny fomba mety ampiharan'izy ireo io ampahan'ny lesona io amin'ny fanasana azy ireo hieritreritra hoe manana tahotra ny hanambady izy ireo sa tsia. Asao izy ireo hisaintsaina ny fomba azon'izy ireo hanoloana ny tahotra momba ny hoavy amin'ny finoana ny Tompo.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:22–23; 8:2–3; 9:7–9; 11:12–14 *Mitady fitarihana avy amin' Andriamanitra amin'ny fisafidianana izay olona ho vadiana.*

Asehoy ity teny nolazain'ny Filoha Gordon B. Hinckley ity (1910–2008), ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy izany:



"Ny fisafidianana izay olona hovadinao no ho fanapahan-kevitra manan-danja indrindra eo amin'ny fiainanao. Tsy misy zavatra afaka manolo ny fanambadiana any amin'ny tempoly. ... Manambadia ilay olona iray tena izy any amin'ilay toerana tena izy amin'ny fotoana mety indrindra hanaovana izany" ("Life's Obligations," *Ensign*, feb. 1999, 2).

- Ahoana no ahafahanao mandray araka ny tokony izy izany fanapahan-kevitra manan-danja indrindra izany momba ny olona tokony ho vadiana?

Zarazarao ho tsiroaroa ny ankizy. Omeo ny mpianatra mandeha tsiroaroa ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto hiarahany mamaky: Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:22–23; 8:2–3; 9:7–9; 11:12–14. (Ireo andinin-tsoratra masina ireo dia ohatra maneho ny fiverimberenan'ny lohahevitra mikasika ny fomba handraisana fanambarana ho an'ny tena manokana, izay hita ao amin'ny fizarana maro amin'ny fiantombohan'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. “Ireo lohahevitra dia mibahana sy miverimberina ary mampiray ireo toetra na hevitra” [David A. Bednar, “A Reservoir of Living Water” (Takariva amorom-patan'ny Brigham Young University, 4 feb. 2007), 6, speeches.byu.edu].)

Asaivo mieritreritra ity tantara namboarina ity ireo mpianatra rehefa mandalina ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izy ireo: Alaivo sary an-tsaina hoe nampiaraka tamin'ny olona iray elaela ny namanao ary manatona anao izy haka torohevitra hoe tokony hanambady io olona io izy sa tsia. Inona no ho atorona ilay namanao mba hataony?

Rehefa avy nomena fotoana ampy nandalinana ireo andinin-tsoratra masina ny mpianatra dia asao ny iray avy amin'ireo mpianatra mandeha tsiroaroa mba hanao toy ny hoe izy ilay namana izay nampiaraka. Angataho ilay mpianatra iray hafa namany hanazava ny fomba hanampian'ireo andinin-tsoratra masina ireo io namana io mba handray fanapahan-kevitra. Rehefa vita io asa ampanaovina io, dia ataovy izay hahatakaran'ireo mpianatra ireto fitsipika manaraka ireto momba ny fandraisana fanapahan-kevitra: Tokony “handinika” fanapahan-kevitra iray ao an-tsaintsika isika, mandray ny fanapahan-kevitra tsara indrindra azontsika raisina, ary avy eo dia mangataka amin' Andriamanitra raha mety izany fanapahan-kevitra izany. Raha tonga ao am-pontsika sy ao an-tsaintsika avy eo ny fiadanana sy fifaliana, dia fanapahan-kevitra tsara ilay izy. Antitrantero ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa mikatsaka ny fitarihan'ny Tompo isika rehefa mandray fanapahan-kevitra, dia hiteny an-tsaintsika Izy ary hameno ny fanahintsika amin'ny fiadanana sy fifaliana rehefa mety ny safidintsika.**

- Ahoana no nahafantaranao ny fahamarinan'ny zavatra ampianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo momba ny fandraisana fanambarana ho an'ny tena manokana?

Angataho ireo mpianatra mba hieritreritra ny mety ho fihetsik'izy ireo manoloana izao tantara namboarina izao: manazava aminao ny olona nampiarahanao hoe nanaraka ireo dingan'ny fandraisana fanapahan-kevitra ireo izy ka nahatsapa fa tokony hivady ianareo roa.

Asehoy ity teny nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Efa nahare imbetsaka aho hoe nisy zatovolahy iray nilaza tamin'ny zatovovavy iray fa tokony hanambady azy izy satria naharay fanambarana izy fa tokony ho vadiny mandrakizay ilay zatovovavy. Raha fanambarana marina izany, dia hohamafisina avy hatrany amin'ilay vehivavy raha mikatsaka ny hahafantatra izy. Mandra-piandry izany, dia tsy voatery hanaraka ilay izy akory izy. Tokony hikatsaka ny fitarihana ho azy manokana izy ary manapaka hevitra. Ilay lehilahy dia afaka mandray fanambarana mba hitarika ny zavatra ataony, fa tsy afaka mandray araka ny tokony ho izy fanambarana hitarika ilay vehivavy izy. Tsy ao anaty fitandreman'ny ilay vehivavy” (“Revelation” [Brigham Young University devotional, sept. 29, 1981], 6, speeches.byu.edu).

Mijoroa ho vavolombelona fa hahatsapa fiadanana ireo mpianatra rehefa miandrindra fanambadiana mandrakizay amim-pinoana izy ireo. Amporisiho izy ireo hampiasa ireo fitsipika izay noresahina tamin'ity lesona ity mba hiomanany amin'ilay fahafahana feno voninahitra ny hanao fanambadiana mandrakizay.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Marka 5:35–36; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:22–23, 36; 8:2–3; 9:7–9; 11:12–14; 88:40.
- Dieter F. Uchtdorf, “The Reflection in the Water” (Church Educational System devotional, 1 nôv. 2009), [lds.org/media-library](https://www.lds.org/media-library).
- Jeffrey R. Holland, “Be Not Afraid, Only Believe” (evening with Elder Jeffrey R. Holland, 6 feb 2015), [lds.org/broadcasts](https://www.lds.org/broadcasts).

12

Ôrdônansy sy Fanekempihavanana any amin'ny Tempoly

Fampidirana

Nanambara ireo mpaminany amin'ny andro farany hoe: "Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy any amin'ny tempoly masina no ahafahan'ny tsirairay hiverina eo anatrehan' Andriamanitra" ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Ato amin'ity

lesona ity ireo mpianatra dia hianatra fa amin'ny alalan'ny fandraisana ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly dia afaka mahazo fitahiana masina izy ireo mandritra ny fiainana ety an-tany sy mahazo ny fiainana mandrakizay.

Vakiteny Enti-mandalina

- Boyd K. Packer, "The Holy Temple," *Ensign*, ôkt. 2010, 29–35.
- D. Todd Christofferson, "Ny Herin'ny Fanekempihavanana," *Ensign* na *Liahona*, mey 2009, 19–23.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:10–17; 109:12–21; 124:37–40, 55

Ireo tanjon'ny tempoly

Asehoy an'ireo mpianatra ny sarin'ny tempoly tianao indrindra, ary lazao hoe nahoana no io tianao indrindra.

- Nahoana isika no manana tempoly?

Mba hanampiana ireo mpianatra hamaly io fanontaniana io, dia soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto. Asao ireo mpianatra hamaky ny iray amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo, ka hitady ireo antony nanomezan'ny Ray any An-danitra tempoly:

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:10-17

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:37-40, 55

- Araka ireo andininy ireo, dia inona ireo antony vitsivitsy nanomezan'ny Ray any An-danitra tempoly? (Rehefa mamaly ireo mpianatra, dia ampio izy ireo hahatakatra ity fitsipika manaraka ity: **Manome tempoly ny Ray any An-danitra mba hahafahan'ireo zanany mandray ireo ôrdônansy sy fahalalana tena ilaina ary miomana hitoetra eo anatrehany.**)
- Inona avy ireo andian-teny ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo izay mampianatra fa ny tempoly dia manampy antsika hiomana hiaina eo anatrehan' Andriamanitra?

Lazao amin'ireo mpianatra fa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109 dia ahitana ny vavaka natao tamin'ny fanokanana ny Tempolin'i Kirtland. Asao ireo mpianatra hamaky tsara ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:12–21 ka

hitanisa ireo fomba hanomanan'ny tempoly antsika mba hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra.

- Araka ireo andininy ireo, dia ahoana no fomba hanomanan'ny tempoly antsika hitoetra miaraka amin' Andriamanitra? (Mety hilaza izao manaraka izao ireo mpianatra: mahatsapa ny herin'ny Tompo sy mianatra fahendrena ary mandray ny fahafenoan'ny Fanahy Masina isika ao amin'ny tempoly; amporisihina isika ny hibebaka faingana ao amin'ny tempoly; ary angatahina isika mba hadio rehefa miditra ny tempoly. Raha ampy ny fotoana, dia azonao atao ny manasa ireo mpianatra hijery ny Eksodosy 19:10–14, izay mamariparitra ny fomba nikatsahan'i Mosesy ny hanomana ara-batana sy ara-panahy ny Isiraely taloha mba hankeo anatrehan'ny Tompo.)

Asehoy ireto teny manaraka nambaran'ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy ny Filoha Brigham Young ireto (1801–1877):



“Ny tanjona voalohan'ny tempoly dia ny hanome ireo ôrdônansy ilaina ho an'ny fisandratantsika any amin'ny fanjakana selestialy. Ireo ôrdônansin'ny tempoly dia mitarika antsika any amin'ny Mpamonjy antsika ary manome antsika ireo fitahiana izay azo avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy” (Robert D. Hales, “Blessings of the Temple,” *Ensign*, ôkt. 2009, 48).



“Ny fanafiana masina omena anao [any amin'ny tempoly] dia ny fandraisanao ireo ôrdônansy rehetra ireo ao amin'ny tranon'ny Tompo izay ilainao aorian'ny handaozanao ity fiainana ity mba hahafahanao handeha hiverina eo anatrehan'ny Ray sy handalo an'ireo anjely izay mijoro ho mpiambina” (*Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* [1997], 302).

- Ahoana no hanampian'ireo teny nambara ireo anao mba hankasitraka ny maha-zava-dehibe ny fandraisana ny ôrdônansin'ny tempoly?

Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 84:19-21

Manampy antsika hitovy kokoa amin' Andriamanitra ireo ôrdônansin'ny fisoronana izay raisina any amin'ny tempoly.

Asehoy ity teny manaraka ity ary asao ny mpianatra iray hamaky mafy izany:

“Ao amin'ny Fiangonana, ny ôrdônansy dia fombafomba masina sy manara-pitsipika izay tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana. Ny ôrdônansy sasany dia tena ilaina ho an'ny fisandratantsika. Antsoina hoe ôrdônansin'ny famonjena ireo ôrdônansy ireo. Ao anatin'izany ny batisa, ny fandraisana ho mpikambana, ny fanendrena ho amin'ny Fisoronana Melkizedeka (ho an'ny lehilahy), ny fanafiana masina any amin'ny tempoly, ary ny famehezana ny fanambadiana” (*Miorimpaka ao amin'ny finoana: boky fanovozan-kevitra mikasika ny filazantsara* [2004], 109).

- Inona no maha-samy hafa ny “ôrdônansin'ny famonjena” amin'ny ôrdônansin'ny filazantsara hafa? (Ireo ôrdônansy hafa, toy ny fanomezana anarana sy fitsofandrano ny zaza sy ny fametrahan-tanana ireo marary dia tsy takiana mba hahazoana fisandratana faratampony.)

Alohan'ny hanombohana, dia hazavao fa ny sasany amin'ireo ôrdônansin'ny famonjena, toy ny batisa sy ny fanendrena ho amin'ny Fisoronana Melkizedeka, dia atao alohan'ny handraisantsika ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly; na izany aza, ity ampahan'ny lesona ity dia mifantoka amin'ireo ôrdônansin'ny famonjena izay atao any

amin'ny tempoly. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 84:19–21. Asaivo tadiavin'ireo mpianatra ny zavatra azontsika raisina rehefa mandray anjara amin'ireo ôrdônansy tanterahin'ny Fisoronana Melkizedeka isika.

- Araka ny hevitrao dia inona no hevitra ny andian-teny hoe “herin'ny toetra araka an' Andriamanitra”? (Azonao atao ny manazava fa ny “herin'ny toetra araka an' Andriamanitra” dia ny hery ho lasa araka an' Andriamanitra na mitovy amin' Andriamanitra.)
- Ahoana no hilazanao ny fitsipika iray izay ampianarina ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 84:20–21? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao: **Afaka ny hitovy bebe kokoa amin' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ireo ôrdônansy sy fanekehampihavanana atao any amin'ny tempoly.**)

Omeo ny mpianatra tsirairay ny tahadika'ity teny manaraka namberan'ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo ity. Asaivo marihin'ireo mpianatra ireo teny na andian-teny izay mampianatra hoe amin'ny fomba ahoana no hanampiana antsika hitovy bebe kokoa amin' Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandraisantsika anjara amin'ireo ôrdônansy atao any amin'ny tempoly.



“Ny fitahiana lehibe indrindra entin'ny fisoronana afaka ho azon'ny [zatovolahy sy zatovovavy] rehetra ary hita ao amin'ny tempoly. Any no hahatakarany izy ireo ny zavatra momba an' Andriamanitra. ... Ny fifaliana mifandray amin'ny mandrakizay, izay toa lavitra erỳ rehefa tsy ao amin'ny tempoly isika, dia nanjary toa afaka ny ho tsapa tampoka teo.

“Ao amin'ny tempoly no hanazavana ny drafitra ny famonjena sy hanaovana ireo fanekehampihavanana masina. Ireo fanekehampihavanana ireo, miaraka amin'ny fanaovana ireo garmenta masina fanao any amin'ny tempoly, dia mampatanjaka sy miaro ireo olona nandray fanafiana masina mba tsy ho azo'ny herin'ny fahavalo. ...

“Ao amin'ilay ôrdônansy ambony indrindra atao any amin'ny tempoly—ny fanambadiana mandrakizay—dia ampanantenaina ny mpivady fa, raha mahatoky izy ireo, dia hiara-higoka ny firaisan'ny fianakaviana, miaraka amin'ireo zanany, sy miaraka amin'ny Tompo mandritra ny mandrakizay. Izany no antsoina hoe fiainana mandrakizay” (“Blessings of the Priesthood,” *Ensign*, nôv. 1995, 34).

Mifanakaloza hevitra momba ny zavatra nasian'ireo mpianatra marika.

- Tamin'ny fomba ahoana no nitahiana anao noho ny nandraisanao anjara tamin'ireo ôrdônansy atao any amin'ny tempoly tamin'ny fomba mitovitovy amin'izay nofaritan'ny Loholona Hales?

Omeo fotoana fohy ireo mpianatra mba hanoratany izay zavatra mety ho ataony mba hanomezany lanja bebe kokoa ny fanatrehana ny tempoly sy hampifantohany izany bebe kokoa amin'ny fanampiana azy ireo ho tonga tahaka an' Andriamanitra.

Eksodosa 19:3–6; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 109:22–26 **Mitandrina ireo fanekehampihavanana amin'ny tempoly**

Ampahafantaro an'ireo mpianatra fa misy tanjona hafa iray manan-danja amin'ny fankanesana ny amin'ny tempoly izay mifandray akaiky amin'ny fandraisana ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly. Asaivo henoin'izy ireo izany tanjona izany rehefa

mizara ity teny manaraka nambaran'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity ianao:



“ Mijoro ho vavolombelona aho fa ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no ahitana ny fahefan'ny fisoronana hahafahana manatanteraka ireo ôrdônansy izay ahafahantsika miditra ao amin'ilay fanekehampihavanana mamatotra miaraka amin'ny Raintsika any An-danitra amin'ny anaran'ny Zanany masina. Mijoro ho vavolombelona aho fa hitandrina ny fampanantenany aminao Andriamanitra rehefa hajainao ny fanekehampihavananao Aminy” (“Ny herin'ny fanekehampihavanana,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2009, 22).

- Rehefa mandray ireo ôrdônansin'ny famonjena an'ny filazantsara isika, dia manao inona?

Aseho ity teny nolazain'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary asaivo tadiavin'ireo mpianatra ireo toetoetra manan-danjan'ny fanekehampihavanana ataontsika amin'ny Tompo:



“Ny fanekehampihavanana dia fifanekena eo amin' Andriamanitra sy ireo zanany ety antany, ary zava-dehibe ny mahatakatra fa Andriamanitra dia mametraka ny fepetran'ireo fanekehampihavanan'ny filazantsara rehetra. Tsy misafidy ny toetoetran'ny fanekehampihavanana na ny zavatra hita ao anatin'izany izaho sy ianao. Fa manaiky kosa, amin'ny fampiasana ny fahafahantsika misafidy, ireo zavatra hifanarahana sy ireo zavatra takin'ny fanekehampihavanana iray araka ny nametrahana'ny Raintsika any An-danitra azy ireny” (David A. Bednar, “That We May Always Have His Spirit to Be with Us,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2006, 28–29).



“Ny fanekehampihavanana dia fifanarahana ara-panahy izay mamatotra, fampanantenana atao amin'ny fomba ôfisialy amin' Andriamanitra Raintsika fa hiaina sy hieritreritra ary hanao zavatra amin'ny fomba iray voafaritra isika—ny fomban'i Jesoa Kristy Tompo Zanany. Ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina kosa indray dia mampanantena antsika ny fahafenoan'ny hakanton'ny fiainana mandrakizay” (Jeffrey R. Holland, “Keeping Covenants: A Message for Those Who Will Serve a Mission,” *New Era*, jan. 2012, 3).

- Inona no manaitra anao ao amin'ireo teny ireo mikasika ny fanekehampihavanana?
- Nahoana no zava-dehibe ny hoe Andriamanitra no mamaritra ireo fepetran'ireo fanekehampihavanan'ny filazantsara rehetra? (Satria Izy no manome antsika ny fiainana mandrakizay, dia Izy no afaka mametraka ireo fepetra izay handraisana izany. Ny hany fanatitra azontsika omena Azy dia ny fahafahantsika misafidy rehefa misafidy ny hankatò isika. Mandritra ity fifanakalozan-kevitra ity, dia antitrantero izao manaraka izao: **Rehefa manaja ny fanekehampihavanana ataontsika amin'ny Tompo isika, dia voatahy mandritra ny fiainana ety antany ary afaka ny hahazo ny fiainana mandrakizay.**)

Asaivo miaraka tsiroaroa ireo mpianatra. Angataho ny iray amin'ireo mpianatra isaky ny vondrona miara-miasa tsiroaroa handalina ny Eksodosy 19:3–6, ary ilay mpianatra iray hafa handalina ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 109:22–26. Asao ny iray kilasy hitady ireo fitahiana izay afaka ho azon'ireo izay manaja ny fanekehampihavanana nataony, indrindra fa ireo fanekehampihavanana any amin'ny tempoly. Rehefa tapitra ny fotoana sahaza ho an'izany dia asao ireo mpianatra mandeha tsiroaroa hiresadresaka momba ny zavatra hitany. (Raha ny voalaza ao

amin'ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Eksodosy ireo no jerena, dia ataovy izay hahatakarany ireo mpianatra fa ao amin'ny tempoly masina no hanombohantsika ho mendrika ny ho lasa mpanjakalahy sy mpanjakavavy izay afaka ny ho lasa vahoaka masina indray andro any ka hitoetra eo anatrehan' Andriamanitra; jereo koa ny Apokalypsy 1:6; 5:10; 19:16; F&F 76:55–56.)

- Tamin'ny fomba ahoana no nitahiana anao na niarovana anao noho ireo fanekempihavanana nataonao tamin'ny Tompo?

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nataon'ny Filoha Joseph Fielding Smith (1876–1972):



“Raha mankao amin'ny tempoly isika dia manangana ny tanantsika sy manao fanekempihavanana fa hanompo ny Tompo sy hitandrina ireo didiny ary hitandrina ny tenantsika hadio tsy ho voapentipentin'izao tontolo izao. Raha mahafantatra tsara ny zavatra ataontsika isika dia ho lasa fiarovana ho antsika mandritra ny fiainantsika manontolo ny fanafiana masina—fiarovana izay tsy ananan'ny olona iray izay tsy mankany amin'ny tempoly.

“Efa nandre ny [Filoha Joseph F. Smith] raiko aho nilaza hoe tamin'ny ora fisedrana, tamin'ny ora nakàna fanahy, dia nieritritra ireo fampananantenana izy, ireo fanekempihavanana izay nataony tao amin'ny Tranon'ny Tompo, ka lasa fiarovana ho azy izy ireny. ... Izany fiarovana izany no antony nanaovana ireo fombafomba ireo, amin'ny ampahany. Mamonjy antsika izy ireny ankehitriny ary manandratra antsika any aoriana, raha toa isika ka manaja azy ireny” (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Fielding Smith* [2013], 235–36).

- Inona no eritritra sy fahatsapana tonga teo aminao nandritra ity lesona ity ka tianao hozaraina amin'ireo mpianatra?

Asehoy ity teny nolazain'ny Filoha Boyd K. Packer tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Ny fiainana ho antsika rehetra dia lalana mody mankeo anatrehan' Andriamanitra indray ao amin'ny fanjakany selestialy.

“Ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana no lasa fanomezan-dalana ahafahantsika miditra ho eo anatrehany. Ny fandraisana azy ireo amim-pahamendrehana no zavatra katsahina mandritra ny fiainana ary ny fanajana azy ireo aorian'izany no fanamby eto amin'ny fiainana” (“Covenants,” *Ensign*, mey 1987, 24).

Mijoroa ho vavolombelona fa ny mandray ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly tokoa no “zavatra katsahina mandritra ny fiainana” . Ireo ôrdônansy any amin'ny tempoly dia manampy antsika hahazo ireo fanomezan-dalana ilaina mba hahafahantsika miditra ho eo anatrehan' Andriamanitra.

Asao ireo mpianatra hisaintsaina hoe laharam-pahamehana eo amin'ny fiainan'izy ireo sa tsia ny fitsaohana sy ny fandraisana ôrdônansy any amin'ny tempoly. Asaivo soratan'izy ireo ny zavatra azon'izy ireo atao mba hifantohana bebe kokoa amin'ireo fanekempihavanana izay nataony na hataony any amin'ny tempoly.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Eksodosy 19:3–6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–21; 97:10–17; 109:12–26; 124:37–40, 55.
- Boyd K. Packer, “The Holy Temple,” *Ensign*, ôkt. 2010, 29–35.

Manatsara ny fanatrehana ny tempoly

13

Fampidirana

Ny fitsaohana any amin'ireo tempoly masina dia manomana antsika ho lasa mpianatr'i Jesoa Kristy tsaratsara kokoa, ary ireo "ôrdônansy sy fanekempihavanana masina misy [any] no ahafahan'ny tsirairay hiverina eo anatrehan' Andriamanitra" ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Ny Filoha Howard W. Hunter (1907–95) dia namporisika ireo mpikamban'ny Fiangonana mba hanao izay

hahatonga ny tempoly ho "ilay marika lehiben'ny maha-mpikambana azy ireo" ("The Great Symbol of Our Membership," *Ensign*, Ôôkt. 1994, 2). Ao amin'ity lesona ity, dia hianatra ireo fomba hanatsarana ny fanatrehan'ny tempoly ireo mpianatra, ka amin'izany dia hitondra fitahiana bebe kokoa ho an'ny fiainan'ny fianakaviany izy ireo.

Vakiteny Enti-mandalina

- Richard G. Scott, "Fanatrehana ny tempoly: loharanon'ny tanjaka sy hery amin'ny fotoan-tsarotra," *Ensign* na *Liahona*, mey 2009, 43–45.
- L. Lionel Kendrick, "Enhancing Our Temple Experience," *Ensign*, May 2001, 78–79.
- *Miomana hiditra ao amin'ny tempoly masina* (kiboky, 2002)

Sosokevitra Enti-mampianatra

Salamo 24:3–5; Jaona 2:13–16; Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 109:10–13, 20–22

Fahamendrehana hidirana ny tempoly

Aseho ny sarin'ny tempoly akaiky indrindra ny fonenanao. Hazavao fa ilay andianteny hoe *Hamasinina ho an'i Jehovah* dia voasokitra eo ivelan'ny tempoly rehetra. Asao hamaky ny Jaona 2:13–16 ireo mpianatra ka hieritreritra ny fomba hanehoan'io tantara io ny toetra masin'ny tempoly.

- Amin'ny fomba ahoana no anehoan'io tantara io ny fihetsika tokony asehontsika manoloana ny tempoly?
- Amin'ny fomba ahoana no mety hanehoan'ny olona tsy fanajana ny tempoly amin'izao fotoana izao?

Asao ny mpianatra iray hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 109:20 izay ampahany amin'ny vavaka fanokanana ho an'ny Tempolin'i Kirtland:

- Inona no fitsipika azontsika ianarana avy amin'io andinin-tsoratra masina io? (Tokony hahitana ity fitsipika ity ny valintenin'ireo mpianatra: **Nandidy Andriamanitra mba tsy hamelana ny zavatra tsy madio hiditra ny tranony.** Hazavao fa ao amin'ny soratra masina, ny tempoly dia fariparitana hatrany ho toy ny toeran'ny fahadiovana, ny tsy fisiana pentina, ny fahamasinana ary fahamendrehana. Azonao atao ny mamporisika ireo mpianatra hijery izany fifandraisana izany rehefa mamaky mikasika ny tempoly izy ireo.)
- Inona avy ireo fenitra vitsivitsin'ny fahamendrehana izay tokony hananan'ny olona alohan'ny hidirany ny tempoly?

Omeo fotoana fohy ireo mpianatra handalinany ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 109:10-13, 21–22, sy ny Salamo 24:3–5 ka hitady ireo fitahiana

izay mifandray amin’ny fanatrehana ny tempoly amim-pahamendrehana. Azonao atao ny manasa ireo mpianatra hanisy marika ny zavatra hitany.

- Inona avy ireo fampanantenana omena ao amin’ireo andinin-tsoratra masina ireo ho an’ireo izay miditra ny tempoly amim-pahamendrehana? (Ny voninahitry ny Tompo dia hitoetra eo amin’ny vahoakany; ireo izay miditra ny tempoly dia hahatsapa ny herin’ny Tompo sy hanaiky fa toerana nohamasinina izany; ao amin’ny tempoly, ny Tompo dia hametraka ny anarany eo amintsika, ary ho voatafy ny heriny isika rehefa miala ao; ary ao amin’ny tempoly isika dia afaka mahazo ireo fitahiana sy fahamarinana avy amin’ny Tompo.)
- Nahoana araka ny eritreritrao no miankina amin’ny fahamendrehantsika ireo fampanantenana ireo?
- Inona no holazainao amin’ny olona iray izay manontany tena hoe ilaina ve ny miezaka ny hahazo ny fahazoan-dalana hankany amin’ny tempoly na tsia?

Asao ny mpianatra iray mba hamaky ity teny manaraka nolazain’ny Filoha Thomas S. Monson ity:



“Ireo izay mahatakatra ny fitahiana mandrakizay azo avy amin’ny tempoly dia mahafantatra fa tsy misy izany fahafoizan-tena lehibe loatra, na sarany mavesatra loatra, na fahoriana sarotra loatra ka tsy mendrika nanaovana izany mba handraisana ireo fitahiana ireo. ... Takatr’izy ireo fa ireo ôrdônansin’ny famonjena izay raisina any amin’ny tempoly no hanome antsika fahafahana indray andro any hiverina any amin’ny Raintsika any An-danitra ao amin’ny fifandraisan’ny fianakaviana mandrakizay ary ho tafiana amin’ireo fitahiana sy hery avy any ambony izay mendrika hanaovana ny fahafoizana sy ny ezaka rehetra” (“Ny Tempoly Masina—Faniho ho an’Izao Tontolo Izao,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2011, 92).

- Inona avy ireo fahasovana azonao rehefa nandray anjara tamin’ireo ôrdônansin’ny tempoly ianao?

Entano ny mpianatra mba haka sy hihazona fahazoan-dalana mankany amin’ny tempoly manan-kery mandritra ny fiainan’izy ireo. Antitrantero fa rehefa mitsaoka ny Tompo amim-panetrentena ao amin’ny tempoliny izy ireo, dia handray ireo fitahiana izay natao ho an’ireo mahatoky ao amin’ny tranony masina irery ihany.

3 Nefia 17:1–3

Manatsara ny fanatrehantsika ny tempoly

Soraty eny amin’ny solaitrabe izao manaraka izao ary anontanio ny mpianatra hoe ahoana no hamenoan’izy ireo ilay fehezanteny:

Ny zavatra azontsika avy amin’ny tempoly dia hiankina amin’ny

_____.

Rehefa misy maromaro manome valiny, dia aseho ity teny manaraka nolazain’ny Filoha Boyd K. Packer tao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo ity:



“Ny zavatra izay azontsika avy amin’ny tempoly dia hiankina be dia be amin’izay zavatra entintsika *mankany* amin’ny tempoly, mahakasika ny fanetren-tena sy ny fanehoana fanajana ary ny faniriana hianatra. Raha manaiky ho ampianarina isika dia ho ampianarin’ny Fanahy, ao amin’ny tempoly” (*The Holy Temple* [1980], 42).

- Amin'ny fomba ahoana, araka ny eritreritrao, no hiovan'ny zavatra iainanao ao amin'ny tempoly raha toa ianao ka mandeha miaraka amin'ny fanahin'ny "fanetren-tena sy ny fanehoana fanajana ary ny faniriana hianatra"? (Rehefa mamaly ireo mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity fitsipika manaraka ity: **Raha mankany amin'ny tempoly amim-panetrentena sy fanehoana fanajana ary faniriana hianatra isika, dia hampianatra antsika ny Fanahy Masina.**)

Hazavao amin'ireo mpianatra fa rehefa namangy ireo Nefita ny Mpamonjy, dia nampianatra azy ireo ny lamina iray mba hahatakarana ireo zavatra masina Izy izay azontsika arahina rehefa mankany amin'ny tempoly isika. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 3 Nefia 17:1–3.

- Inona no nampianarin'ny Mpamonjy mba ho ataon'ireo izay mihaino azy ka hanampy azy ireo hiomana ny hahatakatra zavatra masina?
- Ahoana no ahafahantsika manaraka io lamina io mba hanatsarantsika ny zavatra iainantsika any amin'ny tempoly? (Tokony hisaintsaina ny zavatra iainantsika any amin'ny tempoly isika, sy hivavaka mba hahazo fahatakarana, sy hiomana mba hanatrika amin'ny fotoana manaraka, ary hiverina matetika arakaraka ny fahafahana omen'ny toe-javatra misy.)

Vakio mafy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona L. Lionel Kendrick ao amin'ny Fitopololahy ity, ary asaivo henoin'ireo mpianatra ireo andian-teny izay milaza ny fomba ahafahantsika manatsara ny fanatrehantsika ny tempoly.



"Misy fahasamihafana eo amin'ny hoe manatrika fotsiny ny fotoana any amin'ny tempoly sy ny heoe mahazo traikefa mafonja ara-panahy. Ny tena fitahiana avy amin'ny tempoly dia azo rehefa manatsara ny traikefantsika azontsika any amin'ny tempoly isika. Mba hanaovana izany, dia tokony hahatsapa ny fanahin'ny fanehoam-panajana isika ho an'ny tempoly sy ny fanahin'ny fitsaohana. ...

"Ny hoe maneho fanajana dia tsy hoe mangina fotsiny ihany. Tafiditra ao anatin'izany ny fahafantarana izay zavatra mitranga. Tafiditra ao anatin'izany ny fanirina masina ny hianatra sy ny handray ireo bitsiky ny Fanahy Masina. Tafiditra ao anatin'izany ny fiezahana mafy mba hahazo fanampim-pahazavana sy fahalalana. Ny tsy fanehoam-panajana dia tsy vitan'ny hoe tsy fanajana an' Andriamanitra fotsiny, fa mahatonga ihany koa ny Fanahy Masina tsy ho afaka hampianatra antsika an'ireo zavatra izay mila fantarintsika" ("Enhancing Our Temple Experience," *Ensign*, may 2001, 78).

- Inona ireo andian-teny manana heviny manokana aminareo ao amin'io teny nambara io? Nahoana?

Vakio ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary asaivo henoin'ireo mpianatra ireo torohevitra azon'izy ireo ampiharina rehefa mankany amin'ny tempoly izy ireo:



• Ezaho takarina ny fotopampianarana mifandraika amin'ny ôrdônansin'ny tempoly, indrindra ny maha-zava-dehibe ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

• Rehefa mandray anjara amin'ireo ôrdônansin'ny tempoly ianao, dia diniho ny fifandraisanao amin'i Jesoa Kristy sy ny fifandraisany amin'ny Raintsika any An-danitra. Izany fihetsika tsotra izany dia hitarika any amin'ny fahatakarana bebe kokoa ny mahamasina ireo ôrdônansin'ny tempoly.

• Asehoy am-bavaka hatrany ny fankasitrahana ireo fitahiana tsy manam-paharoa izay azo avy amin'ny ôrdônansin'ny tempoly. Isan'andro dia manàna fiainana izay hahafahana manaporofa

amin'ny Ray any An-danitra sy ny Zanany Malalany fa tena manan-danja aminao tokoa ireo fitahiana ireo.

• Manaova fandaharam-potoana hitsidhana matetika ny.

• Manomàna fotoana ampy mba tsy hikoropahana rehefa ao anatin'ny rindrin'ny tempoly.

• Ovaovao ny zavatra ataonao mba hahafahanao mandray anjara amin'ireo ôrdônansy rehetra ao amin'ny tempoly.

• Esory ny famataranandronao rehefa miditra ao amin'ny tranon'ny Tompo ianao.

• Henoy tsara ny fampisehoana ireo ampahany rehetra amin'ilay ôrdônansy ary amin'ny fo sy saina vonona handray.

• Aoka ianao hieritreritra matetika ireo olona hanatanterahanao ireo karazana ôrdônansy isoloanao azy ireo. Mivavaha indraindray ho an'io olona io mba hahatsapany ny maha-zava-dehibe an' ireo ôrdônansy ary mba ho mendrika izy na hiomana ho mendrika ny handray tombontsoa amin'izany" ("Fanatrehana ny tempoly: loharanon'ny tanjaka sy hery amin'ny fotoan-tsarotra," *Ensign* na *Liahona*, mey 2009, 43–44).

- Iza amin'ireo hevitra ireo no tena hahasoa anao indrindra ny hampihatra azy?
- Inona no nataonao na ireo hafa mba hanomezana lanja bebe kokoa ny fanatrehana ao amin'ny tranon'ny Tompo? Inona no miova rehefa manao ireo zavatra ireo ianao? (Ao anatin'ny fifanakalozan-kevitra, dia resaho ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Fiadidiana Voalohany: "Rehefa mahita ny anaran'ireo razambeny ireo mpikamban'ny Fiangonana ary mitondra izany mankany amin'ny tempoly mba hanatanterahana ordônansy, dia afaka hitombo be tokoa ny traikefa azo avy any amin'ny tempoly" [Taratsin'ny Fiadidiana Voalohany, 8 Ôkt 2012].)

Amporisihy ireo mpianatra hanoratra ireo zavatra tsapany fa tokony hataony mba hanatsarany ny traikefany any amin'ny tempoly. Amporisihy izy ireo hahatanteraka ny zavatra nosoratany.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:8

Toeran'ny fanambarana

Hazavao fa namariparitra ny sasany amin'ireo tanjon'ny tempoly ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ilay vavaka fanokanana ny Tempolin'i Kirtland. Asao hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:8 ireo mpianatra. Hazavao fa ny iray amin'ireo tanjona dia ny ho lasa "tranon'ny fianarana."

- Inona no mety ho andrandraintsika mba hianarana any amin'ny tempoly?

Asehoy ity teny nolazain'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy an'izany:



"Ity trano masina ity dia lasa toeram-pianarana momba ireo zavatra mamy sy masin'Andriamanitra. Ao amin'ny tempoly no hahitantsika topimaso mikasika ny drafitry ny Ray be fitiavana ho an'ireo zananelahy sy zananimy amin'ny taranaka rehetra. Ao amin'ny tempoly no hamariparitana amintsika ilay dia lehibe mandrakizain'ny olona manomboka amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana ka mamakivaky ny fiainana ety an-tany hatrany amin'ny fiainana any an-koatra. Ampianarina mazava tsara sy amin'ny fomba tsotra mba ho takat'ireo izay mihaino ireo fahamarinana manan-danja sy fototra" ("The Salt Lake Temple," *Ensign*, mar. 1993, 5–6).

- Amin'ny fomba ahoana no anampiana antsika hianatra ireo fahamarinana lehibe sy manan-danja'ny drafitry ny Ray any An-danitra amin'ny alalan'ny fandraisantsika anjara amin'ireo ôrdônansin'ny tempoly?
- Amin'ny fomba ahoana no anampiana antsika hianatra bebe kokoa mandritra ny fotoana hijanonantsika ao amin'ny tempoly amin'ny alalan'ny fanarahana ilay maodely ao amin'ny 3 Nefia 17:1–3?

Asehoy ity teny manaraka nolazain'ny Filoha Gordon B. Hinckley ity:



“Maro ny olona izay nankany amin'ny tempoly tamin'ny fanahin'ny fifadiankanina sy vavaka mba hitady fitarihana avy amin' Andriamanitra tamin'ny fotoana nampitebiteby saina sy rehefa nisy fanapahan-kevitra sarotra tsy maintsy noraisina ary rehefa nisy olana nampiasa saina izay tsy maintsy novahana. Maro no nijoro ho vavolombelona fa na tsy re aza ny feon'ny fanambarana, dia nahazo fahatsapana mikasika ny lalana tokony hizorana izy ireo tamin'izany fotoana izany na tatỳ aoriana izay lasa valin'ny vavak'izy ireo” (“The Salt Lake Temple,” *Ensign*, mar. 1993, 6).

Farano ny lesona amin'ny fanontaniana ireo mpianatra raha misy amin'izy ireo te hizara ny eritreritra sy fahatsapana ananany na ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ny tempoly. Antitrantero fa ireo mpianatra dia ao anatin'ny fotoana tena manan-danja eo amin'ny fiainan'izy ireo, izay fotoana tokony handraisan'izy ireo fanapahan-kevitra maro. Mijoroa ho vavolombelona fa afaka mahatsapa ny Fanahin'Andriamanitra sy mahatsapa fampaherezana ary fitarihana ao ny tranon'ny Tompo ireo mpianatra.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Salamo 24:3–5; Jaona 2:13–16; 3 Nefia 17:1–3; Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 109:8–22.
- Richard G. Scott, “Fanatrehana ny tempoly: loharanon'ny tanjaka sy hery amin'ny fotoan-tsarotra,” *Ensign* na *Liahona*, may 2009, 43–45.
- L. Lionel Kendrick, “Enhancing Our Temple Experience,” *Ensign*, May 2001, 78–79.

14

Lasa mpamonjy ao an-tendrombohitra Ziona

Fampidirana

Nataon'ny Tompo azo tanterahina amin'ny alalan'ny asa atao any amin'ny tempoly ho an'ireo rehetra izay efa nodimandry tsy nahalala ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny "hiverin[a] eo anatrehan' Andriamanitra sy ahafahan'ny fianakaviana ho iray mandrakizay" ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign*

na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Ireo mpianatra, ato amin'ity lesona ity, dia hianatra ny fomba hamporisihan'ny fanahin'i Elia antsika mba handray anjara amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana sy ho lasa "mpamonjy... ao an-tendrombohitra Ziona" (Obadia 1:21).

Vakiteny Enti-mandalina

- David A. Bednar, "Hitodika ny Fon'ny Zanaka," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2011, 24–27.
- Quentin L. Cook, "Faka sy Sampana," *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 44–48.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:27–37, 58–59

Asa fanompoana nataon'i Jesoa Kristy tao amin'ny tontolon'ny fanahy

Asao ireo mpianatra hieritritra hoe firy amin'ireo razambeny no efa maty tsy nahare ny filazantsara na tsy nadray ireo ôrdônansin'ny famonjena.

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa taorian'ny nahafatesan'ny Mpamonjy, dia niseho tamin'ireo fanahy efa nodimandry Izy. Ny mombamomba io fitsidihana io, araka ny fahitana hitan'ny Filoha Joseph F. Smith (1838–1918), dia voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138. (Mariho fa ity dia ohatra iray amin'ny fanampiana ireo mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitra rehefa mandalina ny soratra masina)

Asao ny mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:27–37. Asaivo manaraka ny mpianatra rehetra ary hikoroka izay zavatra nataon'ny Tompo nandritra ny asa fanompoana nataony tao amin'ny tontolon'ny fanahy.

- Tamin'ny fomba ahoana no nanomanan'ny Mpamonjy ny lalana hanavotana ny fanahin'ireo izay efa nodimandry? (Antitrantero ity fahamarinana manaraka ity: **Naniraka sy nampianatra ary nanomana fanahy mahatoky ny Mpamonjy mba hitory ny filazantsara amin'ireo izay ao an-tranomaizin'ny fanahy.**)
- Araka ny ao amin'ny andininy 34, dia nahoana no tsy maintsy toriana amin'ireo ao an-tranomaizin'ny fanahy ireo fitsipiky ny filazantsara? (Hazavao fa ny hoe "hotsaraina araka ny olona ao amin'ny nofo" dia midika fa ny zanak' Andriamanitra rehetra, na velona na maty, dia hanana fahafahana hanaiky ny filazantsara sy handray ireo ôrdônansin'ny famonjena mba hahafahana mitsara ny rehetra amin'ny fenitra mitovy. Jereo ihany koa ny F&F 137:7–9.)

Angataho mba hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:31, 58–59 ireo mpianatra ka hitady hoe inona no tokony hataon'ireo izay nampianarina ny filazantsara ao amin'ny tontolon'ny fanahy mba hahatonga azy ireo ho "mpandova ny famonjena."

- Araka ireo andininy ireo, dia inona no tokony hataon'ireo fanahin'ireo efa nodimandry mba hahatonga azy ho “mpandova ny famonjena”? (Hazavao ity fitsipika ity: **Rehefa avy ampianarina ny hafatry ny filazantsara ireo olona ao amin'ny tranomazin'ny fanahy, dia afaka misafidy ny hibebaka sy hanaiky ireo ôrdônansy isoloana tena izay hatao any amin'ny tempoly izy ireo.**)

Zarao ity teny nolazain'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity:



“Ny olona sasany dia tsy mahatakatra tsara ka mieritreritra fa ireo fanahy efa maty ‘dia atao batisa ao amin'ny finoana Môrmôna kanefa tsy mahafantatra izany akory’ na koa hoe ‘ny olona izay nivavaka tany amin'ny antokom-pinoana hafa tany aloha dia voatery lasa mino ny fivavahana Môrmôna manomboka any amin'ny lasa mankany amin'ny ho avy.’ Mieritreritra izy ireo fa manana hery isika ny hanery ny fanahy iray amin'ny resaka finoana. Mazava ho azy fa tsy manana isika. Nanome ny fahafahana misafidy ho an'ny olombelona rehetra hatrany am-piandohana Andriamanitra. ‘Ny maty izay mibebaka dia havotana, amin'ny alalan'ny fankatoavana ireo ôrdônansin'ny tranon'Andriamanitra’ [F&F 138:58], kanefa tsy mitranga izany raha toa izy ireo ka tsy manaiky ireo ôrdônansy ireo” (“The Redemption of the Dead and the Testimony of Jesus,” *Ensign*, nôv. 2000, 10).

Asao ireo mpianatra hiaraka tsiroaroa dia hilalao an-tsehatra mba hanazava amin'ny tsy mpikambana iray ny fomba ahafahan'ny olona, na velona na maty, mandray ny filazantsara sy ireo ôrdônansin'ny famonjena noho ny drafitr' Andriamanitra.

Obadia 1:21; Malakia 4:5–6; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 110:13–16; 128:18

Isika dia tokony ho lasa “mpamonjy ... ao an-tendrombohitra Ziona” (Obadia 1:21)

Asao ireo mpianatra hitanisa ireo fomba izay ahafahantsika mandray anjara amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana. (Mitady ny anaran'ny fianakaviana sy mitondra azy ireny any amin'ny tempoly, manangona sy mitahiry ny sary sy tantaran'ny fianakaviana, mandahatra izany, sy ny sisa.)

- Inona no ho fiantraikan'ny fandraisana anjara amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana eo amin'ny fahatsapantsika mikasika fianakaviansika efa nodimandry?

Mba hanampiana ireo mpianatra hamantatra ny loharanon'izany fahatsapana izany, dia aseho ity teny nolazain'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Nampianatra ny Loholona Russell M. Nelson fa ny Fanahin' i Elia dia ‘fisehoan’ ny Fanahy Masina izay mijoro ho vavolombelona mikasika ny maha-masina ny fianakaviana’ (‘A New Harvest Time,’ *Ensign*, mey 1998, 34). Izany hery mitarika miavaky ny Fanahy Masina izany dia mamporisika ireo olona hamantatra ireo razambeny sy hanangona antontan-taratasy mikasika azy ireo ary haneho fitiavana amin' izy ireo sy ireo olona ao amin' ny fianakaviany—na ireo izay niaina taloha na ireo izay miaina amin' izao fotoana izao. Misy fiantraikany amin'ny olona ao anatiny sy any ivelan'ny Fiangonana ny Fanahin'i Elia” (“Hitodika ny Fon'ny Zanaka,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2011, 25).

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity famaritana ny hoe “fanahin'i Elia” ity:

Ny fanahin'i Elia dia fiasan'ny Fanahy Masina izay mitaona antsika hamantatra, sy hanangona antontan-taratasy ary hikorokoro ireo havantsika taloha sy ankehitriny.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Malakia 4:5–6.

- Araka io andinin-tsoratra masina io, dia amin'ny fomba ahoana no hisian'ny famangian'ny mpaminany Elia izay efa nampanantenaina fiantraikany eo amin'ireo fianakaviana eo amin'izao tontolo izao sy ny asa famonjen'ny Tompo amin'ny andro farany? (Ampahatsiahivo ireo mpianatra fa i Elia nitsangana tamin'ny maty dia niseho tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tamin'ny 3 Aprily 1836, tao amin'ny Tempolin'i Kirtland ary nanome azy ireo ny fanalahidin'ny famehezana an'ny Fisoronana Melkizedeka [jereo ny F&F 110:13–16].)
- Inona no dikan'ny hoe hifampitodika ny fon'ny ray sy ny fon'ny zanaka?

Asao hamaky mafy ity fanazavana manaraka ity izay nomen'ny Mpaminany Joseph Smith mikasika ireo andinin-tsoratra masina ireo (1805–44) ny mpianatra iray:



"Ny teny hoe *mitodika* eto dia tokony hadika hoe *mamatotra*, na mamehy. Inona anefa no tanjon'io asa manan-danja io? na ahoana no hanatanterahana izany? Tokony ho atolotra ireo fanalahidy, ho tonga ny fanahin' i Elia, ... ary ho tonga mpamonjy eo amin' ny tendrombohitra Ziona ireo Olomasina [jereo ny Obadia 1:21].

"Fa amin'ny fomba ahoana no hahatonga azy ireo ho mpamonjy eo An-tendrombohitra Ziona? Amin' ny fananganana ireo tempoliny, sy ny fanamboarana toerana fanaovam-batisa, ary ny fandehanana any sy ny fandraisana ireo ôrdônansy rehetra ... eo amin' ny toeran' ireo razambeny rehetra izay efa nodimandry, ary hanavotra azy ireo ... ; ary izany no rojo izay hamatotra ny fon' ny ray amin' ny zanaka, ary ny zanaka amin' ny ray, izay manatanteraka ny iraka nampanaovina an' i Elia" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 472–73).

- Ho lasa inona isika hoy Joseph Smith rehefa mandray ireo ôrdônansin'ny tempoly ho an'ireo havantsika efa nodimandry? (Mpamonjy ao an-tendrombohitra Ziona.)

Aseho ity teny nolazain'ny Filoha Gordon B. Hinckley ity (1910–2008), ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy izany:



"Tonga Mpamonjy ao an-tendrombohitra Ziona ara-bakiteny isika. Inona no dikan'izany? Tahaka ny nanomezan'ny Mpanavotra antsika ny ainy mba ho sorona isolona tena ho an'ny olona rehetra, ary lasa Mpamonjy antsika tamin'ny fanaovana izany, dia isika koa, amin'ny fomba kelikely kokoa, rehefa manao asa isiloan-tena any amin'ny tempoly, dia lasa mpamonjy ireo any an-koatra izay tsy manana fahafahana handroso raha tsy misy zavatra ataon'ireo ety an-tany ho azy ireo" ("Closing Remarks," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2004, 105).

Hazavao fa nanatanteraka ny Sorompanavotana tamin'ny fisoloana tena antsika i Jesoa Kristy. Rehefa mandray ireo ôrdônansy eo amin'ny toeran'ireo izay efa nodimandry amin'ny alalan'ny fisoloan-tena isika, dia lasa "mpamonjy eo amin'ny tendrombohitra Ziona." Ny teny hoe "Tendrombohitra Ziona" dia afaka manondro toerana maro, anisan'izany ilay tanànan'Andriamanitra any an-danitra na ilay tanànan'i Jerosalema Vaovao (jereo ny Hebreo 12:22; F&F 76:66; 84:2–4; 1 Mpanjaka 8:1).

- Inona ireo fomba hahatonga antsika hazoto kokoa hiasa mba hanampy ireo havantsika taloha sy ankehitriny mba handray ireo fitahian'ny tempoly rehefa takatsika ilay andian-teny hoe “mpamonjy eo amin'ny Tendrombohitra Ziona”?

Ao anatin'ity fifanakalozan-kevitra ity dia azonao atao ny mizara ity teny manaraka izay nolazain'ny Loholona D. Todd Christofferson ity:



“Maneho ny tsy maha-manam-petra ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isika amin'ny alalan'ny fikarohana ireo razambentsika sy ny fanatanterahana ho azy ireo ny ôrdônansin'ny famonjena izay tsy ho azon'ny tenany manokana tanterahina. Maty ho an'ny rehetra' i Kristy.' [2 Korintiana 5:15.]” (“The Redemption of the Dead and the Testimony of Jesus,” *Ensign*, nòv. 2000, 10).

Hazavao fa ny Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 128 dia mirakitra taratasy iray izay nosoratan'ny Mpaminany Joseph Smith ho an'ny Olomasina izay niresahany ny Malakia 4:5–6 sy nanomezany fanazavana nentanim-panahy momba ireo andinin-tsoratra masina ireo.

Asao hamaky mangina ny Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 128:18 ireo mpianatra. Asaivo asiany marika ireo antony nolazain'i Joseph Smith fa tokony handraisana anjara amin'ny asa fanavotana ireo havantsika nodimandry. Rehefa avy mifanakalo hevitra momba ny zavatra hitan'ireo mpianatra, dia mifampiresaha momba izao manaraka izao:

- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny ezaka ataontsika mba hanao ireo ôrdônansin'ny famonjena ho an'ireo razambentsika mitondra fanavotana ho antsika ihany koa?

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto teny manaraka ireto: *Mitady*, *Mitondra*, ary *Mampianatra*.

Asaivo hazavain'ireo mpianatra hoe amin'ny fomba ahoana no hamaritan'ireo teny ireo ny dingana izay asaina arahintsika rehefa manatanteraka ny asan'ny tempoly sy ny tantaram-pianakaviana isika. (Ataovy izay hahitan'ny mpianatra ireto manaraka ireto: *Mitady* sy manomana anarana ho an'ny fanaovana ôrdônansy any amin'ny tempoly; *mitondra* ireo anarana ireo any amin'ny tempoly ary manatanteraka ireo ôrdônansin'ny tempoly isolohana tena ho an'ireo olona ireo; *mampianatra* ny hafa hanao toy izany koa.)

Mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra ireo fitahiana izay azo avy amin'ny fanarahana ireo dingana ireo, dia aseho sy asaivo vakin'ny mpianatra iray mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona David A. Bednar, na alefaso ilay horonantsary “The Promised Blessings of Family History” ([lds.org/topics/family-history/fdd-cook/blessings-video](https://www.lds.org/topics/family-history/fdd-cook/blessings-video)). Rehefa mamaky na mijery horonantsary ny mpianatra dia asao izy ireo hitady ireo fitahiana nampanantenaina izay azo avy amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana.



“Manasa ireo tanoran'ny Fiangonana aho mba hianatra momba ny Fanahin'i Elia sy hiaina izany. Mamporisika anareo aho handalina, sy hikaoka momba ireo razambenareo ary hiomana hanatanteraka batisa amin'ny alalan'ny fisoloana tena ao amin'ny tranon'ny Tompo ho an'ireo *razambenareo* (jereo F&F 124:28–36). Ary mamporisika anareo aho hanampy ireo olona hafa hamantatra ny tantaram-

pianakaviany.

“Raha toa ka manaiky amim-pinoana izany fanasana izany ianareo, dia hitodika any amin’ny ray ny fonareo. ... Hitombo ny fitiavanareo sy ny fankasitrahana ireo razambenareo. Hiorim-paka sy hitoetra maharitra ny fijoroanareo ho vavolombelona mikasika ny Mpamonjy sy ny fiovam-ponareo ao Aminy. Ary mampanantena anareo aho fa ho voaro amin’ ny fisarihana mahery vaika ataon’ ny fahavalo ianareo. Ho voaro ianareo ao anatin’ny fahatanoranareo sy mandritra ny fiainanareo rehefa mandray anjara ao anatin’izany asa masina izany ary mitia izany” (“Hitodika ny Fon’ny Zanaka,” 26–27).

- Inona ireo fitahiana tonga amin’ireo izay mandray anjara amin’ny fanaovana tantaram-pianakaviana?

Anontanio ireo mpianatra raha misy amin’izy ireo afaka mizara traikefa manokana momba ny fandraisana fitahiana noho ny fandraisana anjara amin’ny fanaovana tantaram-pianakaviana.

- Ho an’ireo izay nandray ôrdônansy ho an’ny razambeny , inona no fahatsapana azonareo zaraina mikasika ny fandraisana anjara amin’izany traikefa masina izany?

Asao ireo mpianatra hiaroka ny tantaram-pianakaviany amin’ny fampiasana ireo loharano hita ao amin’ny FamilySearch.org sy hiaroka fanampiana avy amin’ny tompon’andraikitra iray momba ny tantaram-pianakaviana ao amin’ny paroasiny na sampany raha ilaina izany. Entano ireo mpianatra hanao drafitra mba *hitady* ny anaran’ireo razambeny, *hitondra* ny anaran’ireo razambe ireo any amin’ny tempoly sy hanao ny ôrdônansy ho azy ireo, ary *hampianatra* ny hafa hanao toy izany koa.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Obadia 1:21; Malakia 4:5–6; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 110:13–16; 128:18; 138:27–37, 58–59.
- David A. Bednar, “Hitodika ny Fon’ny Zanaka,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2011, 24–27.
- Quentin L. Cook, “Faka sy Sampana,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 44–48.

Fampidirana

Ny fanambadiana mandrakizay dia manan-danja amin'ny fahazoana ny fisandratana ao amin'ny voninahitra avo indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy, ary azo izany rehefa nofehezina amin'ny alalan'ny fahefana ara-dalàna any amin'ny tempoly ihany ka dia miaina araka ireo fanekempihavanana izay natao tamin'izay

fotoana izay avy eo. Ity lesona ity dia hanamafy indray amin'ny mpianatra fa ny fanambadiana ilay olona tena izy ao amin'ny toerana tena izy sy amin'ny alalan'ny fahefana tena izy no fanapahan-kevitra manan-danja indrindra ho ataon'izy ireo.

Vakiteny Enti-mandalina


- Russell M. Nelson, “Fanambadiana selestialy,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2008, 92–95.
- “Honorable, Happy, Successful Marriage,” Toko faha 18 ao amin'ny *Enseignements des Présidents de l’Eglise: Spencer W. Kimball* (2006), 189–201.
- Cree-L Kofford, “Marriage in the Lord’s Way, Part One,” *Ensign*, Jona 1998, 7–12.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:1–24

Ny fotopampianaran'ny fanambadiana mandrakizay

Hazavao fa ny fotopampianaran'ny fanambadiana mandrakizay dia efa nampianarina hatramin'ireo andro voalohany niandohan'ny Fiangonana. Tsy nampianarin'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny rehetra anefa ny fotopampianaran'ny fanambadiana mandrakizay raha tsy tamin'ny vanim-potoana tao Nauvoo. Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Parley P. Pratt (1807–57) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, izay mamariparitra ny fahatsapany rehefa sambany nianatra izy fa afaka ny haharitra mandrakizay ny fanambadiana. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy izany:



“Avy tamin'i [Joseph Smith] no nianarako fa ny vady andefimandriko dia afaka ny ankinina amiko mandritra ny fotoana sy ny mandrakizay manontolo. ... Avy taminy no nianarako fa afaka mikolokolo ireny fitiavana ireny isika ka hihalehibe sy hitombo ao anatin'izany hatramin'ny mandrakizay manontolo; raha toa ka taranaka betsaka tahaka ny kintan'ny lanitra, na ny fasiky ny tora-pasika no vokatry ny fiarahanay tsy misy fiasarana. ... Efa nitia aho teo aloha, fa tsy fantatro hoe nahoana. Saingy ankehitriny aho dia nitia—tamin'ny fahadiovana tsy misy pentina—tamin'ny halehibeazan'ny fahatsapana avo sy nasandra” (*Tantaram-piainan'i Parley P. Pratt*, ed. Parley P. Pratt Jr. [1938], 297–98).

- Inona no fiantraikan'ny fahatakarana vaovao momba ny fanambadiana nananan'ny Loholona Pratt tamin'ireo fahatsapana nananany ho an'ny vadiny?

Hazavao fa hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132 ny ankamaroan'ireo fampianaran'ny Tompo momba ny fanambadiana mandrakizay. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:19. Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ka hitady ireo fepetra tsy maintsy tratra mba hahatonga ny fanambadiana ho mandrakizay.

- Inona avy ireo fepetra tsy maintsy vita mba hahatonga ny fanambadiana ho mandrakizay? (Tokony hahatakatra izao manaraka izao ny mpianatra: **Mandrakizay ny fanambadiana ho an'ireo izay natao fanambadiana araka ny tenin' Andriamanitra, sy ireo izay nofehezina tamin'ny alalan'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana ny fanambadiany, ary ireo izay mijanona ao amin'ny fanekempihavanana.**)
- Inona no dikan'ny hoe: "mijanona ao amin'ny fanekempihavanana"? (Mitandrina ireo fifanarahana sy fepetran'ny fanambadiana ao anatin'ny fanekempihavanana. Rehefa miditra ao amin'ny fanambadiana mandrakizay ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia manao fampanantenana amin'izy samy izy sy amin' Andriamanitra izy ireo. Mampanantena izy ireo, amin'ilay vady, fa tsy hitsahatra ny hitia sy hanompo azy amin'ny fahatokiana tanteraka. Mampanantena marina amin' Andriamanitra izy ireo fa hitandrina ireo fifanarahana sy fepetran'ireo fanekempihavanana natao tao amin'ny tempoly.)
- Inona no dikan'ny hoe "fehezin'ny Fanahy Masin'ny fampanantenana" ny fanambadiana iray? (Azonao atao ny manazava fa anisan'ireo anarana fiantsoana ny Fanahy Masina ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana. Manana anarana fiantsoana maro ny Fanahy Masina ka anisan'izany ny Mpampionona na Mpanambara. Milaza ny iray amin'ireo andraikiny manokana na ny asany ny tsirairay amin'ireny anarana fiantsoana azy ireny.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny anarana fiantsoana hoe Fanahy Masin'ny Fampanantenana dia aseho ity fanambarana manaraka ity ary angataho ny mpianatra iray hamaky mafy izany.

"Ny Fanahy Masina no ilay Fanahin'ny Fampanantenana (Asan'ny Apôstôly 2:33). Manamafy izy fa eken' Andriamanitra ireo asa araka ny fahamarinana sy ireo ôrdônansy ary ireo fanekempihavanana ataon'ny olona. Mijoro ho vavolombelona amin'ny Ray ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana fa ireo ôrdônansin'ny fanavotana dia notanterahana araka ny tokony ho izy ary voatandrina ireo fanekempihavanana mifandray amin'izy ireo" (Torolalana ho an'ny soratra masina, "Fanahy Masin'ny Fampanantenana," scriptures.lds.org).

- Ahoana no hanazavan'izany fanambarana izany ny antony itakin'ny fisandratana mihoatra noho ny hoe nofehezina tany amin'ny tempoly? Inona ihany koa no tsy maintsy mitranga? (Tsy maintsy miaina fiainana araka ny fahamarinana isika sy mijanona ho mahatoky amin'ireo ôrdônansin'ny famonjena rehetra, ka anisan'izany ny batisa, ny fanasan'ny Tompo, ireo fanendrena ho amin'ny fisoronana ary ireo ôrdônansin'ny tempoly. Rehefa mijanona ho mahatoky ihany isika vao mijoro ho vavolombelona amin'ny Ray ny Fanahy Masina fa voatandrina ireo fanekempihavanana.)

Ampio ny mpianatra mba hahatakatra bebe kokoa ny fanambadiana mandrakizay amin'ny alalan'ny fampitahana izany amin'ny fanambadiana ara-panjakana ka ampiasao izao fanehoana an-tsary manaraka izao. Adikao eny amin'ny solaitrabe ity fanehoana an-tsary ity:

Sora-panambadiana	Fanambadiana selestialy
Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:15-18	Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:19-24

Zarazarao ho tsiroaroa ny ankizy. Asao ny mpianatra tsirairay ao amin'ny ekipa tsirairay mba handalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:15–18 ary ny mpianatra hafa kosa handalina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:19–24. Asao ny mpianatra mba handray an-tsoratra ireo teny sy andianteny izay mamariparitra ireo fepetra izay miandry an'ireo izay manao fanambadiana ara-panjakana sy ireo fitahiana izay miandry an'ireo izay manao fanambadiana mandrakizay.

Miangavia mpianatra hizara amin'ny hafa ny zavatra hitan'izy ireo rehefa avy nomena fotoana ampy. Manontania avy eo hoe:

- Aorian'ny fahafatesana, ahoana no maha-samy hafa ny fepetra an'ireo izay manao fanambadiana ara-panjakana amin'ny an'ireo izay manao fanambadiana mandrakizay? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia azonao ampiana ao amin'ilay fanehoana an-tsary eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'izy ireo. Azonao atao ny milaza fa ireo fepetra voafaritra ao amin'ny andininy 20–24 dia mitovy amin'ireo fitahiana izay nampanantenaina ao amin'ny fanekempihavanan'i Abrahama [jereo ny Genesisy 17:1–7; 22:17].)

Mba hanampiana ny mpianatra hamaly izany fanontaniana izany dia zarao izao teny manaraka izao izay nataon'ny Loholona Cree-L Kofford ao amin'ny Fitopololahy:



“Avy amin' Andriamanitra ny fahefana amin'ireo fampanantenana ao amin'ny fanambadiana selestialy, ary ho avy amin' Andriamanitra ihany koa ireo voka-dratsin'ny tsy fanajana ireo fampanantenana ireo. Ao amin'ny fanambadiana ara-panjakana, ny fahefana amin'ireo fampanantenana ifanaovan'ny mpivady dia ny fahamarinan-toetran'izy roa. Tsy mihoatra noho izany ilay izy. Tsy afaka ny hihoatra mihitsy. Avy amin'ny olombelona fa tsy avy amin' Andriamanitra ny fahefan'izany” (“Marriage in the Lord's Way, Part One,” *Ensign*, jona 1998, 9).

- Inona no ao anatin'ny eritreritrareo rehefa mampitaha ireo fepetra voatanisa eny amin'ny solaitrabe ianao?
- Inona ireo fitahiana izay tsikaritrao ao an-tokantranon'ireo izay nanao fanambadiana tany amin'ny tempoly ka miezaka miaina araka ny fanekempihavanan'izy ireo? Inona no hitanao fa ataon'ireo mpivady ireo mba hanajana ny fanekempihavanany? (Ho anisan'izao fifanakalozana hevitra izao dia azonao atao ny mizara izao teny manaraka izao izay nataon'ny Loholona L. Whitney Clayton ao amin'ny Fitopololahy : “Tsy misy karazana fifandraisana hafa afaka mitondra fifaliana lehibe toy izany, sy hiteraka zavatra tsara betsaka toy izany, na mamokatra fahatsaran'ny tena manokana lehibe toy izany” [“Fanambadiana: Mijere ary mianara,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 83].)

Hazavao amin'ny mpianatra fa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132 ihany koa dia ahitana ny sasany amin'ireo toromarika avy amin'ny Tompo mikasika ny fampakaram-bady maro. Nandidy ny Olomasina ny Tompo mba hanatanteraka ny fampakaram-bady maro ho ampahany amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny zavatra rehetra (jereo ny Asan'ny Apôstôly 3:21; F&F 132:45). Nanatanteraka izany lalàna izany ny mpikamban'ny Fiangonana hatramin'ny taona 1890, rehefa nambaran'ny Tompo tamin'ny Filoha Wilford Woodruff fa tsy takina amin'ny mpikamban'ny Fiangonana intsony ny manao izany. Mba hanazavana ny hevitra ny Fiangonana amin'izao fotoana izao mikasika ny fampakaram-bady maro dia asao ny

mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910-2008):



"Raha toa ka misy amin'ireo mpikambana ao aminay hita manao fampakaram-bady maro dia roahina tsy ho mpikambana izy ireo, izay sazy henjana indrindra azon'ny Fiangonana omena. ... Zato taona mihoatra lasa izay dia nambaran' Andriamanitra mazava tamin'ny mpaminany Wilford Woodruff fa tokony hatsahatra ny fampakaram-bady maro, izay midika fa mifanohitra amin'ny lalàn' Andriamanitra izany ankehitriny. Na dia any amin'ireo firenena izay ekena ara-panjakana na ara-pivavahana aza ny fananana vady maro dia mpianatra ny Fiangonana fa tsy maintsy iray ihany ny vady ananana ary tsy ekena ho mpikambana ao aminy ireo izay mampaka-bady maro" ("What Are People Asking about Us?" *Ensign*, Nov. 1998, 71–72).

Raha toa ka manana fanontaniana mikasika ny fampakaram-bady maro ny mpianatra dia asaivo mandeha ao amin'ny Gospel Topics, "Plural Marriage in The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints," [lds.org/topics](https://www.lds.org/topics).

Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 131:1-4

Ny maha-manan-danja ny fisafidianana ny fanambadiana mandrakizay

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 131:1–4. Asao ny iray kilasy hitady ny antony maha-manan-danja ny manambady araka ny fomba izay navoakan'ny Tompo ho antsika.

- Inona no fitahiana izay miandry ireo izay miditra ao amin'ny fanekehampihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain'ny fanambadiana? (Ataovy izay hahatakarany'ny mpianatra izao fitsipika izao: **Rehefa miditra ao amin'ny fanekehampihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain'ny fanambadiana isika dia afaka ny ho asandratra ao amin'ny ambaratongam-boninahitra ambony indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy.** Hazavao fa ato anatin'ity sahan-kevitra ity, ny teny hoe *vaovao* dia midika fa vao naverina tamin'ny laoniny tato amin'ny fotoampitantanana misy antsika izany fanekehampihavanana izany. Ny andian-teny hoe *maharitra mandrakizay* dia midika fa maharitra mandritra ny mandrakizay izany fanekehampihavanana izany ary efa voatendry tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana ho ampahan'ny drafitry ny famonjena izany. Ampahan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy hatramin'ny andron'i Adama izany. Mikasika ilay teny hoe *fitomboana*, nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa ireo izany mahazo ny ambaratongam-boninahitra ambony indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy dia "hitohy hitombo sy hanana zanaka ao amin'ny voninahitra selestialy" [ao amin'ny *History of the Church*, 5:391].)

Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Russell M. Nelson ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy izany.



"Ny [famonjena] dia midika hoe voavonjy amin'ny fahafatesana ara-batana sy arapanahy. ... Ny [fisandratanana] dia milaza ny toetry ny fahasambarana ambony indrindra ary ny voninahitra ao amin'ny tontolo selestialy" ("Salvation and Exaltation," *Ensign* na *Liahona*, mey 2008, 8).

"Raha toa ka mikasika ny tena manokana ny famonjena, ny fisandratanana kosa dia mikasika ny fianakaviana. Ireo izao manambady any amin'ny tempoly sy ireo izay voafehin'ny Fanahy Masin'ny Fampanantenana ihany ny fanambadiany no hitohy ho mpivady aorian'ny fahafatesana sy handray ny ambaratongam-boninahitra ambony indrindra ao amin'ny voninahitra selestialy" ("Fanambadiana selestialy," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2008, 92).

- Nahoana no tena manan-danja ny fanambadiana mandrakizay? (Rehefa mamaly ny mpianatra, sy araka ny fitarihan'ny Fanahy, dia azonao atao ny manamafy ilay fironana mandringana amin'ny tontolo ankehitriny izay hisafidianan'ny olona ny tsy hanambady satria manome lanja loatra ny zavatra toy ny asa mihoatra noho ny fanatanterahana ny drafitr' Andriamanitra ho azy izy ireo. Rehefa mandà ny fanambadiana izy ireo dia manakana ireo fitahiana tian' Andriamanitra omena azy ireo ankehitriny sy amin'ny mandrakizay.)
- Nahoana araka ny eritreritrao no manome fahafahana ho an'ny mpivady mba hahita fahasambarana lehibe kokoa ny fanambadiana any amin'ny tempoly mihoatra noho ny fanambadiana ara-panjakana na ny fiarahana mipetraka kanefa tsy natao fanambadiana?

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra fa ny Olomasina rehetra dia hahazo ny fitahian'ny fanambadiana mandrakizay any aoriana any raha mbola tsy manova ny fitsipika iainany na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana izy ireo dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka nataon'ny Filoha Howard W. Hunter (1907–95) ity:



“Tsy misy fitahiana, ka anisan'izany ny an'ny fanambadiana mandrakizay sy ny fianakaviana mandrakizay, izay tsy homena izay olona tsirairay mendrika. Mety haka fotoana elaela izany—angamba any ankoatran'ity fiainana an-tany ity aza—mba hahatanteraka izany fitahiana izany ho an'ny sasany, fa tsy ho lavina izany” “The Church Is for All People,” *Ensign*, jona 1989, 76.)

- Firy aminareo no mahafantatra olona izay maniry ny hanambady any amin'ny tempoly kanefa tsy nanana izany fahafahana izany? Ahoana no mety hanampian'ilay fampanantenana nataon'ny Filoha Hunter an'ireo olona ireo?

Farano amin'ny fanasana ny mpianatra mba hamaly ny iray amin'ireto fanontaniana manaraka ireto na izy roa:

- Inona ireo fanapahan-kevitra ataoko izay hitarika ahy mba ho fehezina any amin'ny tempoly?
- Inona ireo lafin-javatra eo amin'ny fiainako izay mitaky fanovana na fivoarana mba hahafahako ho vonona ny hofehezina any amin'ny tempoly?

Asao ny mpianatra maromaro hizara ny zavatra ho ataony mba hiomanana amin'ny fanambadiana any amin'ny tempoly. Zarao ny fijoroanao ho vavolombelona fa rehefa mitandrina ireo fanekempihavanana nataony rehefa nofehezina tany amin'ny tempoly ny mpivady dia hiaraka mandrakizay izy ireo. Zarao ny maha-fitahiana izany fahalalana izany eo amin'ny fiainanao.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4; 132:1–24.
- Russell M. Nelson, “Fanambadiana selestialy,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2008, 92–95.

16

Ny hery masina hananana zanaka

Fampidirana

“Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin’ny fananahana” (“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Ensign na Liahona*, nôv 2010, 129). Ho an’ny zanak’ Andriamanitra rehetra, ny fiainana ny lalàn’ny fahadiovam-

pitondrantena dia mitaky antsika mba ho marin-toetra amin’ny fihetsitsika sy amin’ny eritreritsika koa. Ny firaisana ara-nofa eo amin’ny mpivady dia tsara sy masina, ary voatendrin’ Andriamanitra ho amin’ny fananana zanaka sy fanehoampitiavana.

Vakiteny Enti-mandalina

- David A. Bednar, “Mino Isika fa Tokony Hadio fitondrantena,” *Ensign na Liahona*, mey 2013, 41–44.
- Dallin H. Oaks, “Pornography,” *Ensign na Liahona*, mey 2005, 87–90.
- Linda S. Reeves, “Fiarovana amin’ny Pôrnôgrafia—Tokantrano Mifantoka amin’i Kristy,” *Ensign na Liahona*, mey 2014, 15–17.
- “Fahadiovam-pitondrantena,” *Ry tanora, mahereza* (kiboky, 2011), 35–37.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Salamo 24:3–4; Matio 5:8; Jakoba 2:31–35; Almà 39:3–5, 9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22–24; 121:45–46

Ny Lalàn’ny Tompo momba ny fahadiovam-pitondrantena

Soraty eny amin’ny solaitrabe izao fehezanteny manaraka izao, ary anontanio ny mpianatra ny fomba hamenoany izany:

“Ny fahotana izay miendrika valan’aretina mahazo an’ity taranaka misy antsika ity dia _____.”

Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon’ny Filoha Ezra Taft Benson ity (1899–1994), ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Ny fahotana izay miendrika valan’aretina mahazo an’ity taranaka ity dia ny tsy fahadiovam-pitondrantena. Izany, hoy ny Mpaminany Joseph, no ho loharanon’ny fakampanahy bebe kokoa, fisamboaravoarana bebe kokoa, ary fahasaratana bebe kokoa ho an’ireo loholon’Isiraely mihoatra noho ny hafa rehetra” (*Enseignements des présidents de l’Eglise: Ezra Taft Benson* [2014], 220).

- Nahoana io teny nambaran’ny Filoha Benson io no mihatra amin’ny fiarahamonina misy antsika amin’izao fotoana izao?

Asehoy izao fanambarana manaraka izao avy ao amin’ny *Ry tanora, mahereza*, ary angataho ny mpianatra iray mba hamaky mafy izany. Eo am-pihainoan’izy ireo dia asaivo mieritreritra ny fomba ilazany ny lalàn’ny Tompo momba ny fahadiovam-pitondrantena ao anatin’ny fehezanteny iray ny mpianatra.

“Ny fitsipiky ny Tompo mikasika ny fahadiovana ara-pitondrantena dia mazava sy tsy miova. Aza manao firaisana ara-nofo mialoha ny fanambadiana, ary aoka ho mahatoky tanteraka amin’ny vadinao aorian’ny fanambadiana. ...

“... Aza mifanoroka amim-pirehetampo fatratra, na mandry eo ambonin’ny olona iray hafa, na mikasika ny faritra manokana sy masina eo amin’ny vatan’ny olona iray hafa na miakanjo izy na tsia. Aza manao na inona na inona izay hamoha ireo fahatsapana ara-nofo. Aza fohazinao mba hiseho koa amin’ny vatanao ireo fiontanam-po ireo” (*Ry Tanora Mahereza* [kiboky, 2011], 35–36).

- Ahoana no fomba ilazanao ny lalàn’ny Tompo momba ny fahadiovam-pitondrantena ao anatin’ny fehezanteny iray? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia hamafiso izao fotopampianarana manaraka izao avy ao amin’ny fanambarana ho an’ny fianakaviana: “**Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin’ny fananahana**” [“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, nôv 2010, 129].)
- Ahoana ireo fampitandremana voafaritra ao amin’ily andiam-pehezanteny faharoa ao amin’ily teny natao avy ao amin’ny *Ry Tanora Mahereza* no mety hanampy ny olona mba hisoroka ny fanaovana fahotana ara-pitondrantena goavana kokoa?

Ataovy eny amin’ny solaitrabe ity sary ity. Zarao ho roa ny mpianatra ary asao ny vondrona iray mba handalina ireo andinin-tsoratra masina eo ambanin’ny lohateny hoe “ireo voka-dratsy” ary ilay vondrona iray hafa mba handalina ireo izay eo ambanin’ny lohateny hoe “ireo fitahiana.” Amporisiho ireo mpianatra mba hijery ireo fanovozan-kevitra eny ambanin’ny pejy rehefa manao fandalinana izy ireo.

Ireo voka-dratsin’ny fandikana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena:

Jakôba 2:31–35

Almà 39:3–5, 9

F&F 42:22–24

Ireo fitahiana noho ny fiainana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena:

Salamo 24:3–4

Matio 5:8.

F&F 121:45–46

Rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo dia asao ireo mpianatra hizara izay zavatra nianarany. Mametraha fanontaniana tahaka ireto manaraka ireto:

- Ahoana no maneho ny maha-zava-dehibe ny fitandremana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena ireo voka-dratsin’ny fandikana izany didy izany?
- Ahoana no niainanao ireo fitahiana vokatry ny fankatoavana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena?

Asehoy izao fahamarinana manaraka izao avy ao amin’ny fanambarana ho an’ny fianakaviana:

“Ambaranay fa ny fomba namoronana ny fiainana an-tany dia tendrin’ Andriamanitra” (“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, nôv 2010, 129).

- Inona no hevitr’izany fanambarana izany aminao?

Ampiasao ireto teny manaraka ireto izay nataon’ny Loholona isany Jeffrey R. Holland sy David A. Bednar ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo mba hanampiana ny mpianatra hanjary ho lalim-paka kokoa ny fahatakaran’izy ireo izany fahamarinana izany. Miangavia mpianatra iray hamaky mafy ireo teny natao ireo, ka mandritra izany ireo mpianatra dia hihaino ny antony mahatonga ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena ho manan-danja mandrakizay.



“Ampahany manan-danja amin’ny maha-olona ny vatana. Manamafy ny antony maha-lehibe tokoa ny fandikana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena ity fotopampianarana an’ny Olomasin’ny Andro Farany miavaka sy tena manan-danja ity. Manambara izahay fa ny olona iray izay mampiasa ny vatan’ny olona iray izay nomen’ Andriamanitra kanefa tsy nahazo lalana dia manararaotra ny maha-olona izany olona izany, manararaotra ny tanjona fototra sy ny dingana fototry ny fiainana ‘ilay fanalahidin’ny fiainana’ araka ny niantsoan’ny Filoha Boyd K. Packer izany indray andro. Raha manararaotra ny vatan’ny olona iray—izay midika hoe manararaotra ny fanahiny—ny olona iray dia maniratsira ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy, izay nanavotra izany fanahy izany sy mahatonga ny fanomezana ny fiainana mandrakizay ho azo tanterahina” (Jeffrey R. Holland, “Personal Purity,” *Ensign*, nôv 1998, 76).



“Ny fanambadian’ny lahy sy ny vavy no fomba iray nahazo lalana izay hidiran’ireo fanahy any amin’ny fiainana talohan’ny nahaterahana amin’ny fiainana an-tany. Ny tsy fanaovana ny firaisana ara-nofy mihitsy alohan’ny fanambadiana sy ny fijanonana ho mahatoky tanteraka ao anatin’ny fanambadiana dia miaro ny fahasinan’io fomba masina io.

“Ny hery hanan-janaka dia manan-danja ara-panahy. Ny fampiasana io hery io tsy araka ny tokony ho izy dia mikatsaka ny hanimba ny tanjon’ny drafitry ny Ray sy ny fisiansika eto an-tany. Ny Raintsika any An-danitra sy ny Zananilahy Malalany dia mpahary ary nanankina tamintsika tsirairay avy ny ampahany amin’ny fahefan’izy ireo mamorona. ... Ny zavatra tsapantsika sy ny fomba fampiasantsika io herin’ Andriamanitra io dia hamaritry amin’ny ankapobeny ny fahasambarantsika eto amin’ny fiainana an-tany sy ny anjarantsika mandrakizay” (David A. Bednar, “Mino Isika fa Tokony Hadio fitondrantena,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 42).

- Nahoana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena no manan-danja mandrakizay?
- Ahoana no hamaritry amin’ny ankapobeny ny fahasambarantsika eto amin’ny fiainana an-tany sy ny anjarantsika mandrakizay ny hery hananana zanaka?

Omeo fotoana ny mpianatra mba hanoratana ireo fampitandremana azon’izy ireo raisina mba hanampiana azy ireo hankatò ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena.

Matio 5:27–28; Romana 8:6; Fotopampianarana sy Fanekepihanana 63:16
Ireo lozan’ny pôrnôgrafia

Angataho ny mpianatra iray hamaky mafy ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto: Matio 5:27–28; Romana 8:6; ary Fotopampianarana sy Fanekepihanana 63:16. Angataho ny mpianatra mba hampihatra ny fahaiza-mandalina ny soratra masina amin’ny famoronana rojon’ny soratra masina ka manomboka amin’ny andian-

tsoratra masina voalohany, manoratra soratra masina mifandray eo amin'ny manaraka, ka toy izany hatrany ka hatramin'ny andian-tsoratra masina farany.

- Inona ireo fitondrantena izay raràn'ireo andian-tsoratra masina ireo? (Fitondrantena iray izay tokony ho hitan'ny mpianatra ny fampiasana ny pôrnôgrafia.)
- Inona ireo voka-dratsin'ny fijerena na famakiana pôrnôgrafia izay lazain'ireo soratra masina ireo?

Asehoy ireto teny manaraka ireto izao nataon'ny Loholona isany Dallin H. Oaks sy Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary ny Rahavavy Linda S. Reeves, mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany. Angataho ny mpianatra iray mba hamaky mafy izany ary asao ny iray kilasy mba hitady ireo voka-dratsy fanampiny amin'ny fampiasana pôrnôgrafia.



“Ny pôrnôgrafia dia manimba ny fahafahan'ny olona iray hankafy ny fifandraisana ara-pihetsehambo sy ara-pitiavana ary ara-panahy araka ny tokony ho izy miaraka amin'ny vehivavy iray raha toa ka lehilahy ianao, ary lehilahy iray raha toa ka vehivavy ianao” (Dallin H. Oaks, “Pornography,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2005, 89).



“Lasa havanana tanteraka i Satana amin'ny fampiasana ny hery fanandevozan'ny pôrnôgrafia mba hamerana ny fahafahan'ny olona iray ho voatariky ny Fanahy. Niteraka fahoriana lalina, fijaliana sy aretim-po ary faharavan'ny fanambadiana ny fanafihana mahery vaika ataon'ny pôrnôgrafia amin'ny endriny feno vetaveta sy mikiky ary manimba” (Richard G. Scott, “To Acquire Spiritual Guidance,” *Ensign* na *Liahona*, nôv 2009, 8).



“Mila fantatr[ny ankizy sy ny tanora] ny loza ateraky ny pôrnôgrafia sy ny fomba hifehezan'izany ny fiainan'ny olona, ka mahatonga fahaverezan'ny Fanahy, fitiavana voatorotoro, fahadisoam-panantenana, fifandraisana simba, fahaverezan'ny fifehezan-tena ary saika tsetsefin'izany tanteraka ny fotoana sy ny saina ary ny hery” (Linda S. Reeves, “Fiarovana amin'ny Pôrnôgrafia—Tokantrano Mifantoka amin'i Kristy,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 15–17).

Amporisiho ireo mpianatra izay manana olana amin'ny pôrnôgrafia na ireo karazana tsy fahadiovam-pitondrantena hafa mba hihaona amin'ny evekan'izy ireo na ny filohan'ny sampana. Omeo toky izy ireo fa afaka hahita ny lalana miverina mankamin'ny fiadanana sy fahasambarana amin'ny alalan'ny fibebahana. Mijoroa ho vavolombelona momba izao fahamarinana manaraka izao: Hitondra amin'ny fahasambarana bebe kokoa eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny mandrakizay ny fialana amin'ny pôrnôgrafia. Ataovy lisitra eny amin'ny solaitrabe ireto tranonkalan'ny Fiangonana manaraka ireto mba hanampiana ireo mpianatra izay tafalatsaka ao anatin'ny fampiasana pôrnôgrafia:

overcomingpornography.org

addictionrecovery.lds.org

Genesisy 2:21–24

Ny anjara asan'ny firaisana ara-nofa ao anatin'ny fanambadiana

Fanamarihana: Satria saro-pady ity ampahan'ny lesona ity dia miantehera amin'ireo fampianaran'ny mpaminany ary ialao ny fampianarana ankoatra izay hita ato, ka anisan'izany ny fizarana ireo antsipirihan-javatra momba ny fifandraisanao amin'ny vadinao.

Mijoroa ho vavolombelona fa masina sy araka ny tokony ho izy ary miavaka ny firaisana ara-nofa rehefa mitranga ao anatin'ny fifandraisan'ny fanambadiana izany, ilay fomba notendren'ny Tompo.

Asaivo mamaky mafy ny Genesisy 2:21–24 ny mpianatra iray.

- Na dia tsy voalaza manokana aza izany, inona no tian'ireo andinin-tsoratra masina ireo ambara fa tanjon'ny firaisana ara-nofa eo amin'ny mpivady? (Mba ho tonga iray amin'ny vadinao.)

Asehoy izao teny manaraka izao izay nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland:



“Ny firaisana ara-nofa eo amin'ny olombelona dia natokana ho an'ny mpivady satria izany no tandindona faratampon'ny fiombonana feno, fahafenoana sy fiombonana voatendry sy narafitr' Andriamanitra. Nanomboka tao amin'ny Sahan'i Edena ka mitohy hatrany, ny fanambadiana dia natao mba hidika hoe fikambanana tanteraky ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray—ny fon'izy ireo, ireo fanantenany, ny fiainany, ny fianakaviany, ny hoaviny, ny zavatra rehetra” (“Personal Purity,” *Ensign*, nov. 1998, 76).

- Nahoana no manampy anao hahatakatra bebe kokoa ireo tanjon'ny firaisana ara-nofa eo amin'ny mpivady ny teny nataon'ny Loholona Holland? (Tokony hahatakatra izao manaraka izao ny mpianatra: **Mampahatanjaka ny fatotra ara-panahy sy ara-pihetseham-po eo amin'ny mpivady ny firaisana ara-nofa.**)

Ataovy ao anaty taratasy zaraina ireto teny natao manaraka ireto. Omeo tahadika ny mpianatra tsirairay, ary asaivo tsipihany ireo tanjon'ny firaisana ara-nofa ao anatin'ny fanambadiana.)



“Ny firaisan'ny lehilahy sy ny vehivavy, ny mpivady (ary ny mpivady *ihany*), dia natao ho an'ny tanjona voalohan'ny fitondrana zanaka ho amin'izao tontolo izao. Ireo zavatra iainana mandritra ny firaisana ara-nofa dia tsy nataon'ny Tompo velively ho kilalao tsy misy dikany na hanatanterahana fotsiny ireo fanirian-dratsy sy fitsiriritana” (Spencer W. Kimball, “The Lord’s Plan for Men and Women,” *Ensign*, Okt. 1975, 4).



“Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro farany dia manana fitsipika tokana sy tsy miovaova mikasika ny fahadiovam-pitondrantena manao hoe: ny firaisana ara-nofa dia tsy azo atao raha tsy eo amin'ny lehilahy sy vehivavy ao anatin'ny fanambadiana ihany, izay voalaza ao amin'ny drafitr' Andriamanitra. Ny fifandraisana toy izany dia tsy zava-mahaliana tiana hofantarina fotsiny ihany, na filàna tiana omena fahafaham-po, na karazana fandianana andro na fialamboly atao amin'ny fitiavan-tena. ... Izy ireo kosa eo amin'ny fiainana an-tany dia iray amin'ireo fanehoana faratampony ny toetra araka an' Andriamanitra sy ny hery anaty ananantsika ary fomba hanamafisana ny fifamatorana ara-pihetseham-po sy ara-panahy eo amin'ny mpivady” (David A. Bednar, “Mino Isika fa Tokony Hadio fitondrantena,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 42).

Ifampiresaho ireo tanjona izay nasian'ny mpianatra tsipika.

Asao ny mpianatra mba hisaintsaina ny zavatra nianarany momba ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena ka hanoratra ny valin'ireto fanontaniana manaraka ireto ao amin'ny diarin'izy ireo avy eo:

- Nahoana no matanjaka ny fahavononanao hiaina fiainana madio ara-pitondrantena rehefa takatrao ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena?
- Inona ireo antony hiainanao ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena?

Farano ny lesona amin'ny alalan'ny fizarana ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika ireo fitsipika noresahina tao amin'ity lesona ity.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Genesisy 2:21–24; Salamo 24:3–4; Matio 5:8, 27–28; Romana 8:6; Jakôba 2:28, 31–35; Almà 39:1–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22–24; 63:16; 121:45–46.
- David A. Bednar, “Mino Isika fa Tokony Hadio fitondrantena,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 41–44.
- Linda S. Reeves, “Fiarovana amin'ny Pornôgrafia—Tokantrano Mifantoka amin'i Kristy,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 15–17.
- “Fahadiovam-pitondrantena,” *Ry Tanora Mahereza* (kiboky, 2011), 35–37.

17

Ny didy ho maro fara sy hihabetsaka ary hameno ny tany

Fampidirana

Ampahany iray izay tsy afa-misaraka amin'ny drafitra mandrakizain'ny Ray any An-danitra ny didy ho maro fara sy hihabetsaka ary hameno ny tany izay mbola manan-kery amin'izao fotoana izao. Ity lesona ity dia hanampy ny mpianatra hahita fa

afaka ho tarihin'ny Fanahy Masina izy ireo amin'ny fanapaha-kevitra izay hataony momba ny fananan-janaka rehefa mandalina ny tenin'ireo mpaminany velona sy mikatsaka ny fitarihan'ny Ray any An-danitra amin'ny alalan'ny vavaka.

Vakiteny Enti-mandalina

- Neil L. Andersen, "Zanaka," *Ensign* na *Liahona*, Nôvambra. 2011, 28–31.
- Russell M. Nelson, "Fanalan-jaza: Fanararaotana ireo tsy manana fiarovana-tena," *Ensign*, Ôk. 2008, 32–37.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Genesisy 1:27–28; 9:1; 35:11

Ny didy ho maro fara sy hihabetsaka ary hameno ny tany dia mbola manan-kery

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andalana manaraka ireto izay ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" alohan'ny fotoam-pianarana:

"Ny didy voalohany izay nomen' Andriamanitra an'i Adama sy i Eva dia momba izay mety haha-ray aman-dreny azy amin'ny maha-mpivady azy. Ambaranay fa ny didin' Andriamanitra ho an' ny zanany mba hitombo ka hameno ny tany dia mbola manan-kery."

Atombohy ny fotoam-pianarana amin'ny fametrahana ny fanontaniana hoe:

- Inona no hevitrao rehefa misaintsaina ireo fehezanteny roa ireo ianao?

Asao ny mpianatra handalina ny Genesisy 1:27–28, Genesisy 9:1, ary ny Genesis 35:11, ka hikaroka ny anaran'ireo olona izay nodidian' Andriamanitra mba hitombo sy hameno ny tany. Azonao atao ny mamporisika ny mpianatra hampifandray ireo andalantsoratra masina ireo ao amin'ny soratra masin'izy ireo, ary hanamboatra lisitr'ireo soratra masina mifampitohy. Ataovy izay ahatakarany ny mpianatra fa ity didy ity dia efa nomena nandritra ny fotoam-pitantanan'ny filazantsara rehetra.

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Tena voninahitra lehibe ho an'ny mpivady izay afaka manan-janaka ny manome vatana ara-nofa ho an'ireo zanaka fanahy an' Andriamanitra ireo. Mino ny fianakaviana isika ary mino ny zanaka.

"Rehefa ateraky ny mpivady ny zaza iray, dia manatanteraka ny ampahan'ny drafity ny Raintsika any An-danitra izy ireo, dia ny hitondra zanaka ho ety an-tany" ("Zanaka,"

Ensign na *Liahona*, Nôvambra. 2011, 28).

Tsindrio manokana ilay fehezanteny farany ao amin'io fanambarana io amin'ny alalan'ny fanehoana izao fitsipika manaraka izao: **Rehefa ateraky ny mpivady ny zaza iray, dia manatanteraka ny ampahan'ny drafitry ny fahasambarana avy amin'ny Raintsika any An-danitra izy ireo.** Miresaha momba ilay fehezanteny eny amin'ny solaitrabe ary manontania hoe:

- Nahoana araka ny hevitrao no namerina ny didy mba “hitombo sy hameno ny tany” ny Tompo amin'izao androntsika izao amin'ny alalan'ireo mpaminany maoderina? (Ohatra amin'izany, azonao atao ny milaza amin'ny mpianatra fa hatramin'ny 1960 dia nihena hatrany amin'ny 45 isan-jato ny taham-piterahan'ny reny manam-bady tany Etazonia.)
- Inona ireo antony azo heverina fa mahatonga ny mpivady hirona amin'ny fananan-janaka vitsy? (Mety ho tafiditra ao anatin' ny valinteny ny hoe tsy fisiana ara-bola, mbola mamarana fianarana, fiandrasana mba hanombohana hiasa.)
- Ahoana no ahafahan'ny fahatakarana ny drafitr' Andriamanitra ho an'ny zanany hanampy ny mpivady iray izay hanapa-kevitra amin'ny fotoana hiterahan'izy ireo sy ny isan-janany?

Hazavao fa handray fitahiana avy amin' Andriamanitra ireo mpivady izay hanome fahafahana azy ireo hitandrina ilay didy mba hiteraka na dia mandritra ny fotoana sarotra aza. Zarao izao traikefa manaraka izao avy amin'ny zavatra niainan'ny Loholona James O. Mason ao amin'ny Fitopololahy, araka ny efa nambaran'ny Loholona Neil L. Andersen:



“Herinandro vitsy monja taorian'ny fanambadiany dia nanana traikefa iray ny Loholona Mason, traikefa izay nanampy azy hanao ho laharampahamehana ny andraikiny ao amin' ny fianakaviany. Hoy izy hoe:

“Izaho sy i Marie dia nieritreritra fa mba hahafahako mamita ny fianarana ho mpitsabo dia tena ho nilaina ny hanozian'i Marie ny asany. Na dia tsy izany loatra aza no tena nirianay hatao, dia voatery nampindrana taorian'izany ny fananan-janaka. [Raha namadibadika gazetibokin'ny Fiangonana iray tao an-tranon'ny ray aman-dreniko aho] dia nahita lahatsoratra iray nosoratan'ny Loholona Spencer W. Kimball, izay tao amin'ny Kôlejin' ny Roambinifololahy tamin' izany, [izay nanantitrantitra] ny andraikitra mifanaraka amin' ny fanambadiana. Araka ny hevitra ny Loholona Kimball dia andraikitra iray masina ny mihabetsaka sy mameno ny tany. Ny tranon' ny ray aman-dreniko dia [akaikin'ny] Birao Fandraharahana an'ny Fiangonana. Avy hatrany aho dia nandeha tongotra nankeny amin'ny birao, ary 30 minitra taorian'ny namakiako ilay lahatsoratra, dia efa nipetraka teo ampitan'ny latabatra nisy an'ny Loholona Spencer W. Kimball aho.” (Sarotsarotra kokoa ny hahatanteraka izany amin' izao androntsika izao.)

“Nazavaiko fa te ho tonga dokotera aho. Tsy nisy fomba hafa ankoatra ny fanemorana ny fanananay zanaka. Nihaino tsara ahy ny Loholona Kimball ary avy eo dia namaly tamin' ny feo malefaka izy, “Ry rahalahy Mason, tian' ny Tompo ve ianao handika ny iray amin' ireo didy manan-danja mba hahatongavanao ho dokotera? Raha ampian' ny Tompo ianao, dia sady afaka manana ny fianakavianao ianao no afaka ho tonga dokotera ihany koa. Aiza re ny finoanao?”

Notohizan'ny Loholona Mason ny tantara: “Tsy ampy herintaona taorian'izay akory dia teraka ny zanakay voalohany. Niasa mafy izaho sy i Marie ary dia nosokafan' ny Tompo ny varavaran' ny lanitra.’ Nahazo zanaka roa fanampiny ry Mason talohan' ny nivoahany tao amin'ny sekolin'ny mpitsabo efa-taona taty aoriana” (“Zanaka,” 29).

- Inona no manaitra anao momba io traikefa io?

Tsindrio manokana fa ny hoe manambady dia ampahany tena manan-danja amin'ny fitandremana ny didy mba hiteraka. Vakio izao fanambarana manaraka izao avy ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana:

“Natao ho teraka ao anatin'ny fatotry ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja amim-pahatokiana tanteraka ny voady nataony tamin'ny fanambadiana.”

- Inona ireo tombontsoa hananan'ireo zanaka izay “teraka ao anatin'ny fatotry ny fanambadiana”?
- Inona ireo eritreritra sy fahatsapana anananao mahakasika ny fanampiana ny Ray any An-danitra hanatanteraka ny drafiny amin'ny alalan'ny fiterahana?

1 Nefia 15:11; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 29:6

Fikatsahana ny fitarihan'ny Tompo

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Loholona Neil L. Andersen ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy izany:



“Ny hoe *rahoviana* no hanan-janaka sy ny hoe *firy* ny isan'ny zaza hateraka dia fanapahan-kevitra manokana ataon'ny mpivady sy ny Tompo. Fanapahan-kevitra masina izany—fanapahan-kevitra tokony atao amin'ny alalan'ny vavaka amin-kitsimpo ary tanterahana am-pinoana lehibe” (“Zanaka,” 28; nampiana soramandry).

- Inona no dikan'ny hoe ireo fanapahan-kevitra ireo dia tokony “tanterahina amin'ny finoana lehibe”?

Asao ny mpianatra handalina ny 1 Nefia 15:11 sy ny Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 29:6 ary hianatra ireo fitsipika sasantsasany izay azon'ny mpivady ampiasaina rehefa mikatsaka valiny amin'ireo fanontaniana mahakasika ny *fotoana* tokony hiterahana sy ny *isan'ny zanaka* hateraka izy ireo.

- Inona ireo fitsipika hitanareo ao amin'ireo andalana ireo izay afaka manampy ny mpivady hanapa-kevitra amin'ny fotoana hiterahan'izy ireo sy ny isan'ny zanaka hateraka. (Hamafiso ity fitsipika manaraka ity: **Rehefa mampihatra finoana sy mikatsaka ny Tompo amim-bavaka ireo mpivady dia hitarika azy ireo amin'ireo fanapahan-kevitra momba ny fiterahana Izy.**)
- Nahoana araka ny eritreritrao no manan-danja ho an'ny mpivady ny manontany ny Tompo momba ireny zavatra ireny?

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity, ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy izany:



“Firy no zanaka tokony hananan'ny mpivady iray? Izay rehetra mety ho voakarakaran'izy ireo! Mazava ho azy fa ny mikarakara zanaka dia tsy midika fotsiny hoe manome aina azy ireo. Tsy maintsy tiavina, beazina, ampianarina, omena sakafo sy fitafiana ary trano fialofana ka mba ho tsara fanombohana izy ireo sy ho tonga ray aman-dreny tsara” (“The Great Plan of Happiness,” *Ensign*, Nôvambra. 1993, 75).

- Ahoana no mety hanampian'ny fampianarana nataon'ny Loholona Oaks ny mpivady iray hahafantatra ny isan'ny zanaka tokony aterak'izy ireo?

Mandritra ity lesona ity dia mananà fo mahatakatra ny mety ho fahatsapan'ireo mpianatra izay mety tsy hanana fahafahana ny ho tonga ray aman-dreny eto amin'ity fiainana ity. Mety hanampy izao fanambarana nataon'ny Loholona Neil L. Andersen manaraka izao:



“Ny fiterahana dia mety ho lohahevitra iray mahavaky fo ho an'ireo mpivady mahatoky izay mahafantatra fa izy ireo dia tsy afaka ny hanana ireo zanaka izay efa nantenain'izy ireo mafy, na ho an'ireo mpivady izay nihevitra ny hanana fianakaviana maro anaka kanefa manana fianakaviana kelikely kokoa.

“Tsy afaka ny hanazava foana ny fahasarotan' ny fiainana an-tany isika. Indraindray ny fiainana dia toa tena miangatra—indrindra rehefa hoe ny fanirantsika lehibe indrindra dia ny manao araka izay handidian' ny Tompo. Amin'ny maha-mpanompon'ny Tompo ahy dia hamafisiko aminareo fa azo antoka ity fampanantenana ity: 'Ireo mpikambana mahatoky izay miaina ao anatin'ny toe-javatra izay tsy mamela azy ireo handray ny fitahian'ny fanambadiana mandrakizay sy ny fitahiana amin'ny maha-ray aman-dreny mandritra ity fiainana ity dia hahazo ireo fitahiana nampanantenaina rehetra any amin'ny mandrakizay raha toa ka mitandrana ny fanekempihavanana izay efa nataony tamin' Andriamanitra izy ireo' [Manuel 2: Administration de l'Eglise (2010), 1.3.3] (“Enfants,” 30).

Salamo 127:3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:6

Ny Fahamasinan'ny fiainana

Mangataha mpianatra iray hamaky mafy ny Salamo 127:3.

- Midika inona ny hoe “lova avy amin'i Jehovah ny zanaka maro”? (Fanomezana avy amin' Andriamanitra ny zanaka.)

Vakio izao manaraka izao avy amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana:

“Hizingizininay ny fahamasinan'ny fiainana sy ny maha-zava-dehibe izany eo amin'ny drafitra mandrakizay an' Andriamanitra.” Mijoroa ho vavolombelona momba ity fitsipika ity: **Rehefa takatsika fa fanomezana avy amin' Andriamanitra ny zanaka dia hahatakatra tsaratsara kokoa ny fahamasinan'ny fiainan'izy ireo isika.**

Amin'ny faritra maro manerana izao tontolo izao dia ekena ny fanalan-jaza koa an-tapitrisany maro ny fanalan-jaza tontosa isan-taona. Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny lalàna napetraky ny Fiangonana mahakasika ny fanalan-jaza dia zarao izao fanambarana manaraka izao ary asao ny mpianatra hihaino hoe rahoviana sy amin'ny toe-javatra manao ahoana no azo ekena ny fanalan-jaza:

“Ny fiainan'ny olombelona dia fanomezana masina avy amin' Andriamanitra. Ny fiandaniana ny fanalan-jaza mba hifanaraka amin'izay tian'ny fiaraha-monina na ny tena manokana dia mifanohitra amin'ny didy sy ny sitrapon' Andriamanitra. ... Nampangain'ireo mpaminanin'ny andro farany ny fanalan-jaza tao anatin'ny fampiasan'izy ireo ny fanambaran'ny Tompo hoe: “Tsy ... hamono olona, na hanao zavatra toy izany ianao” (F&F 59:6). Ny torohevitr'izy ireo mahakasika io lohahevitra io dia mazava tsara. Tsy tokony hanaiky, na hanao, na hamporisika, na hiantoka fanalan-jaza na hanampy amin'ny fanaovana izany ny mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Ireo mpikamban'ny Fiangonana izay mamporisika amin'ny fanalan-jaza na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana izany dia tokony hiatrika ny fitsipi-pifehezan'ny Fiangonana.

“Nilaza ny mpitarika ny Fiangonana fa mety misy toe-javatra manokana vitsivitsy izay azo hanekena ny fanalan-jaza toy ny hoe raha toa ny fitondrana vohoka, vokatry ny firaisana ara-nofo tamin'ny havana na vokatry ny fanolanana, ary raha toa ka tandindomin-doza ny ain'ilay reny na ny fahasalamany araka ny hevitra ny dokotera manam-pahaizana, na raha toa ka fantatry ny dokotera manam-pahaizana fa misy tsy fetezany ilay zaza vao mitsaika ka mety tsy ho velona alohan'ny hahaterahany akory ilay zaza. Kanefa na dia ireo toe-javatra ireo aza dia tsy tonga dia manamarina avy hatrany ny fanalan-jaza. Ireo izay sendran'ireo toe-javatra ireo dia tsy tokony hieritreritra ny

fanalan-jaza raha tsy aorian'ny firesahany amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana eo an-toerana sy aorian'ny fahazoany fanamafisana avy amin'ny vavaka lalina" (Gospel Topics, "Abortion," lds.org/topics).

- Inona ireo toe-javatra manokana azo hanekena ny fanalan-jaza?
- Na dia miseho aza ireo toe-javatra ireo, inona no torohevitra tokony katsahin'ireo izay misaintsaina ny hanatanteraka izany?

Zarao izao fanambarana manaraka izao mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra fa ny fananganan-jaza dia fanoloana tsy misy fitiavan-tena ny fanalan-jaza:

"Izahay dia maneho ny fanohanany ireo ray aman-dreny tsy manam-bady izay mametraka ny zanak'izy ireo ao amin'ny tokantrano milamina izay ahitana ray sy reny mba hatsangana. Maneho ny fanohanany ihany koa izahay amin'ireo mpivady izay manangana ireo zaza ireo.

"... Ny fananana fifandraisana feno fiarovana sy mikolokolo ary tsy tapaka amin'ilay ray sy ilay reny dia tena manan-danja ho tombontsoan'ny zaza iray. Rehefa misafidy ny fananganan-jaza, ireo ray aman-dreny tsy manambady dia manolotra ho an'ny zanany ity fitahiana tena manan-danja indrindra ity. Fanapahan-kevitra tsy misy fitiavan-tena sy feno fitiavana ny fananganan-jaza izay hitahy ilay zaza sy ny ray aman-dreny niteraka azy ary ireo ray aman-dreny izay hanangana azy eto amin'ity fiainana ity sy mandritra ny mandrakizay" (Fanambarana avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, Ôktôbra. 4, 2006, araka ny voalaza ao amin'ny *Ensign*, Ôktôbra. 2008, 37).

Rehefa mamarana ny fotoam-pianarana ianao dia zarao ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny fifaliana izay efa nentin'ny ankizy teo amin'ny fiainanao. Amporisiho ny mpianatra hiomana am-pahamendrehana amin'izany fahafahana masina izany dia ny hitondra zanaka ho eto amin'ity izao tontolo izao ity.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Genesisy 1:27–28; 9:1; 35:11; Salamo 127:3; 1 Nefia 15:11; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 29:6; 59:6; Mosesy 2:27–28.
- Neil L. Andersen, "Zanaka," *Ensign* na *Liahona*, Nôvambra. 2011, 28–31.
- Russell M. Nelson, "Fanalan-jaza: Fanararaotana ireo tsy manana fiarovan-tena," *Ensign*, Ôk. 2008, 32–37.

Ny fikolokoloana ny fifandraisana ao anatin'ny fanambadiana

18

Fampidirana

"Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara" ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Afaka mahatratra ny fahasambarana faratampony izay tanjon'ny drafitr'

Andriamanitra ny mpivady rehefa mampiditra ny Ray any Andanitra sy i Jesoa Kristy ao amin'ny fifandraisany sady miaramiaina ireo fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Vakiteny Enti-mandalina

- Russell M. Nelson, "Nurturing Marriage," *Ensign* na *Liahona*, mey 2006, 36–38.
- David A. Bednar, "Marriage Is Essential to His Eternal Plan," *Ensign*, jona 2006, 82–87.
- L. Whitney Clayton, "Ny fanambadiana: Mijere ary mianara," *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 83–85.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 19:3–8; Efesiana 5:25, 28–31; Fotopampianarana sy Fanekehampihanana 25:5, 13–15; 42:22

Manorina tokantrano feno fahombiazana

Asehoy ity teny manaraka ity izay nataon'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary asao ny mpianatra iray hamaky mafy izany:



"Mitondra fahafahana lehibe kokoa hahazoana fahasambarana ny fanambadiana mihoatra noho ny fifandraisana hafa rehetra eo amin'ny olombelona. Mbola misy ihany anefa ireo mpivady no tsy tody amin'ny fahafaha-manoany feno. Avelan'izy ireo hanjary hihen-danja ny fifankatiavany, tsy mifampiraharaha izy ireo, avelany ho takon'ireo zavatra mahaliana hafa na ireo fanenenana ny fahitana hoe manao ahoana no tena tokony ho fanambadiany. Ahitana fifaliana kokoa ny fanambadiana raha kolokoloina amim-pitandremana" ("Nurturing Marriage," *Ensign* na *Liahona*, mey 2006, 36).

- Inona ireo fahazarana na ireo fihetsika izay eritreretinao fa mety hahatonga ny fanambadiana "hanjary hihen-danja"?

Hazavao fa ireo mpivady izay mamela ny fanambadian'izy ireo hanjary hihen-danja dia matetika no misafidy ny hamarana ny fanambadiany amin'ny fisaraham-panambadiana. Lazao amin'ny mpianatra fa nisy Fariseo sasany, nandritra ny asa fanompoan'ny Mpamonjy teto ambonin'ny tany, izay niady hevitra fa nomen-drarin'ny fisaraham-panambadiana na amin'ireo antony tsy misy dikany loatra aza, ary nikatsaka ny hanao hampamoaka an'i Jesoa Kristy tamin'ny alalan'ny fanontaniana ny heviny mikasika ny fisaraham-panambadiana. Angataho ny mpianatra iray hamaky mafy ny Matio 19:3–8 ary asao ny mpianatra rehetra hitady ny fahasamihafana teo amin'ny fihetsiky ny Mpamonjy mikasika ny fanambadiana sy ny an'ireo Fariseo. Raha

ilaina dia hazavao fa ny fanoratana ny fisaraham-panambadiana dia taratasy aradalanà fa hanolotra ny vadiny ny lehilahy iray mialoha ny handefasany azy.

- Andian-teny inona ao amin'ny andininy 3 no maneho ny fihetsika nasehon'ireo Fariseo mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana? (Nahazoana lalana ny “nisao-bady” na misara-bady “noho izay rehetra entina iampangana azy”)
- Inona no nampianarin'i Jesoa ao amin'ny andininy 8 izay nitsipaka izany fomba fisainana izany ka nanamafy ilay toetra matotra ananan'ny fanambadiana? (Nokasain' Andriamanitra haharitra mandrakizay ny fanambadiana nanomboka tamin'ny andron'i Adama sy i Eva. Mba hanamafisana izany fotopampianarana izany dia angataho ny mpianatra mba hampifandray ny andininy 8 amin'ny Mpitoriteny 3:14 sy ny Mosesy 4:18.)

Vakio ity fanambarana manaraka nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



“Ilay karazana fanambadiana takina hahazoana ny fisandratana—mandrakizay raha ny faharetany ary araka an' Andriamanitra raha ny toetrany—dia tsy mieritreritra momba ny fisaraham-panambadiana. Any amin'ny tempolin'ny Tompo no atao fanambadiana mandrakizay ny mpivady. Saingy ny fanambadiana sasany dia tsy mivoatra mankany amin'izany tanjona izany. Noho ny 'hamafin'ny fon[tsika]' [Matio 19:8], dia tsy manamafy ireo vokatra ny fitsipika selestialy ny Tompo amin'izao fotoana izao. Avelany manambady indray ny olona izay nisara-panambadiana ka tsy voapentimpetin'ny tsy fahadiovam-pitondrantena izay voalaza ao amin'ny lalàna ambonimbony kokoa izy” (“Salvation and Exaltation,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2007, 70).

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra izay azon'ny mpivady atao mba hanatanterahana ilay karazana fanambadiana izay takina hahazoana ny fisandratana, dia angataho ny mpianatra mba hamaky ilay fehezanteny voalohany ao amin'ny andiam-pehezanteny fahenina ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana.

- Inona avy ireo andraikitra hifampizaran'ny mpivady eo amin'izy roa? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity andian-teny avy ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana ity: **“Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra ny hifankatia sy hifampikarakara.”**)
- Aminao, inona no dikan'ny hoe “manana andraikitra feno voninahitra ny hifankatia sy hifampikarakara” ny mpivady?

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra izany andraikitra izany dia asao ny antsasaky ny mpianatra mba hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:5, 13–15, ary ilay antsasany hafa mba hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22 sy ny Efesiana 5:25, 28–31. Angataho ireo mpianatra mba hitady ireo fitsipika izay mampianatra ny fomba fikolokoloana ny fanambadiana ka hanoratra ny zavatra hitan'izy ireo eo amin'ny solaitrabe avy eo. Rehefa nahazo fotoana ampy tsara dia angataho ny mpianatra mba hisafidy iray amin'ireo izay voasoratra eny amin'ny solaitrabe ka hanazava ny dikan'izany amin'izy ireo.

Zarao izao teny manaraka izao izay nataon'ny Loholona L. Whitney Clayton ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy ary angataho ny mpianatra mba hihaino ireo hevi-boavao miavaka mikasika ny teny hoe *mifikitra sy mahafoy*:



“Ireo fanambadiana sambatra indrindra hitako dia namirapiratra fankatoavana ny iray amin’ireo didy mahasambatra indrindra—dia ny ‘hiara-honina amim-pitiavana’ isika [F&F 42:45]. Niresaka tamin’ireo lehilahy manambady ny Tompo rehefa nandidy hoe : ‘Ianao dia ho tia ny andefimandrinao amin’ ny fonao manontolo, ka hifikitra aminy fa tsy amin’ ny olona hafa’ (F&F 42:22). Mampianatra ny boky torolalan’ny Fiangonana hoe: ‘Ny teny *mifikitra* dia midika hoe: manolotena sy mahatoky tanteraka amin’ olona iray. Ireo mpivady dia mifikitra amin’ Andriamanitra sy mifampifikitra amin’ny alalan’ny fifanompoana sy fifankatiavana ary amin’ny alalan’ny fitandremana ireo fanekempihavanana ao anatin’ny fifampitokiana tanteraka sy ny fahatokiana tanteraka amin’ Andriamanitra.’ Ireo mpivady dia ‘mahafofy ny fiainan’izy ireo fony izy ireo mpitovo, ary mametraka ny fanambadiany ho laharam-pahamehan[ny] voalohany indrindra. ... Tsy avelan’izy ireo hisy na iza na iza, na inona na inona, ho tonga laharam-pahamehana bebe kokoa eo amin’ny fiainan’izy ireo mihoatra noho ny fitandremana ireo fanekempihavanana izay nataon’izy ireo tamin’ Andriamanitra sy izay nifanaovan’izy ireo’ [*Boky torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 1.3.1. Mijere ary mianàra: mifankatia amin’ny fahafoizan-tena tanteraka ny mpivady mahomby” (“Ny fanambadiana: Mijere ary mianara,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 85).

- Inona ireo zavatra sasany izay mety ho “hafoin’ ”ny mpivady mba “hifampifikiran’ ”izy ireo?
- Ahoana no hanehoan’ireo mpivady fantatrao ny fitiavany sy ny fikarakarany ny vadiny?
- Inona no zavatra ataonao ankehitriny izay hanampy anao hiomana mba hitia sy hikarakarana tsy amim-pitiavan-tena izay ho vadinao any aoriana?


Abrahama 5:15–18

Tonga iray ao anatin’ny fanambadiana

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Abrahama 5:15–18. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra, hitady ny zavatra ampianarin’ireo andinin-tsoratra masina ireo momba ny fifandraisana eo amin’ny mpivady.

- Araka ireo andininy ireo dia inona no tanjona tokony ezahin’ny mpivady hotrararina? (Ho tonga “nofo iray.”)

Ataovy sary eny amin’ny solaitrabe ity kisary manaraka ity:



Omeo tahadika ity teny manaraka ity ny mpianatra tsirairay, teny izay nataon’ny Loholona David A. Bednar ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo, ary angataho ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezanteny voalohany raha toa ka mitady izay asehon’ily kisary ny iray kilasy:



“Ny Tompo Jesoa Kristy no teboka ifantohana ao amin’ny fifandraisan’ny mpivady araka ny fanekempihavanana. Diniho azafady fa ny Mpamonjy no napetraka teo amin’ny tendron’ity telozoro ity, miaraka amin’ny vehivavy iray eo amin’ny zorony ambany iray ary lehilahy iray eo amin’ny zorony ambany ilany. Izao dia saintsaino ny zavatra mitranga ao amin’ny fifandraisan’ily lehilahy sy ilay vehivavy rehefa ‘manatona an’i Kristy’ sy miezaka ny ‘ho tanteraka ao Aminy’ tsirairay sy amim-pahazotoana izy ireo (Môrônia 10:32). Mifanatona ilay lehilahy sy ilay vehivavy noho ny Mpanavotra sy amin’ny alalan’ny Mpanavotra.

“Rehefa samy voasintona ho eo amin’ny Tompo ny mpivady (jereo ny 3 Nefia 27:14), rehefa mianatra mifanombo sy mifankatia izy ireo, rehefa mizara ireo traikefan’ny fiainana sy miara-mitombo ary tonga iray izy ireo, ary rehefa voatahy amin’ny alalan’ny fiombonan’ireo toetra miavaka an’ny tsirairay manokana izy ireo, dia manomboka mahafantatra ny fahatanterahana izay irian’ny Raintsika any Andanitra ho an’ny zanany. Ny fahasambarana faratampony, izay ilay tena tanjon’ny drafitry ny Ray, dia azo amin’ny alalan’ny fanaovana sy fanajana ireo fanekempihavanan’ny fanambadiana mandrakizay (“Marriage Is Essential to His Eternal Plan,” *Ensign*, jona 2006, 86).

- Araka ny Loholona Bednar, inona no mahatonga ny mpivady hifanakaiky? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia hamafiso izao fitsipika manaraka izao: **Rehefa miezaka ny hanatona an’i Kristy ny mpivady dia afaka ny ho tonga iray izy ireo ao anatin’ny fanambadiany.**)
- Nahoana araka ny eritreritrao no manampy ny mpivady hiaraka hitombo ny fanatonana an’i Kristy?

Asaivo mamaky mafy ny andiam-pehezanteny faharoa ao amin’ny teny nataon’ny Loholona Bednar ny mpianatra iray. Manontania avy eo hoe:

- Araka izay nolazain’ny Loholona Bednar dia inona no tsy maintsy ataon’ny mpivady mba hahazoana ilay “fahasambarana faratampony” izay irian’ Andriamanitra ho azy ireo?
- Inona ireo karazan-javatra hitanao fa ataon’ny mpivady mba hanatanterahana ny firaisan-kina sy fifaliana ao anatin’ny fanambadiana?

Vakio ary avy eo dia mijoroa ho vavolombelona momba ny fahamarinan’izao teny manaraka izao izay nataon’ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994):



“Ny fanambadiana mihitsy no tsy maintsy raisina ho fanekempihavanana masina eo anoloan’ Andriamanitra. Ny mpivady vita fanambadiana dia manana andraikitra tsy amin’ny izy samy izy ihany fa amin’ Andriamanitra koa. Nampanantena fitahiana ho an’ireo izay manaja izany fanekempihavanana izany izy” (*Enseignements des présidents de l’Eglise: Ezra Taft Benson* [2014], 183).

- Nahoana no mety hanova ny fihetsiny ny mpivady rehefa mandray ny fanambadiana ho fanekempihavanana masina izay tsy nifanaovan’izy ireo ihany fa natao tamin’ Andriamanitra koa?
- Inona no azonao atao ankehitriny mba hiomanana amin’ny fanambadiana any amin’ny tempoly?

Omeo fanamby ny mpianatra mba hanoratra ao anatin’ny diarin’izy ireo manokana momba ny zavatra izay ataony ankehitriny sy ny zavatra mety ho ataony any aoriana mba hiomanana amin’ny fanambadiana mandrakizay.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Matio 19:3–8; Efesiana 5:25, 28–31; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 25:5, 13–15; 42:22; Abrahama 5:15–18.
- David A. Bednar, “Marriage Is Essential to His Eternal Plan,” *Ensign*, jona 2006, 82–87.
- L. Whitney Clayton, “Ny fanambadiana: Mijere ary mianara,” *Ensign* na *Liahona*, may 2013, 83–85.

19

Manorina fiainana sy tokantrano mifantoka amin'i Kristy

Fampidirana

Nampianatra ireo zanany lahy ny mpaminany Helamàna fa raha toa ka manorina ny fiainany eo ambonin'ny fototra azo antoka an'i Jesoa Kristy izy ireo dia tsy hanana hery handringanana azy ireo i Satana (jereo ny Helamàna 5:12). Hifanakalo hevitra momba ny fomba hanorenana ny fianakaviana eo amin'ny fototr'i Jesoa Kristy

ny mpianatra ato anatin'ity lesona ity. Rehefa mampifantoka ny fiainan'izy ireo amin'ireo fampianaran'i Jesoa Kristy ireo olona ao amin'ny fianakaviana dia afaka manamboatra sy mampahatanjaka ireo fifandraisana izy ireo ka hahita fahasambarana lehibe kokoa.

Vakiteny Enti-mandalina

- Henry B. Eyring, "Our Perfect Example," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2009, 70–73.
- Richard G. Scott, "Mba Hahazo Fiadanana ao An-tokantrano," *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 29–31.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Jaona 15:1–5, 10–11; Helamàna 5:12

Manorina fiainana sy tokantrano mifantoka amin'i Kristy

Atombohy ny fotoam-pianarana amin'ny alalan'ny fanaovana sarin'ny trano tsotra eny amin'ny solaitrabe. Mifanakaloza hevitra amin'ny mpianatra momba ireto manaraka ireto:

- Inona no lanjan'ny fototra amin'ny trano na rafitra hafa?
- Nahoana ireo fitaovana fananganana trano sasany no mahatonga ny fototry ny trano ho mafy kokoa noho ny hafa?

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa miaina fahasahiranana samy hafa ny fianakaviana rehetra, ary mikatsaka ny handrava ny fianakaviana rehetra i Satana. Mianatra fomba azo antoka iray mba hampihena ny fitaoman'i Satana eo amin'ny fianakaviansika isika avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Angataho ny mpianatra mba handalina ny Helamàna 5:12, ka hitady izay ampianarin'izany momba ny fototra iray.

- Inona araka ny eritreritrao no dikan'ny hoe manorina ny fototsika eo amin'i Jesoa Kristy?
- Inona no azon'ny fianakaviana iray atao mba hanorina eo amin'ny fototr'i Jesoa Kristy? (Ahitana izao manaraka izao ireo valinteny mety ho azo: mandalina sy miaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, mikatsaka ny hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy, mankatò ireo didin'Andriamanitra, ary miantehitra amin'ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy.)
- Ahoana no ahafahan'ireo fampanantenana ao amin'ny Helamàna 5:12 mihatra amin'ireo fianakaviana izay mikatsaka ny hanorina ny fototr'izy ireo eo ambonin'ny vatolampin'i Jesoa Kristy? (Tokony hampiseho ny fahatakarana izao fitsipika manaraka izao ireo valinteny: **Rehefa manorina ny fototr'izy ireo eo amin'i**

Jesoa Kristy ny fianakaviana dia tsy hanana hery handravana azy ireo i Satana.)

Hazavao fa fotoana fohy talohan'ny fahafatesan'ny Mpamonjy dia nanome fanahafana iray izay afaka manampy ny fianakaviana hahatakatra ny fomba hanorenany ny fototra eo Aminy ny Mpamonjy. Asao ny mpianatra maromaro mba hamaky mafy ny Jaona 15:1–5, 10–11. Asao ny iray kilasy mba hanaraka ny vakiteny ka hisaintsaina ny fomba ahafahan'ny fanoharana nataon'ny Mpamonjy ao anatin'ireo andinin-tsoratra masina ireo mihatra amin'ireo fianakaviana izay miezaka manorina ny fototr'izy ireo eo amin'i Jesoa Kristy.

- Raha i Jesoa Kristy no voaloboka ary isika no sampana, mety maneho inona ny voa? (Ny voa dia afaka maneho ireo asa sy fihetsika tsara ataon'ireo mpianatr'i Kristy.)

Ampio ny mpianatra mba hahafantatra fa nampiasa ny teny hoe “tomoera” imbetsaka ny Mpamonjy ao amin'ny Jaona 15:4–10. Hazavao fa ny teny hoe *tomoera* ato anatin'ity sahan-kevitra ity dia midika hoe mitoetra sy “mijanona—kanefa mijanona *mandrakizay*,” ka milaza fa tokony hijanona ho voafatotra mafy sy maharitra amin'i Jesoa Kristy sy ny Fiangonany isika (Jeffrey R. Holland, “Abide in Me,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 32). Azonao atao ny manazava fohifohy amin'ny mpianatra fa fomba iray enti-mandalina ny soratra masina izay azon'izy ireo ampiasaina ao amin'ny fandalinany manokana ny famantarana ireo teny miverimberina. Ny famerimberenana ny teny iray ao anatin'ny soratra masina dia matetika no midika fa manamafy hevitra mandan-danja iray ilay mpanoratra.

- Araka ny andininy 5 sy 11, inona ireo fitahiana vokatry ny fitoerana ao amin'ny Mpamonjy? (**Raha toa ka mitoetra ao amin'ny Mpamonjy isika dia afaka hitondra voa maro sy hahazo ny fifaliana feno.**)
- Inona ireo fitahiana mety ho azon'ny fianakaviana araka ny eritreritreo rehefa miezaka ny mitoetra ao amin'ny Mpamonjy ireo olona amin'ny fianakaviana?

Vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Na inona na inona toe-javatra iainanao dia afaka mampifototra ny tokantranoao sy ny fiainanao amin'i Jesoa Kristy Tompo ianao satria Izy no loharanon'ny fiadanana marina eto amin'ity fiainana ity” (“Mba Hahazo Fiadanana ao An-tokantrano,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 29).

- Ahoana no hamaritanao ny tokantrano iray izay mifantoka amin'i Jesoa Kristy? Inona ireo toetra mahatonga ny tokantrano iray hifantoka amin'i Kristy?

Entano ny mpianatra handinika izay zavatra azon'izy ireo atao mba hitoerana tanteraka kokoa ao amin'ny Mpamonjy ka hanasa ny fitaomana ananan'ny Mpamonjy ho ao amin'ny tokantranon'izy ireo noho izany. Amporisihy ny mpianatra mba hieritreritra momba ireo fiovana afaka entin'izy ireo ao amin'ireo fifandraisany amin'ireo olona ao amin'ny fianakaviany.

Helamàna 14:30–31; 3 Nefia 11:29–30

Mifehy ireo fihetseham-pontsika amin'ny fampiasana ny fahafahantsika misafidy amim-pahamarinana

Miampità amin'ny ampahany manaraka ao amin'ny lesona amin'ny fanamafisana indray fa miatrika olana avokoa ny fianakaviana rehetra. Na dia rehefa miezaka ny hampifantoka ny fiainan'izy ireo amin'i Jesoa Kristy aza ireo olona ao amin'ny fianakaviana dia mety hiatrika toe-javatra miseho izay hifanohitra amin'ireo faniriany araka ny fahamarinana izy ireo. Soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao:

“Nahatezitra ahy ianao!”

“Nahatonga ahy hisafoaka ianao!”

Asao ireo mpianatra mba hisaintsaina raha toa ka araka ny fahamarinana ireo teny ireo.

Angataho ny mpianatra iray mba hamaky mafy ny Helamàna 14:30–31. Asao ny iray kilasy mba hieritreritra ny fomba ifandraisan'ireo andinin-tsoratra masina ireo amin'ireo teny voasoratra eny amin'ny solaitrabe.

- Inona no fahamarinana manan-danja izay hita ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo ka mihatra amin'ireo fifandraisantsika amin'ny hafa? (Hamafiso izao fahamarinana manaraka izao: **Satria nanome antsika ny fahafahana misafidy ny Ray any An-danitra dia afaka misafidy isika raha toa ka ho tezitra na tsia.** Hazavao fa ny Loholona Lynn G. Robbins ao amin'ny Fitopololahy dia nampianatra hoe: “Safidy atao amim-pahatsiarovan-tena ny ho tezitra, fanapahan-kevitra iray; noho izany, afaka misafidy ny tsy ho tezitra isika. *Isika* no misafidy!” [“Agency and Anger,” *Ensign*, mey 1998, 80].)
- Inona ireo olana vokatry ny finoana fa ireo asa sy fihetsiky ny hafa dia “mahatonga” antsika ho tezitra?

Asao ny mpianatra mba hamaky am-pahanginana ny 3 Nefia 11:29–30. Mariho ilay fampianaran'ny Mpamonjy fa tokony “hampitsaharana” ny fifandirana (3 Nefia 11:30). Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ny fikitakitana sy ireo fitondrantena tsy mendrika hafa, toy ny herisetra ara-pihetseham-po sy ara-batana dia tsy omen-drariny na oviana na oviana.

Asao ny mpianatra mba hieritreritra ireo zavatra azony atao mba hanampy azy ireo hahatsiaro ny hisafidy ny tsy ho tezitra. Asao izy ireo mba hizara ny heviny. Angataho ny mpianatra mba hanolo-tena ny hampiasa ny fahafahany misafidy amim-pahamarinana amin'ny fisafidianana ny tsy ho tezitra, indrindra eo anivon'ny fianakaviana.

3 Nefia 12:22–24; Môrônia 7:45, 48; Fotopampianarana sy Fanekepivahanana 64:9–11; 88:119, 123–25

Afaka manasitrana ireo fifandraisan'ny mpianakavy izay rava ny fibebahana sy ny famelan-keloka.

Soraty eny amin'ny solaitrabe izao fitsipika manaraka izao:

“Ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-pianakaviana dia azo tratrarina kokoa raha miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo.”

Lazao amin'ny mpianatra fa izany fehezan-teny izany dia avy ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129).

Mba hanampiana ny mpianatra hamantatra ny sasany amin'ireo fampianaran'i Jesoa Kristy izay afaka mitondra fahasambarana bebe kokoa ho an'ny fianakaviana dia angataho ny mpianatra mba hamaky mangina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:119, 123–25. Toroy hevitra izy ireo mba hanisy marika na hampisongadina ireo fampianarana manan-danja. Dia angataho ny mpianatra mba hifanakako hevitra momba ny fomba hampatanjahana ny fianakaviana rehefa miaina ireo fampianarana hita ao anatin'ireo andinin-tsoratra masina ireo.

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ireo olana sy fahasahiranana dia matetika no mitranga ao amin'ny fianakaviana rehefa tsy raharahiana ireo fampianaran'i Jesoa Kristy. Asehoy ity teny manaraka ity izay nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, ary mangataha mpianatra iray mba hamaky mafy izany:



"Efa nisy hatrany am-piandohan' ny fisian' ny olombelona ny fifandraisana sarotra dia sarotra sy rava. ... Ataoko angamba fa ny olona tsirairay eto an-tany dia efa niharanjavatra tamin' ny fomba samihafa avy tamin' ilay toe-tsaina tia fifandirana, feno lolom-po ary mifono valifaty. Ary mety misy mihitsy aza fotoana ahatsapantsika ny fisian' izany toetra izany ato anatintsika." ("Izay miantra no hiantrana," *Ensign* na *Liahona*, mey 2012, 70).

- Inona ireo fampianaran'ny Tompo Jesoa Kristy izay afaka manampy anao hanasitrana ireo fifandraisana sarotra dia sarotra sy rava mihitsy aza eo amin'ny samy mpikambana ao amin'ny fianakaviana?

Soraty eo amin' ny solaitrabe ireto andian-tsoratra masina manaraka ireto: Hazavao fa ny tsirairay amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo dia ahitana ireo fahamarinana nampianarin'ny Mpamonjy izay afaka mampahatanjaka ireo fifandraisan'ny mpianakavy.

3 Nefia 12:22–24

Môrônia 7:45, 48

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:9–11

Asao ny mpianatra mba hamaky ireo andian-tsoratra masina ireo ary hifanakalo hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto avy eo:

- Inona ireo fampianarana avy ao amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo izay afaka manasitrana ireo fifandraisan'ny mpianakavy izay ravan'ny fifandirana, na haratsiam-panahy na ireo fihetsika hafa?
- Ahoana no nahitanao fa nampivoatra ireo fifandraisan'ny mpianakavy ny famelan-keloka?
- Nahoana no sarotra kokoa ny mamela heloka ireo olona ao amin'ny fianakaviana miohatra ny olon-kafa?

Asehoy ireto teny manaraka ireto izay nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf sy ny Filoha Howard W. Hunter (1907–95), ary miangavia mpianatra iray mba hamaky mafy izany:



"Tsy misy amintsika izay tsy manota. Manao fahadisoana isika tsirairay ary tafiditra ao anatin' izany izaho sy ianao. Efa samy voaratra isika rehetra. Efa samy nandratra ny hafa isika rehetra.

"Amin' ny alalan' ny sorona nataon' ny Mpamonjy antsika no ahafahantsika mahazo fisandratana sy fiainana mandrakizay. Rehefa manaiky ny fombany isika ary mandresy ny avonavontsika amin' ny alalan' ny fanalefahana ny fontsika dia afaka mitondra ny fampihavanana sy ny famelana eo amin' ny fianakaviansika sy ny fiainantsika manokana" (Dieter F. Uchtdorf, "Fanalahidy iray hananana fianakaviana sambatra," *Ensign*, ôkt. 2012, 6).



"Na inona na inona ametrahan'i Jesoa ny tanany dia velona. Raha mametraka ny tanany eo ambonin'ny fanambadiana iray lzy dia velona izany. Raha avela hametraka ny tanany eo ambonin'ilay fianakaviana lzy dia velona izany" (*Enseignements des présidents de l'Eglise: Howard W. Hunter* [2015], 150).

- Nahoana no havela hametraka ny tanany eo ambonin'ny fianakaviana iray ny Mpamonjy rehefa arahina ireo fitsipika izay nifampiresahana androany?

Asao ireo mpianatra handinika ny fomba ahafahan'ny fibebahana sy ny famelan-keloka manamboatra na mampahatanjaka ny fifandraisan'izy ireo ao amin'ny fianakaviany manokana? Amporisihon'ny mpianatra mba hanao asa avy hatrany mba hampiharana ireo fitsipika ireo eo amin'ny fifandraisany ao amin'ny fianakaviana.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Jaona 15:1–5, 10–11; Helamàna 5:12; 14:30–31; 3 Nefia 11:29–30; 12:22–24; Môrônia 7:45, 48; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:9–11; 88:119, 123–25.
- Henry B. Eyring, "Our Perfect Example," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2009, 70–73.
- Richard G. Scott, "Mba Hahazo Fiadanana ao An-tokantrano," *Ensign* na *Liahona*, mey 2013, 29–31.

"00" (20)

Fitandrovana ny Finoana sy ny Fijoroana ho Vavolombelona

Fampidirana

Manana andraikitra masina ny fianakaviana sy ny tsirairay hampitombo ny finoana an'i Jesoa Kristy sy hitandro ny fijoroana ho vavolombelona ho matanjaka. Nampitandrina ny Mpamonjy fa amin'ny andro farany dia mety ho voafitaka na dia "ireo olom-

boafidy" aza (Joseph Smith—Matio 1:22). Ity lesona ity dia mifantoka amin'ny fampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona mba ho voaro amin'ireo herin'ny fahavalo izay mikatsaka ny handrava ny finoana

Vakiteny Enti-mandalina

- Dieter F. Uchtdorf, "Andao hiaraka Aminay," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2013, 21–24.
- Jeffrey R. Holland, "Tompo ô, Mino aho," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2013, 93–95.


Sosokevitra Enti-mampianatra

Jaona 14:26–27; Efesiana 4:11–14; 1 Nefia 15:23–24; 2 Nefia 31:19–20; Almahà 5:45–46; Helamàna 3:28–30; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 11:13–14; 21:4–6

Manome fiarovana amin'ny fahavalo ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka

Hazavao fa indray mandeha ny Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niresaka momba ireo andian'alika dia izay nirenireny nanerana ny ambanivohitr'i Ukraine taona maro lasa izay. Ny hany zavatra nampatahotra azy ireo dia ny afo. Rehefa manao dia hiala amin'ireo tanàna ny olona dia tsy maintsy manao tsangan'afo maromaro somary lehibe sy miambina izany tsy ho faty mandritra ny alina mba handroahana ireo alika dia.

Manasà mpianatra iray hamaky izao fanambarana manaraka izao:



"Ireo mpandeha dia nahatakatra fa ny fanamboarana sy ny fitazomana ilay tsangan'afo miredareda mba tsy ho faty dia tsy hevitra nahafa-po na koa hoe nanamorana ny dia fotsiny ihany, fa izany dia fomba nitsinjovana ny aina. ...

"Tsy voatery hiaro ny tenantsika amin'ireo andian'alika dia isika rehefa mizotra amin'ny làlam-piainana ankehitriny, fa amin'ny fomba fijery ara-panahy kosa dia miatrika ireo alika dia mpamitaka avy amin'i Satana isika izay miendrika fakam-panahy, faharatsiana ary ota. Isika dia miaina ao anatin'ny fotoan-tsarotra izay mampirangorango ireo alika dia izay mivezivezy manerana ny ambanivohitra ara-panahy rehetra eny, mitady ireo malemy am-pinoana sy ireo izay tsy manana fahatokian-tena matanjaka amin'ny zavatra izay inoany. ... Mora handairan'ny fanafihana isika rehetra. Kanefa isika dia afaka manamafy ny tenantsika amin'ny fiarovana izay omen'ny fijoroana ho vavolombelona mirehitra antsika, toy ilay tsangan'afo izay natsangana sy nokarakarina tamim-pitandremana" ("Spiritual Bonfires of Testimony," *Ensign*, Nôv. 1992, 34).

- Nahoana no “fomba fitsinjovana ny aina” ny fitazomana ny fijoroana ho vavolombelona ho matanjaka amin’izao fotoana izao? (Aorian’ny resadresaka fohifohy dia soraty eny amin’ny solaitrabe izao manaraka izao: **Rehefa manamafy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika isika dia tsy ho mora handairan’ireo fanafihana ny finoantsika.**)
- Ahoana no ahafahan’ny fananana fijoroana ho vavolombelona matanjaka hanampy anao hampahatanjaka ireo izay ao an-tokantrano sy ny hafa mba hanohitra ireo fanafihana ny finoan’izy ireo?

Asehoy na soraty eny amin’ny solaitrabe izao tabilao manaraka izao. Aza ampidirina ao ireo fitsipika mahitsy izay ao anaty fononteny ireo; ireo fitsipika ireo dia nomena mba ho tombontsoan’ny mpampianatra. Asao ny mpianatra hamaky ireo andiantoratra masina ao amin’ny iray amin’ireo fizarana ao anatin’ilay tabilao sy hiaroka ireo fitsipika izay manampy hiaro amin’ireo hery izay mamparefo ny finoana. Asao ny mpianatra hamintina ny zavatra novakian’izy ireo amin’ny fomba tsotra hilazana fitsipika na fotopampianarana iray ary hizara izany avy eo.

2 Nefia 31:19–20 Helamàna 3:28–30	Efesiana 4:11–14 F&F 21:4–6	Jaona 14:26–27. F&F 11:13–14	1 Nefia 15:23–24 Almà 5:45–46
(Rehefa mitàna ny finoantsika hiorina ao amin’i Kristy isika dia afaka ny hibosesika handroso ao amin’ilay lalana ety sy tery izay mitondra any amin’ny fiainana mandrakizay.)	(Rehefa manaraka ireo apôstôly, mpaminany, sy ireo mpitarika hafa avy amin’ny Tompo isika dia afaka ny ho voaro amin’ny fitaka.)	(Afaka handefa fiadanana sy fitarihana ny Tompo amin’ny alalan’ny Fanahy Masina rehefa voatafika ny finoantsika.)	(Ny fifadiankanina sy ny vavaka ary ny fandalinana soratra masina dia mampahatanjaka ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona ary mamela antsika haharitra ireo olana.)

- Ahoana no efa nampahatanjaka anao na ny olona iray izay fantatrao mba hanohitra ireo fanafihana ny finoana ireo fitsipika ireo?
- Ahoana no mety hampiasanao ireo fampahalalana ireo mba hampahatanjaka ny olona iray fantatrao izay manana olana amin’ny finoany?

Ampahatsiahivo ny mpianatra izao manaraka izao: *Ny finoana dia fanomezana avy amin’ Andriamanitra izay omena toy ny valisoa noho ny fahamarinan’ny tena manokana.* Izany dia omena tsy tapaka rehefa misy ny fahamarinana, ary arakaraky ny haben’ny refin’ny fankatoavana ny lalàn’ Andriamanitra no maha-lehibe ihany koa ny finoana azo” (Bruce R. McConkie, *Mormon Doctrine*, 2nd ed. [1966], 264). Mijoroa ho vavolombelona fa ny fananana finoana an’i Jesoa Kristy, ny fanarahana ireo mpaminany, ny fikatsahana ny Fanahy sy ny fandalinana ireo soratra masina dia hiaro

sy hampahatanjaka ny fijoroana ho vavolombena. Rehefa tsy tontosaintsika ireo zavatra ireo dia hanjary harefo ny finoana ary ho very ny fijoroana ho vavolombelona.

Manasà mpianatra iray hamaky amin'ny feo avo izao fanambarana manaraka izao izay nataon'ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Taona vitsy taty aoriana dia tonga namangy ahy ny iray tamin'ireo misionerako tsara hofana izay niara-nanombo tamiko nandritra ny nanompoako ho filohan'ny Misiona tany Toronto. Nanontany azy aho, ‘Elder, inona no azoko hanampiana anao?’

“‘Filoha,’ hoy izy namaly, mieritreritra aho hoe mihamarefo ny fijoroako ho vavolombelona.’

“‘Saika tsy nampino ahy izany. Nanontany azy aho ny mampitombina izany.

Nilaza izy fa “‘tamin'ny fotoana voalohany namakiako ireo lahatsoratra mankahala ny Môrmôna vitsivitsy dia,’ ‘Nanana fanontaniana aho, ary tsy hisy olona hamaly izany ho ahy. Very hevitra sy mieritreritra aho hoe mihamarefo ny fijoroako ho vavolombelona.’

“Nanontany azy aho hoe inona ireo fanontaniana nananany ireo, ary nolazaina ahy izany. Ireo fanontaniana ireo dia olana mahakasika ny fenitra arahan'ireo olona manohitra ny Fiangonana, kanefa dia nila fotoana kely aho hanangonako ireo fitaovana mba ahafahako hanome valim-panontaniana mazava. Koa dia nametraka fotoana izahay mba hihaonana afaka 10 andro, tamin'ny fotoam-bavaka dia nilaza taminy aho fa hamaly ny tsirairay avy amin'ireo fanontaniana. Rehefa handeha izy, dia nangataka azy aho hijanona kely.

“‘Elder, efa nanontany ahy fanontaniana vitsivitsy ianao androany,’ hoy aho taminy. Ankehitriny dia manana iray ho anao aho.’

“‘Eny, Filoha?’

“‘Oviana ianao no namaky farany ny Bokin'i Môrmôna?’ Hoy aho nanontany.

Nikimpy ny masony. Niondrika nijery ny tany izy nandritra ny fotoana fohy. Ary avy eo dia nijery ahy izy. Tena efa ela, Filoha,’ hoy izy nilaza tamim-pahatsorana.

“Eny,” hoy aho. ‘Efa nomenao ahy ny andraikitra. Koa rariny ihany koa ny hanomezako anao ny andraikitrao. Tiako ianao hampanantena ahy fa hamaky ao amin'ny Bokin'i Môrmôna farafahakeliny adiny iray isan'andro manomboka izao mandra-pahatongan'ny fotoana hihaonantsika manaraka.’ Nanaiky izy hanao izany

“Folo andro taty aoriana dia niverina tao amin'ny biraoko izy, ary efa vonona aho tamin'izay. Navoakako avokoa ireo taratasiko mba hanombohako hamaly ny fanontaniana, kanefa dia najanony aho.

“‘Filoha,’ hoy izy, ‘tsy ilaina izany.’ Ary avy eo dia nanazava izy hoe: ‘Fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Fantatro fa mpaminanin' Andriamanitra i Joseph Smith.

“‘Tsara izany,’ hoy aho taminy. ‘Fa na izany aza dia handray ny valin'ireo fanontaniana avy amin'ny fotoana lava no nanomanako ity, koa mahazoa toerana ary mihainoa.’

“Ary dia namaly ny fanontaniana rehetra aho sy nanontany azy hoe: ‘Ry Elder, inona no zavatra nianaranao tamin'ity?’

“Ary hoy izy, ‘Omeo fehim-potoana mitovy ny Tompo.’

“Aoka isika handrakitra izany hevitra izany ao an-tsaintsika sy hitondra izany manaraka antsika hamakivaky ity dingan'ny fiainana mety maty ity. Andao isika hanome ny Tompo fehim-potoana mitovy” (“When Shall These Things Be?” *Ensign*, des. 1996, 60).

- Inona no zavatra nianaranao avy amin'ny traikefa nozarain'ny Loholona Ballard?

- Ahoana no mety ahafahan'ny fanomezana "fehim-potoana mitovy" ny Tompo eo amin'ny fiainanao sy ny fiainam-pianakaviana hanome tanjaka hanoheranareo an'i Satana?
- Ahoana no mety hanomanan'ny fampiharana ireo fitsipika ireo anao ankehitriny mba ho tonga vady sy ray aman-dreny tsara?

Farano ity ampahana lesona ity amin'ny fangatahana mpianatra iray hamaky izao fanambarana manaraka izao izay nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Rehefa mivavaka tsy tapaka maraina sy hariva isika, ka mandalina isan'andro ny soratra masintsika, sy manao takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro, ary mandeha tsy tapaka any amin'ny tempoly dia mamaly amim-pahavitrihana ilay fanasana nataon'ny Jesoa Kristy] mba "hanatona Azy." Arakaraka ny ananantsika bebe kokoa ireo fahazarana ireo no vao maika mampanosika bebe kokoa an'i Satana handratra antsika, saingy hihena ny fahafahany manao izany. Amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitaovana ireo no hampiharantsika ny fahafahantsika misafidy mba hanekena ireo fanomezana feno avy amin'ny Sorompanavotany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manatona Azy amim-pahavitrihana isika dia afaka ny hahatohitra izay fakam-panahy rehetra, sy hahazaka izay ratram-po sy olana rehetra atrehantsika" ("Ataovy Voalohany amin'ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2014, 94).

Anontanio ireo mpianatra raha toa ka misy afaka hizara traikefa izay azo zaraina amin'izy ireo mahakasika ny fomba nandreseny ireo fanamby mifandraika amin'ny finoan'izy ireo.

Lioka 22:31–32; 3 Nefia 18:32; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108:7–8

Manamafy ny finoan'ny hafa

Asaivo mananga-tànana ireo mpianatra raha toa ka mahafantatra olona izy ireo izay manana olana amin'ny fihazonana ny fijoroany ho vavolombelona.

Asao ny mpianatra handalina sy hampitaha ny Lioka 22:31–32; 3 Nefia 18:32; sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108:7–8 ary hianatra ny andraikitra izay ananantsika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana mahatoky antsika, indrindra amin'ireo ao an-tokantrano. Rehefa ampy ny fotoana nanaovana izany dia asao ireo mpianatra hizara ny zavatra nianarany. Tokony ho takatry ny mpianatra izao fitsipika manaraka izao: **Rehefa niova fo ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika dia manana andraikitra hampahatanjaka ny finoan'ny hafa.**

Zarao ity teny nataon'ny Filoha Thomas S. Monson ity:



"Nahita aho fa antony lehibe roa no manazava amin'ny ankapobeny ny fiverenana ho mavitrika indray sy ny fiovan'ny toetra sy ny fahazarana ary ny fihetsika. Voalohany, miverina ny olona satria nisy olona nampiseho azy ireo zavatra azon'izy ireo atao izay mahasoa mandrakizay sy nanampy azy ireo hanapa-kevitra ny hanatanteraka izany. Ny olona malaindaina dia tsy afaka ny hionona amin'ny zavatra antonontonony rehefa hitan'izy ireo fa azon'izy ireo trararina ilay tsara dia tsara.

"Faharoa, miverina ny hafa satria nanatanteraka ny fangatahan'ny Mpamonjy ireo olon-tiana na 'mpiray fanjakana amin'ny olomasina' ka nitia ny namany tahaka ny tenany [Efesiana 2:19] ary nanampy ny hafa hanatanteraka ireo nofinofiny sy ireo zava-kinendry.

“Ny zavatra nandrisika tao anatin’izany dingana izany dia ny fitsipiky ny fitiavana—ary mbola ho izany hatrany” (“Our Responsibility to Rescue,” *Ensign*, ôkt. 2013, 5).

- Nahoana araka ny hevitrao no zava-dehibe izay mandrisika ny fampatanjahana ny finoan’ny hafa ny fitiavana?
- Oviana ianao na ny olona fantatrao no efa nanampy tamin’ny fampatanjahana ny finoan’ny olona iray izay manana olana ara-panahy?
- Inona ireo dingana azonareo atao mba hahomby kokoa amin’ny fanamafisana ny finoan’ny hafa?

Farano ny lesona amin’ny fizarana fijoroana ho vavolombelona fa afaka manampy amin’ny famerenana sy ny fampatanjahana ny finoan’ireo namany sy fianakaviany ireo mpianatra rehefa maneho fitiavana sy manaraka ireo fitsipika voaresaka nandritra ity lesona ity.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Lioka 22:31–32; Jaona 14:26–27; Efesiana 4:11–14; 1 Nefia 15:23–24; 2 Nefia 31:19–20; Almà 5:45–46; Helamàna 3:28–30; 3 Nefia 18:32; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 11:13–14; 21:4–6; 108:7–8.
- Dieter F. Uchtdorf, “Andao hiaraka Aminay,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2013, 21–24.
- Jeffrey R. Holland, “Tompo ô, Mino aho,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2013, 93–95.

21

Mitaiza ny zanaka amim-pitiavana sy amim-pahamarinana

Fampidirana

“Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana” (“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Manampy amin’ny fanatanterahana izany adidy izany ny ray aman-dreny rehefa maneho ny fitiavan’izy

ireo sy ny fijoroana ho vavolombelona ananany amin’ny teny sy ny fihetsika ka manangana ireo fahazarana mahazatra amin’ny fanaovana takarivan’ny mpianakavy sy vavaky ny mpianakavy ary fandalinan’ny fianakaviana ny soratra masina.

Vakiteny Enti-mandalina

- Richard G. Scott, “Ataovy Voalohany amin’ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 92–95.
- Jeffrey R. Holland, “A Prayer for the Children,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2003, 85–87.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Lioka 15:11–20; Efesiana 6:4

Ny andraikitry ny ray aman-dreny mba hitia sy hikarakara ny zanak’izy ireo

Zarao izao teny manaraka izao izay nataon’ny Loholona Russell M. Nelson ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinfoho:



“Fony efa-taona ny zanakay vavy dia nody tany an-trano avy nanao ireo adidy tany amin’ny hopitaly aho somary efa harivariva ihany. Hitako fa tena reraka tanteraka ny vady malalako. ... Ka dia nanolo-tena ny hampikianjo ilay zanakay efa-taona aho mba ho vonona ny hatory. Nanomboka nibaiko aho: ‘Esory ny akanjonao, ahantony izany. Anaovy ny akanjo fanaovanao rehefa matory; borosio ny nifinao; ataovy ny vavakao’ sy ny sisa, sady nandidy tamin’ny fomba mitovy amin’ny ataon’ny miaramila serza hentitra iray any tafika. Natodiny tampoka ny lohany sady nijery ahy tamin’ny maso feno fahamatorana izy ka niteny hoe: ‘Dada, anao angaha aho?’

“Nampianariny lesona iray tena manan-danja aho. ... Tsia, tsy tompon’ny zanatsika isika. Ny tombontsoantsika amin’ny maha-ray aman-dreny dia ny hitia azy ireo, hitarika azy ireo, ary hamela azy ireo handeha” (“Listen to Learn,” *Ensign*, mey 1991, 22).

- Inona no fitsipika nampianarin’ny Loholona Nelson tamin’izany zavatra niainany izany? (**Manana tombontsoa hitia sy hitarika ny zanany ireo ray aman-dreny.**)

Vakio na aseho izao manaraka izao izay avy ao amin’ny fanambarana momba ny fianakaviana, ka angataho ny mpianatra mba hamantatra ireo teny sy andian-teny manan-danja: “Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin’ny zanany. ... Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana” (“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Asao ny mpianatra mba hizara ireo teny izay manaitra azy ireo sy ny anton’izany. Raha ilaina dia anontanio hoe:

- Nahoana araka ny eritreritrao no ampiasaina mba hamaritana ireo andraikitra sy adidin'ny ray aman-dreny ny teny hoe "feno voninahitra" sy "masina"?

Lazao amin'ny mpianatra fa ny Tompo dia nampianatra fanoharana iray izay mampiseho fa ny zaza izay notaizana tamim-pitiavana dia mitohy mahatoky ao anatin'ireo fifandraisany amin'ny fianakaviany. Asao ny mpianatra mba hamaky ny Lioka 15:11–20, ka hitady porofo izay mampiseho fa fantatr'ilay zanaka adala fa tian'ny rainy izy. Rehefa avy nanome fotoana ampy ho azy ireo dia asao ireo mpianatra hizara izay zavatra hitany.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa ilay raim-pianakaviana ao anatin'ilay fanoharana dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nataon'ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Mahita lesona mahery vaika ho an'ny fianakaviana ary indrindra ho an'ny ray aman-dreny isika ao anatin'ilay fanoharana momba ilay zanaka adala. Rehefa 'nody ny sain' ilay zandriny [Lioka 15:17], dia nanapa-kevitra ny hody izy.

"Ahoana no nahafantarany fa tsy handà azy ny rainy? Satria fantany ny rainy. Nandritra ireo tsy fahazoan-kevitra, disadisa ary hadalan'ilay zanaka zandriny dia azoko sary an-tsaina teo ilay rainy niaraka tamin'ny fo mahatakatra sy feno famindram-po, valinteny malefaka, sofina mihaino ary fihina amim-pamelan-keloka. Azoko sary an-tsaina ihany koa ilay zanany lahy izay nahafantatra fa afaka nody izy satria fantany ilay karazana tokantrano izay niandry azy" ("With All the Feeling of a Tender Parent: A Message of Hope to Families," *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 90).

- Inona ireo fanehoam-pitiavana avy tamin'ilay ray izay hitan'ny Loholona Hales? Inona koa ireo fihetsika hafa ataon'ny ray aman-dreny izay mitarika amin'ny tontolo feno fitiavana sy fiahiana ao an-tokantrano? (Ampiasao ny Efesiana 6:4 mba hanampiana ny fifanakalozan-kevitra ataon'ny iray kilasy momba izany fanontaniana izany.)
- Inona ireo ohatra tsara efa hitanao avy amin'ny ray aman-dreny izay mampiseho fitiavana ho an'ny zanany?
- Inona no zavatra ataonao ankehitriny mba hiomananao hitia sy hikarakara ireo zanakao any aoriana any?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–28; 93:36–40

Mitaiza ny zanaka amim-pahamarinana

Aseho ny mpianatra ny sarin'ny ankizy kely iray, mety ho ny sarin'ny zanakao mihitsy izany.

- Inona ireo fampianarana manan-danja izay ilain'ny ankizy iray mba hitomboany ara-panahy?

Angataho ny mpianatra mba hisaintsaina izany fanontaniana izany rehefa mandalina sy mampitaha ireo fampianarana hita ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:36–40 sy 68:25–28 izy ireo. (*Fanamarihana*: "Matetika no mazava ny andinin-tsoratra masina na fotopampianarana na fitsipika iray rehefa ampitahaina" amin'ny soratra masina hafa [*Fampianarana sy fianarana ny filazantsara* (2012), 22].)

- Inona no fitsipika azontsika ianarana avy amin'ireo andinin-tsoratra masina ireo mikasika ireo andraikity ny ray aman-dreny? (Na dia mety hampiasa teny hafa aza ny mpianatra dia tokony ho takatr'izy ireo izao fitsipika manaraka izao: **Mankatò**)

ny didin'ny Tompo ny ray aman-dreny rehefa mitaiza ny zanany amin'ny fahazavana sy fahamarinana. Hazavao fa ato anatin'ny sahan-kevitr'ireo andinin-tsoratra masina ireo, ny "fahazavana" dia milaza ny fahalalana ara-panahy sy ny fahatakarana ireo fitsipika marina.)

- Nahoana no manan-danja ho an'ny ray aman-dreny ny mampianatra ny zanany ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ao an-tokantrano?

Mba hanampiana ny mpianatra hamaly io fanontaniana io dia zarao ity teny manaraka nolazain'ny Filoha Boyd K. Packer tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Ny soratra masina dia miresaka momba 'ny ampingan' ny finoana,' izay nolazain'ny Tompo fa 'hahazoanareo mamono ny zana-tsipika mirehitra alefan' ilay ratsy' (F&F 27:17).

"Ny ampingan'ny finoana dia tsara indrindra raha vokarina ao amin'ny orinasan'ny taozavatra ao an-tokantrano]. Raha toa ka azo atao manjelanjelatra ao amin'ireo kilasy any am-piangonana sy ao amin'ireo fiaraha-mientana ilay ampinga, dia natao ho amboarina any an-tokantrano ka hifanaraka amin'ny olona tsirairay kosa izany" ("Do Not Fear," *Ensign* na *Liahona*, mey 2004, 79).

- Ahoana no nahitanao ray aman-dreny izay mampianatra ny zanany tamim-pahombiazana ireo fitsipika marina izay mitarika azy ireo amin'ny fahazavana sy fahamarinana?
- Inona no voka-dratsy voatonona ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekepihanana 68:25 ho an'ireo ray aman-dreny izay tsy mahavita mampianatra ireo fitsipiky ny filazantsara amin'ny zanany? (Ampio ny mpianatra mba hahatakatra izao fitsipika manaraka izao: **Ireo ray aman-dreny izay mahafantatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia ho tompon'andraikitra amin' Andriamanitra raha toa ka tsy mahavita mampianatra ireo fitsipiky ny filazantsara amin'ny zanany.**)

Hazavao fa ireo mpitarika ny Fiangonana dia namerimberina nilaza ireo fomba fanao marina izay tokony ampidirin'ny ray aman-dreny ao an-tokantrano mba hahafahany mampianatra ny zanany ireo fitsipiky ny filazantsara.

Zarao amin'ny mpianatra tsirairay ilay taratasy zaraina hita any amin'ny faran'ny lesona ary vakio ireo torolalana eo amin'ilay taratasy zaraina. Rehefa nomena fotoana ampy ny mpianatra sy araka ny fitaoman'ny Fanahy Masina dia mametraha fanontaniana toa an'ireto manaraka ireto:

- Ahoana no nahazoanao tombontsoa avy tamin'ireo fomba telo fanaon'ny fianakaviana ireo?
- Nahoana araka ny eritreritrao no manan-danja ny mikolokolo ireo fahazarana mivavaka, mandalina ny soratra masina, ary manao takarivan'ny mpianakavy mialoha ny hanambadianao sy hanombohanao manana zanaka?

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra fa misy toe-javatra miseho hafa ahafahan'ny ray aman-dreny mampianatra ireo fitsipiky ny filazantsara amin'ny zanak'izy ireo dia zarao ireto teny manaraka nataon'ny Loholona isany David A. Bednar sy Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ireto:





“Ny ray aman-dreny dia tokony ho malina sy mailo ara-panahy, hanararaotra ireo fahafahana tampoka hizara fijoroana ho vavolombelona amin’ireo zanany. Izany fotoana izany dia tsy voatery ho voarindra, voalamina ara-potoana, na voasoratra. Raha ny marina, dia arakaraky ny maha tsy voarindra sy tsy voalamina mialoha ny fizarana fijoroana ho vavolombelona toy izany no maha-lehibe kokoa ny fahafahana mitondra hery ara-panahy sy fiantraikany maharitra. ...

“Ohatra, ny firesadresahana tonga ho azy eo anivon’ny fianakaviana mandritra ny fiaraha-misakafo hariva dia mety ho fomba tsara indrindra ho an’ny ray aman-dreny hitantarana sy hijoroana ho vavolombelona mikasika ireo fitahiana manokana izay noraisiny nandritra ny asa mahazatra nataony tamin’iny andro iny” (David A. Bednar, “Miambena amin’ny faharetana rehetra,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2010, 42).



“Ankatoavy mibaribary araka izay vitanareo ireo fitsipiky ny filazantsara. Tandremo ireo fanekempihavanana izay fantatry ny zanakareo fa nataonareo. Manomeza tsodranon’ny fisoronana. Ary zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananareo! Aza atao fotsiny hoe tsy maintsy hisy hiampita any amin’ny zanakareo ho azy eo ireo finoanareo. ...

“... Fantatry ny zanatsika ve fa tia ny soratra masina isika? Mahita antsika mamaky izany sy manisy marika ao amin’izany ary mankafy ny zavatra hita ao anatin’izany eo amin’ny fiainantsika isan’andro ve izy ireo? Efa nanokatra varavarana tsy nahy ve ny zanatsika ka nahita antsika nivavaka teo am-pandohalihana? Efa naheno antsika ve izy ireo ka tsy nivavaka *niaraka* tamin’izy ireo fotsiny isika fa nivavaka *ho* azy ireo koa noho ny fitiavan-dray aman-dreny fotsiny? Fantatry ny zanatsika ve fa mino ny fifadian-kanina isika ... ? Fantatr’izy ireo ve fa tia mankao amin’ny tempoly isika ... ? Fantatr’izy ireo ve fa tia sy manohana ireo mpitarika eo an-toerana sy ireo mpitarika ny Fiangonana maneran-tany isika na dia tsy tonga lafatra aza izy ireo ... ? Fantatr’ireo ankizy ireo ve fa tiantsika amin’ny fontsika manontolo Andriamanitra ary tsy andrintsika ny hahita ny endrika—sy hiantoraka eo amin’ny tongotr’—ilay Zanany Lahitokana? Mivavaka aho mba hahafantaran’izy ireo izany” (Jeffrey R. Holland, “A Prayer for the Children,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2003, 86–87).

- Ahoana no nahitanao ny ray aman-dreninao na ireo ray aman-dreny hafa nanararaotra ireo fahafahana tampoka mba hampianarana ireo fitsipiky ny filazantsara?
- Nahoana araka ny eritreritrao no manan-danja ho an’ny ray aman-dreny ny miaina mibaribary ny filazantsara?
- Inona no ataonao ankehitriny mba hahatonga ny fahalalanao ny filazantsara ho lalim-paka ka ho afaka ny hampianatra ny fahazavana sy ny fahamarinana amin’ny zanakao ianao?

Mijoroa ho vavolombelona fa ny ray aman-dreny dia afaka “mitaiza ny zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana” amin’ny fitarihana azy ireo hiverina ho any amin’ny Rainy any An-danitra amin’ny alalan’ny fitiavana azy ireo sy fampianarana azy ireo ireo fitsipiky ny filazantsara ary fanaovana ohatra tsara.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Lioka 15:11–20; Efesiana 6:4; 2 Timoty 3:15; 3 Nephi 18:21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–28; 93:36–40.
- Richard G. Scott, “Ataovy Voalohany amin’ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 92–95.
- Jeffrey R. Holland, “A Prayer for the Children,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2003, 85–87.

Ireo fitahiana avy amin'ny vavaky ny mpianakavy, fandalinan'ny fianakaviana ny soratra masina, ary ny takarivan'ny mpianakavy

Rehefa mamaky ireto fampianarana manaraka avy amin'ireo mpitarika ny Fiangonana ireto ianao dia asio tsipika ireo fitahiana azo avy amin'ny fanaovana vavaky ny mpianakavy sy fandalinana ny soratra masina isan'andro ary takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro.

Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy hoe:

"Ry ray aman-dreny, ampio ny zanakareo mba ho voaro amin'ny fanomezana azy ireo fiarovana izay azo avy amin'ny vavaky ny mpianakavy isa-maraina sy isak'alina. ... Arovy amin'ireo fitaoman'izao tontolo izao isan'andro ny zanakareo amin'ny fanafiana hery azy ireo amin'ny alalan'ireo fitahiana mahery vaika izay ateraky ny vavaky ny mpianakavy. Tokony ho laharampahamehana tsy azo iadiana varotra eo amin'ny fiainanareo andavanandro ny vavaky ny mpianakavy.

"... Ataovy ho lafin-javatra manan-danja eo amin'ny fiainanareo andavanandro [ny soratra masina]. Raha tianareo hahafantatra sy hahatakatra ny bitsiky ny Fanahy ny zanakareo ary handray andraikitra mifanaraka amin'izany bitsika izany dia tsy maintsy miara-mandalina ny soratra masina amin'izy ireo ianareo. ... Ny fandalinana tsy tapaka ny soratra masina isan'andro no hahitanareo fiadanana eo anivon'ireo disadisa manodidina anareo sy hery hanoherana ny fakam-panahy. Hanana finoana matanjaka ianareo ao amin'ny fahasovan' Andriamanitra ary hahafantatra fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no hahatonga ny rehetra ho tomombana araky ny fotoan' Andriamanitra" ("Ataovy Voalohany amin'ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 93–94).

Nampianatra i Linda S. Reeves, avy ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany hoe:

"Tsy maintsy mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fitahiana azo avy amin'ny fandalinana soratra masina sy ny vavaka isan'andro ary ny takarivan'ny mpianakavy. Ireo no tena fomba fanao izay hanampy hanala ny fikorontanan-tsaina, hanoro ny fomba hitantanana ny fiainantsika ary hitondra fiarovana fanampiny ho an'ny tokantranontsika" ("Fiarovana amin'ny pôrnôgrafia—Tokantrano mifantoka amin'i Kristy," *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 16–17)."

Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe:

"Ny vavaky ny mpianakavy no fisorohana lehibe indrindra ny fahotana, ary mpitondra fifaliana sy fahasambarana tena mahomby indrindra noho izany" ("Hallmarks of a Happy Home," *Ensign*, nôv. 1988, 69).

Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Iza amin'ireo fitahiana ireo no efa niainanao tao amin'ny fianakavianao na hitanao tao amin'ny fianakaviana hafa?
- Inona no azonao atao amin'izao mba hahazo feno kokoa ireo fitahiana ireo?

"00" (22)

Mamorona fianakaviana mahomby

Fampidirana

"Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," dia mamariparitra ireo fitsipika izay tokony ampianarin'ny ray aman-dreny ny zanany. Ity lesona ity dia hamelabelatra ny andraikitry ny ray aman-dreny mba hampianatra ny zanany momba ny "fanajana, ... ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoana ny tena sy ny

fanahy. Izany ihany koa dia hiresaka momba ny adidin'ny ray aman-dreny "mba hifankatia sy hifanombo, sy hitandrina ny didin' Andriamanitra ary ho olom-pirenena vanona" (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Manampy ny ray aman-dreny hamorona fianakaviana mahomby ny fampianarana ireny fitsipika ireny.

Vakiteny Enti-mandalina

- Jereo ny Dallin H. Oaks, "Good, Better, Best," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2007, 104–8.
- Susan W. Tanner, "Did I Tell You ... ?" *Ensign* na *Liahona*, mey 2003, 73–75.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Ireo fitsipika hahazoana fianakaviana mahomby

Omano amin'ny lesona ireo mpianatra amin'ny fampisehoana ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Filoha David O. McKay (1873–1970):



"Tsy misy fahombiazana hafa afaka misolo ny tsy fahombiazana ao an-tokantrano" (nalaina avy tao amin'ny J. E. McCulloch, *Home: The Savior of Civilization* [1924], 42; tao amin'ny Conference Report, Apr. 1935, 116).

- Raha araka ny zavatra nianaranao tato anatin'ity fandaharam-pianarana ity, inona no sasany amin'ireo fitsipika izay mitondra anjara biriky amin'ny famoronana fianakaviana mahomby?

Mba hanampiana amin'ny famaliana izany fanontaniana izany dia aseho ny vakio mafy izao fanambarana manaraka izao avy ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao":

"Ny fanambadiana sy ny fianakaviana mahomby dia aorina sy voatahiry araka ny fitsipiky ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoana ny tena sy ny fanahy."

Hazavao amin'ny mpianatra fa ny ankamaroan'ireo fitsipika ato anatin'ity fanambarana ity dia efa noresahina tao anatin'ireo lesona teo aloha. Mba hifantohana amin'ireo toetra izay tsy mbola noresahina dia soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao:

Fanjana

Fangorahana

Asa

Fialam-boly mahaso ny tena sy ny fanahy

Zarao ho vondrona kely maromaro ny mpianatra ary omeo iray amin'ireo toetra ireo ny vondrona tsirairay. Asaivo mifanakalo hevitra momba ireto fanontaniana manaraka ireto izy ireo:

Fanjana

- Inona no sasany amin'ireo zavatra tsara izay mitranga ao amin'ny fianakaviana rehefa mampiseho fanajana ho an'ny zanany ny ray aman-dreny? Rehefa mampiseho fanajana ho an'ny ray aman-dreniny ny zanaka? Rehefa mifaneho fanajana ny ray aman-dreny?
- Inona ireo ohatra amin'ny fanehoana fanajana izay azonao zaraina avy amin'ny zavatra niainanao tao amin'ny fianakavianao?

Fangorahana

- Inona ireo fomba vitsivitsy izay ahafahan'ny ray aman-dreny mpianatra ny zanany mba hahatsapa fangorahana ho an'ny olona hafa ao anatin'ny fianakaviana?
- Inona ireo ohatra momba ny fampianarana ny fangorahana izay azonao zaraina avy amin'ny fianakavianao manokana na avy amin'ireo fianakaviana izay fantatrao?

Asa

- Nahoana ny asa no anisan'ny mahatonga ny fianakaviana mahomby?
- Ahoana no ahafahan'ny ray aman-dreny manampy ny zanany mba hahita fy sy fahafaham-po amin'ny asa?
- Inona ireo ohatra momba ny fampianarana ny ankizy mba hiasa izay azonao zaraina avy amin'ny fianakavianao manokana na avy amin'ireo fianakaviana izay fantatrao?

Fialam-boly mahaso ny tena sy ny fanahy

Lazao amin'ity vondrona ity fa rehefa tsy manana afa-tsy fotoana voafetra mba hiarahana miala voly ny mpianakavy dia tsara kokoa ny misafidy ireo fialam-boly manan-danja indrindra. Asao ity vondrona ity mba hamaky izao teny manaraka izao izay nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Rehefa eritreretintsika ireo safidy samihafa dia tokony hotsaroantsika fa tsy ampy ny hoe tsara ny zavatra iray. Tsara kokoa ireo safidy hafa, ary mbola tsara indrindra ny hafa. ...

"Mikasika ny fialam-bolin'ny fianakaviana ny sasany amin'ireo safidy manan-danja indrindra. ... Rehefa misafidy ny fomba hiarahantsika isika amin'ny maha-fianakaviana iray, dia tokony hitandrina mba tsy handany ny fotoana ananana amin'ireo zavatra izay zara raha tsara ka hamela fotoana kely dia kely amin'ny zavatra izay tsara kokoa na tsara indrindra. Nitondra ny fianakaviany tany amin'ireo karazana dia atao mandritra ny fialan-tsasatry rehefa fahavaratra ny

namako iray, ka anisan'izany ny fitsidihana ireo toera-manan-tantara. Rehefa nifarana ny fahavaratra dia nanontany ilay zatovo zanany lahy izy hoe iza amin'ireny fialam-boly mahafinaritra mandritra ny fahavaratra ireny no nankafiziny indrindra. Nianatra avy tamin'ilay valinteny ilay raim-pianakaviana, ary nianatra toy izany koa ireo izay noresahany momba izany. 'Ny zavatra tiako indrindra nandritra ity fahavaratra ity,' hoy ilay zazalahy namaly, 'dia ilay alina iray ka nitsotra teo amin'ny bozaky ny tokontany izaho sy ianao sady nijery ny kintana no niresaka.' Mety ho tsara ho an'ny ankizy ireo fialam-boly miavaka saingy tsy tsara kokoa noho ny fotoana iarahan'ny ray na reny miaraka amin'ny iray amin'ny zanany hatrany izany" ("Good, Better, Best," *Ensign*, nôv. 2007, 104–5).

- Nahoana no afaka manampy antsika hahatakatra ny lanjan'ireo "fialam-boly mahasoana ny tena sy ny fanahy" ao amin'ny fianakaviana iray ny zavatra niainan'ity raim-pianakaviana sy ny zanany lahy ity?
- Ahoana no ahafahan'ny fianakaviana iray miara-miasa mba hahatonga ireo fialam-boly ho manan-danja kokoa?

Angataho ireo vondrona mba hizara ny famintinan'izy ireo ny resadresany amin'ny iray kilasy rehefa avy nomena fotoana ampy.

Omeo ny tahadikana'ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ny mpianatra tsirairay, ary asao ny mpianatra iray hamaky izany mafy:



"Satria 'tsy misy fahombiazana hafa afaka misolo ny tsy fahombiazana' [ao amin'ny fianakaviansika] dia mila mametraka ny ankohonantsika ho laharam-pamehana lehibe isika. Manorina fifandraisana lalina sy feno fitiavana eo anivon'ny fianakaviana isika amin'ny alalan'ny fanaovana zavatra tsotra miaraka toy ny fiarahana misakafo amin'ny ankohonana, ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fiarahana miala voly. Eo amin'ny fifandraisana amin'ny ankohonana, ny *fitiavana* dia tena tononina mihitsy hoe *f-o-t-o-a-n-a* na fotoana. Fanalahidin'ny filaminana ao an-tokantrano ny fifanolorana fotoana ho an'ny tsirairay" ("Of Things That Matter Most," *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 21–22).

- Afaka mizara traikefa iray ve ianao ka nandany fotoana manan-danja niaraka taminao ny rainao na ny reninao na ny olona iray ao amin'ny fianakavianao?

Anontanio ny mpianatra raha toa ka misy te hizara ny eritreriny na ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ny hoe nahoana ho afaka mitahy ny fianakaviana ireo toetra voatanisa eny amin'ny solaitrabe na inona na inona izany.

Deuteronomia 6:4–7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134:5–6; Fanekam-pinoana 1:12

Ny adidin'ny ray aman-dreny mba hampianatra ny zanany

Angataho ny mpianatra mba hizaha ny andiam-pehezanteny fahenina ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," ka hitady ireo zavatra miavaka izay ananan'ny ray aman-dreny adidy mba hampianarina ny zanany. Rehefa mamaly ny mpianatra dia soraty eo amin'ny solaitrabe izao manaraka izao:

Mifankatia sy mifanombo

Mitandrina ireo didin' Andriamanitra

Ho olom-pirenena vanona

Hamafiso izao fitsipika manaraka izao: **Didiana ny ray aman-dreny mba hampianatra ny zanany hifankatia sy hifanompo, hitandrina ireo didin' Andriamanitra, ary ho olom-pirenena vanona.**

Angataho ny mpianatra mba hanokatra ao amin'ny Deoteronomia 4:14. Hazavao fa nirakitra ireo toromarik'i Mosesy ho an'ny zanak'Isiraely momba ny fomba hitandremana ireo didin' Andriamanitra ity toko ity. Asao ireo mpianatra mba hamaky mangina ny Deoteronomia 6:4–7 ka hampitaha ilay hafatra amin'izy ireo amin'ny fanoloana ho anaran'izy ireo isaky ny milaza hoe “ianao,” na “anao” ny soratra masina.

- Nahoana no misy fiantraikany eo amin'ny fahatakaranao ireo andinin-tsoratra masina ireo ny fanoloana ho anaranao?
- Araka ny andininy 7, isaky ny inona no tokony hampianatra ny zanany ny ray aman-dreny?

Tondroy ilay andian-teny hoe “mifankatia sy mifanompo” eny amin'ny solaitrabe. Ifampiresaho ny dikan'izany andian-teny izany ka vakio izao teny manaraka izao izay nataon'ny Filoha James E. Faust (1920–2007) tao amin'ny Fiadidiana Voalohany ary petraho izao fanontaniana manaraka izao:



“Saika ho ny andro rehetra no mitondra fahafahana mba hanatanterahana asa tsy tia tena atao ho an'ny hafa. Tsy voafetra ny asa toy izany ary mety ho tsotra tahaka ny teny feno hatsaram-panahy na tanana manampy, na tsiky feno haja izany” (“What’s in It for Me?” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2002, 21–22).

- Fahafahana firy no anananao isan'andro mba hitiavana sy hanompoana ireo olona ao amin'ny fianakavianao?
- Inona no azonao atao mba ho lasa laharampahamehana ambony kokoa eo amin'ny fiainanao ny fanompoana ireo olona ao amin'ny fianakavianao?

Omeo fotoana ny mpianatra mba hisaintsainana ny zavatra azon'izy ireo atao mba hanompoana kokoa ireo olona ao amin'ny fianakaviany ka hampiseho fitiavana ho azy ireo.

Tondroy ilay andian-teny hoe “mitandrina ireo didin' Andriamanitra” eny amin'ny solaitrabe, ka manontania hoe:

- Nahoana ny ray aman-dreny no ireo olona izay tompon'andraikitra voalohany mba hampianatra ny zanany momba ireo didin' Andriamanitra?

Zarao izao teny manaraka izao izay nataon'ny Rahavavy Susan W. Tanner, izay efa filohan'ny Zatovovavy maneran-tany teo aloha. Hazavao fa nampahatsiahy ny torohevitra izay nomeny ny iray amin'ireo zanany vavy izay vao natao fanambadiana sy manomboka nanorina ny tokantranony ny Rahavavy Tanner tao anatin'ity lahateny ity:



“Jereo ny ohatra tao an-tokantranon'ireo raibe sy renibenao. Samy nitaiza ny 'zanany tao amin'ny fahazavana sy ny fahamarinana' (F&F 93:40) izy ireo. Tranon'ny fianarana [ny tokantrano izay nahalehibe ny rainao]. Niteny izy nandritra ny fandevenana ny rainy fa tsy nianatra fitsipiky ny filazantsara iray tany amin'ny fivoriam-piangonana na oviana na oviana izy ka tsy efa nianatra izany tao an-tokantranony. Famenon'ny tokantranony ny Fiangonana” (“Did I Tell You ... ?” *Ensign* na *Liahona*, mey 2003, 73).

- Ahoana no ahafahanao miomana mba hamorona tranon'ny fianarana—tahaka ilay nofariparitan'ny Rahavavy Tanner—ho an'ny fianakavianao? Inona ireo eritreritra izay mety anananao raha toa ka hiresaka momba izany tokantrano izay nahalehibe azy ireo izany ireo zanaka any aoriana?

Tondroy ilay andian-teny hoe “ho olom-pirenena vanona” eny amin'ny solaitrabe. Lazao ny mpianatra fa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134 dia mirakitra “fanambarana iray momba ny finoana mikasika ny governemanta sy ireo lalàna” (sasintenin'ny fizarana 134). Ampio ny mpianatra mba hahatakatra ny sahan-kevitry'ity fizarana ity amin'ny fangatahana ny mpianatra iray mba hamaky mafy ny sasintenin'ny fizarana. Dia asao ny mpianatra iray avy eo mba hamaky mafy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 134:5–6 ary ny iray hafa mba hamaky ny fanekem-pinoana faharoa amin'ny folo. Angataho ny iray kilasy mba hitady izay nampianarin'ny Tompo momba ireo lalàn'ny tany.

- Inona ireo fampianarana momba ny governemanta sy ireo lalàn'ny tany izay manaitra anao? (Ho torolalana fanampiny dia asao ny mpianatra mba hamaky sy hampifandray ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:21 sy ny 98:4–6.)
- Nahoana araka ny eritreritrao no manan-danja ny hoe ny tokantrano no toerana voalohany hianaran'ny ankizy mankatò ireo lalàn'ny tany?

Zarao izao teny manaraka izao izay nataon'ny Loholona Neal A. Maxwell (1926–2004) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Rehefa miharatsy ny fitaizan'ny ray aman-dreny dia mitombo ny filàna ny mpitandro ny filaminana. Hisy hatrany ny tsy fahampian'ny mpitandro ny filaminana rehefa misy ny tsy fahampian'ny ray aman-dreny mahomby! Torak'izany koa, tsy ho ampy hatrany ny fonja raha toa ka tsy ampy ireo tokantrano tsara” (“Take Especial Care of Your Family,” *Ensign*, mey 1994, 89).

- Ahoana araka ny eritreritrao no ahafahan'ny ray aman-dreny mampianatra ny zanany hankatò ny lalàn'ny tany?
- Mahafantatra olona izay mankatò amin'ny nahim-po sy mampiseho fanajana ireo lalàn'ny tany sy ireo manam-pahefana ao amin'ny governemanta ve ianao? Inona no fiantraikan'izany fitondrantena izany eo amin'ny zanak'izany olona izany araka ny eritreritrao?

Amporisiho ny mpianatra mba haka fotoana mandritra ireo andro manaraka hisaintsainana ireo fitsipika izay tsy maintsy ampianarin'ny ray aman-dreny mba hamoronana fianakaviana mahomby. Angataho izy ireo mba hanao drafitra momba ny fomba hanarahany ireo fitsipika ireo eo amin'ny fiainany amin'izao fotoana izao ka hampiditra izany ao anatin'izay ho fianakaviany.

Vakitenin'ny Mpianatra

- Deuteronomia 6:1–7; Josoa 24:15; Môsià 4:14–15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:21; 98:4–6; 134:5–6; Fanekem-pinoana 1:12.
- Jereo ny Dallin H. Oaks, “Good, Better, Best,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2007, 104–8.

23

Famatsiana ireo zavatra ilaina ara-nofo

Fampidirana

Andriamanitra dia mametraka eo am-pelatanan'ny tsirairay ny andraikitra amin'ny famatsiana ireo zavatra ilain'izy ireo ara-nofo sy ireo zavatra fototra ilain'ny fianakaviany. Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny hamatsy ireo "zavatra ilaina eo amin'ny fiainana" ho an'ny zanak'izy ireo ("Ny Fianakaviana: Fanambarana

ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2010, 129). Amin'ity lesona ity dia hianatra ny fomba ahafahan'ny fitsipiky ny fizakan-tena handray anjara amin'ny fampandehana ireo zavatra ilaina ara-nofo sy ara-panahin'izy ireo ankehitriny sy amin'ny hoavy ireo mpianatra.

Vakiteny Enti-mandalina

- M. Russell Ballard, "Tonga mahaleo tena—Ara-panahy sy Ara-batana," *Ensign*, Martsa. 2009, 50–55.
- Robert D. Hales, "Tonga Mpamatsy Ara-batana sy Ara-panahy amin'ny fitsinjovana ny ho avy," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2009, 7–10.
- Marvin J. Ashton, "Iray ho an'ilay vola," *Ensign*, Sept. 2007, 37–39.
- Tranonkala momba ny Fitsinjovana ny Ho avy, providentliving.org

Sosokevitra Enti-mampianatra

Marka 6:1–3; Lioka 2:51–52

Fizakan-tena

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity: "Amin'ny fomba ahoana no nanomanan'i Jesoa Kristy ny tenany ho amin'ny asa fanompoany teto an-tany?" Asao ny mpianatra hamaky ny Marka 6:1–3 sy ny Lioka 2:51–52, ary hikaroka ireo fomba nanomanan'ny Mpamonjy ny tenany nandritra ny fahazazany mba hanao ny asa fanompoany taty aoriana. Rehefa manome ny valinteniny ireo mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ity lisitra manaraka ity:

Niara-niasa tamin'ny rainy tamin'ny naha-mpandrafitra Azy (ara-piofanana)

Nitombo tamin'ny fahendrena (ara-pahalalana)

Nitombo ara-batana (ara-batana)

Nandroso fitia tamin' Andriamanitra (ara-panahy)

Nandroso fitia tamin'ny olombelona (ara-piarahamonina)

- Ahoana no ahafahan'ny fanarahana ny ohatry ny Mpamonjy amin'ireo sokajy dimy ireo hanampy anao hiomana hahatratra ny zavatra ilainao manokana sy ny an'ireo izay ho fianakavianao any aoriana?

Vakio ity fanambarana izay nataon'ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985) manaraka ity ary asao ny mpianatra hihaino ireo zavatra izay navahan'ny Filoha Kimball ho toy ny andraikity ny Olomasin'ny Andro Farany tsirairay:



“Ny Fiangonana sy ireo mpikambana ao aminy dia nodidian’ny Tompo mba hizaka tena sy tsy hiankin-doha amin’ny hafa. (Jereo ny F&F 78:13–14.)

“Ny andraikitra amin’ny ara-piarahamonina, ara-pihetseham-po, ara-panahy, ara-batana na ara-toekaren’ny tsirairay, voalohany dia miankina amin’ny tenany ihany, faharoa amin’ny fianakaviany, ary fahatelo amin’ny Fiangonana raha toa ka mpikambana mahatoky izy amin’izany.

“Tsy misy Olomasin’ny Andro Farany marina rehefa manana fizakan-tena ara-nofo na ara-pihetseham-po izay hanilika ny enta-mavesany na ny fikarakarana ny fianakaviany amin’ny hafa. Araka izay tratrany, eo amban’ny fanentanam-panahin’ny Tompo sy amin’ny alalan’ny asa ataon’ny tenany manokana, dia tokony hamatsy ireo zavatra ara-panahy sy ara-nofo ilain’ny tenany sy ny fianakaviany eo amin’ny fiainana izy” (*Enseignements des Présidents de l’Eglise: Spencer W. Kimball* [2006], 116).

- Inona no andraikitra hananan’ny tsirairay avy amintsika araky ny voalazan’ny Filoha Kimball?
- Nahoana no zava-dehibe ny “mizaka tena sy tsy miankin-doha amin’ny hafa”? (Tokony hahita izao manaraka izao ny mpianatra: **Rehefa tonga amin’ny fizakan-tena isika dia afaka mamatsy ny tenantsika sy ny fianakaviansika amin’ireo zavatra ara-panahy sy ara-nofo izay ilaina eo amin’ny fiainana.**)

Asao ny mpianatra hizara hoe inona no dikan’ny fizakan-tena ho azy ireo. Ary avy eo dia aseho ity fanambarana nataon’ny Loholona Robert D. Hales avy ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky izany mafy:



Ny fizakan-tena dia ny fandraisantsika andraikitra momba izay hahasoa antsika manokana ara-panahy sy ara-batana sy ny fandraisantsika an’ireo olona izay napetrak’ Andriamanitra hokarakaraintsika mba ho andraikitra. Raha tsy mizaka tena isika, dia tsy afaka ny hanaraka marina ny ohatra nasehon’ny Mpamonjy teo amin’ny fanompoana sy fitahiana ny hafa.

“Zava-dehibe ny mahatakatra fa ny fizakan-tena dia fitaovana iray hanatratrarana tanjona. Ny tanjontsika faratampony dia ny ho lasa tahaka ny Mpamonjy ary ho tratra izany tanjona izany amin’ny alalan’ny fanompoantsika tsy misy tambiny ny hafa. Arakaraka ny halehiben’ny fizakan-tenantsika no hitomboany na hihenan’ny fahafahantsika manompo” (“A Gospel Vision of Welfare: Finoana arahina asa,” *Basic Principles of Welfare and Self-Reliance* [boky, 2009], 1–2).

- Inona no tanjona lehiben’ny fizakan-tena?
- Ahoana no fomba hampihena ny fahafahantsika hanompo ny hafa raha toa ka tsy manana fizakan-tena isika?

Mba hanampiana ireo mpianatra hahatakatra tsaratsara kokoa ny fizakan-tena dia aseho ity fanambarana manaraka ity izay nataon’ny Rahavavy Julie B. Beck, filohan’ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany teo aloha:



Busath.com

“Ahoana no ahafahantsika ho lasa mizaka tena? Lasa mizaka tena isika amin’ny alalan’ny fananana fahalalana sy fandrantoana fianarana ary fahaizana mamaky teny sy manoratra ampy tsara; ary amin’ny alalan’ny fitantanana amim-pahendrena ny vola sy ny fananana, amin’ny alalan’ny fananana fiainam-panahy matanjaka, ny fiomanana amin’ny voina na olana mety hitranga tampoka; ary amin’ny alalan’ny fananana fahasalamana ara-

batana tsara sy filaminana eo amin'ny ara-tsôsialy sy ara-pihetseham-po" ("The Welfare Responsibilities of the Relief Society President," *Basic Principles of Welfare and Self-Reliance*, 4).

Soraty eny amin'ny farany ambony amin'ny solaitrabe ireto teny manaraka ireto: *fianarana, fitantanam-bola, tanjaka ara-panahy, famokarana sy fitehirizana ao an-tokantrano, fahasalamana, sy anton'asa*. Ampianaro ny mpianatra fa ny fizakan-tena dia ahitana ireo sokajy enina ireo ho an'ny fiainana voalanjalanja sy mirindra (Jereo ny *Providing in the Lord's Way: Summary of a Leader's Guide to Welfare* [boky, 2009], 1–2). Makà fotoana fohifohy ho an'ny mpianatra mba hiadian-kevitra amin'ny hoe inona no zavatra azon'ny tanora tokantena atao mba hananany fizakan-tena amin'ireo sokajy rehetra ireo ka ho tsaratsara kokoa ny fahafahany hamatsy ireo zavatra ara-nofo sy ara-panahy ilain'izay ho fianakaviany any aoriana sy mba hanompo ao amin'ny Fiangonana. Soraty eny amin'ny solaitrabe ny valintenin'izy ireo. Mety ahitana izao manaraka izao ireo hevitra misy:

Fianarana: Mahazo mari-pahaizana avy amin'ny oniversite na sekoly iray momba ny varotra, manatsara ny fahazarana mianatra, mianatra ireo fahaiza-manao arak'asa fanampiny, mianatra manamboatra ny simba amin'ireo fitaovana fototra ao an-tokantrano.

Fitantanam-bola: Mandoa am-pahamarinana ny fahafolon-karena sy ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina, mianatra manangana toe-bola sy hifototra amin'izany, mianatra mamehy tena, misoroka ireo trosa tsy ilaina, mandoa ireo trosan'olona, manangom-bola isaky ny fandraisan-karama.

Ny tanjaka ara-panahy: Mivavaka, mandalina soratra masina, mametraka tanjona rehefa mifady hanina, mandeha matetika any amin'ny tempoly.

Famokarana sy fitehirizana ao an-tokantrano: Mianatra ny fomba fitehirizana sakafo, manao tanimboly kely (na dia zava-maniry vitsivitsy fotsiny aza)

Fahasalamana: Mankatò ny Lalàn'ny Tenin'ny Fahendrena, manao fanatanjahantena matetika, misakafo ara-pahasalamana, manao ampy torimaso, mahazo ny antoka ara-pahasalamana.

Anton'asa: Manitra ny fahaiza-manao arak'asa, mampitombo ny fahavononana matanjaka ara-tsaina mba hiasa, manangona ireo mari-pahaizana amin'ny ambaratonga ambony.

- Inona no efa nataonao mba hampitomboana ny fizakan-tenanao amin'ny iray amin'ireo sokajy ireo? Ahoana no fomba nampitomboan'ity ezaka ity ireo fahatsapanao momba ny fizakan-tena sy ny tena maha-ianao anao? Ahoana no fomba nampitomboan'izany ny fahafahanao mamatsy ny tenanao sy mba hanompo bebe kokoa ao amin'ny Fiangonana?

Asao ny mpianatra hametraka tanjona mba hanatsara ny iray amin'ireo sokajy enina ireo.

Malakia 3:8–12; Matio 6:19–21; 1 Timoty 6:7–10; 2 Nefia 9:51; Jakoba 2:13–14, 18–19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:13–18
fitantanana ara-bola

Ampatsahivo ny mpianatra fa indray andro any izy ireo dia ho tonga tompon'andraikitra amin'ny famatsiana ny tenany na angamba amin'ny famatsiana ny

fianakaviana, raha toa ka mbola tsy manao izy ireo amin'izao. Indro, izy ireo dia tsy maintsy mianatra ny ho hendry amin'ireo tombontsoa ara-nofa ananan'izy ireo.

Omeo andraikitra ny mpianatra tsirairay avy hamaky ny sasany amin'ireto andalan-tsoratra masina ireto ary hijery ireo fitsipika izay mifandray amin'ny fitantanana am-pitandremana ny ara-bola.

Malakia 3:8–12 (mankatò ny lalàn'ny fahafolon-karena sy ny fanatitra)

Matio 6:19–21 (misoroka ny fametrahana ny fontsika amin'ny zavatr'izao tontolo izao)

1 Timoty 6:7–10 (mifaly amin'izay ananantsika—“ny fitiavam-bola no fototry ny faharatsiana rehetra”)

2 Nefia 9:51 (aza mandany vola na misasatra amin'ny zavatra tsy misy lanjany)

Jakôba 2:13–14, 18–19 (katsaho ho an'ny tanjona marina ny harena)

Fotopampianarana sy fanekempihavanana 104:13–18 (ampiasao ireo tombontsoantsika hanampiana ny mahantra sy ny tsy manana)

Rehefa ampy ny fotoana nanaovany izany dia asao ny mpianatra mba hizara ny zavatra hitan'izy ireo amin'ny mpianatra. Alaivo antoka fa takatr'ireo mpianatra izao fitsipika manaraka izao: **Amin'ny alalan'ny fampiharana ireo fitsipika feno fahendrena amin'ny fitantanam-bola, ny tsirairay sy ny fianakaviana dia afaka mampitombo ny fampandehanana ny ara-bolan'izy ireo sy ho vonona hanampy ny hafa.**

(Azonao atao ny mampisongadina fa ao amin'ny soratra masina ny Tompo dia mametraka fifandraisana eo amin'ny fahazoana harena sy ny didy mba hanampy ireo mahantra sy sahirana. Ohatra, jereo ny Jakôba 2:18–19 sy ny F&F 104:18.)

- Inona avy ireo fitahiana efa azonao tamin'ny fampiharana ireo fitsipika feno fahendrena tamin'ny fomba fitantanam-bola teo amin'ny fiainanao?

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:78.

Fisorohana ny fanaovana trosa amin'ny zavatra tsy ilaina

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:78. Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary mangataha mpianatra iray hamaky izany mafy:



“Tsarovy izao: ny trosa dia endriky ny fanandevozana. Izany dia mikiky ny toe-karena. Rehefa mividy zavatra amin'ny alalan'ny fitrosana isika, izany dia hanome antsika fahasambarana toy ny nofinofy ihany. Mihevitra isika fa antsika ireo zavatra ireo kanefa raha ny tena marina dia an'ireo zavatra ireo isika.

“Ny trosa sasany—ohatra amin'izany ho an'ny trano tsotra, fandaniana ho an'ny fianarana, ary angamba fiara iray voalohany izay ilaina—dia mety ilaina. Kanefa isika dia tokony tsy hiditra amin'ny fanandevozana ara-bola amin'ny alalan'ny fanaovana trosa tsy am-piheverana ireo vidiny” (“Earthly Debts, Heavenly Debts,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2004, 40–41).

- Nahoana ny trosa no miendrika fanandevozana? (Rehefa mizara ny valinteniny ireo mpianatra dia ampio izy ireo hahatakatra izao fitsipika manaraka izao: **Ny fisorohana ny fanaovana trosa ireo zavatra tsy ilaina dia manampy ny tsirairay sy ny fianakaviana ho afaka amin'ny fanandevozana ara-bola.**) Ny filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) dia nampianatra: “Tsy afaka hisy ny fizakan-tena raha toa ka misy trosa goavana miantona ambonin'ilay tokantrano. Sady tsy manana fahaleovantena na fahafahana avy amin'ny fanandevozana izy

rehefa manan-trosa amin'ny hafa" ("To the Boys and to the Men," *Ensign*, Nôvambra. 1998, 53).

Manasà mpianatra iray hamaky mafy izao torohevitra manaraka izao avy amin'ny Filoha Thomas S. Monson:



"Soroy ny filôzôfia sy ny fialan-tsiny fa ireo rendrarendra mandany vola omaly dia efa tonga toy ny zavatra tena ilaina amin'ny androany. Tsy ho tonga toy ny zavatra tena ilaina izy ireny raha tsy isika no mametraka azy ireny ho toy izany. Maro amin'ireo mpivady vao ao amintsika ankehitriny no te hanomboka amin'ny fananana fiara maromaro sy karazana trano toy ilay niasaran'i Dada sy i Neny nandritra ny androm-piainan'izy ireo ny fahazoana azy. Vokat'izany dia miditra amin'ny fanaovana trosa mandritra ny fotoana maharitra izy ireo izay sahanina amin'ny karaman'olon-droa. Ary angamba tara loatra ny fahitan'izy ireo fa misy ny fiovana, manan-janaka ny vehivavy, mamely ny fianakaviana sasany ny aretina, very ireo asa, mitranga ireo loza voajanahary sy ireo trangan-javatra hafa, tsy hisy intsony ny fanaovana antoka ny fananana mba hindramam-bola, mifototra amin'ny karaman'olon-droa, tsy misy fahombiazana. Zava-dehibe ho antsika ny miaina araka ireo zavatra tena ilaintsika ihany" ("Constant Truths for Changing Times," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2005, 20).

- Inona avy ireo voka-dratsy mety hiseho amin'ny tsirairay na amin'ny fianakaviana ateraky ny tsy fahatakarana ny maha-samy hafa ny rendrarendra sy ny zavatra tena ilaina?
- Inona avy ireo fomba azonao hanavahana ny hoe rendrarendra sy ny zavatra tena ilaina?

Ankaherezo ny mpianatra mba hisaintsaina ireto fanontaniana manaraka ireto ary hanoratra ny valintenin'izy ireo ao amin'ny diariny:

- Inona eo amin'ny lafim-piainana no mety afaka hanananao fizakan-tena bebe kokoa?
- Ahoana no ahafahanao hitantana tsaratsara kokoa ireo tombontsoa ara-nofonanananao?

Vakitenin'ny Mpianatra

- Malakia 3:8–12; Matio 6:19–21; Marka 6:1–3; Lioka 2:51–52; 1 Timoty 6:7–10; 2 Nefia 9:51; Jakoba 2:17–19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56:17; 75:28; 104:13–18, 78.
- Robert D. Hales, "Tonga Mpamatsy Ara-batana sy Ara-panahy amin'ny fitsinjovana ny ho avy," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2009, 7–10.
- Marvin J. Ashton, "Iray ho an'ilay vola," *Ensign*, Sept. 2007, 37–39.

Mpikamban'ny Fiangonana olon-dehibe token-tena

24

Fampidirana

Ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manamafy ireo fitahiana mandrakizay azo amin'ny alalan'ny fanambadiana sy ny fifandraisan'ny fianakaviana. Mbola maro tokoa ireo mpikamban'ny Fiangonana no mihevitra ny tenan'izy ireo ho ao anatin'ny toe-javatra izay tsy hananan'izy ireo fahafahana hanambady sy hanana fianakaviana amin'izao fotoana izao. Ity

lesona ity dia manamafy fa ireo mpikamban'ny Fiangonana token-tena dia mandray anjara goavana ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra. Na dia misy fahatarana aza ny fahatongavan'ireo fitahian'ny fanambadiana indraindray, dia tsy holavina velively izy ireny ho an'ireo izay mitandrina am-pahamarinana ireo fanekempihavanana nataony tamin' Andriamanitra.

Vakiteny Enti-mandalina

- Gordon B. Hinckley, "Tafatafa niarahana tamin'ireo olon-dehibe token-tena," *Ensign*, Mar. 1997, 58–63.
- Spencer J. Condie, "Manambara ny fisian'ireo fampanantenana lehibe sy sarobidy tokoa," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2007, 16–18.

Sosokevitra Enti-mampianatra

1 Korintiana 12:12–20, 25–27

Mpikambana token-tena ao amin'ny fianakaviana iray mazoto ao am-piangonana

Asao ny mpianatra hizara ireo fanamby mety hosedrain'ireo mpikamban'ny Fiangonana token-tena rehefa mandray anjara ao amin'ny paroasy na sampana izay ahitana mpikambana maro efa manam-bady aman-janaka. (Ireo mpikamban'ny Fiangonana token-tena dia mety hahatsapa hakiviana sy ho irery na koa hoe tsy tafiditra amin'ireo fampianarana mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana amin'ireo fivoriana sy kilasy misy.)

- Araka ny hevitrao, ahoana no fomba ahafahan'ireo mpikamban'ny Fiangonana hafa manampy ireo olon-dehibe token-tena hahatsapa fa manan-danja izy ireo ary tafiditra ao amin'ireo fivoriana sy fiaraha-mientan'ny Fiangonana?

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Filoha Howard W. Hunter ity (1907–95), ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy izany:



"Natao ho an'ny mpikambana rehetra ny Fiangonana. ... Isika rehetra, na manam-bady na token-tena, dia samy manana ny maha-izy azy sy samy manana ny zavatra ilainy avokoa, eo anivon'izany ny faniriana mba horaisina toy ny zanak' Andriamanitra sarobidy. ...

"Ity dia fiangonan'i Jesoa Kristy, fa tsy Fiangonana ho an'ireo olona manam-bady na token-tena na ihany koa hoe Fiangonana ho an'ny vondron'olona hafa na olon-tokana" ("The Church Is for All People," *Ensign*, Jona, 1989, 76).

Hazavao fa ny Apôstôly Paoly dia nampitaha ny Fiangonana amin'ny vatan'olombelona sy ny mpikambana tsirairay ao amin'ny Fiangonana amin'ireo faritra samy hafa amin'ny vatana. Manasà mpianatra vitsivitsy hifanesy hamaky mafy ny 1 Korintiana 12:12–20 ary ny ambiny rehetra kosa hikaroka ny fomba nampitahan'i Paoly ny mpikamban'ny Fiangonana amin'ireo faritra samy hafa amin'ny vatana.

- Inona avy ireo olana mety hosedraintsika raha toa ka misy ampahany iray na maromaro tsy ampy amin'ny vatantsika?
- Inona no fitsipika izay ampianarin'ny fanoharana nataon'i Paoly antsika momba ny Fiangonana sy ny mpikambana ao aminy? (Mety hahita fitsipika manan-danja vitsivitsy ireo mpianatra. Alaivo antoka ny fanamafisana ireto fitsipika manaraka ireto: **Ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra dia manan-danja ary afaka manao fandraisana anjara goavana ao amin'ny Fiangonana.**)
- Inona avy ireo fandraisana anjara tao amin'ny Fiangonana efa hitanao nataon'ireo mpikamban'ny Fiangonana tokan-tena avy ao amin'ny paroasy na sampana misy anao?

Mangataha mpianatra iray hamaky ny 1 Korintiana 12:25–27. Asao ny iray kilasy hikoroka ny zavatra azon'ny mpikamban'ny Fiangonana atao mba hanjary hiray hina.

- Inona no zavatra azon'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra atao, na ny manambady na ny tokan-tena, mba hifanampy ka hahatsapa fa miray hina amin'ireo mpikambana avy amin'ny paroasy na sampana hafa?

Asehoy ity fanambarana avy amin'i Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity :



"Isika rehetra dia anisan' ilay fiarahamonin'ny olomasina, mifampiankina isika, ary samy manao ezaka hanatratrarana tanjona mitovy. Ny tsirairay amintsika dia mety afaka hanasaraka ny tenantsika amin'ny fianakavian'ny [paroasy na sampana misy antsika] noho ny tsy fitoviana misy. Fa tsy tokony kosa isika hanakatona na hanasaraka ny tenantsika amin'ireo fahafahana noho ny fahasamihafana tsikaritsika amin'ny tenantsika. Fa andeha kosa isika hizara ireo fanomezana sy talentantsika amin'ny hafa, hitondra fifaliana sy fanantenana mamirapiratra ho azy ireo, ary ny fanaovana izany dia hanandratra ny fanahintsika ho ambonimbony kokoa" ("Belonging to a Ward Family," *Ensign*, Marsa 1996, 16).

- Ahoana no nanampy anao hahatsapa ho miray hina bebe kokoa amin'ny mpikambana hafa ireo ezaka nataonao mba hanaiky ireo antso sy handray anjara ao amin'ny paroasy na sampana misy anao?

Hebreo 11:1, 6, 8–13, 16

Miandry ireo fitahiana nampanantenaina

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity, ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy izany:



"Ireo tokan-tena dia tokony haniry ny fanambadiana any amin'ny tempoly ary hanao laharampahamehana ireo ezaka atao mba hahazoana io. Ireo zatovo sy tanora tokan-tena dia tokony hanohitra ireo foto-kevitra marina ara-politika fa diso kosa amin'ny fomba fijery ny mandrakizay izay mampidina ny lanjan'ny fanambadiana sy ny fananan-janaka" ("Faniriana," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2011, 45).

- Nahoana araka ny hevitrao no mahatsapa hakiviana ireo mpikambana tokan-tena sasany rehefa misaintsaina ny fotopampianarana fa "ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy vehivavy dia tendrin' Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany"? ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2010, 129).

Hazavao fa na dia lafatra aza ny fanambadiana sy ny fianakaviana, dia maro amin'ireo olon-dehibe tokan-tena mpikamban'ny Fiangonana no tsy mahazo antoka raha toa ka hanambady izy ireo na tsia. Ireo izay efa nisara-bady na mananontena dia mety misaintsaina raha toa ka hanambady indray izy ireo.

Vakio mafy izao fanambarana manaraka izao izay nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary asao ny mpianatra hikaroka ny zavatra nataon'ny Mpamonjy mba hahatanteraka ireo fitahiana mandrakizay ho an'ireo izay tsy manana ny fitahiana avy amin'ny fanambadina sy ny fianakaviana:



“Ny fanambarana ny fahamarinana fototra mikasika ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia tsy midika akory hoe tsy miraharaha na manambany ny fahafoizantena sy ny fahombiazana asehon'ireo izay tsy mbola afaka miaina io rafitra tena tsara io amin'izao fotoana izao. Ny sasany aminareo dia tsy afaka mahazo ireo fitahiana avy amin'ny fanambadiana noho ny antony maro ka tafiditra ao anatin'izany ny tsy fisian'ny olona mendrika azo alaina ho vady, ny fironana any amin'ny fiarahan'ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy, ny fahasembanana ara-batana na ara-tsaina, na fahatahorana tsotra ny tsy fahombiazana izay manarona ny finoana na amin'izao fotoana izao fotsiny aza. Na mety efa nanambady ianao fa nitsahatra izany fanambadiana izany ary lasa ianao ireny no misahana zavatra izay na olon-droa miaraka aza zara raha mahavita izany. Ny sasany aminareo izay manambady dia tsy afaka mahazo zaza na dia manam-paniriana lehibe sy mitalaho amam-bavaka aza.

“... Mijoro ho vavolombelona amim-pahatokiana isika fa efa noraisin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy an-tanana mialoha ary, amin'ny farany, honerany daholo ny fihafiana sy ny famoizan-javatra rehetra nozakain'ireo izay mitodika any Aminy. Tsy misy na iza na iza voafidy mialoha mba hahazo kely kokoa noho ny zavatra rehetra omen'ny Ray ny zanany” (“Nahoana no ilaina ny manambady sy manorina fianakaviana,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2015, 52).

- Inona no fotopampianarana ampianarin'ny Loholona Christofferson mikasika ny hoe iza no handray ireo fitahiana lehibe indrindra avy amin' Andriamanitra? (Soraty eny amin'ny solaitrabe izao fotopampianarana manaraka izao: **Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no hahafahan'ny tsirairay avy amintsika mandray ireo fitahiana rehetra nampanantenain'ny Raintsika any An-danitra amin'ny farany.**)
- Inona no zavatra tsy maintsy ataon'ny olona iray mba hahazoany ilay fanantenana izay voalaza ao amin'io fotopampianarana io?

Asehoy izao teny manome toky avy amin'ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985) manaraka izao, ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy izany:



“Mampanantena anareo izahay fa raha ny momba mandrakizay no jerena, dia tsy hisy fanahy ho very ireo fitahiana feno sy avo ary mandrakizay noho ny zavatra izay vokatry ny toe-javatra nisy teo aminy fa tsy noho ny safidiny, fa ny Tompo dia tsy hivadika na oviana na oviana amin'ireo fampanantenany, ary any aoriana any ny olo-marina rehetra dia hotolorana ny zavatra rehetra izay natao ho azy avy kanefa very taminy tsy noho ny hadisoany” (“The Importance of Celestial Marriage,” *Ensign*, ôkt. 1979, 5).

Mijoroa ho vavolombelona fa na dia misy fahatarana aza ny fahatongavan'ireo fitahiana avy amin' Andriamanitra indraindray, dia tsy holavina velively izy ireny any amin'ny mandrakizay ho an'ireo izay mikatsaka ny miaina am-pahamarinana.

Asao ny mpianatra hisaintsaina ny ohatra tamin' i Abrahama sy i Saraha, izay nandray ireo fampanantenana avy amin' Andriamanitra mikasika ny fianakavian'izy ireo izay taraiky na tsy tanteraka nandritra ny fiainan'izy ireo teto an-tany (jereo ny Genesisy 13:14–17; 15:4–7; 17:1–8, 15–16). Ampahatsiahivo ireo mpianatra fa tahakan'i Abrahama sy i Saraha, indraindray dia misy ireo fotoana hitsapàna ny finoantsika amin'ny alalan'ireo fampanantenana izay tonga tara na tsy tanteraka mihitsy aza mandritra ny fiainana eto ambonin'ny tany.

Mangataha mpianatra iray hamaky mafy ny Hebreo 11:1, 6 ary ny mpianatra kosa mandritra izany hikaroka ny famaritana ny *finoana*.

- Inona no mpianarin'ireo andinin-tsoratra masina ireo mikasika ny dikan'ny finoana? (Ampahatsiahivo ny mpianatra hijery ao amin'ny andininy 1, fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy *b*, izay milaza fa ny *zavatra* dia mety hidika ihany koa hoe *antoka*, ny *manan-danja indrindra*, na *fototra*. Aza adinoina ny manampy ireo mpianatra hampitombo ny fahaizana mandalina soratra masina manokana amin'ny alalan'ireo fitaovana enti-mandalina mandritra ny mpianatra.)
- Midika inona ilay fehezanteny manao hoe “fanehoana ny zavatra tsy hita”? (Ny finoana dia fahatokiana na fijoroana ho vavolombelona amin'ireo zavatra tsy hita nefa misy. Ity fahatokiana ny zavatra tsy hita maso sy antenaina ity dia tonga rehefa mampihatra sy manaja ny fitsipiky ny filazantsara ihany isika—ary indrindra rehefa sarotra ny manatanteraka izany. Ny finoana dia asa mifono fankatoavana izay miafara amin'ny fanomezana ara-panahin'ny fijoroana ho vavolombelona. Izany dia fananana finoana sy fahatokisana ampy ny Tompo mba hankatò Azy na dia tsy mahita izay mety ho vokany aza amin'ny voalohany.)

Manasà mpianatra vitsivitsy hifanesy hamaky mafy ny Hebreo 11:8–13, 16 ary ny ambiny rehetra kosa hikaroka ny fomba nampiharan'i Abrahama sy i Saraha ny finoan'izy ireo nandritra ireo toe-javatra sarotra. Torohy hevitra ireo mpianatra mba hanipika ireo teny na fehezanteny izay maneho ny fomba nampiharan'i Abrahama sy i Saraha ny finoan'izy ireo.

- Ny andininy 13 dia milaza fa na dia maty tsy naharay “ireo fampanantenana” aza i Abrahama sy i Saraha ary ireo olona hafa, dia tazan'izy ireo “avy lavitra” izany ary nanana finoana izy ireo amin'ny fahaizan' Andriamanitra manatanteraka ireo fampanantenana ireo. Amin'ny fomba ahoana no hanampian'ny ohatra avy amin'ireo olomasina taloha ireo ny olomasina maoderina izay manana fitsapinoana noho ny tsy fahazoana ireo fitahiana nampanantenaina amin'ity fiainana ity? (Isika rehetra dia tsy maintsy mianatra ny antony ilana ny fampiharana ny finoana sy ny fankatoavana ny didin'ny Tompo na dia toy ny tsy ho tonga aza ireo fitahiana izay antenaintsika rehefa maniry azy ireo isika.)
- Inona araka ny eritreritrareo ny dikan'ny hoe “Ireo vahiny sy mpandalo”? (Izy ireo dia nahafantatra fa ity fiainana mety maty ity dia mandalo fotsiny ihany ary ity tany ity dia tsy ilay toerana fonenan'izy ireo.)

Asehoy izao fanambarana nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka izao:



“Ny fitahiana sasany dia tsy maharitra ela dia mirotsaka, ny sasany somary taraiky, ary ny sasany kosa dia tsy mirotsaka mihitsy raha tsy any an-danitra; fa hoan'ireo izay manaiky ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy, *dia mirotsaka ihany izy ireo*. Izany no

hanomezako teny vavolombelona manokana” (“An High Priest of Good Things to Come,” *Ensign*, nôvambra 1999, 38).

- Nahoana ny fahalalana fa tsy misy fitahiana ho lavina ho an'ireo izay mahatoky no afaka manampy ireo mpikamban'ny Fiangonana izay mahatsapa alahelo na fahadisoam-panantenana satria tsy manam-bady na manan-janaka izy ireo?
- Afaka mieritreritra fotoana iray izay nahatsapanao hakiviana ve ianao kanefa nisafidy ihany ny hampihatra finoana sy handroso hatrany teo amin'ny fiainanao?

Raha mbola misy ny fotoana dia zarao izao toro-hevitra avy amin'ny Loholona Dallin H. Oaks manaraka izao:



“Raha toa ianao ka mijery fotoana fotsiny ihany hieritreretana hanatanterahana ny fanambadiana, dia atsaharo ny fiandrasana. Mety tsy hanana mihitsy ny fahafahana hanao fanambadiana manara-penitra ianao amin'ity fiainana ity, koa atsaharo ny fiandrasana ary mirosoa amin'izay. Omano ny tenanao amin'ny fiainana—na dia fiainana samirery aza—amin'ny alalan'ny fianarana, fananana traikefa, ary fanaovana drafitra. Aza miandry ny fahasambarana hatosika any amina. Katsaho izany amin'ny alalan'ny fanompoana sy ny fianarana. Amboary ny fiainanao. Ary matokia ny Tompo” (“Dating versus Hanging Out,” *Ensign*, Jona 2006, 14).

Ampaherezo ireo mpianatra hitady fomba izay ahafahan'izy ireo mampitombo ny finoany an'i Jesoa Kristy sy hahatoky ny fahaizany manatanteraka ireo fitahiana nampanantenaina.

Vakitenin'ny Mpianatra

- 1 Korintiana 12:12–20, 25–27; Hebreo 11:1, 6, 8–13, 16.
- Gordon B. Hinckley, “Tafatafa niarahana tamin'ireo olon-dehibe tokan-tena,” *Ensign*, Mar. 1997, 58–63.
- Spencer J. Condie, “Manambara ny fisian'ireo fampanantenana lehibe sy sarobidy tokoa,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2007, 16–18.

25

Fampiharana finoana ao anatin'ny toe-javatra sarotra lalovan'ny fianakaviana

Fampidirana

"Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" dia mitanisa fa ny "fahasembanana, ny fahafatesana na ny toe-javatra hafa misy [ny fianakaviana] dia mety hitaky fanatsarana avy amin'ny tsirairay. Ireo havana dia tokony hanome fanampiana raha

ilaina" (*Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2010, 129). Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manome hery sy fomba fijery hahafahana manatanteraka ireo fanatsarana ilaina rehafa mitranga ireo toe-javatra sarotra.

Vakiteny Enti-mandalina

- David A. Bednar, "Ny Sorompanavotana sy ilay Dia eto An-tany," *Ensign*, Apr. 2012, 40–47.
- "Strengthening the Family: Adapting to Circumstances," *Ensign*, Des. 2005, 34–35.

Sosokevitra Enti-mampianatra

1 Nefia 16:34–39; 17:1–4

Fandaminana atao amin'ireo toe-javatra sarotra misy ny fianakaviana.

Manomboha ny fotoam-pianarana amin'ny alalan'ny fanazavana fa ireo mpitarika ny Fiangonana amin'ny ankapobeny dia mampianatra antsika ny fomba hanatanterahana sy hitazomana ny foto-kevitra lafatra—ahitana ny fanambadiana sy ny fianakaviana lafatra. Kanefa amin'ireo trangan-javatra sasany, ny toe-piainana dia manakana antsika tsy hahatanteraka izany foto-kevitra lafatra izany. Mangataha mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Amin'ny alalan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia mianatra isika fa misy ny *fianakaviana lafatra*. Izany dia fianakaviana ahitana mpihazona Fisoronana Melkizedeka iray marina miaraka amin'ny vady marina izay nofehezina taminy ary ireo zanaka teraka tao amin'ny fanekempihavanana na nofehezina tamin'izy ireo. Ahitana reny izay ao anatin'ny tontolon'ny fitiavana sy fanompoana ao amin'ilay tokantrano, mampianatra ny zanaka, amin'ny alalan'ny ohatra sy fitsipika, ny lalan'ny Tompo sy ny fahamarinany ireo ray aman-dreny. Manatanteraka ny andraikitra masina izay nanendrena azy izy ireo izay voalaza ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana. Mihamatotra ny zanak'izy ireo amin'ny alalan'ny fiainana tsikelikely ireo fampianarana hatramin'ny nahaterahana. Izy ireo dia mampitombo ireo toetran'ny fankatoavana, fahamarinan-toetra, fitiavana an' Andriamanitra, ary finoana ny drafiny masina" ("First Things First," *Ensign*, Mey 2001, 7).

- Inona avy ireo trangan-javatra na toe-piainana izay mety hanakana antsika farafahakeliny indray mandeha tsy hahatanteraka ny fiainam-pianakaviana ho lafatra. (Mety ahitana ireto manaraka ireto ny valinteny azo: fahafatesana, fahasembanana, fisaraham-bady, tsy fahafahana hanan-janaka, fahaverezan'asa, ary ny ray aman-dreny izay manao asa maro.)

- Asao ny mpianatra hiaroka ny andininy fahafito ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana ary hijery ireo zavatra antenain'ny Ray any An-danitra hataontsika raha toa ka tsy lafatra ny fiainam-pianakaviansika:

"Ny kilema, ny fahafatesana, na ny toe-javatra hafa dia mety ilàna ny fandaminana avy amin'ny tsirairay. Ireo havana dia tokony hanome fanampiana raha ilaina izany" ("Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2010, 129).

Ary avy eo dia vakio izao fanambarana manaraka izao ary angataho ny mpianatra hiaroka ireo karazana fifandaminana izay mety ilain'ireo fianakaviana hatao rehefa mitranga ireo olana:

"Ao anatin'ny tontolo lafatra dia ho faly ao amin'ny fanambadiana ireo olon-dehibe, ho voatahy amin'ny fanana-janaka ireo fanambadiana rehetra, ary hanana fahasalamana, mankatò sy mifanohana avokoa ny mpikamban'ny fianakaviana rehetra. Saingy ny fiainana dia tsy ho lafatra mandrakariva. Misedra fijaliana ny tsirairay, ary tsy misy ny fotoana izay lanian'ny fianakaviana miaraka eto amin'ity fiainana ity tsy hisian'ny olana. ...

"Ny aretina, ny fahasembanana, ny fahafatesana, ny fisaraham-bady, sy ireo antony maro mampisy fikorontanana dia afaka miteraka olana. Amin'ny toe-javatra toy izany dia mety ilaina ny fifandaminan'ny tsirairay amin'ny fanaovana ireo andraikitra. Mety ilain'ny ray iray ny manao raharaha fanampiny sy mandray andraikitra amin'ny fitaizana, na mety ilain'ny reny iray izay efa manao ny fikarakarana rehetra ao an-tokantrano ny manampy amin'ny fitadiavana. Na dia ireo zanaka aza dia mety ilaina mba hanaiky ireo andraikitra vaovao.

"Rehefa mitranga ireo toe-javatra mampisy fikorontanana dia mety ilaina ireo havana mba hanampy. Ny fanampiana dia mety alamina manomboka amin'ny fanohanana ara-bola ka hatramin'ny fanomezana fotoana mba hikarakarana ireo ankizy, hanampiana amin'ireo raharaha tokony ho vitaina na hikarakarana olona iray marary na sembana ao amin'ilay fianakaviana. Ny habetsaky ny fandraisana anjara ataon'ireo havana dia miankina amin'ny toe-java-misy sy ny zavatra ilain'ilay fianakaviana" ("Strengthening the Family: Adapting to Circumstances," *Ensign*, Des. 2005, 34–35).

- Inona avy ireo fifandaminana mety ilain'ny fianakaviana na ny tsirairay hatao rehefa mitranga ireo olana?
- Inona avy ireo zavatra efa hitanao nataon'ireo fianakaviana na ny tsirairay mba handaminana sy hijanonana ho matanjaka rehefa miatrika toe-javatra sarotra sy mikorontana?
- Oviana no efa nahitanao ny havan'ny fianakaviana iray nanolotra fanampiana sy fanohanana rehefa nilaina izany?

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Merrill J. Bateman ao amin'ny Fitopololahy: Asao ny iray kilasy hihaino ny zavatra afaka hanampy ireo fianakaviana izay miatrika toe-javatra sarotra araka ny lazain'ny Loholona Bateman.



"Ireo fitsapana sy fahoriana dia manana endrika maro: ny fahafatesan'ny olon-tiana, ny fanambadiana izay mifanohitra amin'ny zavatra nantenaina, tsy fisian'ny fanambadiana, fisaraham-bady, zaza teraka miaraka amin'ny fahasembanana, tsy fananan-janaka, fahaverezan'asa, ireo ray aman-dreny izay manao hadisoana, zanakalahy na zanakavavy mania, tsy fahasalamana. Tsy misy fiafarana ny lisitra. Nahoana Andriamanitra no mamela ny fahadisoam-panantenana, ny fanaintainana, ny fijaliana, sy ny fahafatesana hisy ao amin'ny drafiny? ...

“Ny fahatakarana ny drafitry ny Famonjena, ny fiainana talohan'ny nahaterahana, ny fiainana antany, sy ny fiainana aorian'ny fahafatesana dia mitondra fomba fijery hafa” (“Living a Christ-Centered Life,” *Ensign*, Jan. 1999, 13).

- Ahoana no fomba ahafahan'ny fahatakarana ny drafitr' Andriamanitra hanomana ireo fianakaviana hiatrika olana? Soraty eny amin'ny solaitrabe izao fitsipika manaraka izao: **Ny fahatakarana ny drafitry ny Tompo dia hamela ireo fianakaviana hiatrika ireo olana eto an-tany amin'ny finoana izay mitombo sy amin'ny fomba fijery mandrakizay.**)
- Ahoana no hanomezan'ny fomba fijery araka ny filazantsara antsika risi-po hanao fandaminana eny fa na dia hisahana andraikitra vaovao ao amin'ny fianakaviana aza raha toa ka ilaina izany?

Anontanio ny mpianatra raha misy fianakaviana azony eritreretina avy ao amin'ny soratra masina izay niatrika olana ary nandray fanampiana masina mba handresena na hiaretana izany. Ampahatsiahivo momba ny fianakavian'i Lehia sy i Ismaela ny mpianatra, izay nanao dia namakivaky ny tany foana rehefa nandao an'i Jerosalema. Asao ny mpianatra hisaintsaina ny sasany tamin'ireo olana izay mety natrehan'ireto fianakaviana ireto nandritra ny diany nankany amin'ny tany nampanantenaina ary avy eo hizara ny heviny amin'ny mpianatra.

Manasà ankizy vitsivitsy hifandimby hamaky ny 1 Nefia 16:34–39 sy ny 17:1–4 amin'ny feo avo. Asao ny mpianatra hihaino ireo ohatra mahakasika ny fomba niatrehan'ireo mpikambana samy hafa tao amin'ny fianakavian'i Lehia sy i Ismaela ireo olana nisy.

- Nahoana araka ny hevitrao no afaka nanohy am-pinoana sy nahatoky an' Andriamanitra ny sasany tamin'ireo mpikamban'ny fianakavian'i Lehia sy i Ismaela raha toa ka nimonomonona kosa ny sasany noho ny fahasarotana nananan'izy ireo?
- Inona avy ireo fomba efa nahitanao ny fahalalana sy ny fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara izay nitahy ireo fianakaviana misedra olana?

Araka ny bitsiky ny Fanahy sy ny zavatra ilain'ny mpianatrao dia azonao atao ny mizara ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Mandritra ny fiainanao eto an-tany dia katsaho amim-pahazotoana ny hanatanteraka ireo tanjona fototr'ity fiainana ity *amin'ny alalan'ny fianakaviana lafatra*. Mety tsy mbola tonga amin'izany foto-kevitra lafatra izany ianao, ataovy izay rehetra azonao atao amin'ny alalan'ny fankatoavana sy ny finoana ny Tompo mba hanakaiky kokoa izany ianao araka izay vitanao. Aza avela hisy zavatra hamily anao tsy hahatratra izany tanjona izany ... Aza manao na inona na inona mety hahatonga anao tsy ho mendrika izany. Raha toa ka very ny fibanjinanao ny fanambadiana mandrakizay, dia avereno izany. Raha mitaky faharetana ny fanatanterahana ny nofinofinao, dia omeo izany” (“First Things First,” 7).

Ohabolana 3:5–6; Matio 11:28–30; Môsià 24:8–16; Fotopampianarana sy Fanekepiahavanana 121:7–8

Rehefa manatona an'i Kristy isika, dia hampahatanjaka antsika izy

Ampahatsiahivo ny mpianatra ny tantara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna rehefa nandositra ny miaramilan'ny Mpanjaka Noà i Almà sy ny olony ary nanangana tanàna iray izay niaina tamim-pahamarinana. Rehefa niaina tao anatin'ny fiadanana i Almà sy

ny olony nandritra izany fotoana izany dia hitan'ny miaramilan'ny Lamanita izay nametraka azy ireo ao amin'ny famatorana. Rehefa nino sy nanam-paharetana i Almà sy ny olony, dia nanamaivana ny entany ny Tompo ary nanafaka azy ireo tamin'ny fanandevozana tamin'ny farany.

Asao ny mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky ny Môsià 24:8–16 amin'ny feo avo. Asao ny iray kilasy haka sary an-tsaina ny fomba mety niantefan'ireo fahasarotana nisy ireo tamin'ny fianakavian'i Almà sy ny olony izay hita ao amin'ireo andalana ireo. (Mariho fa ny fakana sary an'eritreritra dia fomba iray fandalinana soratra masina izay hahafahana mampiana sy mamelona kokoa ireo tantara ao amin'ny soratra masina ho an'ny mpamaky.) Asao ihany koa ny iray kilasy hiaroka ny zavatra nataon'i Almà sy ny olony izay nahafahan'izy ireo niatrika ampahombiazana ny fahasarotana izay nananan'izy ireo.

- Rehefa avy nisaintsaina ireo trangan-javatra hita ao amin'ireo andalana ireo, ahoana araka ny hevitrao no fomba niantefan'izany tamin'ireo fianakaviana ireo?
- Inona no zavatra nataon'ny olon'i Almà nahafahany nahazo ny fanampian'ny Tompo (Na dia mahita fitsipika manan-danja vitsivitsy aza ireo mpianatra, dia hamafiso izao manaraka izao: **Rehefa mampihatra finoana sy faharetana isika ao anatin'ny fahoriantsika ary miantso an' Andriamanitra, dia afaka ny hanatanjaka antsika Izy mba ahafahantsika hitondra amim-pahamorana lehibe ireo enta-mavesatra ananantsika**)
- Araka ny hevitrao, ahoana no fomba nampahatanjahan'ny Tompo azy ireo ka “nahafahan'izy ireo nitondra mora foana ny enta-mavesany”?

Mangataha mpianatra iray hamaky amin'ny feo avo ity fanambarana manaraka ity, izay iresahan'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mahakasika ny tantaran'ireo olon'i Almà:



Inona no novaina tao anatin'izany toe-javatra izany? Tsy niova ilay enta-mavesatra ary tsy tonga dia nesorina teo amin'ny olona ireo olana sy fahasarotana noho ny fanenjehana. Saingy nampahatanjahana i Almà sy ireo mpanara-dia azy ary ilay heriny sy tanjany izay nitombo dia nahatonga ilay enta-mavesany ho maivana kokoa. Ireo olona tsara ireo dia nampahatanjahana tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana mba *hanao asa* toy ny mpandraharaha ary hitondra *fiantraikany* eo amin'ny toe-javatra iainan'izy ireo. Ary 'tamin'ny herin'ny Tompo' no nitarihana soa aman-tsara an'i Almà sy ny olony tany amin'ny tanin'i Zarahemla ("Ny Sorompanavotana sy ilay dia eto An-tany," *Ensign*, Aprily 2012, 44).

- Nahoana no zava-dehibe ny mahita fa ny Tompo dia tsy manaisotra lalandava ireo enta-mavesatry ny tsirairay sy ny fianakaviana na manala tanteraka ireo olana na mamela antsika hiaina ao anatin'ny toe-pianana lafatra?
- Inona avy ireo fomba ahafahan'ny fahalalantsika an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany mampahery antsika hiasa am-pinoana rehefa mifanehatra amin'ny toe-javatra sarotra hiainan'ny fianakaviana isika?

Mba hanampiana amin'ny famaliana ity fanontaniana ity dia aseho izao fanambarana nataon'ny Loholona Steven E. Snow avy ao amin'ny Fitopololahy manaraka izao, ary mangataha mpianatra iray hamaky izany amin'ny feo avo:



“Ny fanantenantsika ao amin’ny Sorompanavotana dia manome hery antsika hanana fomba fijery ny mandrakizay. Ny tanjona toy izany dia mamela antsika hanana fomba fijery mihoatra ny fiainana eto sy ny ankehitriny amin’ny fampanantenana ho amin’ny mandrakizay” (“Fanantenana,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2011, 54).

Soraty eo amin’ ny solaitrabe ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto: Asao ny mpianatra handalina ireto andalan-tsoratra masina ireto ary hijery ireo fampanantenana izay natao ho an’ireo maharitra am-pitokiana amin’ireo fitsapana.

Ohabolana 3:5–6

Matio 11:28–30

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7–8

- Ahoana ny fomba hanampian’ny fitadidiana ireo fampanantenana ireo ny fianakaviana izay miatrika ireo fanamby?

Rehafa mamarana ny lesona ianao, dia asao ny mpianatra hisaintsaina fotoana iray izay nahatsapan’ny fianakavian’izy ireo fa nampahatanjaka azy ireo ny finoana an’ Andriamanitra na notahiana noho ny fahalalany ny filazantsaran’i Jesoa Kristy izy ireo na dia teo aza ireo fahasarotana nisy. Asao ny mpianatra izay terem-panahy hizara traikefa izay azony zaraina amin’ny mpianatra. Ankaherezo ny mpianatra hanoratra ny fijoroana ho vavolombelona ananan’izy ireo mikasika ny fomba ahafahan’ Andriamanitra mitahy sy manatanjaka ny fianakaviana ao amin’ny diarin’izy ireo.

Vakitenin’ny Mpianatra

- *Ohabolana 3:5–6; Matio 11:28–30; 1 Nefia 16:34–39; 17:1–4; Môsîà 24:8–16; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:7–8.*
- David A. Bednar, “Ny Sorompanavotana sy ilay Dia eto An-tany,” *Ensign*, Apr. 2012, 40–47.
- “Strengthening the Family: Adapting to Circumstances,” *Ensign*, Des. 2005, 34–35.

Tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra

26

Fampidirana

Ireo mpaminany sy apôstôly dia efa nampitandrina fa "ireo izay mandika ny fanekempihavanana ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany, na ireo izay tsy mahatanteraka ny andraikiny ao amin'ny fianakaviana dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra indray andro any" ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao,"

Ensign na *Liahona*, Nôv. 2010, 129). Ity lesona ity dia mamaofoafofy ny fomba hitondran'ireo fandikana goavana ny lalàn' Andriamanitra voka-dratsy, eto amin' ity fiainana ity sy any amin'ny fiainana ho avy. Ity lesona ity ihany koa dia manamafy fa ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia manome fanantenana sy fanasitranana ho an'ireo izay mibebaka.

Vakiteny Enti-mandalina

- Jeffrey R. Holland, "Ny fitenin'ny Anjely," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2007, 16–18.
- Richard G. Scott, "Manasitrana ireo vokatra mamaivay ateraky ny Fanararaotana," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2008, 40–43.

Sosokevitra Enti-mampianatra

Matio 18:1–6; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 42:22–25; 93:39–44

Ny fandikana ny fanekempihavanana ny fahadiovam-pitondrantena, ny fanararaotana, azy ny tsy fanatanterahana ny andraikitra ao amin'ny fianakaviana

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa tamin'ny lesona teo aloha dia nianatra momba ny andraikitra manan-danja ao amin'ny fianakaviana izy ireo izay ahitana izao manaraka izao: (1) ireo mpivady dia tokony hifankatia sy hifampikarakara, (2) ireo zanaka dia tokony hobeazina am-pitiavana sy amin'ny fahamarinana, ary (3) ireo ray aman-dreny dia tokony hamatsy ireo zavatra ilain'ny fianakaviany.

- Inona no zavatra mety hitranga ao amin'ny fianakaviana iray raha toa ka manao tsinontsinona ireo andraikitra ireo ny vady sy ny ray aman-dreny?

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny zavatra nolazain'ireo mpaminany maoderina mahakasika ny maha-zava-dehibe ny fanatanterahana ireo andraikitra ao amin'ny fianakaviana dia mangataha mpianatra iray hamaky amin'ny feo avo ny andiam-pehezanteny faha-8 ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao." Hamafiso ireto fitsipika manaraka ireto: **"Ireo izay mandika ny fanekempihavanana ny fahadiovam-pitondrantena, ireo izay mamono ny vadiny sy ny taranany, na ireo izay tsy mahatanteraka ny andraikiny ao amin'ny fianakaviana dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra indray andro any."**

- Midika inona no hoe izay manao ireo heloka ireo dia hijoro ho tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra? (Amin'ny Andro Fitsarana dia hijoro eo anoloan' Andriamanitra isika ary ho tompon'andraikitra eo anoloany amin'ireo fahotana mbola tsy nibebahantsika; jereo ny Fanambarana 20:11–15; 2 Nefia 9:15–16.)

Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Dennis B. Neuschwander ao amin'ny Kôlejin'ny Fitopololaha:



"Ny maha-tompon'andraikitra antsika amin' Andriamanitra, amin'ny maha-Raintsika sy Mpahary Azy dia iray amin'ireo lesona fototra indrindra amin'ny filazantsara" ("The Path of Growth," *Ensign*, Des. 1999, 15).

- Nahoana no hanampy antsika hitombo ara-panahy ny fitsipiky ny maha-tompon'andraikitra antsika eo anoloan' Andriamanitra noho ireo fihetsika ataontsika?

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto teny manaraka ireto ho lohatenin'ireo fizarana telo.

<i>Fandikana ny Lalàn'ny Fahadiovam-pitondrantena</i>	<i>Famonoana ny vady na ny taranaka</i>	<i>Tsy fanatanterahana ireo andraikitra ao amin'ny fianakaviana</i>
---	---	---

Zarao telo ny mpianatra. Asao ny ampahatelony voalohany hamaky ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22–25, ny ampahatelony manaraka hamaky ny Matio 18:1–6, ary ny ampahatelony farany hamaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:39–44. Asao ny mpianatra hampifandray ny andalantsoratra masina novakian'izy ireo amin'ireo lohateny izay mifanaraka amin'izany eny amin'ny solaitrabe. Asao ireo mpianatra hitady ireo teny na andianteny izay mampianatra ny toetra maha-saro-pady ireo heloka ireo. Rehefa avy nomena fotoana ampy dia asao ny mpianatra hizara ny zavatra nianarany. (Rehefa mamaly ny mpianatra dia soraty eo ambanin'ireo lohahevitra sahaza azy avy ireo soratra masina nomena.)

- Inona ireo teny na andianteny ao amin'ireo andalana ireo izay mampianatra momba ny toetra maha-saro-pady ireo heloka ireo.

Saintsaino ny hijerena tsirairay ireo lohahevitra eny amin'ny solaitrabe ireo sy ny fametrahana ireto fanontaniana manaraka ireto izay mifandray amin'ireo heloka tsirairay avy. Rehefa mamaly ireo mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe eo ambanin'ny ireo lohahevitra tsirairay avy ny valintenin'izy ireo.

- Inona no sasany amin'ireo fomba fisainana na fomba fihetsika izay mety hitarika ny olona iray hanao ity heloka ity raha tsy voafehy? (Ohatra, ny valinteny ho an'ny heloka vokatry ny famonoana vady na ireo taranaka dia mety ahitana ny tsy fananana faharetana amin'ny hafa, fironana amin'ny fitsikerana ny hafa, ary ny finoana ny fomba fijery tsy marina momba ny lehilahy na vehivavy.)
- Inona no torohevitra homena ny olona iray izay maneho izany fomba fisainana na fomba fihetsika izany?
- Ahoana no ahafahan'ny mpikamban'ny Fiangonana iray handresy ireo fomba fisainana sy fomba fihetsika ireo? (Rehefa mizara ny valintenin'ny ireo mpianatra dia ampio izy ireo hahatakatra fa rehefa mampihatra ireo fitsipiky ny filazantsara isika toy ny fibebahana, asa fiantrana, fangorahana, faharetana, sy famelan-keloka dia afaka hanovo hery avy amin'ny Sorompanavotana isika.)

2 Korintiana 5:17–21

Fanantenana ho an'ny fibebahana sy ny famelan-keloka ary ny fiovana

Mijoroa ho vavolombelona fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manome fahafahana ny tsirairay sy ny fianakaviana mba hahomby sy hankamamy ny fiainana. Kanefa isika rehetra dia manao safidy ratsy, ary ny sasany amin'izy ireny dia afaka hampisy fiantraikany maro amin'ny tenantsika na amin'ny hafa. Soa ihany fa misy ny fanantenana.

Hazavao fa ireo mpikamban'ny Fiangonana sasany dia iharan'ny ataon'ny hafa—ohatra amin'izany ny vady tsy mahatoky na ny vady tia manararaotra na ny ray aman-dreny tia manararaotra—ary ireo izay iharan'izany dia misaintsaina ny zavatra azon'izy ireo atao momba ny toe-javatra misy. Angataho ho vakian'ny mpianatra iray ity teny nambaran'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity:



Raha toa ka efa niharan'ny fanararaotana ianao, Satana dia hiezaka ny handresy lahatra anao fa tsy misy ny vahaolana Eny fa na dia fantany mazava tsara aza fa misy izany. Mahafantatra i Satana fa ny fanasitranana dia tonga amin'ny alalan'ny fitiavan'ny Ray any An-danitra tsy voahozongozona ho an'ny tsirairay avy amin'ireo zanany. Mahafantatra ihany koa izy fa ny herin'ny fanasitranana dia hita ao amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Noho izany, ny tetik'adiny dia ny hanao ny zavatra rehetra hampisarahany anao amin'ny Rainao sy ny Zanany. Aza avela handresy lahatra anao i Satana fa tsy misy fanampiana azo atao aminao intsony" ("Manasitrana ireo vokatra mamaivay ateraky ny Fanararaotana," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2008, 41).

- Nahoana i Satana no miezaka ny mandresy lahatra ireo izay niharan'ny herisetra hino fa ny olan'izy ireo dia tsy ahitana vahaolana intsony?
- Inona no vokatra mety hiseho rehefa mino ny olona fa tsy misy intsony ny fanantenana na ny vahaolana ho an'ny olan'izy ireo?

Zarao ity fijoroana ho vavolombelona sy torohevitra avy amin'ny Loholona Richard G. Scott manaraka ity:



"Mijoro ho vavolombelona aho fa mahafantatra olona niharan'ny fanararaotana mafy izay nahatanteraka am-pahombiazana ilay dia sarotra izay nitondra mankany amin'ny fanasitranana tanteraka tamin'ny alalan'ny Sorompanavotana. Taorian'ny namahana ny olana nianjady taminy tamin'ny alalan'ny finoany ny hery fanasitranan'ny Sorompanavotana, dia nisy zatovovavy iray izay efa niharan'ny fanararaotana mafy nataon'ny rainy nangataka ny hanao dinidinika amiko. Niverina niaraka tamin'ny mpivady efa antitra izy. Hitako taratra fa tiany ireo olona roa ireo. Nahitana soritry ny hafaliana teny amin'ny tarehiny. Ary hoy izy, 'Loholona Scott, izy no raiko. Tiako izy. Manana ahiahy izy mikasika ny zavatra nitranga tamin'ny fahazazako. Ary izany dia tsy olana amiko intsony. Afaka manampy azy ve ianao?' Akory ny fanamafisana mahery vaika ny amin'ny fahafahan'ny Mpamonjy hanasitrana! Tsy nijaly intsony izy tamin'ny vokatr'ilay fanararaotana satria nanana fahatakarana ampy momba ny Sorompanavotany, sy finoana ampy, ary nankatò ny lalàny. Raha manohy tsy tapaka ny fandalinana ny Sorompanavotana ianao sy mampihatra ny finoanao fa manana ny hery manasitrana i Jesoa Kristy dia afaka handray izany fanamaivanana feno fitahiana toy izany ianao. ...

"Ny fanasitranana dia mety hiantomboka amin'ny eveka iray na filohan'ny tsatòka, na mpanoro hevitra matihanina iray izay mieritreritra momba ny fiadanan'ny hafa. Raha tapaka ny tongotrao dia tsy hanapa-kevitra ny hitsabo izany amin'ny fahaizanao manokana ianao. Ny fanararaotana mahery vaika ihany koa dia azo hatsaraina avy amin'ny fanampian'ny matihanina" ("Manasitrana ireo vokatra mamaivay ateraky ny Fanararaotana," 40–42).

- Ahoana no mety hanampian'ny torohevitra nentanim-panahy avy amin'ny Loholona Scott ny olona izay efa niharitra fampijaliana?

Asehoy ity fanambarana nataon'ny Filoha Boyd K. Packer tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity ary miangavia mpianatra iray hamaky mafy izany:



"Tsy voafetra ho an'ireo izay nanota noho ny fanaovana ny ratsy amim-panahy iniana na noho ny fanadinoana manao ny tsara fotsiny ihany ny famindrampo sy fahasoavan'i Jesoa Kristy, fa tafiditra ao anatin'izany ilay fampanantenana ny fiadanana mandrakizay ho an'ireo rehetra izay manaiky sy manaraka Azy sy ny fampianarany. Mpanasitrana mahery vaika ny Famindram-pony, na dia ho an'ireo maratra tsy manantsiny aza" ("Ny Anton'ny Fanantenantsika," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2014, 7).

- Ahoana no fomba hanomezan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy fanantenana sy fanasitrana? (Rehefa mizara ny valinteniny ireo mpianatra dia ampio izy ireo hahatakatra izao fitsipika manaraka izao: **Ireo rehetra izay manaradia an'i Jesoa Kristy sy ny fampianarany dia afaka hahazo fanasitrana sy fiadanana maharitra mandrakizay amin'ny alalan'ny famindram-pony sy ny fahasoavany**)

Mba hampianarana ny mpianatra ny fomba ahafahan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy manampy ireo izay manaraoitra ny hafa na manafitohina ny hafa amin'ny fomba maro samy hafa dia vakio miaraka ny 2 Korintiana 5:17–21 ho an'ny mpianatra rehetra.

- Inona no dikan'ny hoe tonga "olom-baovao" ao amin'i Kristy? (Ireo valiny mety ho azo dia tokony hahitana ny hevitra hoe ho valin'ny fahazotoantsika amin'ny fankatoavana ny didin'ny Tompo dia mitahy antsika amin'ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Izy, izay toetra masina. Ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia miteraka fiovana goavana ao anatintsika, ary tonga olom-baovao isika izay mitovy bebe kokoa amin' Andriamanitra.)
- Araka ny andininy 21, ahoana no fomba hitrangan'izany? (Tsy nanana fahotana tokoa i Jesoa na dia kely aza, kanefa dia nitondra teo Aminy ny fahotantsika Izy koa amin'ny fepetran'ny fibebahana izay ataontsika dia afaka hamarinina isika amin'ny alalany. Lasa sorona nisolo toerana antsika Izy. Rehefa mibebaka sy mikatsaka ny hanaraka ny ohatra nataony isika dia afaka hanovo hery avy Aminy hanampy antsika ho tonga olom-baovao.)
- Inona no dikan'ilay teny hoe *fampihavanana* ao amin'ny andininy 18? ("Ny fampihavanana dia dingana hanavotana ny olombelona amin'ny toetran'ny fahamaizinana ara-panahy ary ny famerenana azy amin'ny toetran'ny filaminana sy firaisankina amin'ny maha-izy azy. Tsy ho mpifahavalo intsony ny olombelona sy Andriamanitra tamin'ny alalan'izany" [Bruce R. McConkie, *Doctrinal New Testament Commentary*, 3 vols. (1965–73), 2:422].)

Anontanio ny mpianatra raha toa ka mahafantatra olona efa niaina ny fanantenana sy ny fanasitrana tanteraka tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Manasà mpianatra vitsivitsy hizara ohatra avy amin'izy ireo raha toa ka tsy manahirana azy ireo izany.

Zarao ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Tsy mahafantatra aho hoe iza ao anatin’ity mpanatrika marobe androany ity no mila maheno ny hafatry ny famelankeloka izay hita taratra ao amin’ny [Fanoharana momba ireo mpiasan’ny tanim-boaloboka; jereo ny Matio 20:1–15], koa na hatraiza na hatraiza no fieritreretanao ny fahataranao, na firy na firy ny fahafahana izay tsy noraisinao, na firy na firy ny fahadisoana tsapanao fa nataonao na koa hoe talenta izay heverinao fa tsy hanananao, na hatraiza ny halavirana misy anao miala ny tokantrano sy ny fianakaviana ary Andriamanitra, dia hijoroako ho vavolombelona fa tsy nandeha lavitra mihoatra izay takatry ny fitiavana masina ianao. Tsy mitombina ny hilentehanao ambanimbany kokoa noho ny fahazavana tsy manapetran’ny Sorompanavotan’i Kristy izay mamiratra. ...

“Koa raha efa nanao fanekempihavanana ianao dia tandremo izany. Raha mbola tsy nanao izany ianao dia mandehana ataovy. Raha efa nanao izany ianao ary nandika azy ireo dia mibebaha ary amboary izy ireny. *Tsy hisy mihitsy* izany hoe tara loatra izany raha toa ka mbola miteny ny Tompo hoe misy ny fotoana. Henoy ny bitsiky ny Fanahy Masina izay milaza aminareo amin’izao fotoana izao mihitsy hoe tokony hanaiky ilay sorompanavotana nomen’i Jesoa Kristy Tompo ianareo sy mankafy ny fiarahana manatanteraka ny asany” (“Ireo mpiasa ao amin’ny Tananim-boaloboka,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2012, 33).

Asao ny mpianatra handray an-tsoratra ny zavatra namafisin’ny Fanahy taminy androany.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Matio 18:1–6; 2 Korintiana 5:17–21; Môsià 4:30; Almà 5:15–22; 12:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22–25; 93:39–44.
- Jeffrey R. Holland, “Ny fitenin’ny Anjely,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2007, 16–18.
- Richard G. Scott, “Manasitrana ireo vokatra mamaivay ateraky ny Fanararaotana,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2008, 40–43.

27

Fampitandremana avy amin'ireo mpaminany mikasika ny fianakaviana

Fampidirana

Ireo mpaminany maoderina dia efa nampitandrina fa "ny faharavan'ny fianakaviana dia hitondra eo amin'ny tsirairay, eo amin'ny fiaraha-monina, ary eo amin'ny firenena ireo loza izay efa nambaran'ireo mpaminany teo aloha sy ankehitriny" ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Ensign* na

Liahona, Nôv. 2010, 129). Ity lesona ity dia manamafy fa ireo fianakaviana izay mankatò ny didin' Andriamanitra dia ho voaro. Ampanantenaina ireo ray aman-dreny marina ny hery ara-panahy mba hanampy azy ireo hanabe ireo zanany amin'ny andro farany.

Vakiteny Enti-mandalina

- Russell M. Nelson, "Finoana sy fianakaviana," *Ensign*, Mar. 2007, 36–41.
- Quentin L. Cook, "Fitomanian'i Jeremia: Mitandrema amin'ny Fanandevozana," *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2013, 88–91
- Bonnie L. Oscarson, "Mpiaro ilay Fanambarana momba ny Fianakaviana," *Ensign* na *Liahona*, Mey 2015, 14–17.

Sosokevitra Enti-mampianatra

2 Timoty 3:1–7, 13

Rehefa atao tsinontsinona ny fianakaviana dia ho tonga ireo voka-dratsy

Mangataha mpianatra vitsivitsy hizara ohatra amin'ireo toe-javatra na toerana izay antenain'ny olona iray mba hahitana fampitandremana izay mibaribary eny rehetra eny (ohatra mety ho hita amin'izany ireo jiro telo loko ho an'ny fifamoivoizana, amin'ny tavoahangim-panafody, amin'ireo fitoeran-javatra ahitana zavatra mampidi-doza ao anatiny.)

- Inona ireo vokany sasany azo heverina fa ateraky ny fanaovana tsinontsinona ireo fampitandremana ireo?
- Inona avy ireo fampitandremana sasantsasany izay efa nomen'ireo mpaminany momba ireo zavatra mampidi-doza amin'ny ara-batana sy ny ara-panahy izay misy amin'izao androntsika izao?

Mangataha mpianatra iray hamaky mafy ny 2 Timoty 3:1–7 sy 13 raha hitady ireo zavatra mampidi-doza izay nampitandreman'ny Apôstôly Paoly fa hisy amin'ny andro farany ny iray kilasy.

- Inona amin'ireo zavatra mampidi-doza ireo izay faritan'i Paoly no efa hitanareo na renareo?
- Inona no mety ho fiantraikan'ireo zavatra mampidi-doza ireo amin'ny tsirairay na amin'ny fanambadiana na amin'ny fianakavina?

Asao ny mpianatra iray hamaky ity fanambarana nataon'ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo manaraka ity. Asao ny mpianatra rehetra hihaino ireo antony mahatonga an'i Satana mifantoka mafy amin'ny fanimbana ny fianakaviana.



“Noho ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana eo amin’ny drafitra mandrakizain’ny fahasambarana dia manao ireo ezaka rehetra i Satana mba hanimbana ny hasin’ny fianakaviana, hampidinana ny lanjan’ny anjara asan’ny lehilahy sy ny vehivavy, handrisihana amin’ny tsy fahadiovana ara-pitondrantena sy ny fandikana ny lalàna masin’ny fahadiovam-pitondrantena ary hanakivina ireo ray aman-dreny tsy hanao lohalaharana ambony indrindra ny fiterahana sy ny fanabeazana ireo zanaka.

“Fototra tena manan-danja ao amin’ny drafitry ny famonjena ny fianakaviana tsy mivaky izay nanambaran’ Andriamanitra fampitandremana fa “ny faharavan’ny fianakaviana dia hitondra eo amin’ny tsirairay, eo amin’ny fiaraha-monina, ary eo amin’ny firenena ireo loza izay efa nambaran’ireo mpaminany teo aloha sy ankehitriny” (“Ny Fianakaviana Mandrakizay,” *Ensign*, Nôvambra. 1996, 65).

Hamafiso ireto fitsipika manaraka ireto: **“Ny faharavan’ny fianakaviana dia hitondra eo amin’ny tsirairay, eo amin’ny fiaraha-monina, ary eo amin’ny firenena ireo loza izay efa nambaran’ireo mpaminany teo aloha sy ankehitriny”** (“Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, Nôv. 2010, 129). Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ity fampitandremana ity dia avy amin’ny fanambarana momba ny fianakaviana.

Soraty eny amin’ny solaitrabe izao manaraka izao:

<i>Faharavan’ny fianakaviana</i>	<i>Vokany</i>
----------------------------------	---------------

Asao ireo mpianatra hieritriteritra ireo porofo hitan’izy ireo momba ny “faharavan’ny fianakaviana” izay mitranga manerana izao tontolo izao. (Mety ho hita ao anatin’izany ireto manaraka ireto: fitomboan’ny fisaraham-panambadiana, fanalan-jaza, fanararaotana, fahavitsian’ny fanambadiana sy ny zaza ateraky ny mpivady ara-dalàna ary ireo fikorontanana maro izay misy ao amin’ireo fianakaviana.) Asao izy ireo hanao lisitra eny amin’ny solaitrabe ireo porofo eo ambanin’ily lohahevitra hoe “Ny faharavan’ny fianakaviana.”

Asao ireo mpianatra hieritriteritra ohatra amin’ireo vokatra miseho amin’ny tsirairay na amin’ny fiaraha-monina izay mety ho tonga noho ny faharavan’ny fianakaviana Mety ho hita ao anatin’izany ireto manaraka ireto: fahaverezan’ny Fanahy, alahelo sy tsy fifaliana, fiakaran’ny tahan’ny herisetra, sy fahaverezan’ny fiadanana sy ny firindrana eo amin’ny fiaraha-monina. Asao izy ireo hanao lisitra eny amin’ny solaitrabe ireo ohatra eo ambanin’ily lohahevitra hoe “vokany.”

Ary avy eo dia anontanio izao manaraka izao:

- Ahoana no ahafahan’ny fifikirana amin’ireo Fotopampianarana hita ao amin’ny fanambarana momba ny fianakaviana ireo hanampy ny tsirairay, ny fianakaviana, ny fiaraha-monina sy ny firenena hisoroka ireo voka-dratsy ireo?

1 Nefia 14:14–17; 22:16–17; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 97:22–28

Misy ny fanantenana ho an’ny fianakaviana.

Hazavao amin’ny mpianatra fa na dia eo aza ny faharatsiana izay mirongatra amin’izao fotoana izao dia tsy mbola tara mihitsy ny manao izay hampatanjaka ny fianakaviana. Izy ireo dia afaka mampisy fiovana tsara eo amin’ny fianakaviana na ny paroasy na ny sampana na ny fiaraha-monina misy azy ireo. Mijoroa ho vavolombelona fa misy ny

fanantenana ho an'ny tsirairay sy ho an'ireo fianakaviana izay mitandrina ny didin'ny Tompo.

Asao ny mpianatra hamaky mangina ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:22–28 ary hitady ireo zavatra azontsika atao mba hialana amin'ny famalian'ny Tompo sy ireo voka-dratsy ateraky ny ota. (Hazavao tsara fa ao amin'ireo andalana ireo ny hoe *Ziona* dia manondro Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.) Azonao atao ny manoro hevitra ny mpianatra mba hanisy marika ny teny hoe *raha* isaky ny miseho ao anatin'ireo andininy ireo izany. (Ampio ny mpianatra hahatakatra fa ny fanavahana ny antony-vokany na ny raha izao/dia izao dia fahaizana mandalina soratra masina tena manampy betsaka.)

- Ahoana no hamintinanao ireo andininy ireo amin'ny filazana tsotra ny fitsipika iray? (Tokony hahitana taratra ireto fitsipika manaraka ireto ny valintenin'ny mpianatra: **Raha toa ka mankatò ny didy rehetra isika dia afaka handray ireo fitahiana lehibe sy ho afaka amin'ny famalian'ny Tompo.**)

Vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kolejiny Apôstôly Roambinifolo:



"Tsy milaza isika fa ireo olomasina rehetra dia ho voatsimbina sy ho voavotra amin'ny andron'ny fandravana lehibe. Fa milaza kosa isika fa tsy misy ny fampanantenana amin'ny fialofana sy ny fampanantenana amin'ny fiarovana afa-tsy ho an'ireo izay tia ny Tompo sy mikatsaka ny hanao izay rehetra andidiany. ...

"Ary noho izany dia manandratra ny feo fampitandremana isika ka milaza hoe: Mampandria sofina; miomàna; mitandrema sy mivonòna. Tsy misy fomba hafa ahitana fiarovana ankoatra ny làlan'ny fankatoavana sy ny fanarahana ireo fenitra misy ary ny fahamarinana.

"Fa izao no lazain'ny Tompo: 'Ny antambon' ny Tompo dia hianjady na alina na andro, ary ny tatitra momba izany dia hampahory ny olon-drehetra; eny, ary tsy hatsahatra izany ambara-piavin' ny Tompo; ...

"'Kanefa i Ziona dia ho afaka amin'izany raha toa izy ka manatanteraka ny zavatra rehetra nandidiako azy' [F&F 97:23, 25]" ("Stand Independent above All Other Creatures," *Ensign*, Mey 1979, 93–94).

- Ahoana no fomba mety hanampian'ity fanambarana ity ny fianakaviana iray hanana zotom-po hankatò ny didin'ny Tompo?

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa nahita fahitana vitsivitsy mikasika ny andro farany i Nefia. Tao amin'ireo fahitana ireo dia nahita izy fa ho voaro ireo marina.

Asao ny mpianatra hamaky ao amin'ny 1 Nefia 14:14–17 sy ny 22:16–17, ka hitady ireo fomba hiarovana ireo Olomasina. (*Fanamarihana*: Ireo andalana ireo dia mampisongadina ny lohahevitra mateti-pitranga ao amin'ny soratra masina fa ny fankatoavana dia mitondra fampanantenana amin'ny fiarovana avy amin'ny Tompo. Ny Loholona David A Bednar dia nanamafy ny maha-zava-dehibe ny fikarohana ireo "fifandraisana, maodely, sy lohahevitra" misy ao amin'ny soratra masina ["A Reservoir of Living Water" (Takariva amorom-patana ho an'ny tanora nataon'ny Departemantan'ny Fampianaran'ny Fiangonana, 4 Feb 2007), 3, lds.org/media-library]. Ity lohahevitra na maodely ity dia hita matetika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

- Ahoana no hanomezan'ireo teny nosoratan'i Nefia ireo anao fanantenana?

Vakio ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona Bruce D. Porter ao amin'ny Kôlejin'ny Fitopololahy. Asao ny mpianatra hihaino ireo fitahiana izay homena ireo ray aman-dreny mahatoky amin'ny andro farany:



“Na inona na inona mety ho avoakan'ny ampitso, Andriamanitra dia efa nanendry fa ireo ray aman-dreny ao amin'ny Fiangonana dia homena hery mba hanampy hanavotana ny zanak'izy ireo amin'ny fahamaizinana manodidina azy ireo amin'ny fotoam-pitantanana ny fahafenoan'ny fotoana. Ny fon'ny ray sy ny an'ny reny rehefa hitodika amin'ny fon'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka hitodika amin'ny fon'ny ray aman-dreniny, aoriana kely dia ho vavolombelona isika fa nanangana taranaka iray izay voadio sy voamama hihaona amin'ny Mpamonjy amin'ny fiaviany. Ny fandraesen'ny Fanjakan' Andriamanitra amin'ny andro farany dia fandraesena tsy an'ny Fiangonana ihany amin'ny maha fikambanana azy, fa an'ny arivony maro amin'ireo fianakaviana tsirairay izay efa nandresy izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny finoana” (“Fiarovana ny fianakaviana ao anatin'ny tontolo mikorontana,” *Ensign*, Jona 2011, 18).

- Inona ireo fitahiana ampanantenaina ireo ray aman-dreny izay mikatsaka ny mitaiza ny zanany ao amin'ny fahamarinana amin'ity fotoam-pitantanana ity?
- Ahoana no efa nahitanao ny Tompo nanome hery ireo ray aman-dreny tamin'ny ezak'izy ireo hampahatanjaka sy hiaro ny zanany amin'ny fahamaizinan'izao tontolo izao?

Asao ny mpianatra hisaintsaina ireo zavatra misarika na ny hery izay miezaka ny handrava ny fianakavian'izy ireo sy ny fomba ataon'i Satana mba hanakanana azy ireo amin'ny ezaka izay mifantoka amin'ny fananan'izy ireo ny fianakaviany manokana amin'ny hoavy. Ankaherezo ny mpianatra handinika ireo zavatra azon'izy ireo atao mba hahazoana ny fanampian'ny Tompo mba hampatanjahana azy ireo sy hiaro ny fianakaviany.

Vakitenin'ny Mpianatra

- 2 Timoty 3:1–7, 13; 1 Nefia 14:14–17; 22:16–17; Fotopampianarana sy Fanekepihanana 97:22–28.
- Russell M. Nelson, “Finoana sy fianakaviana,” *Ensign*, Mar. 2007, 36–41.
- Bonnie L. Oscarson, “Mpiaro ilay Fanambarana momba ny Fianakaviana,” *Ensign* na *Liahona*, Mey 2015, 14–17.

28

Manindraindra ny fianakaviana amin'ny maha-rafitra fototra azy eo amin'ny fiaraha-monina

Fampidirana

Nanambara ireo mpaminany maoderina hoe: “Manainga ireo olom-pirenena rehetra mahatsiaro ny adidiny sy ireo olona ao amin'ny fitondram-panjakana na aiza na aiza misy azy izahay mba hampandroso ireo fepetra natao hiarovana sy hanamafisana orina ny fianakaviana amin'ny maha-rafitra fototra azy eo amin'ny

fiaraha-monina” (“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129). Ity lesona ity dia hanampy ireo mpianatra mba hahatakatra ny fomba hanarahany sy hiarovany ity torohevitra avy amin'ny mpaminany ity.

Vakiteny Enti-mandalina

- Thomas S. Monson, “Mahereza sy mahatanjaha,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 66–69.
- Dallin H. Oaks, “Balancing Truth and Tolerance,” *Ensign*, feb. 2013, 24–31.
- L. Tom Perry, “Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2015, 39–42.
- “Transcript of News Conference on Religious Freedom and Nondiscrimination” (27 jan. 2015), mormonnewsroom.org/article/publicstatement-on-religious-freedom-and-nondiscrimination.

Sosokevitra Enti-mpianatra

Almà 43:9, 30, 45, 48

Ny adidintsika hiaro ny fotopampianarana sy ny fototra ara-pitondrantenan'ny fianakaviana

Omano amin'ity lesona ity ny mpianatra amin'ny filazana amin'izy ireo fa mifantoka amin'ny andraikitsika mba hiaro ny fianakaviana izany. Zarao izao teny manaraka izao izay naton'ny Loholona Bruce D. Porter ao amin'ny Fitopololaha:



“Ny Fiangonana dia fikambanana kely raha ampitahaina amin'izao tontolo amin'ny ankapobeny. Na izany aza anefa dia tsy tokony hanamaivana ny herin'ny ohatra asehontsika na ny fahafahantsika mandresy lahatra ny hevitra ny daholobe, na hamadika ireo fironana amin'ny ratsy, na hanasa ireo fanahy izay mikatsaka marina mba hiditra eo amin'ny vavahady sy handeha amin'ny lalana nofinidin'ny Tompo ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny maha-vahoaka azy. Tokony hanome ny ezaka tsara indrindra vitantsika isika, miaraka amin'ny fiaraha-miasan'ireo olona na fikambanana mitovy hevitra amintsika, mba hiaro ny fianakaviana sy hanandratra ny feon'ny fampitandremana sy fanasana ho an'izao tontolo izao” (“Defending the Family in a Troubled World,” *Ensign*, jona 2011, 18).

- Inona ireo eritreritrao momba ny andraikity ny Olomasin'ny Andro Farany mba hiaro ny fianakaviana ao amin'izao tontolo ankehitriny izao?

Lazao amin'ny mpianatra fa imbetsaka no norahonan'ny Lamanita mikasika ny fahafahana ara-pivavahana sy ireo soatoavin'ny fianakaviana ny Nefita. Afaka mianatra fitsipika izay azo ampitoviana amin'izao androntsika izao isika rehefa mandalina ny

zavatra niainan'izy ireo. (Fahaiza-mandalina ny soratra masina izay azonao antitranterina ato anatin'ity lesona ity ny fampitoviana ny soratra masina amin'ny tenantsika.) Hazavao fa voarakitra ao amin'ny Almà 43 ny iray amin'ireo zavatra niainan'ny Nefita.

Soraty hoe *Almà* 43:9, 30, 45, 48 eny amin'ny solaitrabe, ary angataho ny mpianatra mba hitady ireo teny sy andian-teny izay manampy antsika hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fiarovana ireo soatoavin'ny fianakaviana sy ireo fahafahana ara-pivavahana amin'izao tontolo ankehitriny izao. Toroy hevitra ny mpianatra mba hanisy marika ireo teny sy fehezanteny ireo.

- Inona ireo teny sy andian-teny izay mampiseho ny maha-zava-dehibe ny fiarovantsika ireo soatoavin'ny fianakaviana sy ireo fahafahana ara-pivavahana? Inona no fitsipika nianaranao momba ny maha-zava-dehibe ny fiarovantsika ireo soatoavin'ny fianakaviana sy ireo fahafahana ara-pivavahana? (Tokony ahitana izao fitsipika manaraka izao ireo valinteny: **Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana.**)
- Nahoana, araka ny eritreritrao, no zava-dehibe ho an'ny mpikamban'ny Fianganana ny manindraindra sy miaro ny fianakaviana any amin'ny fiaraha-monina misy azy ireo?
- Ahoana no ahafahanao manindraindra sy miaro ny fianakaviana amin'ny alalan'ny fampiasana ny tambazotra ifaneraserana?

Asehoy ity fanambarana manaraka ity izay nataon'ny Loholona L. Tom Perry (1922–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Tiantsika ny handrenesana ny feontsika izay manohitra ireo fomba fiaina diso sy hafa izay miezaka manolo ny rafitry ny fianakaviana izay Andriamanitra Izy Tenany mihitsy no nametraka izany. Tiantsika ihany koa ny handrenesana ny feontsika amin'ny fanohanana ny fifaliana sy ny fahafaham-po izay entin'ny fianakaviana nentin-drazana. Tsy maintsy tohizantsika ny fanehoana izany feo izany manerana an'izao tontolo izao amin'ny fanambarana ny antony maha-zava-dehibe ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ny antony mahatonga ho tena manan-danja mandrakariva izany” (“Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2015, 42).

- Araka ny Loholona Perry, inona no tokony ambarantsika mikasika ny fianakaviana?
- Inona no tsikaritrao fa ataon'ny hafa mba hiarovana sy hanamafisana ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana na mba hiarovana amin'ireo fanafihana atao amin'ny fianakaviana? (Mariho fa ny fiarovana ny fianakaviana dia ahitana ny fanabeazana fianakaviana matanjaka tahaka ny fiarovana ampahibemaso ny fianakaviana koa rehefa ilaina izany.)

Vakio izao zavatra niainana manaraka izao izay nolazain'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



“Vao haingana aho no niresaka tamin'ny zatovovavy Ravintsara iray avy eto Etazonia. Iza no nolazainy tao amin'ny taratasy mailaka nalefany:
 “Nanomboka nanoratra ny hevitr'izy ireo mikasika ny fanambadiana tao amin'ny Facebook ny sasany amin'ireo namako tamin'iny taona lasa iny. Betsaka ireo nanohana ny fanambadian'ny samy lahy na samy vavy, ary zatovo Olomasin'ny Andro Farany maro no nanindry ny hoe “tiako” teo amin'ireo soratra. Tsy naneho hevitra aho.”

“Nanapa-kevitra aho ny hanambara tamim-pitandremana ny finoana ijoroako, dia ny fanambadian'ny lehilahy iray amin'ny vehivavy iray.

“Nampiato soratra hoe: ‘Mino ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray aho’ teo amin'ny sary famantarana ahy. Fotoana fohy monja taorian'izay dia nanomboka naharay hafatra aho. “Tia tena ianao.” “Be tsikera ianao.” Nampitaha ahy tamin'ny tompona andevo ny olona iray. Dia naharay ity hafatra ity avy amin'ny namako iray izay mpikamban'ny Fiangonana matanjaka tokoa aho: “Mila manaraka ny toetr'andro ianao. Efa niova ny zavatra maro ary tokony hiova araka izany ianao.”

“Tsy namaly aho,’ hoy izy ‘saingy tsy nofafako ireo teny nambarako.’

“Nofaranany tamin'ny hoe: ‘Indraindray, araka ny nolazain'ny Filoha Monson dia “Mila sahy mijoro irery” ianao. Enga anie isika tanoran'ny Fiangonana mba hiara-hivondrona amin'ny fijanonana ho mahatoky amin' Andriamanitra sy amin'ireo fampianaran'ny mpaminaniny velona’” (“Tadio arapanahy,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 19–20).

- Inona ireo traikefa izay nanananao tamin'ny fanindraindrana sy fiarovana ny fianakaviana?
- Inona no fiantraikan'ny teninao na ny asa nataonao teo amin'ny hafa?

Mijoroa ho vavolombelona fa afaka manana fitaomana tsara eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika isika ka hampandroso ireo fikasana ao amin'ny drafitry ny Raintsika any An-danitra rehefa manindraindra sy miaro ireo fitsipika izay mampahatanjaka ny fianakaviana.

Almà 46:10–13, 16; 48:7–13

Miaro ny fianakaviana miaraka amin'ny fanampian' Andriamanitra sy fanajana ny hafa

Lazao amin'ny mpianatra fa ireo toko 46 sy 48 ao amin'ny Almà dia mirakitra fa norahonan'ny Lamanita indray ny Nefita. Zarao roa ny mpianatra. Asao ny antsasaky ny mpianatra handalina ny Almà 46:10–13, 16, ary ny antsasany ambiny handalina ny Almà 48:7–13. Angataho ny mpianatra mba hamantatra ny fomba ahafahantsika manaraka ny ohatra nasehon'ny Kapiteny Môrônia amin'ny fomba mety mba hanindraindrana ireo fitsipika izay mihazona sy mampahatanjaka ny fianakaviana. Rehefa tapitra ny fotoana sahaza izany dia ampio ny mpianatra mba hampitovy ireo andian-tsoratra masina ireo amin'izao androntsika izao amin'ny alalan'ny fametrahana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Ahoana no ahafahana mampitovy ireo ezaka nataon'i Amalekià sy ireo mpanaradia azy amin'ireo ezaka ataon'ireo izay manafika ny fianakaviana amin'izao fotoana izao?
- Inona no afaka hianarantsika avy amin'ny asa nataon'ny Kapiteny Môrônia? (Ampio ny mpianatra mba hahatakatra izao fitsipika manaraka izao: **Rehefa mikatsaka ny fanampian' Andriamanitra sy miezaka mampiasa ireo loharano rehetra ananantsika isika dia hahazo fahendrena sy tanjaka mba hiarovana ny fianakaviansika sy ny fivavahantsika ary ireo fahafahantsika.**)
- Inona ireo fomba mety izay ahafahantsika manindraindra ireo fitsipika mba hampatanjahana sy hiarovana ny fianakaviana?

Ampiasao ireto teny manaraka ireto izay nataon'ny Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008) sy ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba hanampiana ilay resadresaka momba ilay fanontaniana etsy aloha:



“Aoka isika mba handray anjara amin’ireo hetsika tsara eo amin’ny fiaraha-monina. Mety hisy toe-javatra misy izay tsy ahafahantsika manao fifampiraharaha mikasika ny fitsipika rehefa resahina ireo olona goavana ara-pitondrantena. Kanefa amin’ny toe-javatra toy ireny dia afaka ny mandà amim-panajana isika ka tsy voatery ho mahatezitra. Afaka miaiky isika ny amin’ny hitsim-pon’ireo izay tsy azontsika ekena ny heviny. Afaka miresaka momba ireo fitsipika isika fa tsy ireo olona akory” (*Enseignement de Gordon B. Hinckley* [1997], 131).



“Rehefa manindraindra ny heviny ampahibemaso ny mpino dia tokony handefitra hatrany izy ireo momba ny hevitra sy toeran’ireo izay tsy mizara ny finoan’izy ireo. Tsy maintsy miresaka amim-pitiavana sy mampiseho faharetana sy fahatakarana ary indrafo amin’ny fahavalony hatrany ny mpino. Ny mpino Kristiana dia eo ambanin’ny didy mba hitia ny namany (jereo ny Lioka 10:27) sy hamela heloka (jereo ny Matio 18:21–35). Tokony hotsaroan’izy ireo hatrany ny fampianaran’ny Mpamonjy mba “[h]ivavaka ho an’izay manenjika [azy ireo], [h]anao soa ho an’ireo izay mankahala [azy ireo], sy [h]ivavaka ho an’ireo izay maniratsira [azy ireo], sy manenjika [azy ireo]” (Matio 5:44)” (Dallin H. Oaks, “Balancing Truth and Tolerance,” *Ensign*, feb. 2013, 30–31).

- Ahoana araka ny eritreritrao no ahafahanao mampihatra ireo fitsipika izay nampianarin’ny Filoha Hinckley sy ny Loholona Oaks?

Hamafiso izao fitsipika manaraka izao: Rehefa manindraindra ireo fitsipika mba hiarovana sy hampatanjahana ny fianakaviana isika dia tokony hampiseho fanajana amin’ny hafa sy fandefarana mikasika ny hevitr’izy ireo.

Manindraindra ireo fitsipika izay mampahatanjaka ny fianakaviana

Asehoy ity teny manaraka ity ary mangataha mpianatra iray hamaky mafy izany.

“Manainga ireo olom-pirenena rehetra mahatsiaro ny adidiny sy ireo olona ao amin’ny fitondrampanjakana na aiza na aiza misy azy izahay mba hampandroso ireo fepetra natao hiarovana sy hanamafisana orina ny fianakaviana amin’ny maha-rafitra fototra azy eo amin’ny fiaraha-monina” (“Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129).

Lazao amin’ny mpianatra fa tamin’ny janoary 2015 dia nanao fihaonana ôfisialy tamin’ny mpanao gazety ireo mpitarika ny Fiangonana ka nandritra izany dia niantso ireo tomponandraikitra ao amin’ny governemanta izy ireo mba hamoaka lalàna izay hiaro ireo fahafahana ara-pivavahana sy hitandro ny fahamasinan’ny fianakaviana. Hazavao fa na dia miresaka manokana ny fiarovana ireo fahafahana ara-pivavahana aza ireo mpitarika ny Fiangonana ato anatin’ity fanambarana ity dia miantefa amin’ny fiarovana ireo soatoavin’ny fianakaviana ihany koa ny tenin’izy ireo. Fahafahana ara-pivavahana maro no mifandray mivantana amin’ny fianakaviana, tahaka ny fahamasinan’ny fanambadiana.

Zarao amin’ny mpianatra izao teny manaraka izao izay nataon’ny Loholona Dallin H. Oaks ho famintinana ny zavatra natolotra tamin’izany fihaonana tamin’ny mpanao gazety izany:



“Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany dia manambara ireto fitsipika manaraka ireto araka ireo fampianaran’i Jesoa Kristy sy ho fahamarinana ho an’ny rehetra, ka anisan’izany ireo olon’ny finoana:

“1. Ambaranay fa ny rehetra dia manana ny zo nomen’ Andriamanitra sy araka ny lalàna mba hiaina ny finoany araka izay tononon’ny feon’ny fieritreretana’izy ireo manokana ka tsy hanisy ratsy amin’ny fahasalamana na ny fiarovana ny hafa.

“2. Ekenay ihany koa fa izany fahafahana araka ny feon’ny fieritreretana izany dia tsy maintsy mihatra amin’ireo lehilahy sy vehivavy amin’ny toerana rehetra mba hanaraka ny finoany ara-pivavahana araka izay safidiny, ary tsy hanaraka na inona na inona finoana ara-pivavahana raha izany no safidiny.

“3. Mino izahay fa ireo lalàna dia natao mba hanatanterahana fifandanjana eo amin’ny fiarovana ny fahafahan’ny olona rehetra sady manaja ireo izay manana soatoavina tsy mitovy amin’izany.

“4. Lavinay ny fananjehana sy valifaty na ahoana na ahoana endrik’izany, anisan’izany ny fananjehana araka ny volon-koditra, foko, finoana ara-pivavahana, toe-javatra iainana ara-ekônomika na ny tsy fitoviana eo amin’ny fironana eo amin’ny lafiny ara-nofo” (Dallin H. Oaks, “Transcript of News Conference on Religious Freedom and Nondiscrimination” [27 jan. 2015], mormonnewsroom.org/article/publicstatement-on-religious-freedom-and-nondiscrimination).

- Inona no nianaranao avy tamin’izany fanambarana izany izay afaka manampy anao hanindraindra ireo fitsipika izay mampahatanjaka ny fianakaviana amin’ny maha-rafitra fototra azy eo amin’ny fiaraha-monina? (Ho anisan’ity fifanakalozan-kevitra ity dia hamafiso fa ny fitaizana ny ankizy amin’ny fomban’ny Tompo, ny fanohanana ireo fianakaviana hafa, ny fanatanterahana ireo antso any ampiangonana, ary ny fampatanjahana ireo fiaraha-monina misy antsika dia fitsipika izay manindraindra ny fianakaviana avokoa.)

Asao ireo mpianatra hieritreritra ny zavatra azony atao mba hanindraindrany ireo fitsipika izay mampahatanjaka sy miaro ny fianakaviana.

Vakitenin’ny Mpianatra

- Almà 43:9, 30, 45, 48; 46:11–16; 48:9–13.
- Thomas S. Monson, “Mahereza sy mahatanjaha,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 66–69.
- Dallin H. Oaks, “Balancing Truth and Tolerance,” *Ensign*, feb. 2013, 24–31.
- L. Tom Perry, “Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—Na aiza na aiza eto amin’izao tontolo izao,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2015, 39–42.

Ny fianakaviana mandrakizay

(Fianarana ny filazantsara 200)

Vakitenin’ny Mpianatra

Fanamarihana: Tsy takiana aminao ny hamaky ny fitaovana atolotra ho vakiana izay tsy misy amin’ny fiteninao.

Le-sona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
1	Ny famoahana ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’Izao Tontolo Izao”	<ul style="list-style-type: none"> Efesiana 4:11–14; Mōsià 8:15–17; Mosesy 6:26–39; 7:16–21. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao,” Ensign na Liahona, nôv. 2010, 129, lds.org/topics/family-proclamation. M. Russell Ballard, “What Matters Most Is What Lasts Longest,” Ensign na Liahona, nôv. 2005, 41–44.
2	Manambara amin-boninahitra ireo Mpaminany sy Apôstôly	<ul style="list-style-type: none"> Ezekiela 33:1–7; Amosa 3:6–7; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 1:4–5, 11, 14, 37–38; 90:1–5; 124:125–126. M. Russell Ballard, “Mijanona ao anaty sambo dia mamikira!” Ensign na Liahona, nôv. 2014, 89–92. Henry B. Eyring, “Finding Safety in Counsel,” Ensign, mey 1997, 24–26. Carol F. McConkie, “Miaina araka ny tenin’ireo mpaminany,” Ensign na Liahona, nôv. 2014, 77–79.
3	Ny Fahafahantsika ho tonga tahaka an’Andriamanitra	<ul style="list-style-type: none"> Genesisy 1:27; Isaia 55:8–9; Asan’ny Apostoly 17:29; Romana 8:16–17; Hebreo 12:9; 1 Jaona 3:1–2; 4:8–9; 1 Nefia 9:6; 2 Nefia 9:20; 3 Nefia 12:48; Môrônia 8:18; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 76:4; 88:41; 130:22. Dieter F. Uchtdorf, “Fomba Efatra Iantsoana Antsika,” Ensign na Liahona, mey 2013, 58–61. Gospel Topics, “Becoming Like God,” lds.org/topics.
4	Ny fianakaviana sy ilay drafitra lehiben’ny fahasambarana	<ul style="list-style-type: none"> Mosesy 1:27–39; 3:16–17; 5:6–12; 2 Nefia 2:19–25; 9:6–12; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 49:15–17. M. Russell Ballard, “The Atonement and the Value of One Soul,” Ensign na Liahona, mey 2004, 84, –87. Julie B. Beck, “Teaching the Doctrine of the Family,” Ensign, mar. 2011, 12–17.
5	Ny Toetoetry ny Fiainana An-tany	<ul style="list-style-type: none"> 2 Nefia 2:27–29; Mōsià 3:19; 16:3–6; Mosesy 6:49, 53–55; Abrahama 3:25. David A. Bednar, “The Atonement and the Journey of Mortality,” Ensign, apr. 2012, 40–47.
6	Ny Fianakaviana no ivon’ny Drafitry ny Ray any An-danitra	<ul style="list-style-type: none"> Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 93:39–50. Robert D. Hales, Robert D. Hales, “The Eternal Family,” Ensign, nôv. 1996, 64–67. David A. Bednar, “Hazoto sy Hikarakara Bebe Kokoa ao An-tokantrano,” Ensign na Liahona, nôv. 2009, 17–20.
7	Ny fanambadiana eo amin’ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin’Andriamanitra.	<ul style="list-style-type: none"> Môrônia 9:9; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 49:15–17; Mosesy 3:18–25; 5:1–16. Dallin H. Oaks, “Tsy Manana Andriamani-kafa,” Ensign na Liahona, nôv. 2013, 72–75. Sheri L. Dew, “It Is Not Good for Man or Woman to Be Alone,” Ensign, nôv. 2001, 12–14. “The Divine Institution of Marriage,” mormonnewsroom.org/article/the-divine-institution-of-marriage Gospel Topics, “Same-Sex Marriage,” lds.org/topics.
8	Ny maha-lahy na vavy sy ny maha-izy azy ny tena mandrakizay	<ul style="list-style-type: none"> Matio 7:12; Jaona 8:1–11; 15:12; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 76:24; Mosesy 2:27; ary ny andiam-pehezanteny faharoa ao amin’ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’Izao Tontolo Izao” Ensign na Liahona, nôv. 2010, 129). Jeffrey R. Holland, “Helping Those Who Struggle with Same-Gender Attraction,” Ensign, ôkt. 2007, 42–45. Gospel Topics, “Same-Sex Marriage,” lds.org/topics.
9	Ny anjara asa sy andraikitra masin’ny lehilahy	<ul style="list-style-type: none"> Matio 2:13–16; Efesiana 5:23, 25; 1 Timoty 5:8; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 75:28; 83:2, 4; 121:36–46. D. Todd Christofferson, “Let Us Be Men,” Ensign na Liahona, nôv. 2006, 46–48. Linda K. Burton, “Hiara-hivoatra isika,” Ensign na Liahona, mey 2015, 29–32. “The Sacred Callings of Fathers and Mothers,” chapter 15 in Teachings of Presidents of the Church: Ezra Taft Benson (2014), 191–96.
10	Ny anjara asa sy andraikitra masin’ny vehivavy	<ul style="list-style-type: none"> 2 Timoty 1:5; 3:14–15; Almà 56:47–48; 57:21; Fotopampianarana sy Fanekehempihavanana 25:1–3, 10, 13–16. “Understand the Divine Roles of Women,” Ensign, feb. 2009, 67. “The Women of the Church,” fizarana faha 20 ao amin’ny Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball (2006), 214–25.

Le-sona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
11	Miomana ho amin'ny fanambadiana mandrakizay	<ul style="list-style-type: none"> • Marka 5:35–36; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:22–23, 36; 8:2–3; 9:7–9; 11:12–14; 88:40. • Dieter F. Uchtdorf, “The Reflection in the Water” (Church Educational System devotional, 1 nôv. 2009), lds.org/media-library. • Jeffrey R. Holland, “Be Not Afraid, Only Believe” (evening with Elder Jeffrey R. Holland, 6 feb 2015), lds.org/broadcasts.
12	Ôrdônansy sy Fanekempihavanana any amin'ny Tempoly	<ul style="list-style-type: none"> • Eksodosy 19:3–6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–21; 97:10–17; 109:12–26; 124:37–40, 55. • Boyd K. Packer, “The Holy Temple,” <i>Ensign</i> na Liahona, ôkt. 2010, 29–35.
13	Manatsara ny fanatrehana ny tempoly	<ul style="list-style-type: none"> • Salamo 24:3–5; Jaona 2:13–16; 3 Nefia 17:1–3; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:8–22. • Richard G. Scott, “Fanatrehana ny tempoly: loharanon’ny tanjaka sy hery amin’ny fotoan-tsarotra,” <i>Ensign</i>, may 2009, 43–45. • L. Lionel Kendrick, “Enhancing Our Temple Experience,” <i>Ensign</i>, May 2001, 78–79.
14	Lasa mpanonjy ao antendrombohitra Ziona	<ul style="list-style-type: none"> • Obadia 1:21; Malakia 4:5–6; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:13–16; 128:18; 138:27–37, 58–59. • David A. Bednar, “Hitodika ny Fon’ny Zanaka,” <i>Ensign</i> na Liahona, nôv. 2011, 24–27. • Quentin L. Cook, “Faka sy Sampana,” <i>Ensign</i> na Liahona, may 2014, 44–48.
15	Fanambadiana Mandrakizay	<ul style="list-style-type: none"> • Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4; 132:1–24. • Russell M. Nelson, “Fanambadiana mandrakizay,” <i>Ensign</i> na Liahona, nôv. 2008, 92–95.
16	Ny Hery Masina Hananana Zanaka	<ul style="list-style-type: none"> • Genesisy 2:21–24; Salamo 24:3–4; Matio 5:8, 27–28; Romana 8:6; Jakôba 2:28, 31–35; Almà 39:1–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:22–24; 63:16; 121:45–46. • David A. Bednar, “Mino Isika fa Tokony Hadio fitondrantena,” <i>Ensign</i> na Liahona, may 2013, 41–44. • Linda S. Reeves, “Fiarovana amin’ny Pôrnôgrafia—Tokantrano Mifantoka amin’i Kristy,” <i>Ensign</i> na Liahona, may 2014, 15–17. • “Pureté Sexuelle,” <i>Jeunes, Soyez Forts</i> (bokikely, 2011), 35–37.
17	Ny didy Hihamaro sy Hameno ny Tany	<ul style="list-style-type: none"> • Genesisy 1:27–28; 9:1; 35:11; Salamo 127:3; 1 Nefia 15:11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:6; 59:6; Mosesy 2:27–28. • Neil L. Andersen, “Zanaka,” <i>Ensign</i> na Liahona, nôv. 2011, 28–31. • Russell M. Nelson, “Abortion: An Assault on the Defenseless,” <i>Ensign</i>, ôkt. 2008, 32–37.
18	Mikolokolo ny Fifandraisana ao amin’ny Fanambadiana	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 19:3–8; Efesiana 5:25, 28–31; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:5, 13–15; 42:22; Abrahama 5:15–18. • David A. Bednar, “Marriage Is Essential to His Eternal Plan,” <i>Ensign</i>, jona 2006, 82–87. • L. Whitney Clayton, “Ny Fanambadiana: Mijere ary mianàra,” <i>Ensign</i> na Liahona, may 2013, 83–85.
19	Manangana Fianana sy Tokantrano Mifototra amin’i Kristy	<ul style="list-style-type: none"> • Jaona 15:1–5, 10–11; Helamàna 5:12; 14:30–31; 3 Nefia 11:29–30; 12:22–24; Môrônia 7:45, 48; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:9–11; 88:119, 123–25. • Henry B. Eyring, “Our Perfect Example,” <i>Ensign</i> na Liahona, nôv. 2009, 70–73. • Richard G. Scott, “Mba Hahazo Fiadanana Ao An-tokantrano,” <i>Ensign</i> na Liahona, may 2013, 29–31.
20	Fiarovana ny Finoana sy ny Fijoroana ho Vavolombelona	<ul style="list-style-type: none"> • Lioka 22:31–32; Jaona 14:26–27; Efesiana 4:11–14; 1 Nefia 15:23–24; 2 Nefia 31:19–20; Almà 5:45–46; Helamàna 3:28–30; 3 Nefia 18:32; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:13–14; 21:4–6; 108:7–8. • Dieter F. Uchtdorf, “Andao Hiaraka Aminay” <i>Ensign</i> na Liahona, nôv. 2013, 21–24. • Jeffrey R. Holland, “Tompo ô, Mino aho” <i>Ensign</i> na Liahona, may 2013, 93–95.
21	Mitaiza ny Zanaka Ampitiavana sy Ampahamarinana	<ul style="list-style-type: none"> • Lioka 15:11–20; Efesiana 6:4; 2 Timoty 3:15; 3 Nefia 18:21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:25–28; 93:36–40. • Richard G. Scott, “Ataovy Voalohany amin’ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana,” <i>Ensign</i> na Liahona, nôv. 2014, 92–95. • Jeffrey R. Holland, “A Prayer for the Children,” <i>Ensign</i> na Liahona, may 2003, 85–87.
22	Manorina Fianakaviana Mahomby	<ul style="list-style-type: none"> • Deoteronomia 6:1–7; Josoa 24:15; Môsià 4:14–15; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:21; 98:4–6; 134:5–6; Fanekem-pinoana 1:12. • Jereo ny Dallin H. Oaks, “Tsara, Tsara Kokoa, Tsara Indrindra,” <i>Ensign</i> na Liahona, nôv. 2007, 104–8.
23	Manome Izay Zavatra Iaina Ara-batana	<ul style="list-style-type: none"> • Malakia 3:8–12; Matio 6:19–21; Marka 6:1–3; Lioka 2:51–52; 1 Timoty 6:7–10; 2 Nefia 9:51; Jakôba 2:17–19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56:17; 75:28; 104:13–18, 78. • Robert D. Hales, “Becoming Provident Providers Temporally and Spiritually,” <i>Ensign</i> na Liahona, may 2009, 7–10. • Marvin J. Ashton, “One for the Money,” <i>Ensign</i>, sept. 2007, 37–39.

Le-sona	Lohateny	Vakiteny atolotra mba hovakina
24	Olon-dehibe tsy manambady mpikamban' ny Fiangonana	<ul style="list-style-type: none"> • 1 Korintiana 12:12–20, 25–27; Hebreo 11:1, 6, 8–13, 16. • Gordon B. Hinckley, “A Conversation with Single Adults,” Ensign, mar. 1997, 58–63. • Spencer J. Condie, “Claim the Exceeding Great and Precious Promises,” Ensign na Liahona, nôv. 2007, 16–18.
25	Mampihatra Finoana amin'ny Toe-javatra Sarotra iainan'ny Fianakaviana	<ul style="list-style-type: none"> • Ohabolana 3:5–6; Matio 11:28–30; 1 Nefia 16:34–39; 17:1–4; Môsià 24:8–16; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 121:7–8. • David A. Bednar, “The Atonement and the Journey of Mortality,” Ensign, apr. 2012, 40–47. • “Strengthening the Family: Adapting to Circumstances,” Ensign, des. 2005, 34–35.
26	Tompon'Andraikitra eo anoloan' Andriamanitra	<ul style="list-style-type: none"> • Matio 18:1–6; Romana 13:12–14; 2 Korintiana 5:17–21; Môsià 4:30; Almà 5:15–22; 12:14; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 42:22–25; 93:39–44. • Jeffrey R. Holland, “The Tongue of Angels,” Ensign na Liahona, mey 2007, 16–18. • Richard G. Scott, “Hanasitrana ny vokatry ny fanararaotana ara-nofo izay manimba,” Ensign na Liahona, mey 2008, 40–43.
27	Fampitandreman'ny Mpaminany momba ny Fianakaviana	<ul style="list-style-type: none"> • 2 Timoty 3:1–7, 13; 1 Nefia 14:14–17; 22:16–17; Fotopampianarana sy Fanekehampihavanana 97:22–28. • Russell M. Nelson, “Faith and Families,” Ensign, mar. 2007, 36–41. • Bonnie L. Oscarson, “Mpiaro ilay Fanambarana momba ny Fianakaviana,” Ensign na Liahona, mey 2015, 14–17.
28	Mampaha-fantatra fa ny Fianakaviana no Singa Fototra ao amin'ny Fiarahamonina	<ul style="list-style-type: none"> • Almà 43:9, 30, 45, 48; 46:11–16; 48:9–13. • Thomas S. Monson, “Mahereza sy Matanjaha,” Ensign na Liahona, mey 2014, 66–69. • Dallin H. Oaks, “Balancing Truth and Tolerance,” Ensign, feb. 2013, 24–31. • L. Tom Perry, “Nahoana no manan-danja ny fanambadiana sy ny fianakaviana—Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao,” Ensign na Liahona, mey 2015, 39–42.



Ny fianakaviansika talohan'ny nahaterahana, sy ety an-tany ary mandrakizay

Ny fianakaviansika talohan'ny nahaterahana

“Ny fianakaviana dia tendrin’Andriamanitra. Io no rafitra manan-danja indrindra amin’izao fotoana izao sy ho mandrakizay. Na dia talohan'ny nahaterahantsika teto an-tany aza dia tao anatin'ny fianakaviana iray isika. Isika tsirairay ‘dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra’ ary manana ‘toetra sy anjara araka an’Andriamanitra’ (‘Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’ Izaao Tontolo Izaao,’ *Ensign* na *Liahona*, nòv. 2010, 129]. Andriamanitra no Raintsika any An-danitra, ary niaina teo anatrehany isika amin’ny maha-isan'ny fianakaviany antsika tany amin’ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Tany isika no nianatra ireo lesontsika voalohany ary nomanina ho an’ny fiainana an-tany (jereo ny F&F 138:56)” (*Manuel 2: Administration de l’Eglise* [2010], 1.1.1).



“Mivavaka amin’ilay Andriamanitra lehibe izay nahary izao rehetra ary izao isika. Izy no Raintsika any An-danitra. Nisy isika noho Izy. Zanany ara-panahy isika. Nitoetra niaraka Taminy tany amin’ny fiainana talohan'ny nahaterahana isika ary fianakaviany. Fantatsika Izy toy ny fahafantarantsika akaiky sy lalina ireo raintsika ety an-tany mandritra izao fisiansika izao” (Bruce R. McConkie, *How to Worship*, Brigham Young University Speeches of the Year [20 jolay, 1971], 2).

Fanontaniana ifanakalozan-kevitra:

- Tamin'ny fomba ahoana no naha-ampahany fototra ny fianakaviana tamin’ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana?
- Nahoana no manampy ny mahafantatra fa Andriamanitra dia Rainao ary ianao dia anisan’ny fianakaviany izay tiany tany amin’ny tontolo talohan'ny nahaterahana?
- Mety ho toy ny ahoana araka ny eritreritrao ny fifandraisanao tamin’ireo Ray Aman-dreninao any An-danitra?

Ny fianakaviansika ety an-tany

“Tafiditra ao anatin’ny drafitry ny Raintsika Any An-danitra ny hoe teraka tao anaty fianakaviana isika. Namorona fianakaviana Izy mba hitondrana fahasambarana ho antsika, mba hanampiana antsika hianatra fitsipika marina ao anatin’ny tontolo feno fitiavana, ary hanomana antsika ho amin’ny fiainana mandrakizay.

“Manana andraikitra lehibe ireo ray aman-dreny amin’ny fanampiana ny zanak’ izy ireo hiomana hiverina any amin’ny Ray any An-danitra. Manatanteraka izany andraikitra izany ireo ray aman-dreny rehefa mampianatra ireo zanany hanaraka an’ i Jesoa Kristy sy hiaina ny filazantsarany” (*Manuel 2: Administration de l’Eglise*, 1.1.4).



“Andriamanitra no mpahary ny fianakaviana. Ny fikasany dia ny tokony hahatongavan’ny fahasambarana lehibe indrindra, ny lafiny mahafapo indrindra eo amin’ny fiainana, ary ny hafaliana lalina indrindra ao anatin’ny fiarahantsika miasa sy ny fifampikarakarantsika amin’ny maha-ray sy reny ary zanaka antsika” (Gordon B. Hinckley, “What God Hath Joined Together,” *Ensign*, mey 1991, 74).

Fanontaniana ifanakalozan-kevitra:

- Amin’ny fomba ahoana no maha-ampahany fototra ny fianakaviana amin’ny fiainantsika ety an-tany?
- Mety ho hafa manao ahoana ny fiainantsika ety an-tany raha toa isika ka nalefa tety an-tany tsirairay fa tsy nisy fianakaviana—tsisy ray, reny, iray tampo, razambe, na taranaka?
- Inona ireo traikefa izay nanampy anao hahatakatra ny anjara asa sy ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana ety an-tany?

Ny fianakaviansika mandrakizay

“Ny drafitra masin’ny fahasambarana no ahafahan’ny fifandraisana eo amin’ny fianakaviana haharitra mandrakizay any ankoatra ny fasana” (“Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’Izao Tontolo Izao,”) (*Ensign* na *Liahona*, nôv. 2010, 129).



“Raha toa ny famonjena antsika tsirairay ka miankina amin’ny fankatoavantsika manokana, dia zava-dehibe mitovy amin’izany koa ny fahatakarantsika fa isika tsirairay dia ampahany manan-danja sy tena ilaina ao amin’ny fianakaviana ary ny fitahiana ambony indrindra dia tsy azo raisina raha tsy ao anatin’ny fianakaviana mandrakizay ihany. Rehefa mandeha araka ny namolavolan’Andriamanitra azy ny fianakaviana, dia ny fifandraisana misy ao no sarobidy indrindra amin’ny fiainana an-tany. Ny drafitry ny Ray dia ny hitohizan’ny fifankatiavana sy ny fiarahan’ny fianakaviana any amin’ny mandrakizay. Ny firaisan-kina ao amin’ny fianakaviana dia

mitondra andraikitra goavana amin’ny fikarakarana, fitiavana, fampaherezana, ary fampatanjahana ny olona tsirairay ao amin’ny fianakaviana mba hahafahan’ny rehetra maharitra am-pahamarinana hatramin’ny farany ary hitoetra miaraka any amin’ny mandrakizay. Tsy ampy ny mamonjy ny tenantsika. Manan-danja toy izany koa ny hahavoavonjy ny ray aman-dreny sy ireo mpiray tampo amintsika ao amin’ny fianakaviansika. Raha miverina ireny any amin’ny Raintsika any An-danitra isika dia hanontaniana hoe ‘aiza ny sisa amin’ny fianakavianao?’ Izany no antony hampianarantsika fa ny fianakaviana dia mandrakizay. Ny toetra mandrakizain’ny olona iray dia lasa toetra mandrakizain’ny fianakaviana” (Robert D. Hales, “The Eternal Family,” *Ensign*, nôv. 1996, 65).

Fanontaniana ifanakalozan-kevitra:

- Amin’ny fomba ahoana no maha-ampahany fototra ny fianakaviana amin’ny anjarantsika mandrakizay?
- Inona avy ireo asan’ny fahamarinana vitsivitsy azon’ny tsirairay ao amin’ny fianakaviana atao mba hifanavotan’izy ireo?
- Oviana no nisy olona iray ao amin’ny fianakavianao nankahery na nampatanjaka anao hany ka naniry ny haharitra hatramin’ny farany ianao?



Ireo fitahiana avy amin'ny vavaky ny mpianakavy, fandalinan'ny fianakaviana ny soratra masina, ary ny takarivan'ny mpianakavy

Rehefa mamaky ireto fampianarana manaraka avy amin'ireo mpitarika ny Fiangonana ireto ianao dia asio tsipika ireo fitahiana azo avy amin'ny fanaovana vavaky ny mpianakavy sy fandalinana ny soratra masina isan'andro ary takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro.



Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy hoe:

“Ry ray aman-dreny, ampio ny zanakareo mba ho voaro amin'ny fanomezana azy ireo fiarovana izay azo avy amin'ny vavaky ny mpianakavy isa-maraina sy isak'alina. . . . Arovy amin'ireo fitaoman'izao tontolo izao isan'andro ny zanakareo amin'ny fanafiana hery azy ireo amin'ny alalan'ireo fitahiana mahery vaika izay ateraky ny vavaky ny mpianakavy. Tokony ho laharam-pahamehana tsy azo iadiana varotra eo amin'ny fiainanareo andavanandro ny vavaky ny mpianakavy.

“. . . Ataovy ho lafin-javatra manan-danja eo amin'ny fiainanareo andavanandro [ny soratra masina]. Raha tianareo hahafantatra sy hahatakatra ny bitsiky ny Fanahy ny zanakareo ary handray andraikitra mifanaraka amin'izany bitsika izany dia tsy maintsy miara-mandalina ny soratra masina amin'izy ireo ianareo. . . . Ny fandalinana tsy tapaka ny soratra masina isan'andro no hahitanareo fiadanana eo anivon'ireo disadisa manodidina anareo sy hery hanoherana ny fakampanahy. Hanana finoana matanjaka ianareo ao amin'ny fahasovan'Andriamanitra ary hahafantatra fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no hahatonga ny rehetra ho tomombana araky ny fotoan'Andriamanitra” (“Ataovy Voa-lohany amin'ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana,” *Ensign* na *Liahona*, nôv. 2014, 93–94).



Nampianatra i Linda S. Reeves, avy ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany hoe:

“Tsy maintsy mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fitahiana azo avy amin'ny fandalinana soratra masina sy ny vavaka isan'andro ary ny takarivan'ny mpianakavy. Ireo no tena fomba fanao izay hanampy hanala ny fikorontanan-tsaina, hanoro ny fomba hitantanana ny fiainantsika ary hitondra fiarovana fanampiny ho an'ny tokantranontsika” (“Fiarovana amin'ny pôrnôgrafia—Tokantrano mifantoka amin'i Kristy,” *Ensign* na *Liahona*, mey 2014, 16–17).”



Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe:

“Ny vavaky ny mpianakavy no fisorohana lehibe indrindra ny fahotana, ary mpitondra fifaliana sy fahasambarana tena mahomby indrindra noho izany” (“Hallmarks of a Happy Home,” *Ensign*, nôv. 1988, 69).

Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Iza amin'ireo fitahiana ireo no efa niainanao tao amin'ny fianakavianao na hitanao tao amin'ny fianakaviana hafa?
- Inona no azonao atao amin'izao mba hahazo feno kokoa ireo fitahiana ireo?



NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY